

« *HERY MIFANANDRINA* »

*Izay ifanaovan'i
Jesosy sy ny anjeliny
ary,
Satana mbamin'ny anjeliny*

*Nosoratan'i
Ellen G. White*

*Battle Creek, Mich
Navoakan'i James White
1858*

VOTOATINY

- Toko 1: Ny fahalavoan'I Satana
- Toko 2: Ny fahalavoan'ny olombelona
- Toko 3: Ny drafi-panavotana
- Toko 4: Ny fiavian'I Kristy voalohany
- Toko 5: Ny asan'i Kristy
- Toko 6: Ny fiovan-tarehy
- Toko 7: Ny famadihana an'i Kristy
- Toko 8: Ny fitsaràna an'i Kristy
- Toko 9: Ny nanomboana an'i Kristy teo amin'ny hazo fijaliana
- Toko 10: Ny fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty
- Toko 11: Ny fiakaran'i Kristy
- Toko 12: Ireo mpianatr'i Kristy
- Toko 13: Ny fahafatesan'i Stefana
- Toko 14: Ny fiovam-pon'i Saoly
- Toko 15: Nanapa-kevitra ny hamono an'i Paoly ny Jiosy
- Toko 16: Namangy an'i Jerosalema i Paoly
- Toko 17: Ilay fihemorana lehibe
- Toko 18: Zava-miafin'ny tsi-fakatoavan-dalana
- Toko 19: Fahafatesana, tsy fiainana mandrakizay ao anatin'ny fijaliana
- Toko 20: Ny fanavaozana
- Toko 21: Ny fiangonana sy izao tontolo izao mitambatra
- Toko 22: William Miller
- Toko 23: Ny hafatr'ilay Anjely voalohany
- Toko 24: Ny hafatr'ilay Anjely faharoa
- Toko 25: Voaseho an-tsary ny fihetsiketsehan' Advantista
- Toko 26: Fanehoana an-tsary hafa
- Toko 27: Ny fitoerana Masina
- Toko 28: Ny hafatr'ilay Anjely fahatelo
- Toko 29: Fanorenana tsara fototra
- Toko 30: Ny filalaovan'angatra
- Toko 31: Fahihirana na fitiavam-bola be loatra
- Toko 32: Ny fikororoana
- Toko 33: Ireo fahotan'i Babylona
- Toko 34: Ny antso mafy
- Toko 35: Tapitra ny hafatr' ny anjely fahatelo
- Toko 36: Ny andro fahorian'i Jakoba
- Toko 37: Fanafahana ny olona masina
- Toko 38: Ny fanomezana valisoa ireo olo-masina
- Toko 39: Rava ny tany
- Toko 40: Ny fitsanganana faharoa
- Toko 41: Ny fahafatesana faharoa

Ny filazalazana ny mombamomba ny mpanoratra Ellen Gould White, 1827-1915

Mpianatr'i Kristy mahafatra-po, Ellen dia mpivavaka tao amin'ny "Methodist" hatramin'ny faha fito ambiny folo taona. Voaroaka tsy ho isan'ny mpikambana izy noho ny firesahany sy ny finoany ny fiavian'i Jesosy tsy ho ela tamin'ny 1843.

Taorian'ny nandavan'ireo olona roa lahy ny adidy izay napetrak' Andriamanitra tamin'izy ireo, izay vao nanome fahitana sy hafatra entina amin'ny izao tontolo izao, an'i Ellen Gould White Andriamanitra. Maro ireo andalan-teny sy boky izay nosoratany , izay manome fananarana sy fampaherezana. Rehefa avy nandray fahazavana mikasika ny hafatry ny fahasalamana izy, dia lasa mpanohana mafy ny momba ny fahasalamana ary mamporisika ny fisakafoanana mitovy ny tany am-boalohany , tao amin'ny Saha Edena, ny fifadiana ireo zavatra manimba ary ny fahalalana onony amin'ny zavatra rehetra.

Ramatoa White dia tsy nanao ny tenany ho "mpaminany" mihitsy, nefa na dia izany aza, dia tsy olana taminy ny fanantsoan'ireo sasany azy an'izany , fa raha anontaniana izy, dia "mpilaza hafatra" no fiheverany ny tenany.

Amin'izany valin-teny izany, dia naneho izy fa ny asany dia ny manao fanavaozana ara-pahasalamana, fiantsoana amin'ny fibebahana ny fahotana, ary manohana ny fihetsiketsehana izay "manamboatra ny tapaka", tafiditra ao koa ireo asa maro noho ireo izay fanaon'ny mpaminany andavanandro, dia ny filazàna ny momba ny zavatra ho avy araka ny fahitan'Andriamanitra azy. Namorona boky fianarana soratra Masina maro be koa izy, tsongaina manokana amin'izany "Ny Dia ho eo amin'I Kristy" izay anisan'ireo boky fantam-bahoaka indrindra nosoratany. Fa ity boky ity kosa no hamakafakany "Ny ady lehibe izay ifanaovan'i Kristy sy ny anjelin'ny amin'i Satana mabamin'ny anjelin'ny" izay tena lehibe indrindra amin'ny boky izay nosoratany.

TENY MIALOHA

Ho amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona: raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izany izy, dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina.

Isaia 8:20

Amin'izao fiandohan'ny taonjato faha-21 izao, dia ohatry ny lasa mpaminany daholo ny olona rehetra. Misy koa aza, ireo adiresy maro mety hijerena ny momba ny faminaniana ao anatin'ireo tranon-kalan'ny fifandraisana (site web). Nefa ny ankamaroan'izy ireny dia ohatry ny milaza zava-mahagaga kely fotsiny ihany.

Ahoana no ahafantarantsika marina na mitombona na tsia ireny? Ary ireo izay milaza fa misy izany, raha nampitondrain'Andriamanitra marina ny teniny? Avy amin'ny fampitoviana izay nolazainy amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona. Tsy misy isalasalana fa ilay Andriamanitra tsy niova izay nanome ny teniny tamin'ny andro taloha ho an'ny vahoaka, ary ireo izay nanoratra azy ireo (izay taty aoriana dia lasa boky maro ao anatin'ny Baiboly), dia tsy misy mifanohitra vehivehy!

Jesosy dia naminany mivantana momba an'izy ity, nahafantatra fa ny fivoahan'ny faminamana dia ho fisedrana goavana ho an'ireo izay miaina amin'ny andro farany: "Ary hisy mpaminany sandoka maro hitsangana ka hamitaka ny maro." Matio 24:11

Mba ho fanamafisana izany, dia nomen'Andriamanitra an'i Jaona ity teny ity: "Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin'Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin'izao tontolo izao."

1 Jaona 4:1.

Mazava ho azy fa i Ellen White koa dia tafiditra ao anatin'izany (tsy voavaka amin'izany).

Raiso ity boky ity dia ampitahao amin'ny Soratra Masina; nandalo fisedrana ve izy sa tsia?

Mivavaha amin'ilay Andriamaintsika be indrafo izay any an-danitra, ary Izy handefa ny fanahiny mba hanoro antsika ho amin'ny fahamarinana rehetra.

Toa ohatry ny tsy hampino ankehitriny, fa hatramin'ny fitohizan'ireo taona farany tao anatin'ny taonjato faha-20, ny ankamaroan'ireo izay misora-tena ho "kristianina" dia nanohitra an-karihary ireo izay milaza ho nahazo fanambarana tamin'Andriamanitra.

Matetika dia ity teny ao amin'ny Apokalipsy 22:18,19 ity no raisin'izy ireo mba hanamarinany ny fomba fijeriny: "Izaho dia manambara amin'izay rehetra mandre ny tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity: Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy ireo loza voasoratra ato anatin'ity boky ity ho azy; ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ity bokin'ny faminaniana ity, dia hesorin'Andriamanitra ny anjarany amin'ny hazon'aina sy amin'ny tanàna masina dia izay zavatra voasoratra ato anatin'ity boky ity."

Nefa, izany foto-kevitra izany ve, taorian'ny nahafatesan'i Jaona dia milaza fa tsy hisy mpaminany avy amin'Andriamanitra intsony?

Raha izany ary, dia nahoana i Jesosy no nampitandrina antsika fa misy ny mpaninany "Sandoka"?

Nahoana ny Fanahy Masina no nilaza tamin'ny alalan'i Jaona mba hizaha toetra ny fanahy?

Tsy vao mainka ve mora fantarina be ireo rehetra ireo raha tsy nahafantatra afa tsy ny hoe isika: aza raisina, lavo izay rehetra taorian'i Jaona, izay nilaza fa nahazo teny avy tamin'Andriamanitra?

Tsy izany anefa ny planin'Andriamanitra. Omeny ny fahamarinana vaovao raha ilaina izany, ary mamela ny sitrapony ho fantatra Izy, ary ny marina ao am-po dia hanamarina mba hahita fa marina izany, ary avy eo dia hanaiky sy hanaraka izany amin-kafaliana. Tsy isalasalana koa anefa, fa i Satana dia havela hiasa koa.

Raha tsy navela nanao ny asany mantsy izy, dia hianpanga an'Andriamanitra ho tsy marina.

Tamin'ny alalan'i Paoly ny Fanahy Masina dia nametraka fanontaniana mavesan-danja ary matetika tsinotsinoavina, ao amin'ny 1Kor 12.

Apostoly va izy rehetra? Mpaminany va izy rehetra? Manao fahagagana va izy rehetra? Manana fanomezam-pahasoavana ho enti-manasitrana va izy rehetra? Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra va izy rehetra? Ary rehefa avy eo dia nolazainy fa hatorony antsika ny "lalana tsara indrindra", ny filazana ny fanomezam-pahasoavana dia tsy mahaso raha tsy manana fitiavana isika.

Ao amin'ny toko faha 14, dia manao dingana lavidavitra kokoa izy amin'ny fitenenana antsika hoe: "Miezaha mitady ny fitiavana, nefa maniria fatratra ny zava-panahy koa, indrindra fa ny haminany". "Koa amin'izany ry rahalahiko, maniria fatratra ny haminany, ary aza mandrara tsy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra." "Aza manono ny Fanahy. Aza manao tsinontsinona ny faminaniana? Fantaro ny zavatra rehetra; hazony mafy izay tsara." 1 Tesaloniana 5:19-21

Nomena an'i Ellen White ny fahitana momba ny "Ady lehibe" ou "Hery mifanandrina" tamin'ny lohataona* 1858, tao Lovett's Grove, Ohio, Etazonia. Ny ankamaroany dia fahitana hitany 11 taona lasa, nefa io fotoana io no nandidiana azy mba hanoratany izany, na dia niezaka mafy aza i Satana hanakana azy amin'izany.

Ny sasany, tsongaina amin'izany ny toko faha 30, dia natonta tamin'ny 1847 "Little Flock", 1851 "Ny fanandramana sy ny fahitana kristianina", ary 1854 ireo boky kely "Fanampiny".

Voatsindrimandrin'ny Fanahy Masina daholo ireo rehetra ireo, nosoratana tamin'ny penina marefo, vehivavy tia fivavahana nefa dia tafavoaka voalohany ilay Boky "tamin'ny 1858. Satana izay nanandrana ny hanafoana ny Baiboly ary hanolo an'izany amin'ny alalan'ny fanaparahana ireo dikan-teny nosimbaina, dia nanao ny asany koa ; nanandrana nanapotika sy nanova ity boky ity koa izy, satria ity boky ity dia boky faharoa farany sarobidy indrindra maneran-tany ho an'ny zanak'Andriamanitra. Niaro ny teniny anefa Andriamanitra.

Misy ny sasany manontany hoe : fa dia nahoana loatra ary no feno olana marobe toy izao manerana izao tontolontsika izao, eo ny ady, ny habibiana, ny fahavetavetana, (ny fijangajangana) ary eny, fa na dia ireo finoan'ireo mpivavaka aza.

Ny valinteny fototra ho an'ireo fanontaniana ireo dia hita avy amin'ny alalan'ny fahafantarana ilay ady lehibe izay ifanandrianan'i Kristy sy Satana izay efa nisy ela, talohan'ny nisian'ny olona voalohany teto ambony tany.

Andriamanitra anie hanome anareo ny fanomezany tsara indrindra! Ry mpamaky, "hamarino ny zavatra rehetra", izay rehetra voasoratra ato anatin'ity boky ity , amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny BAIBOLY.

Fanazavan-teny

<u>TENY</u>	<u>HEVINY</u>	<u>Ny ahitana izany voalohany</u>
Jesosy Kristy	Iray ami'ny ireo persona 3, Izay Andriamanitra. Izy No nanao ny zavatra rehetra Maneran-tany sy izao tontolo izao Nateraka toy ny olombelona Izy teo ho eo amin'ny 2000 taona lasa izay, novonoina izy tamin'ny faha 33 taonany, natsangana tamin'ny maty, ary miasa any an-danitra amin'izao fotoana izao mba ho famonjena antsika Hiverina eto amin'ity tany ity tsy ho ela Izy, ary homena azy ny fanapahana ny Zavatra rehetra manerana izao tontolo izao Mandrakizay, mandrakizay.	Lohateny
Satana	I Devoly. Izy no rain'ny ratsy rehetra. Noforinina ho tsara indrindra , zavamananaina tanteraka noho ny hafa rehetra izy, fa nanapa- kevitra ny hikomy kosa izy. Ankehitriny, dia manohy ny asa ratsiny hatrany izy nefa ho avy ny fotoana izay handringanan'Adriamanitra azy.	Lohateny
Tompo Jesosy Kristy	Andriamanitra Ray	Toko 1
Hitako	Rehefa ny mpanoratra, Ellen	Toko 1
Nasehoa ahy	White nahita io fahitana io, ny anjely Izay teo akaikiny no nilaza zavatra taminy Naneho zavatra taminy. Nanoratra izy ary izay hitan'ny masonry.	
Andriamanitra	Ny Ray, zanaka (Jesosy Kristy) ary Ny Fanahy Masina. Ireo 3 rehetra ireo dia Andriamanitra	Toko 1
Zanak'Andriamanitra	Jesosy Kristy	Toko 1
Tenin'Andriamanitra	1°) Izay tenenin'Andriamanitra	Toko 2

	2°) Ny Baiboly	Toko 18
Fanavotana avotra	Tany am-piandohana, ny olombelona dia fananan'Andriamanitra, fa Satria nanota ny razambentsika dia isika rehetra dia lasa an'I Satana ankehitriny. Ny anaran'i Jesosy Kristy dia miasa mba Hanavotana antsika amin'I Satana	Toko 3
Ny anjely	Ilay anjely izay nirahina mba Ho eo anilan'I Ellen White rehefa	Toko3
Ny fiaviana	Nahita an'io fahitana io izy Ny fahatongavan'I Jesosy ampahibemaso eto an-tany. Ny voalohany Dia tamin'ny 2000 taona lasa izay ary Ny faharoa dia efa ho avy tsy ho ela	Toko 4
Zanak'ondrin'Andriamanitra	Jesosy Kristy	Toko 4
Jaona mpanao batisa	Mpaminany rahalahin'I Jesosy. Izy no niantso ho amin'ny fibebahana sy ny batisa	Toko 4
Batisa	Fanitrihana ny vatana iray manontolo ao ambanin'ny fanambonin'ny rano mba ho tonga Kristianina	Toko 4
Elia	Mpaminany iray nakarina velona tany an-danitra ary tsy nandalo fahafatesana	Toko 4
Fanatitra Ou Sorona	Fanomezana biby ho an'Andriamanitra ary koa, Jesosy Kristy, ny tenany mihitsy	Toko 5
Fireneny, Vahoakan'Andriamanitra	1°) Fahiny dia ny vahoakan'Israely sy Jodia 2°) Ankehitriny, izay rehetra mino an'i Jesosy ary manao ny sitrapony	Toko 17
Mikaela	Lehiben'ireo anjely rehetra any an-danitra	Toko 16
Rota	Hazo izay maniry any Afovoany Atsinanana. Ny raviny dia ampiasaina ho fanafody	Toko 7

Rahalahy, rahavavy	Izay rehetra mino an'I Jesosy ary manao ny sitrapony	Toko 7
Hosanna Sabata	Derao Andriamanitra! Andro hitsaharana izay manomboka ny Zoma mileti-masoandro ka mifarana ny Sabotsy mileti-masoandro. Jereo Genesisy 2:2-3	Toko 9 Toko 10
Hafatra	Teny izay avy amin'Andriamanitra. Ary koa ny fihetsiketsehana ho fanapariahana izany teny izany	Toko 10
Fiakarana	Fiakarana an-danitra. Tsy midika hoe: fahafatesana	Toko 11
Apostoly	Olona izay mitory ny filazantsara anatin'ny fotoana feno toy ny asany. Entina ilazana indrindra koa ireo mpianatr'I Jesosy sy I Paoly	Toko 12
Ny zanak'olona	Jesosy Kristy	Toko 13
Jentelisa	Ireo hafa rehetra ankoatrin'ny Jiosy	Toko 14
Paoly	Talohan'ny niovany fo, dia fantatra tamin'ny anarana Saoly izy. Jereo Asa 13:9	Toko 15
1843, 1844	Ny fiavian'I Jesosy fanindroany sy ny fiafaran'izao tontolo izao dia noheverina ho tonga tamin'ny fiafaran'io taona io. Kanefa ny fotoana arapaminanian'I Daniela 8:14 no tanteraka tamin'io faran'ny taona io	Toko 23
Mpiandry ondry	1°) Ireo mpitondra fivavahana. Ireo Pasitora sy Piretra 2°) Jesosy Kristy	Toko 23
Ireo Masina	Ireo izay tia an'Andriamanitra amin'ny fo tokoa ary manaraka izay zavatra lazainy hatao	Toko 24
Fioerana Masina	Anaran'ilay toerana any andanitra izay hiasan'I Jesosy, ankehitrilo, mba ho famonjena antsika. Misy kianja izy io, Fitoerana Masina (trano voalohany) ary Fitoerana Masina indrindra (trano faharoa). Ilay	Toko 25

nataon'I Mosesy fahiny dia nalaina tahaka tamin'ily any an-danitra. Izay antsoina koa hoe "Tabernakely" sy "tempoly".

Fampihavanana ou fanavotana	Jesosy dia manatanteraka io asa io amin'ny fampihavavana ou fanamarinana ny olona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fahamendrehan'ny rany.	Toko 25
Ziona	1° Anarana iray ho an'ily toerana any an-danitra ankehitriny 2° Anaran'ireo vondron'olona izay manaraka an'Andriamanitra	
Jerosalema vaovao	Anaran'ily toerana any an-danitra ankehitriny, tranon'Andriamanitra sy ireo anjely. Io toerana io dia hampidinina ety ambonin'ity tany ity ary ho eto mandrakizay	Toko 27
Kerobima	Laharana voalohany amin'ny anjely	Toko 27
Fanelanelanana	Jesosy dia mijoro eo anelanelan'ny mpanota voaheloka sy Andriamanitra Ray tsitoha. Manatanteraka io asa io Jesosy mba ho famonjena antsika toy ny "mpanelanelana"	Toko 27
Bibidia	Anarana ho an'ireo vondron'olona maro izay manohitra an'Andriamanitra. Jereo Apokalipsy 13	Toko 28
Jehovah	Anarana iray iantsoana ilay Andriamanitra Ray	Toko 28
Kanana	Anaran'ily tany izay nampanantenaina ho an'ny Israely. Izay naneho an-tsary ny lanitra. Jereo Genesisy 12:5	Toko 28
Andron'ny pantekosta	Iray amin'ireo fety izay nomen'Andriamanitra ny Israely. Jereo Levitikosy 23:15-16 & Asa Toko 2	Toko 29
Advantista	Anaran'ireo olona izay mino fa ho avy indray eto an-tany I Jesosy. Ary koa, anaran'ireo vondron'olona ireo	Toko 29

Laodikia	Fiangonana farany amin'ny lisitr'ireo fiangonana fito ao amin'ny Apokalypsy Toko 2 & 3. Io antoko io dia mihevitra fa manna-karena ary tsy mila fanampiana ara-panahy, kanjo, mahantra sy ory izy ireo.	Toko 32
Ranonorana farany	Ny Fanahy Masina dia mirotsaka amin'ny fahafenony mba hanomana ny olona ho an'I Jesosy, izany dia mialoha indrindra ny fiaviany indray eto an-tany. Jereo Joela 2:23 & Asa 3:19	Toko 32
Jobily	Taonan'ny fahafahana. Isaky ny 50 taona ny Israely dia mamerina ny zavara rehetra amin'ny tompony voalohany. Ny fambolena koa, dia tsy tanterahina amin'io taona io. Jereo Levitikosy 25:10	Toko 37

TOKO 1 - NY FAHALAVOAN' I SATANA

Nasehon'i Tompo ahy fa taloha Satana dia anjely manan-kaja iray tany an-danitra, izay teo akaikin'I Jesosy Kristy. Nalefaka ny fiteniny ary naneho fifaliana tahaka ireo anjely hafa rehetra ny endriny. Lehibe sady feno ny handriny, ary nampiseho ny tsilo-tsaina goavana ananany izany. Lavorary ny endriny fahiny. Nanana fitondrantena mihaja sy miendrik'andriana izy. Ary hitako fa, raha niteny tamin'ny Zanany Andriamanitra: "Andeha isika hamorona olona tahaka ny endritsika", dia nialona an'i Jesosy i Satana. Naniry ny mba hakàna ny heviny mantsy izy, tamin'ny famoronana ny olona; ary satria tsy teo izy ka dia feno fitsiriritana, fialonana ary fankahalana izy. Naniry ny ho faratampony tany an-danitra izy, akaikin'Andriamanitra, ary hahazo ny haja ambony indrindra. Hatramin'io fotoana io dia nilamina ny tany an-danitra manontolo, nirindra ary nisy ny fileferana tanteraka tamin' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra.

Tena fahotana farany izay lehibe indrindra ny nikomy tamin'ny fandaminana sy ny sitrapon'Andriamanitra. Toa ohatry ny tao anaty fikorontanana ny lanitra manontolo. Nalahatra toy ny antoko miaramila ireo anjely ary nisy anjely lehibeny mpibaiko iray isaky ny antokony teo alohan'izy ireo. Voahetsiketsika ny anjely rehetra. Satana izay fatra-paniry voninahitra ho an' ny tenany ary tsy mba naniry ny hilefitra amin' ny fahefan' i Jesosy. Ary ny sasany tamin'ireo anjely dia nanaraka an'i Satana tamin'ny fikomiany, fa ny sasany kosa niady mafy ho an'ny voninahitra sy ny fahendren'Andriamanitra tamin'ny fanomezana fahefana an'ily Zanany lahy. Ary dia nisy ny fifandirana teo amin'ireo anjely. Satana sy ireo mpanara-dia azy, ireo izay naniry nanandrana ny hanova ny fanjakan'Andriamanitra, naniry ny hahafantatra ny fahendreny tsy azo fantarina mikasika ny nametrahany ny fikasany tamin'ny fanandratana an'I Jesosy, ary nanomezany azy izao hery sy fahefana tsy voafetra izao. Nikomy ny fahefan' ilay Zanak'Andriamanitra ireo, ary ny anjely rehetra dia nanapa-kevitra fa hiseho eo anatrehan'ny Ray, mba tsy hisalasalana ny momba ny raharahan'izy ireo. Ary dia tapaka tamin'izay fa I Satana dia roahina hiala any an-danitra, ary ireo anjely rehetra izay niaraka tamin'i Satana tamin'ny fikomana dia tokony horoahina miaraka aminy. Vokatry izay dia nisy ady tany an-danitra. Ireo anjely no nalaina tamin'izany ady izany; Satana dia naniry ny handresy ilay Zanak'Andriamanitra, sy ireo izay nilefitra toe ambanin'ny Sitrapony. Kanjo, ireo anjely tsara sy marina no nanjaka, ary Satana sy ireo mpanana-dia azy, dia noroahina niala tany an-danitra.

Taorian'ny nandroahina an'I Satana hiala tany an-danitra, sy ireo izay niara-nazera taminy, dia nahatsapa izy ireo fa veriny ho mandrakizay ny fahadiovany rehetra sy ny voninahiny; nony avy teo dia nanenina izy ireo, ary naniry ny haverina amin'ny laoniny any an-danitra indray. Naniry haka ny toerany teo aloha izy, na izay toerana mety hanendrena azy. Nolavina anefa izany, ny lanitra dia tsy tokony hipetraka amin'ny toerana mampidi-doza. Ny lanitra nanontolo no nety ho potika raha navela hiverina izy; izy no niandohan'ny fahotana, ary ny voan'ny fikomiana no tao anatin'ny. Nahazo namana mpanara-dia azy Satana, dia ireo izay nankasitraka ny fikomiana niaraka taminy. Nanenina izy sy ireo mpanaraka azy, nitomany ary niangavy ny mba handraisana azy ireo indray amin'ny fankasitran' Andriamanitra; nefa tsia, ny fahotan'izy ireo, ny fankahalan'izy ireo, ny fitsiriritan'izy ireo sy ny fialonany, dia goavana loatra ka tsy azon'Andriamanitra natao ny namafa izany. Tsy maintsy handray ny famaizana farany izy ireo.

Rehefa tonga saina tanteraka I Satana fa tsy nisy hevitra intsony ny hahazoany sitraka amin' Andriamanitra, dia teo no nanomboka nivoaka an-karihary ny hafetseny sy ny fankahalany. Nivory izy sy ireo anjeliny, ary ny tetik'asa dia voarafitra fa hiasa hatrany hanohitra ny fanjakan'Andriamanitra. Raha napetraka tao amin'ily zaridaina mahafinaritra be Adama sy Eva, Satana dia nanao drafitra mba hanimbana azy ireo. Ary dia nisy ny fivoriana izay natao niaraka tamin'ireo anjely ratsy. Tsy misy hevitra mihitsy ho an'ireto mpivady ireto ny tsy higohana ny fifaliana raha nankato an'Andriamanitra izy ireo. Satana dia tsy afaka nampiasa ny heriny tamin'izy ireo raha tsy hoe tsy nankatò an'Andriamanitra aloha izy ireo, ary miala eo amin'ny fahasoavany. Tsy maintsy nanao tetik'asa maro ary ry zareo mba hitondrana an'ireto mpivady any amin'ny tsy fankatoavana ary dia hanameloka ny fijerin'Andriamanitra ireo ary dia ho voatondra eo ambanin'ny fitaoman'I Satana sy ireo anjely mivantana indrindra. Ary dia tapaka tamin' izay fa Satana dia tokony hanao endrika hafa ary hampiseho tombotsoa amin'ny olona . Izy dia tokony hampiditra tsimoramora ny fanoherana ny fahamarinan'Andriamanitra, tokony hanorina fisalasalana amin'izay tian'Andriamanitra lazaina sy izay lazainy, manarak'izay dia, hamporisika ny fahalianan-kizahan'izy ireo, ary hitondra azy ireo amin'ny fikarohana ny drafitr'Andriamanitra izay tsy azo takarina, izay nahavoaheloka an'I Satana, ary noho izay antony izany no nameperana azy ny momba ny hazon'ny fahalalana.

Jereo Isaia 14:12-20; Ezekielia 28:1-13; Apokalypsy 12: 79

Toko 2 - NY FAHALAVOAN' NY OLONA

Ary hitako fa, ireo anjely masina dia namangy matekita ny zaridain'I Edena, nanoro hevitra an'I Adama sy Eva mikasika ny asan'izy ireo, ary koa niresaka tamin'ny momba ny fikomian'i Satana sy ny fahalavoany. Nampitandrina azy ireo an'i Satana ireo anjely ary nampianatra azy ireo mba tsy hisaratsaraka eo amin'ny asan'izy ireo, satria mety hitondra azy ireo amin'ny fikasohana amin'ity fahavalo lavo ity izany. Nandidy azy ireo ny anjely mba hanaraka an-tsipiriany ny toro-làlana izay nomen'Andriamanitra azy ireo, satria ny fankatoavana tanteraka ihany no hiaro azy ireo. Ary raha nankatò izy ireo, dia tsy hanana fahefana amin'izy ireto ity fahavalo lavo ity.

Nanomboka ny asa famitahany tamin'i Eva I Satana, nitarika azy mba tsy hankatò. Voalohany, nandeha nitsangatsangana izy tamin'ny alalan'ny fisintahana tamin'ny vadiny, avy eo tamin'ny fitarazohana manodidina ilay hazo voarara, manarak'izay, tamin'ny fihainoana ny feo'ilay mpaka-fanahy, ary koa tamin'ny fahasahiana nialasalala ny amin'izay nolazain'Andriamanitra "fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa hianao". Niteny izy fa tsy fanirian' Andriamanitra angamba ny hilaza aminy mazava tsara izay mety ho azony, ary dia nanana fahasahiana, ka nandroso ny tanany izy, nandray ny voankazo ka nihinana azy. "Tsy mahafinaritra ny maso ary tsara ho fihinana" va ity ? Niahiahy ny amin'Andriamanitra izy, izay nandrara tsy hanome azy ireo izay tena tsara ho azy ireo. Nanolotra ilay voankazo ho an'ny vadiny izy, tamin'izany dia naka fanahy azy izy. Notantarainy tamin' i Adama daholo izay rehetra nolazain'ilay menarana, ary nampiseho ny fahatalanjony izy fa nanana talenta amin'ny fitenenana ilay izy (menarana).

Ary hitako fa nandrakotra ny endrik'i Adama ny alahelo. Toa ohatry ny natahotra sy talanjona izy. Toa ohatry ny nisy ady nitranga tao an-dohany tao. Nahatsapa fahatokiana izy fa ity ilay fahavalo izay nampitandremana azy ireo, ary noho izany dia tsy maintsy ho faty ny vadiny. Tsy maintsy sarahina izy ireo. Ny fitiavany an'i Eva anefa dia be dia be. Ary tamin'ny fahakiviana tanteraka no nanapahany hevitra fa hizara ny anjara ratsy izay miandry an'I Eva. Noraisiny ilay voankazo, ary haingana no nihinanany izany. Rehefa avy teo dia nientam-pifaliana i Satana. Nikomy izy tany an-danitra, ary nanana mpanara-dia maro izay tia azy, sy nanaraka azy ireo, tamin'ny fikomiana. Lavo izy, ary nitarika ny sasany mba ho lavo miaraka aminy ihany koa. Naka fanahy ny vehivavy izy amin'izao mba hiahiahy an'Andriamanitra, mba hikoroka ny fahendreny, ary hiteny izay hahalalana ny draf-pahendreny rehetra. Nahafantatra i Satana fa tsy ho lavo irery ny vehivavy. Adama, noho ny fitiavany an'i Eva, dia tsy nankato ny didin 'Andriamanitra ary dia lavo niaraka tamin'I Eva.

Niely manerana ny lanitra ny vaovao momba ny fahalavoan'ny olona. Nangina ny valiha (harpe) rehetra. Nesorin'ireo anjely tamin'ny alahelo ny satroboninahitra teo amin'ny lohany. Nihozongozona ny lanitra manontolo.

Nasiana ny filan-kevitra mba hanapaka izay tsy maintsy atao amin'ireo mpivady meloka ireto. Natahotra ny anjely fandrao dia hanatsotra ny tanany izy ireo, ka hihinana ny hazon'aina, ary dia ho lasa mpanota tsy mety maty. Nefa Andriamanitra nilaza fa horoahiny hivoaka ny saha ireto mpandika làlana. Notendrena haingana ireo anjely mba hiambina ny làlana mandeha amin'ny hazon'ny fiainana. Izany no drafitra izay novolavolain'I Satana dia ny mba hahatonga an'I Adama sy Eva tsy hankatò an'Andriamanitra, sy handray ny fahatezarany, avy eo dia ny mba hitondrana azy ireo mba hihinana ilay hazon'aina, mba hivelonan'izy ireo mandrakizay amin'ny fahotana sy ny tsy fankatoavana, ary noho izany dia tsy ho faty mandrakizay ny fahotana. Nefa nirahina ireo anjely masina mba hitondra azy ireo hivoaka ny saha, ary nosakanana ny fidirana mankany amin'ny hazon'aina. Ny tsirairay tamin'ireo anjely matanjaka dia niseho toy ny nanana zavatra eo amin'ny tanan'izy ireo ankavanana, izay mitovy amin'ny sabatra manjelanjelatra.

(Noho izany) nandresy i Satana. Ka dia maro ireo azony, izay be dia be koa no mijaly noho ny fahalavoany. Noroahina hiala ny lanitra izy, ary ireo kosa niroahina hivoaka ny Paradisa.

Jereo Genesisy toko 3.

Toko 3 - DRAFI-PANAVOTANA

Alahelo no nameno ny lanitra, rehefa nahafantatra fa lavo ny olona, ary izao tontolo izao izay namboarin'Andriamanitra dia ho fenoina olona natokana ho amin'ny fijaliana, aretina ary fahafatesana, ary dia tsy nisy làlana nivoahana ho an'ireto voaheloka ireto. Ny fianakavian'Adama rehetra dia tsy maintsy ho faty daholo. Hitako I Jesosy maha-te ho tia, nijery tamim-pamidram-po ary alahelo no teo amin'ny endriny. Tsy ela taorian'izay, hitako Izy nanatona ny fetra faran'ilay hazavana mampirapiratra izay mandrakotra ny Ray.

Niteny ilay anjely mpanaraka ahy: “miresaka amim-pahamalinana amin’ny Rainy Izy. Ny ahiahin’ireo anjely dia toa nihamafy hatrany nandritra ny fotoana izay niresahin’ I Jesosy tamin’ny Rainy. In-telo no nihidy tao amin’ily fahazavana be voninahitry ny ray Izy, ary tamin’ny fahatelo dia (nivoaka) avy tamin’ny Ray Izy, ary dia ny tenany mihitsy no hita miharihary. Tony ny endriny, afaka tamin’ny ahiahy rehetra sy tebiteby, ary namirapiraty ny fanehoam-pitiavana sy fahatsarana, izay tsy azon’ny teny haseho (hambara). Taorian’izay dia nampahafantariny an’ireo anjely maro mendrikaja fa ny efa voamboatra ny lalan’ ny famonjena ho an’ny olombery. Nolazainy azy ireo fa nifandahatra tamin’ny Ray Izy (teo), ary namosaka ny heviny mba hanolotra ny ainy ho avotra, ka handray ny fanamelohana ho faty ho Azy samirery, ka amin’ny alalany dia afaka hahita famelana (heloka) ny olombelona. Ary amin’ny alalan’ny fahanendrehan’ny rany, sy ny fankatoavana ny lalan’Andriamanitra, dia afaka hahazo ny fahasoavan’Andriamanitra ireo, ary dia hoentina any amin’ily saha mahafinaritra, ary hihinana ny voankazon’ny hazon’aina.

Tamin’ny voalohany dia tsy afaka mifaly ny anjely ,satria ny Filohan’izy ireo dia tsy nanafina azy ireo ny zavatra rehetra fa nanokatra kosa teo anatrehan’izy ireo ny drafi-pamonjena. Niteny tamin’izy ireo Jesosy fa tokony hijoro eo anelanelan’ny fahatezeran’ny Rainy sy ny olombelona meloka izy, ary dia tokony hoentiny ny fahotana sy ny fanebahana , kanefa vitsy no handray azy ho Zanak’Andriamanitra. Ny ankamaroan’ny rehetra dia hankahala Azy sady handà Azy. Nandao ny voninahiny rehetra tany an-danitra Izy, hiseho ety an-tany toy ny olombelona, hanetry ny tenany toy ny olona tsotra, nampianatra ny tenany amin’ny alalan’ny fanandramany manokana sy ireo fakam-panahy maro isan-karazany izay mety hahazo ny olona izay manao ny asany; amin’ny maha-mpampianatra azy dia tokony hefainy, tokony hatolotra eo an-tanan’ny olombelona maro Izy, izay hahatonga azy hiaritra ny fampijaliana sy fahoriana izay Satana sy ny anjeliny no mamporisika ireo olon-dratsy hanao fanasaziana izany Aminy, ary dia ho faty amin’ny fahafatesana farany izay mahatsiravina indrindra Izy, hihantona eo anelanelan’ny lanitra sy tany toy ny mpanota meloka. Ary tokony hiaritra ny ora mangidin’ny fialan’aina, amin’ izany Izy, na dia ny anjely aza dia tsy mba afaka hahazaka ny mijery Azy, fa nanakana ny tavan’izy ireo amin’ny fisentoana. Tsy hoe fijalian’ny vatana fotsiny ihany no tokony hiaretany; fa fijaliana aratsaina koa, izay tsy azo ampitahaina na amin’ny fomba ahoana na ahoana amin’ny fijaliana ara-batana. Ny vesatry ny fahotana rehetra manerana izao tontolo izao dia hapetraka eo Aminy avokoa. Niteny tamin’ireo anjely Izy fa tsy maintsy ho faty Izy ary hitsangana indray amin’ny andro fahatelo; ary dia hakarina any amin’ny Rainy mba hifona ho an’ny olo- meloka.

Niankohoka teo anatrehany ireo anjely. Nomen’izy ireo ny ainy. Niteny azy ireo Jesosy fa tokony hataony izany satria amin’ny alalan’ny fahafatesany no hamonjena ny maro amin’ ny mpanota; satria ny ain’anjely iray dia tsy mahaloha ny trosa. Ny ainy irery ihany no neken’ny Rainy ho avotra ho an’ny olombelona. Niteny tamin’ izy ireo koa Jesosy fa ireo koa dia hanana ny anjara sahanina amin’ io drafitra io, dia ny miaraka aminy mandrakariva, ary ny manampy azy. Ary tokony handray ny toeran’ny olombelona lavo Izy, ary ny heriny dia tsy tokony hitovy tantana amin’ny an’izy ireo. Ary ireo dia tokony ho vavolombelon’ny fanetren-tenany sy ireo fijaliana mahatsiravina. Ary koa ho vavolombelon’ireo fahoriany, ary ny fankahalan’ny olombelona Azy, tokony hahatsapa fihetsem-po farany izay lalina indrindra ireo, ary amin’ny alalan’ny fitiavan’izy ireo Azy, tokony mba haniry ny hanao zavatra mba ho famonjena Azy ary hanafaka Azy amin’ireto mpamono Azy ireto. Kanefa, tsy azon’ireo natao ny nanakana (ny zava-nitranga) na inona na inona, ny hany tokony hataon’izy ireo dia ny mijery sy mandray anjara amin’ny fitsanganany; dia izao ny drafi-panavotana voaforona izao, ary neken’ny Ray izany.

Tamin’ny alahelo masina no nampaherezan’I Jesosy sy nampiakarany ny fanantenan’ny anjely, ary nampahafantarany azy ireo fa aoriana ireo rehetra izay nanaovany fanavotana (novidiany) dia hiaraka Aminy, ary hitoetra miaraka Aminy mandrakizay, ary amin’ny alalan’izany fahafatesany izany dia tokony hahavonjy maro Izy, ary handrava an’ily manana ny herin’ny fahafatesana. Ary tokony homen’ny Ray Azy ny fanjakana, sy ny fahalebiazan’ny fanjakana eo ambanin’ny lanitra manontolo ary dia tokony ho azy mandrakizay mandrakizay izany. Satana sy ny mpanota dia tokony hopotehina, ary tsy hanelingelina ny lanitra intsony, na ny tany vaovao efa voadio. Miangavy ireo vahoakan’ny lanitra Jesosy mba hifanaraka amin’ny drafitra izay neken’ny Rainy, ary hifaly satria ilay olona lavo dia afaka asandratra indray amin’ny alalan’ny fahafatesany, mba handray ny fahasoavana miaraka amin’Andriamanitra sy finaritra ao an-danitra (rahatrizay).

Fifaliana, fifaliana tsy hay tononina no nameno ny lanitra. Ary ireo tafiky ny anjely dia nihira hira fiderana sy fiankohofana. Noraisin’izy ireo ny valihany (harpa) ary nihira naoty iray izay farany ambony indrindra nohon’ny nataon’izy ireo teo aloha izy ireo, mba ho fisaorana lehibe sy noho ny faneken’Andriamanitra tamin’ny nahafoziany ny Malala-Tiany mba ho faty ho an’ny taranaka mpikomy. Fiderana sy fiankohofana no nirotsaka teo anoloana noho ny fahafoizan-tena sy sorona izay nataon’I Jesosy ; ary tokony fanaovana fanatitra an’I Jesosy. Hanaiky ny hiala eo an-tratran-drainy ary nifidy ny fiainana feno fahoriana sy tebiteby ary ho faty amin’ny fahafatesana manala-baraka amin’ny fanomezana ny aina ho an’ny hafa .

Nilaza tamiko ny anjely : Mieritreritra ve ianao fa ny Ray dia hahafoy ny Zanaka malala izay tiany tsy misy tolona ? Tsia , tsia . Izany dia ady koa ho an'ny Rain'ny Lanitra , na ny hamela ny ho ringana ny olomeloka na ny manome ny Zanany tiana ho faty ho azy ireo. Nahaliana ny Anjely fatratra ny fanavotana ny olombelona satria ho hita miaraka ao amin'ireo, izay tokony handao ny voninahiny ary hanolotra ny ainy ho an'ny olombelona mety maty. Kanefa, nilaza tamiko ilay anjely mpanara-dia ahy, fa izany dia tsy hahazoana tombotsoa na inona na inona. Ny fandikan-dalàna dia lehibe loatra hany ka ny ain'ny Anjely iray dia tsy tokony hahavoaloha ny trosa . Tsy misy afa-tsy ny fahafatesana sy ny fanelanelanan'ny Zanany ihany no tokony hahaloha ny trosa, sy hamonjy ny olom-bery amin'ny tebitebin'ny tsy fisiam-panantenana sy fahantrana .

Fa natoro an'ireo anjely ny asany, dia ny miakatra sy midina sady manamafy ny teny fampaherezana izay avy amin'ny voninahitra mba hanalefaka ny Zanak'Andriamanitra amin'ny fahoriana izay mianjady Aminy, ary fiahiana Azy . Miaro ihany koa ny momban' ny fahasoavana amin' ny hery miasa manginan' ireo anjely ratsy sy ny fahamaizinana izay alatsakin'i Satana amin'izy ireo lalandava. Ary hitako fa tsy azon'Andriamanitra natao ny nanimba na nanova ny lalàny mba hamonjena ny olom-bery mety maty; noho izany dia noleferiny ny Zanany tiany ho faty ho an'ny fandikan-dalàn'ny olombelona.

Niravo indray i Satana sy ireo anjely fa afaka nanao tamin'ny alalan'ny fiahatsiana ny fahalavoan'ny olona, sy nampidina ny Zanak'Andriamanitra tamin'ny toerana nanan-daza nananany .Nilaza tamin'ireo anjeliny izy fa rehefa maka ny toetran'ny olombelona lavo Jesosy, dia ho afaka hanjaka Aminy izy ka hanakana ny fahatanterahan'ny drafy-panavotana .

Rehefa avy teo dia naseho ahy Satana , tamin'ny endriny taloha feno hafaliana sy anjely manan-daza. Avy teo dia naseho ahy ny endriny ankehitriny. Dia mbola mitondra ny mpanjaka ihany izy. Ny bikany dia mbola miendrik'andriana satria anjely lavo izy. Kanefa ny fombampitenenany dia feno fanahina lehibe, tebiteby, alahelo; fankahalana, faharatsiana diso fanantenana ary ireo ratsy rehetra. Ny handriny izay tena mihaja fahiny no tena voatsikaritra. Ny handriny mitongilana mankany aoriana. Hitako fa ny fahazaran-dratsiny ela no nahasimba ireo fahatsarany rehetra, ary dia nihanitombo ny endrika ratsy tsirairay. Niharatsy ny masony feno hafetsena ary nampiseho fahiratan-tsaina lehibe. Ny tenany ivelany dia lehibe; fa ny nofon'ny handriny sy ny tarehiny dia nirotsaka be ihany. Araky ny fijeriko azy, mitehi-tsaokany amin' ny tanany havia izy. Dia toa lasa eritreritra be ihany izy . Ny tsiky dia teo amin'ny endriny, izay nampagovitra ahy dia feno faharatsiana izany ary hafetsen'I Satana. Io no tsiky fanaony aloha kelin' n fotoana izay andrendrehany ny hazany. Ary rehefa azony ao anatin' ny fandriny ireo dia vao maika mahatsiravina io fihomehezany io.

TOKO 4 - NY FIAVIAN'NY JESOSY VOALOHANY

Any dia nentina tany amin'ny fotoana izay nitafian'i Jesosy ny toeran'olombelona aho, nanetry tena toy ny olona, ary dia niaritra ireo fakam-panahin'I Satana.

Ny fahaterahany dia tsy mahalala fahamboniana teto amin'ity izao tontolo izao ity. Teraka tao an-tranon'omby izy, norotsirotsiana tao anaty fihinanam-bilona; kanefa ny fahaterahany no nonem-boninahitra be lavitra noho ny zanak'olombelona rehetra. Ny anjely avy any an-danitra, no nampahafantatra ireo mpiandry ondry ny fahaterahan'i Jesosy, nandritra izany dia hazavana sy voninahitra avy tamin'Andriamanitra no niaraka tamin'ny fijoroana vavolombelon'izy ireo. Noraisin'ireo vahoakan'ny lanitra ny valihan' (harpan) izy ireo ary dia nanome voninahitra an'Andriamanitra ireo. Ary nilaza tamin' pandresena__ny fiavian'ilay Zanak'Andriamanitra teto an-tany mba hanatanteraka ny asa fanavotana amin' ny tany efa lavo, ary amin'ny alalan'ny fahafatesany no hitondrany fiadanana, fifaliana, ary fiainana mandrakizay ho an'ny olombelona. Nomen'Andriamanitra voninahitra ny fiavian'ny Zanany. Niankohoka teo aminy ny anjely rehetra.

Ireo anjelin'Andriamanitra dia naniditsidina teo ambonin'ny fampisehoana ny batisany ary ny Fanahy Masina nidina tahaka ny endriky ny voromailala, ary nanazava azy ary dia talanjona dia talanjona ny vahoaka, ary tsy niala teo aminy ny mason'izy ireo, re avy ary an-danitra ny feon'ny Ray, izay milaza: "Ianao no Zako malala, Ianao no sitrako."

Nisalasala i Jaona Mpanao Batisa fa sao ny Mpamonjy tokoa io tonga eo Jordana mba hataony batisa io.__Kanefa nampanantena fahamantarana azy Andriamanitra amin'izay dia ho fantany ilay Ondrin'Andriamanitra. Io famantarana io dia nomena tahaka ny voromailanan'ny lanitra izay nipetraka teo ambonin'I Jesosy, ary ny voninahitr'Andriamanitra dia naseho nanodidina Azy. Noraisin'i Jaona Mpanao Batisa ihany ny tanany, ho eny aminy ary notondroiny i Jesosy, ary tamin'ny feo nahery no niantsoany hoe: "Indro ny Zanak'Ondrin'Andriamanitra izay nanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao."

Nampahafantaran'i Jaona ireo mpianany fa Jesosy no Mesia izay nampanantenaina, ilay Mpamonjy izao tontolo izao. Rehefa nitehika tamin' ny fiafarany ny asany, dia nilaza tamin' ireo mpanara-dia azy izy mba hiantehitra amin'i Jesosy, ary hanaraka Azy izay mpampianatra lehibe. Tsy mba nisy fahafinaretana ny fiainan'i Jaona Mpanao Batisa. Fa fiainana feno tebitebin-tsaina sy fandavan-tena izany. Izy no niantso ny fiavian'i Kristy voalohany, ary kanefa tsy navela hiatrika ireo fahagagana, na hanaram-po tamin'ny hery izay nasehony. Fantany fa rehefa nandray ny asany amin'ny maha mpampianatra Azy Jesosy, dia tsy maintsy ho faty izy. Nahalana ny nandrenesana ny feony, afa tsy tany an'efitra. Nitoka monina ny fianany. Tsy miarainaina teo anivon'ny fianakaviany izy, mba hiara-mifaly amin'izy ireo, fa nanalavitra azy ireo mba hahatanteraka ny asany. Maro ireo mamela ny andraikiny eo an-tanan-dehibe sy eny ambanivohitra, ary manatona ny tany efitra mba hihaino ny feon'ilay mpaminany hafa kely mahagaga. Napetrak'i Jaona Mpanao Batisa tamin'ny foton-kazo ny famaky. Nanameloka ny ota izy sady tsy natahotra izay vokatra aterak'izay, ary nanamboatra noho izany ny lalana ho an'ny zanak' Ondrin' Andriamanitra izy.

Voakasika ny fon'I Heroda raha naheno ny fijoroana vavolombelonan'i Jaona izay sady mivantana no mahery. Tanim-pahalianana fatratra no nitadiavana izay tsy maintsy ataony mba hahatonga azy ho mpianany koa. Fantatr'I Jaona anefa fa te-hanambady ny vadin'ny rahalahiny izy, kanefa mbola velona ny vadiny, dia nolazainy an'i Heroda tamin-hatokiana feno fa tsy ara-dalàna izany. Tsy te-hanao fandavan-tena i Heroda ka dia nanambady ny vadin-drahalahiny izy, ary teo ambany fitaoman-dravehivavy, no nisamborany an'i Jaona Mpanao Batisa ary dia nanao azy tao an-tranomaizina, kanefa Heroda nieritritra ny hamoaka azy indray. Tamin'izy taom-pigadrana, ren'i Jaona tamin'ny alalan'ireo mpianany ny asa mahagaga izay ataon'i Jesosy. Tsy nahazo nihaino izany fandaharan-teny tsara izany izy fa ireo mpianany no nampahalala izany azy, ary nampahery azy tamin'izay rehetra ren'izy ireo. Nohon'ny fitaoman'ny vadin'i Heroda, dia tsy ela taorian'izay, dia notapahiny ny lohan'i Jaona.

Ary hitako fa ireo mpianatra farany madinika indrindra izay nanaraka an'i Jesosy, izay vavolombelon'ireo fahagagana nataony, ary nahare ireo teny mampahery izay nivoaka avy teo amin' ny molony indray, dia lehibe kokoa noho i Jaona Mpanao batisa. Ary ireo nasandratra sy nohajaina bebe kokoa sady nahita fahafinaretana teo amin'ny fiainany bebe kokoa noho ny an'i Jaona Mpanao-batisa.

Niditra tao amin'ny fanahy sy ny herin'i Elia i Jaona, mba hitory ny fiavian'i Jesosy voalohany. Ary dia nentina tany amin'ny andro farany aho, ary nahita fa i Jaona no naneho ireo mpino izay handeha ao anatin'ny fanahy sy ny herin'i Elia mba hiantso ny andron'ny fahatezaran'Andriamanitra, ary ny fiavian'i Jesosy fanindroany.

Taorian'ny batisan'i Jesosy tao Jordana, dia nentin'ny Fanahy tany an'efitra ny Mpamonjy mba hakan'i Devoly fanahy azy. Ny Fanahy Masina no nanomana azy amin'izany sehatra manokana ny fizahan-toetra nahanay izany. Efapolo andro no nakan'i Devoly fanahy Azy, ary tao anatin'ireo andro ireo dia tsy nihinana na inona na ninona mihitsy izy. Naharikoriko Azy avokoa ny nijery ireo zavatra rehetra manodidina Azy ary ny maha-olona nanosika Azy hihanalavitra. Niaraka tamin'ireo bibidia izy, ary ny Devoly, tamin'io toerana izay

feno loza sy mitokana. Hitako fa ny Zanak'Andriamanitra dia tena hatsatra tokoa sady nihamahia noho ireo fifadian-kanina sy fahoriana izay nahazo Azy. Nefa tsy maintsy nandalo tamin' izany Izy mba hanatanterahany ny asa izay nahatongavany tety ho vitaina.

Nararaotin'i Satana izany fahorian'ny Zanak'Andriamanitra izany, ary dia nanomana ny hanao fahirano azy amin'ny alalan'ireo fakam-panahy maro izy, dia tao anatin'ny fanantenana fa handresy Azy, satria nanetry tena toy ny olona Izy. Ary dia avy niaraka tamin'ity fakam-panahy ity i Satana: "Raha zanak'Andriamanitra ianao, didio ho tonga mofo io vato io". Naka fanahy an'i Jesosy izy, mba hiondrika eo anatrehany, ary hanome porofo azy fa Izy tokoa no ilay Mesia amin'ny alalan'ny fampiasany ny heriny izay avy amin'Andriamanitra. Namaly azy tamin-pahalemenam-panahy i Jesosy hoe : « Voasoratra hoe: tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra ».

Nitady izay hiadivan-kevitra amin'i Jesosy i Satana mikasika ny maha-zanak'Andriamanitra Azy. Ary dia nolazainy Azy ny fahalemeny sy ireo fijaliany ary tamin-pireharehena no nilazalazany fa izy dia matanjaka kokoa noho i Jesosy. Kanefa ny teny avy any an-danitra izay nanao hoe: « Ianao no Zanako malalako, ianao no sitrako » dia ampy hanoana an'i Jesosy ao anatin'ireo fahoriana rehetra izay mianjady aminy. Ary hitako fa tsy manan-kery ho enti-mandresy an' i Satana i Kristy, na ho entiny hanaporofa aminy ny maha-Mpamonjy an' izao tontolo izao Azy. Satana dia efa nanana porofo maro ny amin'ny toerana ambony, sy fahefana izay ananan'i Jesosy. Ny fandavany hankasitraka ny fahefan'i Jesosy no mandroahana azy hiala ny lanitra.

Mba hanehoan'i Satana ny heriny dia nentina tany Jerosalema Jesosy, ary napetrany tao an-tampon'ny tempoly Izy, ary teo, dia niangavy Azy izy ny mba hianjerany avy eny ambony mahafanina eny mba hanaporofaony ny maha-Zanak' Andriamanitra Azy. Satana tamin'indray nitoraka ity dia nampiasa ny tenin' ny tsindrimandry: « Fa voasoratra hoe: Izy hadidy ny anjelin'ny aminao; Ary eny an-tanany no hitondran'ireo Anao, fandrao ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao.» Namaly azy Jesosy nanao hoe : « Fa voasoratra hoe: Aza maka fanahy an'i Jehovah Andriamanitrao.» Nirian'i Satana ny hitaona an'i Jesosy hihevitra fa eo ambany fanindrampon'Andriamanitra, ary ho sahisahy hanao kitoatoa ny fiainany alohan'ny hahavitany ny asa izay nampandraiketina azy. Niriny mantsy ny hanafoanana ny drafy-panavotana. Kanefa hitako fa io drafitra io dia namana fototra lalina loatra hazerany sy hosimban' i Satana.

Ary hitako, fa i Kristy no ohatra ho an'ny Kristianina rehetra raha alain-panahy, na rehefa hiadivan-kevitra ny zon'izy ireo. Tokony hitondra ireo amin-paharetana izy ireo. Tsy tokony hieritreritra izy ireo hoe manana zo hiantso an'Andriamanitra mba haneho ny heriny ho azy ireo mba hahazoany fandresena ny amin' ireo fahavalony, raha tsy hoe angaha misy zavatra nanakana izay hahazoan'Andriamanitra voninahitra sy haja nivantana azo avy amin'izany. Ary hitako fa raha nampianjera ny tenany avy tany amin'ny tampon'ny Tempoly Jesosy, dia tsy nanome voninahitra ny Rainy velively izy amin'izany; Satria tsy nisy ho vavolombelon'izany, raha tsy i Satana ary ireo anjelin'Andriamanitra. Ary dia nampirisika ny Tompo mba haneho ny heriny eo anoloan' ilay fahavalo farany izay ratsy indrindra. Dia hampitanondrika Azy ao anatrehan'ilay nazerany ho amin' ny tany izany.

"Ary ny Devoly nitondra Azy indray nankany an-tendrombohitra avo dia avo ka naneo Azy ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo izao mbamin'ny voninahiny, dia nanao taminy hoe: Izao rehetra izao dia homeko Anao raha hiankohoka sy hivavaka amiko Hianao. Fa hoy Jesosy taminy: Mandehana hianao ry Satana fa voasoratra hoe: "Jehovah Andriamanitrao no hiankohofana ary izy irery ihany no hotompoinao".

Ary dia nampandalovin' i Satana teo anatrehan' i Jesosy avokoa ny fanjakana rehetra teto an-tany sy ny voninahiny rehetra. Hatolony ho an'i Jesosy daholo ireo rehetra ireo raha nanaiky ny miankohoka teo anatrehany Izy. Niteny tamin' i Jesosy isy fa hafoiny ho Azy ny zony amin' ny fananany ny tany. Fantratr' i Satana fa raha mahomby ny drafy-pamonjena, ary raha maty i Jesosy mba hanavotra ny olombelona, izy Satana hahita fa voafetra ny heriny; ary hesorina aminy izany amin' ny farany ary izy tenany hofongorina.

Nahalala izy fa tokony ho faty Jesosy mba hanavotana ny olona nisy fotoana izay hiafaran'ny heriny ary dia hosakanana koa, izy tenany mihitsy. Noho izany no nanaovany tetik'asa ny hisakanana raha azo atao, ny fahavitan'ny asa lehibe izay efa natombok' ilay Zanak'Andriamanitra. Raha ny drafitra voasoritra ho famonjena ny olona no tsy tafita, notehirizin'i Satana ny fanjakana izay nihamboany fa azy. Ary raha tafavoakany izay dia hirehareha izy fa izy no tokony hanjaka fa tsy Andriamanitry ny lanitra.

Nihorahan'i Satana raha nandao ny lanitra ny heriny ary ny voninahiny mba handao ny lanitra i Jesosy. Nieritreritra mantsy izy fa napetraka teo amin'ny fahefany ny zanak'Andriamanitra. Ho mora foana no hahombiazana amin' ny fakam-panahy an' ireo mpivady voalohany tao Edena, nanantena izy noho ny fahefany ary ny hafetsen-dratsin' i Satana hanana hevitra ny amin' ny Zanak' Andriamanitra, ary noho izany dia hiaro ny ainy sy ny fanjakany izany. Raha nahomby izy tamin'ny fakam-panahy, izay nataony tamin'i Jesosy mba handikany ny sitrapon'ny Rainy, dia hotratrany ny tanjony. Fa Jesosy nanohitra an' ilay mpaka-fany nanao hoe: "Mandehana ianao ry Satana." Tsy nisy afa tsy ny Ray ihany no tokony hiankohofana. Satana milaza azy ho tompon' ny fanjakana rehetra amin' ny tany ary manambitamby moramora an' i Jesosy izy fa ireo fahoriana rehetra ireo azo ialana, tsy ilaina akory izay fahafatesana mba hahazoana ny fanjakana rehetran' ity tany ity.

Ampy ho Azy ny miankohoka eo anatrehany mba hahazoany ny tsara rehetra amin' izao tontolo rehetra izao ary ny hanjaka aminy amim-boninahitra. Saingy tsy azo nohozongozonina i Jesosy. Fantany fa ho avy ny andro izay hanolorany ny ainy ary hesoriny amin' i Satana ny fanjakana; ary aorian' ny andro sasany ny any andanitra rehetra sy ny ety an-tany dia hampanakena Azy. Nisafidy ny fiainany izay feno fahoriana izy, ny fahafatesana mahatsiravina, ary ny lalana izay nosoritan'ny Ray ho Azy mba hahatonga azy ho mpandova aradrariny ny fanjakan'ny tany ary izay hatolotra eo an-tany, ho fananany mandrakizay mandrakizay. Satana koa dia hatolotra eo an-tanany mba haringany amin'ny alalan'ny fahafatesana, ary tsy hanelingelina an'i Jesosy intsony, na ireo masina ao amin'ny voninahiny.

Jereo Mpanjaka 17:35-36 ; Salamo 91:11-12; Lioka Toko 2-4

TOKO 5 - NY ASAN' I KRISTY

Rehefa nahatapitra ireo fakam-panahy izay nataony i Satana, dia nandao an'i Jesosy tao anatin'ny fotoana iray izy. Ary ny anjely dia nikarakara sakafo ho Azy tany an'efitra, sady nampahery Azy ary ny fitahian'ny Rainy dia nipetraka teo Aminy. Tsy nahomby i Satana tamin'ireo fakam-panahy mahery indrindra izay nataony. Nefa mbola niriny hatrany anefa nandritra ny fotoana izay nanaovan'i Jesosy ny asany, raha azony natao tao anatin-ireo fotoana isan-karazany ny hamerina indray ireo hafetseny mba hamandrihana Azy. Mbola nanantena ny handresy Azy izy amin'ny alalan'ny fitaomana ireo izay tsy nandray an'i Jesosy, mba hankahala sy hitady izay hahafaty Azy. Nampivory ny filan-kevitra manokana niaraka tamin'ny Anjely i Satana. Diso fanantenana sady misafoaka ireo satria tsy mahazo na inona na inona mba hanoherana an' Ilay Zanak' Andriamanitra. Dia nanapa-kevitra izy ireo fa tsy maintsy hampiasa hafetsena bebe kokoa ary hampiasa ny fara-herin' izy ireo mba hampitsinoka ny tsy finoana ao anatin'ireo vahoakany ireo ihany, mba tsy haneken' izy ireo fa Izy no Mpamonjy an'izao tontolo izao, ary hanakivy an' i Jesosy amin' izany fomba fiasa izany mba tsy hahafahany manatanteraka ny asany. Tsy mampaninona akory raha ireo Jiosy mahatoky amin' ireo fombafombam-pivavahany sy ny fanatiny; raha afaka hanakipy ny masonry amin' ny foto-kevitra ny faminaniana ary ny hinoan' ireo koa fa ny Mesia dia hiseho ho mpanjaka mahery, dia ho voataona haneso sy handa an' i Jesosy izy ireo. Ary naseho ahy rehefa avy teo fa Satana sy ireo anjeliny dia sahirana mihitsy nandritra ny fotoana izay niasan'I Jesosy, amin'ny alalan'ny famporisihina ny olona ho amin'ny tsy finoana, fankahalana ary ny fanarabiana. Matetika rehefa miantso ho amin'ny fahamarinana maranitra I Jesosy, izay manakiana ny fahotan'izy ireo, dia nanjary romotra izy ireo. Satana sy ireo anjeliny dia nandrisika azy ireo mba hanaisotra ny ain'ilay Zanak'Andriamanitra. Tsy indray mandeha no naka vato izy ireo mba hitoraka Azy, saingy miaro Azy ireo anjely, ary nitondra Azy niala tamin'ireo toerana feno ny fahatezeran' ny vahoaka ho an'ny amin'ny toerana milamina. Matetika, dia fahamarinana tsotra no nivoaka avy tao amin' ny molony masina, dia norasin'ny vahoaka Izy, ary noentiny teny an-tampon-kavoana ary nieritreritra ny handatsaka Azy tany ambany any izy ireo. Indray andro ireo Jiosy dia nisy ady hevitra izay nifanaovan'izy ireo momba izay tokony hatao amin'i Jesosy, nefa nanafina Azy indray ny anjely mba tsy ho hitan'ny vahoaka, ary izy, nandalo teo afovoan'izy ireo, ary dia nandeha tamin'ny lalany Izy ka tsy hitany intsony.

Mbola maniry hatrany i Satana mba tsy hahatanterahan'io drafi-panavotana lehibe io. Nampiasa ny heriny rehetra izy mba hanamafisana ny fon'ny olona rehetra, ary koa mba hahatonga azy ireo hankahala mihitsy an'i Jesosy; niriny ny hahavitsy an' isa ireo olona izay handray an'i Jesosy ho toy ny Zanak'Andriamanitra; amin'izay dia hihevitra i Jesosy fa lehibe loatra ny fahoriany sy ny fanatitra izay hataony raha oharina amin'ireto vondron'olona vitsy ireto. Nefa hitako fa raha misy olona roa fotsiny izay manaiky an'i Jesosy ho Zanak'andriamanitra ary mino Azy ho famonjena ny fanahin' izy ireo dia ho tanterahiny io drafitra io.

Nanomboka ny asany tamin'ny fanapotehina ny herin'i Satana tamin' ireo olona nijaly i Jesosy. Nanome fahasalamana indray ireo izay narary Izy. Nampahiratra ny mason' ny jamba Izy, nanasitrana ireo voan' ny paralysisa Izy izay nitsambikin-kafaliana mba hanome voninahitra an' Andriamanitra. Nanome fahiratana ho an'ireo jamba Izy, namerina amin'ny laoniny ny fahasalamana tamin'ny alalan'ny heriny ho an'ireo izay nanan-kilema sy ireo izay voafatotrin'ny hery mahatsiravin'i Satana nandritra ny taona maro tamin'ny alalan'ny teny mamy no nampaherezany ireo izay malemy, sy ireo mangorohoro ary ireo izay tratran'ny hakiviana. Nanangana ny maty ho amin'ny fiainana Izy ary dia nidera an' Andriamanitra izy ireo noho ny fampisehoan-kery lehibe izay nataony. Nandray an-tanana tamin-kery lehibe ireo izay nino azy Izy. Ary ireo izay mijaly mafy izay nanjakan'i Satana dia nafahan'I Jesosy tamin'ny fatorany ary nitondra ho azy ireo tamin'ny alalan'ny heriny tanjaka, fahasalamana ara-batana ary hafaliana lehibe sy haravoana, nanao tamin-kery ho an' ireo rehetra izay nino Azy Izy.

Ny fiainan'i Kristy dia feno asam-pangoraham-po, fifanarahana ary fitiavana. Nihaino hatrany tamin'pahalalianana, ary manamaivana ny alahelon'ireo izay nanatona Azy Izy. Ary maro ireo izay nanana porofo manokana ho an' ny tenany, ny amin' ny herin' Andriamanitra tao Aminy. Kanefa taorian' ny nahitan'ireo ny asany mahafinaritra ny ankamaroan'izy ireo no nahatsiaro menatra noho ity mpampianatra izay manetry tena ity, na dia manan-kery tokoa aza. Satria ny mpanapaka dia tsy mba mino Azy. Ny vahoaka tsy nanaiky Azy amim-pitiavana. Lehilahy ory izy sady zatra fahoriana. Tsy afaka handefitra hotarihin' ny fiainany feno fandavan-tena ireo mpiara-belona taminy. Aleon izy ireo manana ny voninahitra atolotr' izao tontolo izao azy ireo. Saingy maro no nanaraka ny Zanak'Andriamanitra, nihaino ny fampianarany, nankamany ireo teny mahasambatra izay nivoaka tamin-pahasoavana taminy vavany. Ny teny dia feno heviny lalina kanefa tsotra tokoa hany ka na dia ireo tsy ampy fahalalana aza dia hahatakatra izay tiany hambara.

Tena nisahirana mafy mihitsy i Satana sy ireo anjeliny. Nohajambainy ny mason'izy ireo ary nohamaiziny ny fahalalan'ireo Jiosy; ary dia namporisihin'i Satana ny lehiben'ny vahoaka ary ireo mpanapaka

mba hanaisotra ny ain'i Mpamonjy. Naniraka ireo miaramila izy ireo mba hitondra an'i Jesosy eo anoloana; kanefa rehefa tonga teo anatrehany izy ireo, dia zendana tokoa. Nahita an'i Jesosy izay feno fitserana sy famindram-po, satria niaina ny fahorian-draolombelona izay nahita Azy niteny tamin-pitiavana sy tamin-pahalemen-panahy tamin' ireo ory sy mijaly izy ireo. Ren'izy ireo koa Izy tamin'ny tamin'ny feo feno fahefana, nanintsiny ny herin'I Satana sy nandidy ireo izay voafatotrin'i Satana mba ho afaka. Nihaino ny tenim-pahendrena izay nivoaka avy teo amin' ny molony izy ireo, ary dia talanjona dia talanjona izy ireo. Tsy sahin'izy ireo ny nisambotra Azy. Koa dia niverina tany amin'ireo mpisorona sy loholona tsy niaraka tamin'i Jesosy izy ireo. Nahadihadian'izy ireo ny miaramila hoe, fa nahoana no tsy entinareo taty Izy? Ary dia nitantara ireo fijoroana vavolombelon'ny fahagagana isan-karazany izay hitany izy ireo, ary ny tenim-pahendrena masina, fitiavana ary fahalalana izay reny izy ireo, ary namarana ny teniny tamin'ny hoe: "tsy nisy mihitsy olona afaka miteny tahaka io lehilahy io". Nanameloka azy ireo ny lohan'ny mpisorona fa voafitak' io lehilahy io koa ry zareo. Nahatsiaro menatra ny vadintany fa tsy nitondra Azy. Nanontany tamin'ny fomba feno fanoana ny lohan'ny mpisorona raha misy na iray amin'ny mpanapaka aza nino azy. Ary hitako fa maro tamin'ny ireo mpitsara sy ny loholona no nino an'I Jesosy. Saingy, nampirisika nihazona azy ireo foana i Satana mba tsy hanaiky izany. Natahotra ny faninian'ny olona noho ny faninian'Andriamanitra izy ireo.

Noho izany, ny hafetsena sy ny fankahalan'i Satana dia tsy nahafoana velively ny drafi-pamonjena. Rehefa nanakainy ny fotoana izay tsy maintsy hanatanterahan' i Jesosy ny asany izay nahatongavany teto amin' izao tontolo izao, dia nivory Satana sy ireo anjeliny, ary nanapa-kevitra ny hanolotra ny vahoaka an'i Kristy ihany mba hiantsoantso tamin-ketaheta tokoa ny rany, ary mba hamorona fampijaliana mahatsiravina ary fanarabiana izay hovelarina eo anatrehany. Niriny fa ny fitondrana an' i Jesosy toy izany dia hahavery ny fanetren-tenany sy ny hamorany (na ny halemem-panahiny) izany.

Raha mbola namorona ny tetik' asany i Satana, Jesosy kosa nanambara tamim-pitandremana tamin' ireo mpianany ireo fahoriana izay tsy maintsy handalovany. Fa tsy maintsy ho homboana amin' ny hazo fijaliana Izy, ary tsy maintsy hitsangana indray amin'ny andro fahatelo. Kanefa toa nohamaizinina ny fahalalan' ireo ary tsy tonga amin' ny fahafantarana izay nolazaina taminy izy ireo.

TOKO 6 - NY FIOVAN-TAREHY

Ary hitako fa nihanatanjaka be ny finoan'ireo mpianatra noho ny fiovan-tarehy. Ary dia nataony afaka ny hibanjina ny voninahitr' i Kristy su nandre ny feo avy tany an-danitra, ho vavolombelon' ny toetra Maha-Andriamanitra Azy izy ireo. Sitrak' Andriamanitra ny hanome azy ireo porofo mampiaiky volana fa Jesosy marina tokoa no Ilay Mesia nampanantenaina. Amin' izay nony tonga ny famantsihana Azy tamin' ny hazo fijaliana, dia nanandrana alahelo mangidy ary fahadisoam-panantenana lalina izy ireo, kanefa tsy very tanteraka ny fahatokiany. Tamin' ny fotoan' ny fiovan-tarehy, ny Tompo naniraka an' i Mosesy sy Elia niresaka tamin' ny Mpamonjy ny zavatra momba ny fahoriana ary ny fahafatesany. Raha ny anjely no tokony hofidiny dia aleony nifidy ireo izay efa nandalo fitsapana teto an-tany Andriamanitra. Vitsy tamin'ireo mpanara-dia taminy ihany no navela hiaraka taminy ary nijery ny tarehiny izay nazavan'ny voninahitr'Andriamanitra, ary nijoro ho vavolombelon'ny fahamirapiratan'ny lamba fotsy, ary naheno ny feon'Andriamanitra, tamin'ny endrik'Andriamanitra mahatahotra, nilaza hoe: "Ity no Zanako malalako, henoy Izy".

Elia dia niara nandeha tamin'Andriamanitra. Mafy sady voazaha toetra ny asany rehetra. Tamin'ny alalany Andriamanitra, dia nanameloka ny fahotan' Israely. Izy dia mpaminanin' Andriamanitra, kanefa dia nifindrafindra toerana matetika izy mba hiaroavany ny ainy. Nohazaina na nifanakanana toy ny bibidia izy sao dia handrava ny fiainan'izy ireo. Kanefa dia naindran'Andriamanitra izy. Anjely no nitondra azy tamim' mpandresena ho any amin' ny voninahitra any an-danitra.

Mosesy indray dia olona izay nomen'Andriamanitra voninahitra lehibe: Izy no lehibe indrindra noho ireo olona rehetra izay niaina teo alohany. Nanana tombotsoa manokana ny amin' ny fifanpiresahana tamin'Andriamanitra nivantana izy tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany iray. Navela ny hijery ny fahamirapiratan'ny hazavana ny hatsaran'ny voninahitra izay nandrakotra ny Ray izy. Tamin'ny alalan'ny Mosesy no nanafahan'ny Tompo ny zanak'Israely tamin'ny fatoran'ny fanandevozan' ny Egyptiana. Mosesy no mpanelanelana teo amin'ny vahoak'Andriamanitra, manelanelana matetika mba hanamaivana ny fahatezeran' Andriamanitra amin' io firenena io. Rehefa nirehitra be ny fahatezeran' Andriamanitra tamin'Israely noho ny tsy finoany, ny fimonomonony, ary ny fahotana mahatsiravina, dia voasedra ny fitiavan'I Mosesy azy ireo. Andriamanitra dia nampanantena an' i Mosesy fa raha avelany handeha ny Israely, ka hamela azy ireo ho ringana, izy dia hanao azy ho firenena matanjaka Izy. Nampiseho ny fitiavany ny Israely Mosesy tamin'alalan'ny fisoloam-bava mafana ho azy ireo. Tao anatin'ny tebitebin-tsainy no nivavahany tamin'Andriamanitra mba hialan'ny fahatezeran'Andriamanitra lehibe, ary hamela ny helok' Israely, raha tsy izany dia ny mba hamafana ny anaran' ny tenany amin'ny bokiny.

Rehefa nimonomonona tamin'Andriamanitra sy tamin'I Mosesy ny Israely, satria tsy nisy rano, dia niampanga azy izy nohon'ny nitondrany azy ireo aty mba hamonoana azy ireo sy ny zanany. Ren'Andriamanitra ny fimonomonoan'izy ireo, ary dia nandidy an'I Mosesy mba hiteny amin' ny harambato, mba hahazoan'ny zanak'Israely rano. Tanim-pahatezerana no nikapohan'I Mosesy ny harambato, ary naka ny voninahitry ny fahagagana ho azy irery izy. Ny tsi-fanarahan-dalàna mitohy sy ny fimonomonoana tsy misy fetran'ny zanak'Israely dia niteraka alahelo lehibe taminy, ary tanatin'ny fotoana fohy no nanadinoany fa impiry moa Andriamanitra nandefitra tamin'izy ireo ary ny fimonomonony dia tsy nataony tamin' i Mosesy fa tamin'Andriamanitra. Nieritritra ny momba ny tenany manokana izy, fahadisoana lehibe nanao ahoana re no natao taminy, ary nanao ahoana kosa ny haben'ny tsy fankasitrahana izay nasehon'ireo ho setrin'izany fitiavana lehibe izay nasehony azy ireo izany.

Rehefa nikapoka ilay harambato Mosesy, dia tsy nanome voninahitra an'Andriamanitra sady tsy nanandratra ny anarany teo anatrehan'ny zanak'israely, mba hideran'izy ireo an'Andriamanitra. Ary tsy nankasitraka an'I Mosesy noho izany ny Tompo, ka nilaza fa tsy azony atao ny miditra amin'ny tany izay nampanantenaina. Drafitr'Andriamanitra matetika ny mametraka ny Israely amin'ny alalan'ny fitondrany azy ireo amin'ny toe-javatra sarotra ary ny manalalana sy manafaka azy ireo amim-pahagagana, amin' izay ho afaka hitantara amim-pitiavana ny fiahian' n Tompo azy ireo; ka hitarika azy ireo ho amin' ny fanompoana sy ny hanome voninahitra Azy. Nefa i Mosesy voaheloka ho voninahitr' Andriamanitra; satria tsy nanome voninahitra ny Anarany teo anatrehan' ny vahoaka izy mba hanome voninahitra Azy. Amin' ny fihetsiny toy izany dia nahatonga ny tsy fankasitrahana' Andriamanitra azy.

Rehefa nidina avy tany an-tendrombohitra niaraka tamin'ny vato fisaka roa I Mosesy ary nahita ny Israely nidera ilay ombilahy volamena, dia nirehitra mafy ny fahatezerany ary dia nazerany ilay vato fisaka, ka vaky. Ary hitako fa tsy nanota I Mosesy tamin'izany. Tezitra ho an'Andriamanitra izy tamin'izany, nihoatra ny zotom-pony mba ho voninahiny. Fa rehefa namoaka ny fihetseham-pony voajanahary izy, ka naka ny voninahitra ho an'ny tenany manokana, izay tokony ho an'Andriamanitra, dia nanota izy, ary noho izany fahotana izany dia tsy navelan'Andriamanitra hiditra ny tany izay nampanantenana izy.

Satana dia nanandrana foana ny hitady zavatra hiampangana an'i Mosesy teo anatrehan'ny anjely. Nandresy i Satana tamin'ny nandrisihany azy tsy hankasitrahana' an'Andriamanitra, ary dia nihobim-pandresena

izy, ary nilaza tamin'ireo anjely fa rehefa tonga ny Mpamonjy izao tontolo izao mba hanavotra ny olombelona, dia ho afaka ny handresy Azy izy. Tamin'ity fandikan-dalana (fahotana) ity, Mosesy dia nandeha teo ambany herin'i Satana, sy tao anatin'ny faritry ny fahafatesana. Raha mipetraka ka tsy azo nohozongozozina sy tsy maka ny voninahitra ho an'ny tenany manokana mantsy izy dia ho entin'Andriamanitra tao amin'ilay tany nampanantenaina, ary nafindrany ho any an-danitra tsy hiatrika fahafatesana akory. Ary hitako fa nandalo fahafatesana i Mosesy, kanefa nidina i Mikaela ary nanome aina ny tenany talohan'ny hahitany fahalovana. Satana dia nihevitra fa azy ny vatany, kanjo, natsagan'i Mikaela tamin'ny maty i Mosesy, ary nandray azy ho any an-danitra Izy. Nanandrana ny mitana ny vatany ny Devoly, ary dia tezitra mafy tamin'Andriamanitra izy, ary niampanga Azy ho tsy marina izay nanala ho Azy ny hazany. Kanefa tsy manakiana azy akory i Mikaela, na dia avy tamin'ny alalan'ny fakam-panahiny sy ny heriny aza no nahalavo an'ity mpanompon'Andriamanitra ity. Napetrak' I Kristy indray tamim-pahalemem-panahy tamin-d'Rainy ka dia niteny tsotra izao izy hoe: "Hananatra anao anie Jehovah".

Tamin' ny toe-javatra sasany Jesosy dia nilaza tamin'ireo mpianany fa nisy tamin'ireo niaraka taminy no tsy hanandrana fahafatesana akory mandra-pahitan'izy ireo ny fanjakan'Andriamanitra tonga amin-kery. Tamin'ny fiovan-tarehy no mahatanteraka izany fampanantenana izany. Niova ny tavan'i Jesosy ary namirapiratra tahaka ny masoandro. Ary ny fitafiany dia fotsy sady nanjelanjelatra. Nanatritra teo i Mosesy ary nisolotena ireo izay hatsangana amin'ny maty amin'ny fisehoan'i Jesosy fanindroany. Teo ihany koa i Elia, izy izay nafindra tsy nandalo fahafatesana, nisolo-tena ireo izay hovana ho tsy ho mety maty amin'ny fiavian'i Jesosy fanindroany, ary tsy hahita fahafatesana alohan'ny hamindrana azy ho any an-danitra. Nijery tamim-tahotra sy tamim-pahagagana ny voninahitra farany ambonin'I Jesosy, ary nandrakotra azy ireo ny rahona, ary dia ren'izy ireo ny feon'Andriamanitra mendri-kohajaina sady feno mahatahotra, nilaza hoe; "Ity no zanako malala, henoy Izy".

Jereo Eksodosy toko 32; Nomery 20:7-12; Deutoronia 34:5; 2 manjaka 2:11; Marka toko 9; Joda 9

Toko 7 - NY NAMADIHANA AN'I KRISTY:

Ary dia nentina tany amin'ny fotoana nihinan'i Jesosy ny sakafo ny Paska niaraka tamin'ny mpianany aho. Nofitahan'i Satana i Jodasy, ary nitaona azy hieritritra fa izy dia iray tamin'ireo tena mpianatra marina; nefa ny fony dia mbola nijanona amin'ny nofo be ihany. Nahita ireo asa feno hery sy fahagagana izay nataon' i Jesosy izy ary niaraka taminy nandritra ny fotoana niasany ary dia nanana ny porofo feno izy fa Izy no Mesia, fa nihirina-belona izy ary ny fitsiriritana no nanjaka tao am-po. Tia vola izy. Nitaraina tamim-pahatezerana izy tamin'ilay menaka lafo vidy izay nanosorana an'i Jesosy. Tian'i Maria ny Tompony. Namela ny fahotany Izy izay tena maro dia maro tokoa, ary nanangana tamin'ny maty ilay anadahiny malalany indrindra, ary nahatsapa izy fa tsy misy na inona na inona zavatra lafo loatra mba homena an'I Jesosy. Izay farany lafo indrindra sy sarobidy indrindra tamin'ny menaka, ilay farany tsara izay azon'i Maria natao, mba hampisehoany ny fankasitrahany ny Mpamonjiny, tamin'ny alalan'ny fanomezana izany ho Azy. Ary Jodasy, mba ho fialantsininy amin'ny fitsiriritany dia nisandoka izy nilaza fa "azo natao ny nivarotra ny menaka dia omena ny malahelo ny vola. Kanefa tsy nohon'ny fitiavany nikarakara ny malahelo no nanaovany izany, fa noho ny fitiavan-tenany, ary matetika dia nalainy ho an'ny tenany manokana ireo zavatra izay nankinina taminy mba ho zaraina amin'ny malahelo. Jodasy dia tsy mba nieritritra izay hahasoa an'I Jesosy mihitsy na izay zavatra mba nilainy; ary mba hanalany tsiny ny fitsiriritany dia matetika izy no milaza amin'ny malahelo. Ary io fihetsika feno fahalalahan-tanana avy tamin'i Maria io dia tena fanakianana lehibe ho an'ny fitsiriritany.

Ny lalana dia efa voamboatra ho an'ny fakam-panahin'I Satana mba tsy hampananosarotra ny fitaomana an' i Jodasy. Ireo mpisorona sy ireo mpitsara teo amin' i jiosy dia nankahala an'i Jesosy; kanefa maro ny vahoaka izay dobona mba hihaino ny tenin-pahendreny, sy hijery ny asa lehibe mahatalanjona izay nataony. Izany dia nitondra ny eritritr' ireto vahoaka ireto hatramin'ireo lohan'ny mpisorona sy ny loholona satria ny vahoaka dia liana dia liana, ary teo am-pitebitebena no nanarahan'izy ireo an'I Jesosy, ary nihainoan'ny fampianaran'ity Mpampianatra mahagaga, tsy misy toa Azy ity . Maro tamin'ireo lehiben'ny mpanapaka no nino an'I Jesosy, fa natahotra ny hitsotra amin' izany, izy ireo fandrao dia ho roahina hila ny Synagoga izy ireo. Ny mpisorona sy ny loholona dia nanapakevitra fa tsy maintsy hanao zavatra mba hitarihana ny sain'ireto vahoaka ireto hiala amin'i Jesosy. Natahotra izy ireo sao dia hino Azy avokoa ny vahoaka iray manontolo. Tsy hahita toky ho azy ireo manokana mantsy izy ireo. Na izy ireo tsy maintsy mamoy ny toerany, na nanao izay hahafaty an' i Jesosy. Ary na dia aorian' ny famonoany Azy aza, hisy ihany ireo sisa velona ho vavolombelon' ny heriny. Nanangana an'I Lazarosy tamin'ny maty I Jesosy Ary natahotra izy ireo fa raha mamono ny Mpamonjy izy ireo, Lazarosy dia vavolombelon' ny heriny izay lehibe tokoa. Nihazakazaka ny vahoaka mba hijery an' ilay natsangana tamin' ny maty, dia nanapa-kevitra ireo mpanampaka ny vahoaka ny hanao izay hahafaty an' I Lazarosy ary mba hitsaharan' ny fihetsiketsehana. Ary rehefa avy eo dia hampiverina sain' ny vahoaka ho amin'ny lovan-tsofina, izay natolotry ny razana sy ny fampianaran'olombelona izy ireo, amin'ny ampahafolon'ny solila sy ny komina, ary dia hampiasa indray ny hery miasa manginany eo amin' ny vahoaka. Nanapa-kevitra ary izy ireo fa hisambotra an'I Jesosy raha irery Izy; satria raha nanandrana ny hampiato azy ao anatin'ny vahoaka mantsy izy ireo, rehefa mifantoka amin' izay lazainy aminy avokoa ny vahoaka rehetra dia ho voatora-bato izy ireo.

Jodasy dia nahalala fa nitebileby fatratra izy ireo ny amin'izay fomba ahazoana an'I Jesosy, nanolotra ny tenany ary izy mba hamadika an'I Jesosy ho an'ireto lehiben'ny mpisorona sy loholona tamin'ny alalan'ny volafotsy vitsivitsy. Ny fitiavam-bolany no nitarika azy, hamadika ny Tompony ho eo an-tanan'ireto fahavalony ratsy indrindra. Satana izay niasa nivantana tamin'ny alalan'I Jodasy, nandritry ny sakafon' ny Paska nampihetsipo, ilay mpamadika dia nanao drafitra mba hamadihany ny Tompony. Tamin'alahelo lehibe no nilazan'I Jesosy tamin'ireto mpianany ireto fa izy rehetra dia ho tafintohina noho ny Aminy amin'ity alina ity. Fa Petera kosa namaly tamin-kafanam-po fa na dia hotafintohina ny Aminao aza ny olona rehetra, izaho kosa tsy mba ho tafintohina mandrakizay. Niteny tamin'I Petera I Jesosy fa Satana dia efa nilofo nitady anareo hokororohiny toy ny vary, nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao, ary rehefa miova fo ianao dia ampaherezo ireo rahalahinao." Lioka 22:31,32

Dia nijery an'I Jesosy tao an-tsahan'i Getsemane miaraka tamin'ny mpianany aho dia tamin'ny alahelo lehibe no nangatahany azy ireo mba hiaritry sy hivavaka mba tsy hidiran'izy ireo amin'ny fakam-panahy. Jesosy nahalala fa ny finoan'izy ireo dia tsy maintsy ho sedraina, ary ny fanantenan'izy ireo dia ho diso, amin'izany ary dia ilain'izy ireo ny hery rehetra izay azo avy amin'ny fiaretantory tsara sy vavaka mafana. Nivavaka I Jesosy sady nitaraina mafy sy nitomany: "Ray ô! Raha sitrakao, dia esory Amiko ity kapoaka ity nefa, tsy ny sitrapoko anie no hialao fa ny Anao." Tao anatin'ny fahoriana tanteraka no nivavahan'Ilay Zanak'Andriamanitra. Hatsembohana mitete lehibe tahaka ny rà no nivoaka ny tavany, ary nilatsaka teo ambonin'ny tany. Tamin'izay fotoana izay ireo anjely dia naniditsidina teo an-jaridaina, nijoro vavolombelon'ilay zava-misy, ary nandritra izay fotoana izay dia iray ihany no nirahina hampahery ny Zanak'Andriamanitra tamin'ny fahoriany. Ny anjely tany an-danitra nanipy ny satroboninahitr'izy ireo sy ny

valihany, ary tamim-pahatanana tanteraka sy tamim-pahanginana no nijeren'izy ireo an'I Jesosy. Tsy nisy fifaliana mihitsy tany an-danitra. Nirian'izy ireo ny hanodidina ilay Zanak'Andriamanitra, nefa ny mpibaiko ny anjely tsy namela azy ireo, atahorana mantsy, raha mijery ny famadihana Azy ireo dia tsy maintsy hanafaka Azy. Satria ny drafi-pamonjena efa voavolavola ary tsy maintsy tantarahina anefa izany.

Taorian' ny vavaka nataon' i Jesosy, dia nanatona ny mpianany Izy mba hizaha azy ireo. Natory anefa izy ireo. Tsy nisy ny fampaherezana na vavaka eny fa na dia avy tamin'ireo mpianany azo tao anatin'ity ora mahatahotra ity. Petera izay nafana fo be vao tsy ela akory izay, dia izao vesaran'ny torimaso izao. Nampahatsihivin'I Jesosy azy ny fanambaranana izay nataony, ary Izy nilaza taminy hoe: "Ahoana! Tsy afaka miari-tory miaraka amiko ve ianareo na dia ora iray akory aza? Intelo ilay Zanak'Andriamanitra no nivavaka tao anaty fahoriana tanteraka, tamin' izay efa nanakaiky ny fiavian'I Jodasy sy ireo andian'olony mirongo fiadiana. Nihaona tamin'I Jesosy ireo ary toy ny mahazatra dia niarahaba Azy. Nanodidina an'I Jesosy ireo vondron'olona ; kanjo tamin'izay dia nampiseho ny herin'Andriamanitra Izy, ka nilaza hoe: Iza no tadiavinareo?" Izaho no Izy. Dia nikarapoka tamin'ny tany izy rehetra. Nanao io fanadihadihana io Jesosy mba hahatsapan'izy ireo ny heriny ary hananan' izy ireo porofo fa afaka mamonjy ny tenany samirery amin'ny tanan'izy ireo Izy raha iriny izany.

Nanomboka ny nanantena ireo mpianatra raha nahita ireo marobe miaraka tamin'ny tsimpika sy sabatra ary langilangy lavo tampoka teo. Kanefa dia mbola niarina izy ireo, ary nanodidina indray Ilay Zanak'Andriamanitra, noraisin'I Petera ny sabany ary notapahiny ny sofina anakiray an' ilay mpanompon' ny mpisoronabe. Nodidian'I Jesosy izy mba hampiditra ny sabany ary nolazainy taminy hoe: "Mieritritra ve ianao, fa tsy afaka miantso ny Raiko Aho ankehitriny, ary Izy hanome Ahy izao dia izao ihany anjely mihoatra lavitra ny legiona roambinifolo? Ary hitako fa rehefa voalaza izany teny izany, dia nandray fanantenana ny endrikin'ny anjely. Nirian'izy ireo mantsy tamin'izany, ny nanodidina ilay filohan'izy ireo, ary hanaparitaka ireto vahoaka vinitra ireto. Kanjo niverina tamin'ireo indray ny alahelo raha nampian'I Jesosy hoe: "Nefa manao ahoana ary hahatanteraka ny Soratra, noho izany dia tsy maintsy ho toy izao". Nihamaloka indray ny fon'ireto mpianatra noho ny fahadisoam-panantenana sy mangidin'ny hakiaviana tanteraka, nony nahita an' i Jesosy navela ho entin' ny fahavalony.

Natahotra momba ny ainy nanokana ny mpianatra, ary dia samy nandao Azy izy ireo ka nilefa tamin'ny izay nandehanany avy, ary dia tavela irery I Jesosy. Fandresen' i Satana manao ahoana! Ary alahelo sy tebiteby manao ahoana re ny an'ny anjelin'Andriamanitra! Maro tamin'ireo vondron'anjely izay samy niaraka tamin'ny anjely mpibaiko lehibe iray avy teo anoloany, no nirahina mba ho vavolombelon' ilay zava-miseho. Tsy maintsy raisin' izy ireo an-tsoratra daholo ny fihetsika rehetra ny fitenena-dratsy tsirairay ary ny habibiana tsirairay avy izay namaizany an' Ilay Zanak'Andriamanitra; tahaka ny iray halaina an-tsoratra amin' ireo tebitebintsain'ny fanaintainana tsirairay avy izay tsy maintsy hiaretan'I Jesosy; satria ireo olona izay nandray anjara tamin' izany toe-javatra mahatahotra izany dia tsy maintsy haveri-aminy indray ho hitany, indray andro any iray izay soratra velona nosoratan' ny anjely ny aminy.

Jereo Matio 26:1-56; Marka 14:1-52; Hosea 22:1-46, Jaona toko 11, 12:1-14, 18:1-12.

Toko 8: - NY FITSARANA AN'I JESOSY

Raha niala ny lanitra ireo anjely dia nametraka ny satroboninahitra mamirapiratr' izy ireo tamin'alahelo tsy afaka ny nitondra izany mantsy ry zareo raha toa ka mbola miaritra fijaliana ny lehiben'izy ireo, ary mbola nitondra satroka tsilo. Tao anatin'ny efitrano fitsarana dia sahirana mafy mihitsy I Satana sy ireo anjely mba handrava ny fahatsapana maha-olona rehetra sy ny fifanarahana maha-olombelona rehetra. Navesatra ny votoatin-dresaka ary voaloton'ny fisarihan'izy ireo. Ny lehiben'ny mpisorona sy ny loholona dia voasarik'izy ireo mba hampahory sy hiteny ratsy an'I Jesosy, tamin'ny fomba farany izay sarotra entina indrindra raha amin'ny maha-olombelona. Nanantena I Satana fa izany fitenena-dratsy sy izany fampijaliana izany dia hahatonga ny Zanak'Andriamanitra hanonona fitarainana ary amin'izany dia hampiseho ny herin'Andriamanitra izay ananany Izy, ka hanala ny tena ny avy eo an-tanan'ny vahoaka, ary amin'ny izay dia tsy ho tanteraka ny drafi-panavotana.

Taorian'ny famadihana, dia nanaraka an'ny Tompony I Petera. Nanontany tena tamim-piahihiana fatratra ny amin' izay hataon' ny olona amin' i Jesosy i Petera. Nefa rehefa nampangaina ho iray tamin'ireo mpianany izy, dia nandà izany izy. Natahotra ny ainy izy. Rehefa nomelohina ho anakiray tamin'ireny, izy dia nilaza fa tsy fantany velively io olona io. Voamarika tamin' ny fahadiovan' ny teniny anefa ny mpianatra, ary

Petera, mba handreseny lahatra azy ireo fa tsy iray tamin'ireo mpianatr'I Jesosy izy, nandà Azy fanintelonny miaraka amin'ny fiozonozonana sy fianianana izy. Jesosy, izay lavidavitra kely an'i Petera, nitodika nijery azy tamim-panakianana feno alahelo. Ary dia tadidiny ny teny izay nolazain'I Jesosy taminy tao amin'ny efi-trano ambony, ary koa ilay fanambarana nataony tamin-kafanam-po tamin' iny fotoana iny hoe: "Na dia ho tafintohina noho ny Aminao aza ny olona rehetra, izaho tsy mba ho tafintohina mandrakizay". Nandà ny Tompony izy, ary tamin'izay dia niaraka tamin'ny fiozonozonana sy fianianana mihitsy. Nefa ny fijerin'i Jesosy dia nanohina ny fon' i Petera teo no ho eo ihany, ary voavonjy azy. Nitomany tamim-pangidiana izy ary nibakana noho ny fahotany lehibe ary niova fo, ka dia niarina mba hampahery ireo rahalahiny.

Nangatahin'ny vahoaka mafy ny ran'I Jesosy. Nokapohin'izy ireo tamin-kasihana Izy, ary nampanaovina akanjon'ny mpanjaka mivolonjaky efa tonta iray Izy, ary nosatrohany satroboninahitra, tsilo teo ambonin'ny lohany masina. Nasian'izy ireo volotara teny an-tànany, ho fanarabiany Azy dia niankohoka teo anatrehany ireo sady niarahaba Azy hoe: Arahaba ry mpanjakan'I Jiosy! Ary rehefa avy teo dia nesorin' izy ireo avy teny an-tanany ny volotara ary nokapohin'izy ireo tamin'iny tambonin'ny lohany Izy ka dia mahatonga ny tsilo tamin' ny satroboninahiny hilentika ny fihirifany izany ka nampivoaka ny rà mitete ho eo amin'ny tarehiny sy volom-bavany izany.

Sarotra tamin'ny anjely ny niaritra izay niseho teo imasony. Naniry ny hanafaka an'i Jesosy tamin'ny tanan'ireo izy ireo; nefa nandrara azy ireo ny anjely mpibaiko, ary milaza fa avotra lehibe no tokony haloa ho an'ny olombelona; dia tokony ho fanatitra feno; izay hitondra fahafatesana ho an'Ilay manana ny fahefana amin'ny fahafatesana. Fantatr' i Jesosy fa ireo anjely dia nanatrika ny toe-javatra rehetra izay nisehoan'ny fanetren-tenany. Hitako fa ny anjely farany maleny indrindra iray aza dia ampy handevona ireto vahoaka marobe ireto sy hanafaka an'i Jesosy. Fantany fa raha nangataka izany amin'ny Rainy Izy, dia anjely maro no tonga eo no ho eo hanafaka Azy. Kanefa, zava-dehibe tokoa ny hiaretan'i Jesosy fisafoky ny olombelona ratsy fanahy, mba hahatanteraka ny drafi-panavotana.

Dia io Jesosy nipetraka, maleny fanahy sy manetry tena eo anoloan'ireto vahoaka vinitra ireto, mandritra izay dia notevatevain'izy ireo tamin'ny fomba ratsy indrindra Izy. Nororan'izy ireo ny tavany, tava indray andro any ireo olona ratsy fanahy haniry ny hiafina Azy, izay hanazava ny tananan' Andriamanitra amin' ny fahazavana manjelanjelatra kokoa noho ny an' ny masoandro, kanefa tsy nanao an' otri-po na dia kely akory aza tamin'ireo mpanao ratsy Azy ireo i Jesosy. Natsangany tamim' pahalemam-panahy ny tanany, ka nofafany izany. Nosaroman'izy ireo akanjo tonta iray ny lohany, notampenan'izy ireo ny masony, ary dia nokapohin'izy ireo tamin'ny tarehiny Izy ary niantsoantso ireo hoe: "Maminania, iza taminay no mikapoka Anao?" Nientana ny fon'ireo anjely; ary tian'izy ireo ny hanavotra Azy miaraka amin' izay saingy, nihazona azy ireo ny lehibeny. Ny sasany tamin' ireo mpianatra nahazo ny fahatokian' ireo lehibe Jiosy ary afaka hampiditra amin' ny fitsarana mba hahazoany manatrika ny fitsarana an' i Jesosy ary hijoroany ho vavolombelon' ny fitsarana Azy. Niandry izy ireo ny mba hahita ny fisehoan' ny'ny ny herin'Andriamanitra izay nananany, sy ny mba hanavotany ny tenany avy amin'ny tanan'ireto fahavalony ireto, ary dia hanasazy azy ireo nohon' ny fampijaliany izay nataon'izy ireo taminy. Niakatra sy nidina ny fanantenan'izy ireo arakaraky ny toe-javatra miseho. Indraindray nialasala izy ireo, ary natahotra ny ho voafitaka. Nefa ilay feo reny tao amin'ny tendrombohitra ny fiovan-tarehy, ary ny voninahitra izany hitan'ny mason'ireo tany, dia nampahery azy ireo fa Zanak'Andriamanitra marina tokoa Izy. Notadidiny ireo toe-javatra nanaitra izay natrehin'izy ireo, ny fahagagana izay hitan'izy ireo nataon'I Jesosy tamin'ny fanasitranana ny marary, nampahiratra ny mason'ireo jamba, nampalady ny sofiny marenina, nandidy sy ny nandroaka ny devoly, nanangana ny maty ho amin'ny fiainana, eny fa raha nandidy ny rivotra Izy, dia nanaiky Azy izany. Tsy afaka hino izy ireo fa ho faty Izy. Nanantena foana izy ireo fa mbola hitsangana amin-kery Izy hahita Azy mandrakariva hampiseho ny heriny sy ny fahefany hanaparitaka ireo vahoaka lian-drà toy izay nataony tamin' ny nidirany tao amin' ny tempoly mba handroaka ny mpivarotra izay nanao ny tranon' Andriamanitra ho toeram-pivarotana ary dia nandositra teo anatrehany ireo toy izay enjehin' andia-miaramila mirongo fiadiana. Ny mpianatra dia nanantena fa hampiseho ny heriny i Jesosy, ary handresy lahatra ny rehetra fa Izy no Mpanjakan'ny Israely.

Vontom-panemenana mangidy sy henatra I Jodasy taminy fihetsika feno hafetsena tamin'ny namadihany an'I Jesosy. Ary rehefa nahita ny fampijaliana izay niaretan'I Jesosy izy, dia resy izy. Tiany ny Mpamonjy kanefa ny vola no tiany kokoa. Tsy noeritritiny fa Jesosy dia hanela ny tenany horaisin'ireto vahoaka izay nentinao tao an-tsaha ireto. Nieritritra izy fa hanao fahagagana I Jesosy ary hanafaka ny tenany amin'ny tanan'izy ireo. Kanjo raha nahita an'ireto vahoaka maro tao amin'ny efitrano fitsarana, izay liana ny rany izy, dia nahatsapa ny halalin' ny nataony izy. Ary nandritra izay fotoana izay, dia maro no nanameloka an'I Jesosy tamin-kafanam-po, ary namakivaky ny vahoaka I Jodasy ary niaiky fa nanota izy tamin'ny nanadihany ny rà tsy manan-tsiny. Naveriny tamin'ireo mpisorona ny vola, ary nitalaho izy ny mba hanafahana an'I Jesosy, tamin'ny fanambarana fa tsy mana-tsiny tanteraka Izy.

Ny fotoana fohy izay nisian' ny korontana sy ny fifanjanjoana ary nandritr' izany ireo mpisorona dia nangina. Tsy tian'izy ireo mantsy ny hahafantaran'ny vahoaka fa naka ny iray tamin'ny mpianatr'I Jesosy izy

ireo mba hamadika Azy, ho eo an-tananany. Tsy nirin' izy ireo ho fantatra ny fomba nifanakanan' izy ireo an' i Jesosy tahaka ny mpangalatra ary ny nihazonana Azy an-tsokosoko. Fa ny fiaiken'I Jodasy, ny fihaodikodiny sy ny fahamelohany izay hita taratra teo aminy, dia maneho an' ireto mpisorona teo anatrehan'ny vahoaka fa fankahalana no nisamborany an'i Jesosy. Rehefa nanambara tamin'ny feo mahery I Jodasy fa tsy manan-tsiny I Jesosy, dia namaly azy ny mpisorona hoe: "Inona no hidiranay amin'izany." Anao irery izany! Azon'izy ireo teo ambany fahefan'izy ireo I Jesosy ary dia nanapa-kevitra ny hitazona azy ireo. Voatatotrin'ny tebiteby i Jodasy, dia nanipy ny vola izay nataony tsinontsinona teo an-tongotr' ireo izay naniraka azy ankehitrilo, mihetsi-pony tahotra noho ny heloka bevava nataony, ka lasa nanaton-tena.

Tao anatin'io vahoaka be io dia maro ireo izay nankasitraka an'I Jesosy, ary ny tsy famaliany ireo fanontaninana marobe izay napetraka taminy dia nahazendana tokoa ny vahoaka. Tamin'ireo famazivaziana sy fanarabiana ary herisetra dia tsy nisy fahatezerana, tsy nisy fanehoana tebiteby akory nisoritra teo amin'ny endriny. Nitoetra ho mendrika sy tony Izy. Tanteraka sy mendrik'haja. Nijery Azy tamin-pahagagana ny mpijery. Nampitovian'izy ireo ny toetrany tanteraka, ny fahatoniany, ny fitondra tena mendrika tamin'ireo izay nipetraka nitsara Azy, dia nifampilaza izy ireo fa Izy dia nitovy kokoa amin'ny mpanjaka izay manana fahefana fa tsy sahala na dia kely akory aza, amin'ireo mpanapaka tsirairay. Tsy nanana endrikin'ny mpanao ratsy na dia kely akory aza Izy; nalemy ny fijeriny, madio ary tsy nisy tahotra, lehibe sady avo ny handriny izay nampiseho tanteraka fitiavana sy fitsipipitondra-tena ambony. Ny faharetany sy ny fahazakany dia tsy toy ny an'olombelona mihitsy, ka nampangovitra ny maro. Ka na dia I Heroda sy Pilato aza dia very hevitra tanteraka tamin'ny fitondran-tenany mendrika sy mitovy amin'ny an'Andriamanitra.

Hatrany am-piandohana I Pilato dia resy lahatra fa Izy dia tsy mitovy amin'ny olona mahazatra rehetra, fa manana toetra tonga lafatra. Nino tanteraka Azy ho tsy manan-tsiny izy na dia tamin' ireo zavatra rehetra niampangana Azy aza. Ny anjely izay nanatrika ny fandehan-javatra rehetra dia nahatsikaritra ny faharesendahatr'i Pilato, ary nanaraka ny fitoerany sy famindram-pony ho an'I Jesosy izany; ary mba hanakanona, azy amin'ny fandraisana andraikitra amin'ny fihetsika mampatahotra mba hanomboana an'i Jesosy dia nirahina ny anjely iray ho any amin' ny vandin'I Pilato, mba hampahafantatra azy tamin'ny alalan'ny nofy fa Zanak'Andriamanitra no Jesosy, ary tsy manan-tsiny Izy. Nandefa taratasy hainga ho an'I Pilato izy fa mijaly mafy izy tamin'ny nofiny noho ny amin'i Jesosy, ary nampitandrina azy mba tsy hanao na inona na inona amin'io olo-masina io. Nihazakazaka malaky noamakivaky ny vahoaka ny mpitondra ny hafatra, ary nanolotra izany taratasy izany ho an'i Pilato. Rehefa namaky izany torohevitra izany izy dia nangovitra sady niova hatsatra. Teo no ho eo ihany izy dia nieritretitra fa tsy tokony hanao na inona na inona ny amin' izay hahafaty an' i Jesosy izy. Fa raha tian'izy ireo ny ran'I Jesosy, izy dia tsy afaka hampanana azy ireo amin'izany noho ny fanampiany; fa hitady hevitra mba hanafahana Azy.

Rehefa fantatr'i Pilato fa Heroda dia tany Jerosalema dia nahatsiaro ho maivana ery izy, ary niriany ny hanala ny tenany amin'ny fiandraiketana ny momba ny fitsarana sy ny fanamelohana an'I Jesosy. Nalefany haingana niaraka tamin'ireo mpiampaga Izy ho any amin'I Heroda. Ity farany ity dia tena mpanota mafy hatoka. Ny namonoany an'I Jaona Mpanao batisa dia nanela loto na pentina tao amin'ny feon'ny fieritreretany tao, izay tsy hainy nialana raha izy tenany ihany. Ary raha nahare ny amin'I Jesosy izy sy ireo fahagagana izay nataony, dia nieritreritra izy fa i Jaona Mpanao batisa no nitsangana tamin'ny maty. Natahotra sy nangovitra tampoka teo izy, satria nanameloka azy ny eritreriny. Napetrak'I Pilato teo am-pelatanan'I Heroda I Jesosy. Noeritreretin'I Heroda fa io fihetsika io dia fiaiken'I Pilato ny heriny, ny fahefany ary ny fitsarana. Mpifahavalo mantsy ireo governora roa ireo talona kelin' izay, fa nihavana nanomboka teo. Faly I Heroda raha nahita an'I Jesosy, satria miandry ny hanaovany fahagagana ho fahafinaretana ho azy izy. Nefa ny asan'i Jesosy tsy fanomezan-pahafaham-po ny fahalianan-kijery ny hihaino zavatra fotsiny ihany tsy akory na koa fitadiavana ny fahatokiana manokana. Ny fahefan'Andriamanitra mahagaga izay nananany dia tsy nampiasaina afa-tsy ho famonjena ny hafa, fa tsy natao an'ny tombon-tsoan' ny samirery.

Tsy namaly na inona na inona tamin'ireo fanontaniana maro izay napetrak'i Heroda taminy i Jesosy. Tsy manaly ireo fanontanian'ireo fahavalony izany niampangana Azy tamin-kafanam-po. Romotra I Heroda satria hita fa tsy natahotra ny fahefany I Jesosy, ka dia nihomehy, namazivazy sy nanevateva Ilay Zanak'Andriamanitra niaraka tamin'ireo miaramilany izy tamin' izany fotoana izany. Dia talanjona I Heroda tamin'ireo fihetsikan'Andriamanitra sy toetra mihajan'I Jesosy, na dia teo aza ny fanaovan-dratsy nampangidy Azy izay nataon' ireo taminy. Ary mba tsy hanamelohany Azy dia naveriny indray tany amin' I Pilato Izy.

Naka fanahy an'I Pilato Satana sy ireo anjeliny tamin'io fotoana io, ary nikely aina ny hitondra azy ho any amin' ny faharavan'ny tenany manokana. Nanome soso-kevitra azy izy ireo fa raha tsy handray anjara amin'ny fanamelohana an'I Jesosy izy hanao izany ny hafa; ho henonao izay, ny vahoaka dia nangetaheta ny rany, ary raha tsy manolotra an'I Jesosy ho fantsihana izy, dia ho very ny fahefany, ary ny voninahiny ety antany, ary dia ampangaina ho mpino io mpamitaka io, araka ny fiantsoan'izy ireo Azy izy. Nanaiky ny fahafatesan' I Jesosy I Pilato noho ny fahatahorany ny fahaverezan' ny heriny sy ny fanapahany. Kanefa nametraka ny ran'I Jesosy teo ambonin'ireo mpiampangana Azy izy, ary ny vahoaka rehetra nandray izany sady

niantsoantso hoe: “Adinina aminay sy ny taranakay anie ny rany”, Tsy nanamarina an’I Pilato anefa izany. Meloka noho ny ran’I Kristy izy. Nohon’ny fitiavany tombontsoa ho an’ny tenany nanokana, ny fitiavana ny voninahitra avy amin’ny olo-mana-kanjan’ny tany dia nanolotra olona tsy nanan-tsiny iray ho faty izy. Raha nanaraka ny feon’ny fieritreretany izy, dia tsy nanao na inona na ninona taminy fanamelohana an’I Jesosy.

Ny toetra amam-pitenin’ I Jesosy nandritra ny fitsarana Azy dia nametraka fientanam-po lalina tao antsain’ ireo vahoaka betsaka nanatrika izany toe-javatra izany. Ny vokatr’izany hery manintona niasa izany dia hita maso taorian’ ny nitsanganany tamin’ ny maty. Betsaka tamin’ ireo izay nanampy ho isan’ ny fiangonana no nanaiky an-kariary tamin’ ny andro nitsarana an’ I Jesosy.

Lehibe dia lehibe ny haromotan’ I Sataana nony hitany fa ireo habibiana rehetra izay tolo-tsaina nomeny ny Jiosy hamelazany an’ I Jesosy dia tsy nahatonga Azy himonomonona na dia kely akory aza.

. Hitako fa, na dia naka ny toetran’olombelona aza I Jesosy, dia nihazona Azy ny hery sy ny herin-tsaina izay avy any an-danitra, ary tsy niala tamin’ny sitrapon’ny Rainy Izy na dia tamin’ny zavatra bitika indrindra aza.

Jereo Matio 26:57-75, 27:1-31; Marka 14:53-72, 15:1-20; Lioka 22:47-71, 23:1-25, Jaona toko 18, 19:1-16.

Toko 9: - NY NANOMBOANA AN’I JESOSY

Natolotra an’ny vahoaka ho fantsihana Ilay Zanak’Andriamanitra. Nalemy noho ny hasasarana Izy, avy tamin’ny alalan’ny fanaintainana sy ny fahaverezan-drà vokatry ny kapoka ny vely izay azony, na dia teo aza izany rehetra izany, dia mbola nampitondran’izy ireo ny hazo fijalian mavesatra teo aminy ireo sorony Izy dia izay hanantsihan’ireo Azy tsy ho ela. Kinanjo, nidaraboka tao ambanin’ny zioga I Jesosy. In-telo no nampitondran’izy ireo Azy ilay hazo fijaliana mavesatra ary in-telo ihany koa Izy no nianjera reraka. Rehefa avy teo dia naka ny iray tamin’ireo mpanaradia Azy izy, olona iray izay tsy niaiky ampahibemaso ny finoany, an’I Kristy, kanefa nino Azy no najanony. Napetrak’izy ireo teo aminy ilay hazo fijaliana, ary dia nentiny izy ho any amin’ily toerana nampivarahontsana. Vondron’anjely maro no naniditsinina tony an’habakabaka teo ambonin’ily toerana. Maro tamin’ireo mpianany no nanaraka Azy tany kalvary tamin’alahelo sy ranomaso mangidy indrindra. Tadidin’izy ireo ilay fidiran’I Jesosy tamim-pandresena tany Jerosalema, andro vitsy talohan’ izao, raha ireo nanaraka Azy tamin’ny fiantsoantsoana hoe: “Hosana ho an’ny Avo Indrindra” ary namelatra ny fitafian’izy ireo tamin’ny lalany ny vahoaka, ary ilay sampan-drafi koa. Nantenain’ izy ireo fa handray an-tanana ny fanjakana Izy ary hanjaka eo amin’ Isiraely. Endrey izany toa fiovan’ny toe-javatra! Endrey ny fahaverezan’ny fanantenan’izy ireo! Nanaraka an’I Jesosy izy ireo fa tsy tamin-karavoana, tsy tamin-toky sy tsy tamim-panantenana feno, fa kosa tamin’ny fo feno tahotra sy fahadisoam-panatenana, no nanarahany moramora sy tamin’alahelo Ilay izay nolavina sy naetry ary hovonoina tsy ho ela izy ireo.

Teo ny renin’I Jesosy. Torotoron’ny tebiteby ny fony, tsy misy afa tsy ny reny tia ihany no afaka hahatsapa izany. Ny fony voadona dia mbola manantena ihany, niaraka tamin’ireo mpianatra fa, hanao fahagagana lehibe sy hanafaka ny tenany avy eo amin’ireo tanan’ny mpamono Azy ireo ny Zanany lahy. Tsy zakan’ny sainy mantsy ny eritreritra hoe hamela ny tenany hombohana Izy. Kanefa ny fiomanana rehetra dia efa vita avokoa ary indreo Jesosy nampandriana teo ambonin’ny hazo fijaliana. Efa nentina ny fantsika sy tantanana. Levona ny fanantenana izay tao am-pon’ireo mpianany. Tonga teo amin’ny faratampon’ny fahoriana ny reinin’I Jesosy. Rehefa kely sisa dia ho tonga ny fotoanan’ny fiaritena satria efa nahijintr’izy ireo teo ambonin’ny hazo fijaliana I Jesosy ary efa mby hamatotra ny tanany miaraka amin’ny fantsika mahatsiravina amin’ily fitaovana vita amin’ny hazo, dia nentin’ireo mpianatra hiala an’io toe-javatra io ny renin’I Jesosy mba tsy hahenoany ny fikorontsan’ireo fantsika izay hamakivaky ny taolana sy hozatr’ireo tanany sy tongony malefaka.

Tsy mba nimonomona I Jesosy, nefa dia velon-taraina noho ireo fijaliany mafy. Hatsatra ny tavany ary niteten-katsembohana lehibe no nilatsaka avy teo amin’ny handriny. Nihobim-pandresena I Satana tamin’ireo fahoriana izay niaretan’Ilay Zanak’Andriamanitra, natahotra koa anefa izy sao dia ho very ny fanjakany ary dia tsy maintsy ho faty koa izy.

Rehefa avy nofantsihan’izy ireo teo ambony hazo fijaliana I Jesosy, dia natsangan’izy ireo izany, ary tamin-kery lehibe no nananganan’izy ireo azy tao anatin’ny tany izay efa voavoatra ho fitoerany, ka dia nandrovitra ny nofon’ny Mpamonjy izany ary dia niteraka fanaintainana lehibe indrindra ho Azy. Nataon’izy ireo faran’izay manala baraka indrindra araka izay azo natao ny fahafatesany. Jiolahy roa no niara-nihomboana taminy ary iray avy teo an-daniny roa. Nohazonin’ izy ireo tamin-kery ireto jiolahy ireto, ary taorian’ireo fanoherana maro izay nataon’izy ireo, dia novelarina ny tanan’izy ireo ary nofantsihana teo ambonin’ny hazo

fijaliana. Fa Jesosy kosa dia nanaiky tamim-pahalemem-panahy. Tsy nilaina olona na dia iray akory nanery ny tanany ho eo ambony hazo fijaliana. Tamin' izany fotoana izany, ireo jiolahy dia nanozona ireo mpanatanteraka ny famonoana azy ireto fa I Jesosy kosa tao anatin'izany fahoriana fara tampony izany dia nivavaka ho an'ireo fahavalony: “Ray ô! Manela ny helony, fa tsy fantany izay ataony.” Tsy fahoriana ara-batana fotsiny ihany no niaretan'I Jesosy teto, fa ny fahotan'izao tontolo izao rehetra no entiny teo Aminy.

Tamin' ny fotoana nihanton'i Jesosy teo ambony hazo fijaliana, izay nandalo dia niteny ratsy Azy sady nihifikifi-doha, toy ny niankohoka eo anatrehan'ny mpanjaka ka nanao hoe: “Ry Ilay nandrava ny tempoly sy mahatsangana azy amin'ny hateloana, vonjeo ny tenanao. Raha Zanak'Andriamanitra Hianao, midina hiala amin'ny hazo fijaliana”. Tany an'efitra ny Devoly dia nampiasa izany fitenenana izany koa tamin'I Kristy: “Raha Zanak'Andriamanitra Hianao”. Ary dia naneso toy izany koa ny lohan'ny mpisorona mbamin'ny mpanora-dalana sy ny loholona ka nanao hoe: “Ny sasany novonjenty; fa ny tenany tsy hainy vonjena. Raha Mpanjakan'ny Israely Izy, aoka hidina hiala amin'ny hazo fijaliana Izy ankehitriny dia hino Azy izahay.” Ireo anjely izay naniditsidina teo ambonin'ilay sehatran'ny fanomboana an'I Jesosy teo ambonin'ny hazo fijaliana dia nentanin-hatezerana raha maneso Azy ireo mpanapaka nanao hoe: “Raha Zanak'Andriamanitra Izy, aoka Izy hamonjy ny tenany”. Nirian'izy ireo ny hamonjy an'I Jesosy sy ny hanafaka Azy, nefa tsy navela hanao izany izy ireo. Mbola tsy tanteraka ny tanjon'ny asa izay nampanaovina Azy. Raha nihantona teo ambonin'ny hazo fijaliana i Jesosy, dia tsy nanadino ny reniny Izy nandritra ireo ora maro mahatsiravina feno fahoriana. Tsy tantin'ny renin'I Jesosy ny niala lavitra ilay sehatra feno fahoriana lavitra ny Zanany. Ny lesona farany izay napetrak'I Jesosy dia ny momba ny famindram-po sy fomban' olombelona. Nijery ny reniny izay simbam'alahelo Izy ary avy eo dia nijery an'I Jaona ilay mpianatra tiany Izy, ka nilaza tamin'ny reniny hoe: “Ravehivavy, indro ny Zanakao!” Ary hoy koa Izy tamin'ny Jaona: “Indro ny reninao!” Ary manomboka tamin'izany ora izany dia noraisin'I Jaona ho any aminy izy.

Tao anatin'izany fahoriana mafy izany, dia nangetaheta I Jesosy; kanefa dia mbola nampian'izy ireo, ny faniratsirana Azy, vinaingitra ary zavatra mangidy no mba hosotroiny: nefa rehefa iny Izy nanandrana iny dia nolaviny izany. Nahita ireo toe-javatra mahatsiravin'ny fanombohana ilay Mpibaiko malalan'izy ireo izay tsy tantin'izy ireo jerena ela ny anjely; ka dia nanarona ny tavany tsy hahita ny fisehoan-javatra lozabe izy ireo. Na dia ny masoandro aza dia nandà tsy hijery izany toe-javatra mahatsiravina izany. Niantsoantso tamin'ny feo mahery izay nampahatahotra ny fon'ireto mpamono Azy ireto Izy hoe: “Vita” Ary, indro ny efitra lamba tao amin'ny tempoly dia triatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany; dia nihorohoro ny tany; ka nitresaka ny vatolampy. Haizinpito no nandrakotra ny tany. Toy ny voafafa tanteraka ny fara-fanantenan'ireo mpianatra rehefa maty I Jesosy. Maro tamin'ireo mpianatra no nahita ilay sehatra feno fahoriana izay nolalovany sy ny fahafatesany, feno mitafotafo ny kapoaky ny alahelon' izy ireo.

Tsy nifaly toy ny teo aloha intsony I Satana. Niriany mantsy ny tsy hanafoanana ny drafi-panavotana; kanefa naorina lalina loatra ny fotony. Ary fantany ankehitriny fa maty I Kristy, ary ho faty toy izany ihany koa izy (i Satana) ary esorina aminy ny fanjakany ka homena an'I Jesosy. Nampivory ireo anjely izy. Tsy nandresy na tamin'inona na tamin'inona an'Ilay Zanak'Andriamanitra izy, ary ankehitriny dia tsy maintsy hasondrony mafimafy kokoa ny fiezahany izy ireo, ary ireo hafetsena sy hery atodika hanohitra an'ireo mpanara dia an'I Jesosy. Tsy maintsy hataon'izy ireo izay hanakanana ny rehetra araka izay tratrin'ny herin'izy ireo mba tsy handray ny famonjena izay nividianana azy ireo tamin'ny alalan'I Jesosy. Amin'ny alalan'izany fomba fiasa izany dia mbola manohy nanohitra ny fanjakan' Andriamanitra hatrany I Satana. Toy izany koa, tombontsoa ho azy manokana ny mampanalavitra ny vahoaka rehetra an'I Jesosy araka izany azony atao. Satria ny fahotan'ireo izay voavidy tamin'ny ran'I Kristy ary mandresy, dia hifototra amin'ilay mpitaona ho amin'ny fahotana, ny devoly amin'ny farany, ary dia tsy maintsy hoentiny ny fahotan'izy ireo, mandritra izany, ireo izay nandà ny famonjena avy amin'ny alalan ny fahamendrehan'i Jesosy, dia hitondra ny fahotan'ny tenan' ireo manokana.

Fiainam-pahantrana ny fiainan'i Jesosy raha teto an-tany Izy, tsy nanana voninahitra arak'izao tontolo izao, tsy manan-drehareha na rentirenty. Ny fiainany feno fanetren-tena sy fandavan-tena dia nifanohitra be tokoa tamin'ny fiainan piavonavonan'ireo mpisorona sy ny loholona izay tia fahafinaretana sy voninahitry ny tany. Ny fiainana sarotra masina izay niainan'i Jesosy dia fanakianana tsy miato ho azy ireo, nohon'ny fahotany. Nataon'izy ireo tsinontsinona Izy noho izany fanatren-tenany sy fahadiovany izany. Kanefa ireo izay nanamavo Azy teto, dia hahita Azy indray andro any amin'ny fahalehibeazan'ny lanitra, sy ny voninahitra tsy azo tononin'I Rainy. Nohodidinin'ireo fahavalony Izy tao amin'ilay efitrano fitsarana, izay nangetaheta tokoa ny rany; Ireo izay mafy hatoka niantsoantso hoe “Aoka ny rany ho aminay mbamin'ny zanakay” kosa indray dia hahita Azy rehefa lasa Mpanjaka omem-boninahitra Izy. Ny vahoakan'ny lanitra no hanatitra Azy amin'ny lalany miaraka amin'ireo hiram-pandresena mafy sy fiandriana na ary fahefana, ho an'Ilay novonoina, kanefa velona indray toy ny mpandresy mahery.

Ireo olo-mahantra, maro, malemy, malahelo no mandrora teo amin' ny tavan' Ilay Mpanjakan' ny voninahitra, raha mbola re ny antsoantsom-pandresena an-kasihana nataon'ireo vahoaka tao anatin'ireo fanevatevana mahafabaraka. Ilay endrika izay nofenoin'ny lanitra manontolo figagana dia mangana noho ny kapok' olona tsy tan-dalàna. Dia ho hitan'izy ireo indray, Izy indray andro any, hamiratra ny masoandro mitataovovonana ary dia hitady izay hiafenana amin'izany ireo. Raha tokony ho antsoantsom-pandresena an-kasihana no hataony dia indro fa migogogogo mitomany noho ny aminy' ny tenany izy ireo. Ao amin' ny fanjakam-boninahitra dia hasehon' i Jesosy ireo holatrin'ny nanomboana Azy. Ireo holatry ity habibiana ireo dia izany hoentiny mandrakizay. Ny diam-pantsika tsirairay dia samy hitantara ilay fanavotana mahagaga ny olona, sy ilay fahalafosam-bidy nividianana izany. Ilay miaramila izay nandetika ny lefony tamin'ny lanivoan'ny Tompon'ny fiainana dia hahita ny loatra navelan' ilay lefona, dia hitomany amin'alahelo lehibe noho ny nanimbany ny vatany.

Ireo mpamono ny Mpamonjy dia nifanohitra be ihany noho ny manoratan'izy ireo hoe "Mpanjakan'Israely" teo ambonin' ilay hazo fijaliana teo ambonin'ny ny lohany. Fa tsy maintsy hahita Azy kosa izy ireo amin'ny voninahiny rehetra sy fahefan'ny mpanjaka. Ho hitan'izy ireo eo amin'ny fitafiany sy ny feny, voasoratra amin' ny soratra velona ny teny hoe: "Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo". Ireo izay niantsoantso Azy mba ho fanarabiana, tamin' Izy mbola nihantona teo amin' ny hazo fijaliana nanao hoe: "Aoka Kristy, Mpanjakan' ny Israely, hidina hiala amin' ny hazo fijaliana ankehitriny mba ho hitantiska ka hinoantsika". Ireny rehetra ireny dia hahita Azy amin-kerin' ny fanjakany sy ny fahefany rehetra. Tsy hangataka porofo intsony ireo amin'izay ny amin'ny maha-Mpanjakan'ny Israely Azy, saingy ho tototrin'ny fiandrianany sy ny famirapiratan'ny voninahiny, ka dia ho voatery ny hankasitraka izy ireo ka hanao hoe: "Hotahiana anie izay avy amin'ny anaran'ny Tompo".

Ny fihorohoron'ny tany, ny fitresahan'ny vatolampy, ny fahamaizinana izay nandrakotra ny tany manontolo, ary ny feo mahery, avo izay nataon'I Jesosy hoe: "Vita" raha manolotra ny ainy Izy, dia nampatahotra ireo fahavalo ireo ka nampangovitra ireo izay namono Azy. Talanjona noho ireo fihetsehana hafahafa ireo ny mpianatra; saingy ny fanantenan'izy ireo dia efa levona tanterahaka. Natahotra izy ireo sao dia hifofotra ny ain'izy ireo koa ireto jiosa. Ary nieritreritra izy ireo fa ireo fankahalana isan-karazany izay nasehon'izy ireo tamin' ilay Zanak'Andriamanitra dia tsy hijanona hatreo fotsiny. Nandany ireo ora manginan'iny fitokana tamin-tebiteby sy tamin-dranomaso nohon'ny fahadisoam-panantenany ny mpianatra. Niandry mantsy izy ireo fa hanjaka anatin'ny fotoana voafetra Izy, kanefa dia maty niaraka tamin'I Jesosy ny fanantenan'izy ireo. Tao anatin'ny alahelon'izy ireo sy ny fahadisoam-panantenana izay nahazo azy ireo dia niasalala izy ireo sao dia mba voafitak'I Jesosy. Eny fa na dia ny reniny aza dia voaetry ka voahozongozona ny finoany ny amin'ny maha Mesia Azy.

Kanefa na dia teo aza ireo fahadisoam-pantenan'ireo mpianatra mikasika an'I Jesosy, dia mbola tia Azy ihany ireo, ka dia maniry ny hanome voninahitra ny vatany, nefa tsy nahafantatra hoe, ahoana no hahatongavana amin' izany?. Josefa avy any Arimatia, lehilahy manan-kaja, izay isan'ny synedriana, mpanankarena sady niandry ny fanjakan'Andriamanitra koa, ary iray tamin'ireo mpianatra marin'I Jesosy, ary sahy miditra tao amin'I Pilato tamin-kasihana izy ka nangataka ny fatin'I Jesosy. Nefa tamin'ny mangingina ihany no nandehanany satria lehibe loatra ny famkahalan'ireto jiosy ka natahotra ireto mpianatra fa na dia ny ezaka iray izany ataon'izy ireo dia nety tsy hahazoana manetraka ny fatin'I Jesosy amin'ny fandevenana mihaja. Neken'I Pilato ny fangatahany ka dia lasa ireo nanaisotra ny vatan'I Jesosy tsy misy aina hiala ny hazo fijaliana, kanefa dia mbola nitomany ihany ireo noho ireo fahadisoam-panantenany tamin-tebiteby fatratra ireo. Nofonosin'izy ireo hariry madinika ny fatin'I Jesosy ary napetrak'I Josefa tao anatin'ny fasana vaovaony Izy izay tsy mbola nametrahana olona akory. Ireo vehivavy izay nanaraka Azy tamim-panetren-tena raha mbola velona Izy dia mbola nijanona teo anilany hatrany taorian'ny nahafatesany, ary tsy niala teo aminy mihitsy ireo mandra-pahitan'izy ireo ny vatany masina napetraka tao anaty fasana. Ary vato lehibe nakodiany teo amin'ny varavaram-pasana mba tsy hahazoan'ireo fahavalo mangalatra ny fatiny. Nefa tsy nisy ny tokony hatahorany akory amin' izany; Ary hitako ireo tafiky ny anjely niambina, tamim-pahalianana tsy hay lazaina ny toerana izay nametrahana an'I Jesosy. Niambina ny fasana izy ireo, ary tamin-kafanam-po no niandrasan'ireo ny baiko ho azy ireo mba hamahana Ilay Mpanjakan'ny voninahitra amin'io tranom-pigadrany io.

Ireo mpamono an'I Kristy dia natahotra sao mbola hitsangana amin'ny maty Izy ka handositra azy ireo. Nangataka tamin'I Pilato ireo ny mba hametrahana mpiambina hiambina ny fasana mandritra ny telo andro. Neken'I Pilato ny fangatahan'ireo ka dia nandatsaka mpiambina mirongo fiadiana izy mba hiambina mafy ny fasana, ary nasian'ny tompo-kase ny vato, mba tsy hahazoan'ny mpianatra mangalatra Azy, sy hilazan'izy ireo fa nitsangana tamin'ny maty Izy.

Jereo Matio 21:1-11; 27:32-66; Marka 15:21-47; Lioka 23:26-56; Jaona 13:17-42; Apokalypsy 13:11-16.

TOKO 10 - NY NITSANGANAN'I KRISTY TAMIN'NY MATY

Nitsahatra tamin'ny Sabata ny mpianatra, sady nitomany nohon'ny nahafatesan'ily Tompon'izy ireo, nandritra izay fotoana izay Jesosy, ilay Mpanjakan'ny voninahitra dia niampatra tao am-pasana. Rehefa antomotra ny alina dia niambina teo akaikin' ny toerana nitsaharan' ny Mpamonjy ireo miaramila, fa raha mbola vao mangiran-dratsy dia indreo ny anjely naniditsidina teo ambonin'ily fasana satria nahalala izy ireo fa kely sisa dia ho tonga ny fotoana izay hanafahana ny Zanaka malalan'Andriamanitra, Ilay Mpibaiko malalan'izy ireo. Ary raha teo am-piandrasana ilay oram-pandreseny tamin'ny fihetseham-po lalina tokoa izy ireo, dia indro nisy anjely mahery iray matanjaka nidina haingana kokoa avy tany an-danitra. Ny tarehiny dia toy ny tselatra, ary ny fitafiany dia fotsy tahaka ny oram-panala. Ny hazavany dia nampisava ilay fahamaizinana ary nahatonga ireo anjely ratsy izay nangataka ny tenan' I Jesosy tamin' ny voninahitry ny mpandresy dia nahatonga ny fandosiran izy ireo. Ny iray tamin'ireo antokon' anjely izay nanatri-maso ny sehatry ny fanetren-tenan'I Jesosy sady niari-tory teo amin'ny toerana masina izay nitsaharany, dia nanatona ilay anjely avy any an-danitra, ary dia niara-nidina teo am-pasana izy rehetra. Rehefa nanatona izy ireo dia nihozongozona sady nihorohoro ny tany, ary nisy horohoron-tany lehibe. Noraisin'ily anjely mahery sady matanjaka ilay vato ary dia nakodiadiany haingana izany, ary dia nipetraka teo amboniny izy.

Natahotra mafy ny mpiambina romanina. Aiza ary izao ny herin'izy ireo mba hiambenany ny vatan' i Jesosy?. Tsy nieritritra akory izy ireo fa tonga eo izy ireo mba hisakana ireo mpianatra tsy haka ny vatan' i Jesosy. Fa nony namirapiratra nanodidina azy ireo ny fahazavan' ireo anjely, mamiratra kokoa noho ny masoandro, ireo tafika na miaramila romanina dia lavo tamin' ny tany toy ny maty. Nakodian'iray tamin'ireo anjely tamim-pandresena ilay vato, teo amin' ny ilan' ny varavaram-pasana ary dia nipetraka teo amboniny izy ny iray hafa niditra tao am-pasana ary nanaisora ny lamba izay nanodidina ny lohan' i Jesosy. Tamin' izay ilay anjely avy tany an-danitra ary tamin'ny feo mazava sy mahery no niantsoany hoe: “Ry Zanak'Andriamanitra, miantso Anao ny Rainao ! Mivoaha!” Tsy afaka nanjaka taminy ela intsony ny fahafatesana. Nitsangana tamin'ny maty I Jesosy. Ny anjely iray hafa niditra tao am-pasana, ary raha nitsangana tamin'ny maty I Jesosy dia novahany ilay mosara teo amin' ny lohany, ary dia nitsangana toy ny mpiady mpandresy I Jesosy. Ary tamin-tahotra lehibe no nitazanan'ireto anjely an' I Jesosynitsangana avy tao am-pasana ho amin'ny fiandrianany, dia niankohoka tamin' ny tany ireo anjely mamirapiratra ireo mba hidera Azy. Ary dia niarahaba Azy tamin'ny hiram-pandresena sy voninahitra izy ireo satria ny fahafatesana dia tsy afaka nihazona ny babony masina ela. Ankehitriny dia tsy nahazo fandresena I Satana. Nilefa an'ily hazavana lehibe mamirapiratr'ireo anjely avy any an-danitra ireo anjeliny. Nitaraina tamim-pangidiana tamin'ily mpanjakan'izy ireo, fa ny azon'izy ireo dia nalaina am-keriny taminy, ary Izy izay nankahalaina fatratra dia nitsangana tamin'ny maty ankehitriny.

Satana sy ireo anjeliny dia niravoravo fatratra tao anaty fotoana fohy tamim-pandresena satria ny fahefan'izy ireo tamin'ny olombelona lavo dia nahatonga ny Tompon'ny fiainana, napetraka tao am-pasana. Kanefa fohy izany fandresen'ny helon'izy ireo izany. Satria nitsangana avy tao an-trano figadrany ho mpandresy be voninahitra I Jesosy, dia nahalala I Satana fa afaka fotoana fohy dia tsy maintsy ho faty izy, ary ny fanjakany dia haverina amin'ily tena Tompony. Nitomany sy romotra izy satria, na dia teo aza ireo ezaka rehetra izay nataony sy ny heriny, dia tsy resy mihitsy I Jesosy. Mifanohitra amin'izany aza, nanokatra ny lalam-pamonjena ho an'ny olombelona Izy, ka izay rehetra maniry, handeha amin'izany lalana izany dia ho voavonjy.

Tanatin'ny fotoana fohy, dia toa hita ho malahelo sy ory I Satana. Navoriany ireo anjeliny mba ho filan-kevitra ny amin'izay tokony hatao amin'ny manaraka mba hanoherana ny fanjakan'Andriamanitra. Hoy Satana: “Tsy maintsy handeha haingana amin'ireo lohan' ny mpisorona sy ny loholona ianareo. Dia nilaza tamin' ireo izy: “ Hahomby isika amin' ny famitahana azy ireo, amin' ny fanakipiana ny masony sy ny fanamafisana ny fon' izy ireo ny amin' ny foto-kevitra momba an' i Jesosy. Nampino azy ireo isika fa mpamitaka Izy dia hatosintsika ho amin' ny fankahalana an' I Jesosy ireo mpisorona sy ny loholona ka hamono Azy. Kanefa dia hamparitak'ireto mpiambina romanina ireto izao io vaovao tokony hankahalaina io fa hoe: “Nitsangana I Kristy”. Ny mpisorona sy ny loholona anefa dia efa nentintsika nankahala an'I Jesosy, ary namono Azy. Ndeha holazaintsika mazava tsara eo anatrehan'izy ireo ankehitriny, fa satria izy ireo no namono Azy, fa raha miely ny vaovao ny amin' ny nitsanganan' i Kristy tamin' ny maty, dia hotorahan'ny vahoaka vato izy ireo, satria namono ny tsy manan-tsiny.

Hitako ny mpiambina romana niarina mba hizaha na nieren-doza izy ireo ka nijery ny zava-miseho manodidina rehefa lasa niverina tany an-danitra ireo miaramilan'anjely, sy nanjavona teo ilay hazavana sy ilay voninahitra. Hagagana no nameno ny fon'izy ireo raha nahita ilay vato lehibe voakodia niala avy tamin'ny varavaram-pasana, ary ny vatan' i Jesosy tsy hitany intsony. Nandeha faingana tany amin'ny lohan'ny mpisorona sy ny loholona izy ireo niaraka tamin'ily tantara mahagaga izay hitan'izy ireo, ary raha naheno

izany ireto mpamono Azy ireto dia mihahatsatra ny endrik'izy ireo tsirairay avy. Horohoro no nameno azy ireo nohon'ny zavatra izay nataon'izy ireo. Nahatsapa ary ry zareo fa raha marina izany tatitra nataon' ireo miaramila izany dia very ry zareo. Nandritry ny fotoana fohy dia talanjona izy ireo, ary dia nifampijery tamimpahanginana sady tsy mahalala hoe inona no tokony hatao na hotenenina. Ary dia tafapetraka teo amin'ny toerana izay tsy nahafahan'izy ireo nino ireo satria raha nino izany ireo dia ho fanamelohana azy ireo ihany izany. Ary dia nifanakalo hevitra izy ireo amin'izay tokony hatao. Nanapa-kevitra ry zareo fa raha toa ka miparitaka any ivelany fa nitsangana I Jesosy, sy ilay fitantarana ny voninahitra mahagaga izay nahatonga ny mpiambina nianjera tahaka ny maty, raha tonga any amin'ny vahoaka, dia azo inoana tokoa fa ho romotra ry zareo, ka dia hamono azy ireo ho tahaka ny mpamono olona. Nanapa-kevitra ary ry zareo fa hanome vola ireo miaramila mba hihazona izany ho tsiambaratelo. Ary ny mpisorona sy ny loholona nanome azy ireo vola be niteny taminy hoe: "Lazao hoe: ny mpianany tonga alina ka nangalatra Azy raha sendra natory izahay". Ary raha nanontany ireo mpiambina izay mety hanjo azy ireo nohon'ny torimasony amin'ny asan'izy ireo izao dia nilaza ireo mpisorona sy ny loholona fa hampanaiky ny governora ary hanao izay tsy hampaninona azy ireo. Nohon'ny fitiavam-bola dia nandà ny voninahiny ireto mpiambina romana ireto ary nanaiky ny hanaraka ireo toro-hevitry ireo mpisorona sy ireo loholona.

Rehefa nihantona teo ambonin'ny hazo fijaliana I Jesosy, ka niantso hoe: "Vita", dia nitresaka ny vatolampy, nihorohoro ny tany, ary nisokatra ny sasany tamin'ireo fasana; raha nitsangana tamin'ny maty I Jesosy, ary naharesy ny fahafatesana sy ny fasana, raha nitsangana niala avy tao amin'ny trano nigadrany Izy ho amin'ny mpiady mpandresy raha nihozongozona sy nihorohoro ny tany, ary ilay voninahitra mahafinaritrin'ny lanitra nivondrona nanodidina ilay toerana masina, nankato ny fiantsoany, maro tamin'ireo olo-maty marina no nitsangana mba ho vavolombelona fa nitsangana Izy. Ireo izay nahazo tombotsoa manokana, ireo olo-masina natsangana izay nivoaka ny fasany ary nomen-boninahitra. Izy ireo dia olomboafidy vitsivitsy, ireo olo-masina niaina tao anatin'ireo taon-jato nifamdimby nanomboka tamin'ny famoronana ka hatramin'ny fotoana izay niainan'i Kristy. Tahaka izany, kanefa ireo lohan' ny mpisorona sy fariseo, nitady izay hanafenana ny fitsanganan'I Kristy, Andriamanitra anefa nifidy ny hanangana ireo vondron'olona tamin'ny fasan'izy ireo mba hanamarina fa nitsangana i Jesosy ka hilaza ny voninahiny.

Samy nanana ny tsanganany sy ny endriny avy ireo rehetra natsangana tamin'ny maty. Ary nampahafantarina ahy fa nitotongana ny mponina teto an-tany, very ny herin'izy ireo sy ny hatsarany. Manana fahefana amin'ny aretina sy fahafatesana i Satana, ary isaky ny taon-jato nifamdimby dia mihatazana hatrany ny vokatra ateraky ny ozona, ary ny fahefan'I Satana dia hita mihamazava hatrany. Ny sasany tamin'ireo natsangana dia nanana endrika sy bika mihajahaja kokoa noho ny sasany. Nampahalalana ahy fa ireo izay niaina tamin'ny andron'ny Noa sy I Abrahama no nanana endrika, sy hatsarana ary hery nitovitovy kokoa amin'ireo anjely. Fa ny taranaka rehetra izay nandimby dia nihamalemy hatrany, sy mora andairan'aretina kokoa, ary fohy kokoa ny andro niainana. Nianaran'I Satana ny fomba atao mba hanelingelenana ny olombelona sy ny manahosa ny taranaka.

Ireo izay masina ka nivoaka avy tao amin'ny fasana taorian'ny nitsanganan'I Jesosy dia niseho tamin'ny olona maro ka nanambara tamin'izy ireo fa feno ny fanatitra ho an'ny olombelona, satria Jesosy, izay nohombonan'I Jiosy teo amin'ny hazo fijaliana, dia nitsangana tamin'ny maty, ary fanampin'izay, mba ho fanamarinany izay nolazainy, dia nanambara toy izao izy ireo: Nijoro ho vavolombelona izy ireo fa avy tamin'ny alalan'ny heriny Tsitoha no niantsoana azy ireo hivoaka ny fasana. Na dia teo aza ireo tati-bolana lainga izay nifamoivoy, momba ny nitsanganan' I Kristy tamin' ny maty dia tsy azon'i Satana ireo anjeliny, na ny lohan'ny mpisorona nafenina izany zavatra izany; satria ireo vondron'olona masina izay nivoaka ny fasan'izy ireo ireo, dia nampielly ilay vaovao mahafinaritra sy mahafaly izany, ary koa Jesosy dia niseho vatana tamin'ireo mpianatra izay vonton'alahelo sy torotoro fo, sady nanala ny tahotr'izy ireo ka nanome hafaliana sy haravoana azy ireo.

Niely patrana eny ambanivohitra rehetra eny sy an-tanam-be rehetra ilay vaovao, dia natahotra ny amin'ny ainy ireto Jiosy ka nanafina ny fankahalany izay an'ireo mpianatra ireo. Ny hany fara-fanantenan'izy ireo dia tsy nisy afa-tsy ny nampielly ny tatitra laingan'izy ireo. Ary ireo rehetra izay naniry ny fahamarinan'izany lainga izany dia nino izany. Tora-kovitry I Pilato rehefa nandre. Nino an'ilay fijoroana vavolombelona lehibe izay nomen-azy mantsy izy fa Jesosy dia nitsangana tamin'ny maty, ary koa ireo hafa maro izay niara-natsangana taminy, ka nanomboka tamin' izay fotoana izay dia niala taminy mandrakizay ny fiadanany. Nohon'ny fitiavana ny voninahitry ny tany, nohon'ny fahatahorana ny hahaverezan'ny fahefany, ary ny ainy, dia nanolotra an'I Jesosy ho faty izy. Niaiky izy ankehitriny fa tsy ran'olona tsy manan-tsiny izay fahita matetika fotsiny ihany no nohelohiny fa ny ran'ny Zanak'Andriamanitra. Hatramin' izao ny fiainan' i Pilato dia lasa fiainana mampalahelo. Ny fahadisoam-panantenana sy ny ahiahy dia namotipotika ireo fanantenana rehatra sy ireo fifaliana izay nananany. Nandà ny hampiononina izy ka dia maty tamin'ny fahafatesana izay mampahonena indrindra.

Mbola nihamafy hatrany ny fon'I Heroda, ary raha nahare izy fa nitsangana tamin'ny maty I Jesosy dia tsy nanaitra azy akory izany. Namono Jakoba izy, ary rehefa hitany fa nahafaly ny Jiosy izany dia nosamboriny koa I Petera ary nieritraritra ny hamono azy koa izy. Nefa nanana asa nampanaovina an'I Petera Andriamanitra, ka naniraka ny anjely ka nanafaka azy. Novangiana tamin'ny alalan'ny fitsarana (Andriamanitra) I Heroda. Novelezin' anjelin'Andriamanitra teo imason'ireo vahoaka maro izy tamin'ny fotoana izay nanandratany tena teo anoloan'ireo, ka dia maty tamin'ny fahafatesana nahatsiravina.

Ary raha vao maraina be ny andro talohan'ny fiposahan'ny masoandro, ireo vehivavy masina dia avy hizaha ny fasana sady nitondra zava-manitra mba hanosorana ny fatin'I Jesosy. Nefa indro ! Ilay vato mavesatra efa voakodiadia niala tamin'ny varavaram-pasana no hitan'izy ireo, ary tsy tao ny fatin'I Jesosy. Nientana ny fon'izy ireo, ary natahotra izy ireo fa sao dia nangalarin'ireo fahavalon'izy ireo ny fatiny. Tampoka teo nahita anjely roa nitafy lamba fotsy nitsangana teo akaikiny izy ireo, ny tavan'izy ireo dia namirapiratra sady manjelanjelatra. Fantatr' ireto zava-manan' ain' ny lanitra ireto ny antondian'ireto vehivavy masina ireto ary niaraka amin'izay dia nilaza taminy izy ireo fa Jesosy no tadiavin'izy ireo saingy tsy ato Izy, fa efa nitsangana, ary afaka mijery ny toerana nandriany ireo. Nandidy azy ireo mba handeha hilaza amin'ireo mpianany fa hialoha azy ireo ho any Galilia Izy. Natahotra sy talanjona ireo vehivavy ka dia nihazakazaka faingana ho any amin'ny mpianatra izay nitomany sady tsy hay nampaherezana satria nohomboana tamin'ny hazo fijaliana ny Tompon'izy ireo. Nihazakazaka nilaza tamin'ny mpianatra izay zavatra rehetra hitan'izy ireo sy ren'izy ireo ireo vehivavy. Tsy nino ny mpianatra fa hoe nitsangana Izy, nefa noho ilay tatitra izay nentin'ireo vehivavy dia nihazakazaka faingana ho any am-pasana izy ireo, ary nahita marina tokoa fa tsy tao I Jesosy. Fa tao ny lambam-paty kanefa sarotra tamin'izy ireo ny nino ilay filazan-tsara hoe nitsangana tamin'ny maty I Jesosy. Dia lasa nody ireo sady gaga noho ireo zavatra hitan'izy ireo, ary koa noho ilay tatitra izay nentin'ireo vehivavy ho azy ireo. Fa Maria kosa nijanona teo ivelan'ny fasana nieritreritra izay zavatra hitany, sady nanjombona tamin'ny fieritreretana fa sao dia voafitaka izy. Toa nahatsapa izy fa fitsapana vaovao indray no miandry azy. Niverina indray ny alahelony ka dia velon-tomany izy. Niondrika nisitrika indray ny tao am-pasana izy, ka nahita anjely roa nitafy lamba fotsy. Namirapiratra sy nanjelanjelatra ny endrik'izy ireo. Ny anakiray teo an-doha teo tamin' ilay nandrian'ny fatin'I Jesosy, ary ny anakiray teo an-tongotra. Ary dia ,niteny tamim-pitiavana tamin'ireo sady nanontany azy fa nahoana no nitomany hianao. Dia namaly izy hoe: "Satria nalain'olona ny Tompoko, ka tsy fantatro izay nametrahany Azy".

Rehefa nilaza izany izy, dia nitodika ka nahita an'I Jesosy nitsangana teo, nefa tsy fantany ho Jesosy. Niteny an'I Maria tamim-pahalemem-panahy i Jesosy sady nanontany azy ny anton'izao fahoriany izao ary nanontany azy koa ny olona izay tadiaviny. Nataony fa mpiandry saha Izy ka niangavy Azy raha Izy no naka ny Tompony, dia mba hilaza aminy izay nametrahany Azy ka dia haka Azy izy. Niteny taminy tamin'ny feon'ny lanitra manokana I Jesosy, nilaza hoe: "Ry Maria!" Fantany ny fanenon' ilay feo malala, ka dia namaly faingana izy hoe: "Mpampianatro ô!" ary noho ny hafaliany sy haravoany dia saika nanoroka Azy izy kanjo nitodika I Jesosy sady niteny hoe: "Aza manendry Ahy, fa tsy mbola niakatra tany amin'ny Ray Aho, fa mandehana mankany amin'ny rahalahiko, ka lazao aminy hoe: "miakatra ho any amin'ny Raiko sy ny Rainareo Aho, ary ho any amin'Andriamanitra sy Andriamanitrareo". Heniky ny hafaliana izy ka dia nihazakazaka nilaza tamin'ny mpianatra ilay vaovao mahafaly. Ary dia niakatra haingana ho any amin'ny Rainy I Jesosy mba hitondra avy eo imolony, fa nanaiky ny fanatiny Izy, ary vitany tsara avokoa ny zavatra rehetra, ary mba handraisany ny fahefana rehetra na ny any an-danitra na ety ambony tany, avy amin'ny Rainy.

Nanodidina ilay Zanak'Andriamanitra toy ny rahona ny anjely ary nandidy ilay vavahady mandrakizay mba hovohana, mba hahafahan' ilay Mpanjakan'ny voninahitra miditra. Ary hitako fa nandritra ny fotoana izay niarahan'I Jesosy tamin'ireo miaramilan'ny lanitra mamirapiratra sy tamin'ny fanatrehan'ny Rainy ary ilay voninahitr'Andriamanitra izay nanodidina Azy dia tsy mba nanadino ireo mpianany mahantra izay taty an-tany Izy, fa nandray ny hery avy tamin'ny Rainy mba hahazoany miverina ho amin'izy ireo, ary mandritra ny fotoana hiarahany amin'izy ireo izany dia hizara ny hery izany amin'ireo Izy. Androtr'io ihany dia niverina Izy, ary niseho vatana tamin'ireo mpianany. Dia namela azy ireo hikasika Azy izy satria efa niakatra tany amin'ny Rainy Izy ka nandray ny fahefana.

Fa tamin'io fotoana io tsy mba teo i Tomasy. Tsy nandray tamim-panetran-tena ny tatitr'ireo mpianatra izy; fa tamin-kasahiana sy tamim-pahatokian-tena no nanambarany fa tsy mba hino izy raha tsy nametraka ny ratsan-tanany eo amin'ireo diam-pantsika ary ny tanany eo amin'ny lanivoany izay nandetehana ilay lefona mahatsiravina. Naneho ny tsy fahatokiany ny rahalahiny izy tamin'ny fanaovana izany. Raha nangataka famantarana toy izay nataony avokoa ny rehetra dia ho vitsy ny olona izay afaka nandray an'I Jesosy sy hino ny fitsanganany tamin'ny maty. Kanefa izany no sitrapon'Andriamanitra dia ny hiparitahan'ireo tatitr'ireo mpianatra avy amin'ny iray mankany amin'ny iray hafa, ary maro no nandray izany avy amin'ny molotr'ireo izay nahita sy nandre. Tsy nahafaly an'Andriamanitra ny tsy finoana tahak'izany. Ary raha nihaona tamin'ny mpianatra indray I Jesosy dia teo koa I Tomasy. Tamin'ny fotoana izay nahitany an'i Jesosy dia nino izy. Kanefa nanambara izy fa tsy afa-po tanteraka izy raha tsy mahazo ny porofo dia ny fikasihana ho eo amin'izay

efa hitany, ka dia nomen'I Jesosy famantarana araka izay niriany izy. Niantsoantso I Tomasy ka nanao hoe: "Tompoko sy Andriamanitra" .Nanome tsiny an'I Tomasy i Jesosy nohon'ny tsy finoany ka hoy izy taminy: " satria nahita Ahy hianao dia nino; sambatra kosa izay tsy nahita kanefa nino."

Ary noho izany, dia nahita aho fa ireo izay tsy nanana ny fanandramana tamin'ny hafatrin'ny anjely voalohany sy faharoa dia tsy maintsy handray izay avy amin'ireo izay nanome an'izany fanandramana izany ka hanaraka an-tspiriany ireo hafatra. Koa satria nolavina I Jesosy, dia hitako fa holavina tahak' izany koa ireo hafatra ireo. Toy izany koa ny mpianatra dia nanambara fa tsy misy anarana hafa ety ambanin'ny lanitra izay hahazoana famonjena, nomena ny olombelona; dia tahaka izany koa, no nanambaran'ireo mpanompon'Andriamanitra tamim-pinoana sy tamin-kasahiana fa ireo izay tsy nanaiky afa-tsy ny sasany fotsiny ihany amin'ireo fahamarinana izay mifandraika amin' ilay hafatry ny anjely fahatelo, dia, tokony handray miaraka amim-pifaliana ireo hafatra rehetra araka izay nanomezan'Andriamanitra azy ireo, na tsy manaiky na inona na inona amin'izay.

Naseho ahy fa nandritra ny fotoana nitondran'ireo vehivavy masina ilay hafatra momba ny nitsanganan'I Jesosy dia nanao izay ho afany koa ireo miaramila mpiambina romana tamin'ny fampielezana lainga izay napetrak'ireo lohan'ny mpisorona sy ny loholona tao ambavan'izy ireo hoe raha natory izahay tamin'ny alina, dia tonga ny mpianatra ka nangalatra ny fatin'I Jesosy. Napetraky Satana tao am-po sy tao ambavany sy tao am-pon'ireo lohan'ny mpisorona izany lainga izany ka dia vonona handray ny tenin'izy ireo ny vahoaka. Nefa nataon'Andriamanitra izay hahalalana marina ny zavatra niseho ka dia nametraka izao vanimpotoana lehibe izao ho fiankinan' ny famonjena antsika, dia tokony hesorina ny fisalasalana rehetra. Ka dia tsy azon'ireo mpisorona sy ireo loholona natao ny nanafina izany. Vavolombelona maro no natsangana tamin'ny maty mba hanamarina ny fitsanganan'I Kristy tamin'ny maty.

Nijanona miaraka tamin'ny mpianany nandritra ny efapolo andro I Jesosy, ka niteraka hafaliana sy haravoana tao am-pon'izy ireo izany ary mbola namelabelatra tamin'izy ireo tamin'ny fahafenoany bebe kokoa ny momban'ny fanjakan'Andriamanitra marina Izy. Naniraka azy ireo Izy mba hijoro ho vavolombelona ny an'ireo zavatra hitany sy reny mikasika ny fijaliany, sy fahafatesany ary ny fitsanganany. Fa natao fanatitra nohon'ny fahotana Izy, ka ireo izay rehetra naniry dia afaka nanatona Azy ka dia hahita fiainana. Nilaza tamin'ireo tamim-pinoana izy sy tamim-palemem-panahy Izy fa henjehina sy hampahoriana ireo nefa hahita fitsaharana izy ireo amin'ny fampitahana ireo fanandramana izay efa nolalovan'izy ireo sy ny fahatsiarovana ireo fanandramana sy teny izay nolazainy tamin'izy ireo. Nampahatsiarovany azy ireo fa efa nandresy ireo fakam-panahin'ny Devoly Izy ary mbola mihazona ny fandresena ny fizahan-toetra sy fahoriana Izy. Ka dia tsy nanana fahefana taminy intsony I Satana, ary amin' izany dia nitondra ny fankam-panahiny sy ny fahefany mivantana kokoa ho amin'izy ireo izy, ary koa any amin'ireo izay mino ny Anarany. Niteny tamin'izy ireo Izy fa tokony handresy izy ireo toy ny nandreseny koa. Dia nanome fahefana ny mpianany hanao fahagagana I Jesosy. Nampanantena handefa ny anjeliny mba hanafaka azy ireo amin'izay Izy, mba tsy hialan'ny amin'izy ireo mandrapahavita izy ireo ny andraikitra izay napetrany tamin' izy ireo. Ary amin' izany, dia ho afaka hangataka hanombohan-kase azy ireo Izy noho ny fijoroana vavolombelona nataon' izy ireo.

Nihaino ny fampianarany tamim-pifaliana ireo mpanara-dia Azy. Nandray tsara tamim-pahalianana ny teny rehetra izay nivoaka ny molony masina izy ireo. Ka dia nahafantatra izy ireo marina fa Mpamonjy izao tontolo izao Izy. Ny teny tsirairay avy dia nilentika lalina tao am-pon'izy ireo ary dia nalahelo izy ireo satria tsy maintsy hisaraka tsy ho ela amin'Ilay Mpampianatra notahiana avy any an-danitra. Ary rehefa afaka fotoana fohy dia tsy handre intsony ny teny fampaherezana na tenim-pahasoavana avy eo amin' ny molony intsony izy ireo. Kanjo, nafanain'ny fitiavana sy ny hafaliana tsy omby tratra indray ny fon'izy ireo raha nandre an'I Jesosy nilaza tamin'izy ireo fa handeha hanamboatra fitoerana ho azy ireo Izy, dia ho avy indray ka handray azy ireo ho any Aminy, ka hiaraka Aminy mandrakizay. Ary nilaza tamin'izy ireo Izy fa haniraka Mpampahery dia ny Fanahy Masina izay hitari-dalana; hitahy ary hitarika azy ireo amin'ny fahamarinana rehetra; ary dia nanandratra ny tanany Izy ka nitso-drano azy ireo.

1° Jereo Apokalypsy 14:6-8; Hohazavain'ny toko faha 23 sy 24 amin'io boky io ihany

2° Jereo Apokalypsy 14:9-12; Hohazavain'ny toko faha 28 ami'io boky io.

Jereo Matio 27:52-53; toko 28 ; Marka 16:1-18; Lioka 24:1-50; Jaona 20; Asan'ny Apostoly toko 12.

TOKO 11 - NY FIAKARAN'I JESOSY

Ny lanitra manontolo dia teo am-piandrasana ilay oram-pandresena izay tokony hiakaran'I Jesosy ka any amin'ny Rainy. Tonga ny anjely mba handray ilay Mpanjakan'ny voninahitra, sy mba hanotrana Azy amim-

boninahitry ny Mpanjaky ho any an-danitra. Rehefa avy nitso-drano ny mpianany i Jesosy, dia nisaraka tamin'izy ireo, ka nakarina ho any an-danitra. Androtr'iny ihany rehefa niakatra Izy, babo maro be izay natsangana tamin' ny maty tamin' ny fotoanan' ny nitsanganany iny no nanaraka Azy. Miaramilan'ny lanitra maro be no nanatrika teo, raha mbola niandry ny fahatongavany any an-danitra ireo anjely alin-kisa. Tamin' izay dia niakatra ho any amin'ny Tanana masina izy ireo, dia niantsoantsoa ireo anjely izay nanotrona Azy: "Asandrato ny lohanareo sy vavahady, ary misandrata hianareo ry varavarana fahagola, mba hidiran'ny Mpanjakan'ny voninahitra. Tamin-karavoana no niantsoantsoan'ireo anjely tao amin'ilay fitoerana izay niandry ny fiaviany hoe: "Iza izao Mpanjakan'ny voninahitra izao? Dia namaly tamim-pandresena ireo anjely mpanotrona: "Jehovah mahery tsitoha, Jehovah mpiandry mahery. Asandrato ny lohanareo ry varavarana fahagola. Mba hidiran'ny Mpanjakan'ny voninahitra."Niantsoantso indray ireo miaramilan'ny lanitra "Iza ary izao Mpanjakan'ny voninahitra izao?"Dia namaly tamin'ny hatsaram-po malefaka ireo anjely mpanoratra hoe: "Jehovah Tompon'ny maro! Izy no Mpanjakan'ny voninahitra". Ary niditra tao amin'ilay Tanàna ireo mpanaraka maro ny lanitra. Ary tamin' izay, dia nanodidina Ilay Zanak'Andriamanitra, Mpibaiko mendrik' azy ireo, ireo mponin'ny lanitra rehetra, ary tamim-piderana lalina indrindra no niankohofan'izy ireo, ary nanipy ny satro-boninahitra mamirapiratan'izy ireo teny amin'ny tongony. Ary manarak' izany dia nanendry ny valiha volamenany ary hira mirindra sy malefaka ary ireo haren'izy ireo ara-java-maneno sy hira no nameno ny lanitra manontolo ho fanomezan-boninahitra an'Ilay Zanak'Ondry izay voanono kanefa velona indray amin-kaja sy voninahitra.

Manarak' izany dia naseho ahy ireo mpianatra raha mbola nandinika ny lanitra tamin'alanelo izy ireo mba hijery farany ny fiakaran'ny Tompony. Indreo nisy anjely roa teo anilany niakanjo akanjo fotsy izay nanao tamin' ireo hoe: "Ry lehilahy Galiliana nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra ianareo? Iny Jesosy izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra". Ary ireo mpianatra sy ny renin'I Jesosy dia vavolombelon'ny fiakaran'ilay Zanak'Andriamanitra, ary nandritr'iny alina iny dia nandany ny fotoanany tamin'ny firesahana ilay asa mahagaga izay nataony sy ireo zavatra feno voninahitra hafahafa izay vao niseho tao anatin'ny fotoana fohy ry zareo.

Nampivory ny filan-keviny indray I Satana sy ireo anjeliny ary tamim-pankahalana fatratra ny fanjakan'Andriamanitra no nilazany tamin'izy ireo hatrizay ela izay fa raha mbola mihazona ny heriny sy ny fahefany eto ambonin'ny tany ihany izy dia tsy maintsy hamafisina avo folo heny ny ezaka izay efa nataon' izy ireo ho fanoherana ny mpanara-dia an'I Jesosy. Tsy nahavita na tamin'inona na tamin'inona hanohitra an'I Jesosy izy ireo; nefa, raha azon' izy ireo atao, dia hanana hevitra ny amin' ireo mpianany izy ireo, ary hotohizany hatrany izany asany izany amin'ireo taranaka mifandimby mba hahazoany ao anatin' ny haratony ireo izay mino an'I Jesosy, sy ny fitsanganany tamin' ny maty ary ny fiakaran'ny. Notantarain'i Satana tamin'ireo anjeliny fa I Jesosy dia nanome fahefana ireo mpianany mba handroaka azy ireo sy hanasitrana ireo izay nampaharariany. Ary noho izany dia nandeha tahaka ny liona mieronana ireo anjelin' i Satana mitady izay harapany amin'ireo mpanara-dia an'I Jesosy.

Jereo Salamo 24:7-10; Asan'ny Apostoly 1:11

TOKO 12 - IREO MPIANATR'I KRISTY

Tamin-kery lehibe no nitorian'ireo mpianatra ilay Mpamonjy voahombo sy nitsangana tamin'ny maty. Nanao famantarana sy fahagagana maro tamin' ny Anaran' I Jesosy izy ireo nanasitrana ny marary izy ireo, ny sasany izay nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny dia niverina tamin'ny laoniny indray, salama tsara, ka dia niara-niditra tamin'izy ireo tao an-tempoly, niantambotra sy nijoro sady nidera an'Andriamanitra teo imason'ny vahoaka manontolo. Niely ny vaovao, ary dia nanomboka nitangorona manodidina ny mpianatra ireo vahoaka. Maro ireo niara-nirohotra, talanjona sy gaga tokoa noho ireo fahasitranana nitranga.

Rehefa maty I Jesosy dia nieritreritra ireo lohan'ny mpisorona fa tsy hisy fahagagana hitan'izy ireo intsony eo amin ireo mpianatra, ary ho foana ireo fitalanjonana ka dia hiverina indray amin'ireo fampianaran'olombelona ny vahoaka. Nefa, indro ! teo afovoan'izy ireo mihitsy, no nanaovan'ireo mpianatra fahagagana, ary fahagagana no nameno ny fon'ireto vahoaka, ka dia nibanjina azy ireo tamim-pitalanjonana. Nohomboana I Jesosy ary dia nanontany tena izy ireo hoe: fa avy taiza ary no nahazoan ireo mpianatra an'io fahefana io. Tamin'ny fahavelomany dia nieritreritra izy ireo fa Izy no nanome fahefana ireo mpianany. Nefa

rehefa maty I Jesosy dia nanantena izy ireo fa hitsahatra ireo fahagagana. Fantatr'I Petera ny fahasahiranan'izy ireo ka hoy izy taminy: "Ry lehilahy Israely, nahoana no talanjona amin'izany hianareo ? Ary nahoana no mandinika anay hianareo toa herinay no fahasinanany no nanaovanay azy ho afa-mandeha ? Andriamanitr'I Abrahama sy Isaka ary Jakoba, Andriamanitry ny razantsika no nanome voninahitra an'I Jesosy Zanany, Izay notolotrareo sy nolavinareo teo anatrehan'I Pilato, rehefa nokasainy halefa. Fa hianareo nandà Ilay Masina, sy marina ary mpamono olona no nangatahinareo halefa ho anareo, fa ny Tompon'ny aina kosa no novonoinareo; fa Izy natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty ary vavolombelon'izany izahay. Ary ny anarany no nampantanjaka io lehilahy hitanareo sy fantatrareo io noho ny finoana ny anarany; eny ny finoana izay azo amin'ny alalany no nahazoany izao fahasitranana tsara eto imasonareo rehetra izao.

Tsy zakan'ireo lohan'ny mpisorona sy ny loholona ireo teny ireo. Araka ny baikony nosamborina ny mpianatra ka natao ny tao an-trano-maizina. Kanefa an'arivony no niova fo sy nino ny fitsanganan'I Kristy sy ny fiakarany avy tamin'ny alalan'ny toriteny iray fotsiny nataon ireo mpianatra. Nikorontana ny lohan'ny mpisorona sy ny loholona. Namono an'I Jesosy izy ireo ka dia mety hivadika amin'izy ireo ihany ny vahoaka; niharatsy noho ny teo aloha ny fandehan-javatra. Nomelohin'ny mpianatra am-pahibemaso ankehitriny fa izy ireo no namono an'ily Zanak'Andriamanitra, ary tsy takatry ny sain'izy ireo intsony ny mety hielezan'izany na hoe inona no tokony hataon'izy ireo mba hanajan'ny vahoaka azy ireo. Mahafaly azy ireo mihitsy ny hamonoana an' I Petera sy I Jaona, saingy tsy sahy izy ireo fa natahotra ny vahoaka. Ny andro manaraka, dia niantso ny mpianatra izy ireo ka dia nentina teo anoloan'ny filan-kevitra ireo. Ary tamin'izay fotoana izay teo ireo olona izay tena niantsoantso tamin-kafanam-po nangataka ny ran'Ilay Marina. Nandre ny fandavan'I Petera an'I Jesosy tamin-kanosana izy ireo, niaraka tamin'ny fianianana sy fiozongozonana nataony raha nohelohina ho iray tamin'ireo mpianatra izy. Nieritritra ny hampahatahotra an'I Petera izy ireo, kanefa efa niova fo izy ankehitriny. Fotoana fanararaotra no nomena an'I Petera teto mba hanandratany an'I Jesosy. Nandà an'I Jesosy indray mandeha izy; fa ankehitriny dia afaka manaisotra loton' ny tsy fieritretany, ny fandavana tamin-hakanosana izy, ary manome voninahitra Ilay Anarana izay nolaviny. Tsy misy tahotra omban-kanosana intsony nanjaka tao am-pon'I Petera. Fa tamim-pahasahiana masina, ary avy tamin'ny herin'ny Fanahy Masina no nilazany tamin'izay, tsy amim-pihambahambana fa: " Ny Anaran'I Jesosy Kristy avy any Nazareta, izay nohomboanareo tamin'ny hazo fijaliana, fa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty kosa, dia Izy no itsanganan'io lehilahy io finaritra eto imasonareo. Jesosy no Ilay vato izay nolavinareo mpanao trano, nefa tonga fehizoro. Ary tsy misy famonjena amin'ny hafa; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona izay hahazoantsika famonjena."

Talanjona ny vahoaka tamin'ny fahasahian'I Petera sy I Jaona. Fantany tsara fa efa niaraka tamin'I Jesosy izy roa lahy; Satria ny fitondran-tenan'izy ireo dia mendrika sady tsy nisy tahotra dia tena mitovy tokoa tamin'ny endrik'I Jesosy raha nenjehin'ireo mpamono Azy Izy. Jesosy tamin'ny alalan'ny fijery iray izay feno indrafo sy alahelo no nanome hery an'I Petera indray taorian'ny nandavany Azy, ary ankehitriny satria nanaiky an'ny Tompony am-pahibemaso tamim-pahasahiana I Petera, dia nankasitrahana sy notahina. Ho famantarana ny fankasitrahana'I Jesosy, dia nofenoina Fanahy Masina izy.

Tsy sahin'ireo lohan'ny mpisorona ny nampiharihary ny fankahalana ny mpianatra tao am-pon'izy ireo. Ao amin' ny filan-keviny no amoahany azy ary mifanpilaza izy ka nanao hoe: "Hataontsika ahoana ireo lehilahy ireo? Fa efa nanao famantarana malaza tokoa izy, ary fantatry ny mponina rehetra eto Jerosalema izany ka tsy azontsika lavina." Natahotra ny hielezan'io asa tsara io ho amin' ny vahoaka izy ireo. Fa raha miely izany, dia ho very ny fahefan' ireo mpisorona, ary dia hihevitra azy ireo ho mpamono an'I Jesosy ny olona. Na dia izany aza ny hany zavatra sahin'izy ireo natao dia ny nandrahona ireo apostoly ary nandidy azy ireo mba tsy hiteny amin'ny anaran'I Jesosy intsony fa raha tsy izany dia ho faty izy ireo. Fa Petera nanambara tamin-kasahiana fa tsy afaka ny hangina ny amin'ireo zavatra izay efa hitany sy reny izy.

Noho ny herin'I Kristy, dia nanohy nanasitrana hatrany ireo narary izay nentina teo aminy, ny mpianatra. Nivadi-po ireo lohan'ny mpisorona sy loholona ary ireo izay niray petsapetsa tamin'izy ireo. Isan'andro dia anjatony maro no nirotsaka an-daharana eo ambanin'ny sain'ily Mpamonjy nohomboana, nitsangana ary nakarina any an-danitra. Ny mpisorona sy ny loholona ary ireo voataonany manokana hiaraka amin' izy ireo dia lasa mivadi-po. Nampidiriny am-ponja indray ireo Apostoly dia nanantena izy ireo fa hijanona ny fihetsiketsehana. Nandresy I Satana; ka dia nihiram-pandresena ireo anjelyny ratsy. Kinanjo, nirahina ny anjelin'Andriamanitra mba hanokatra ny varavaran'ny tranomaizina, ary nifanohitra tamin' ny baikon' ireo mpisorona-be sy ny loholona, nandidy azy ireo ny anjely mba handeha ho any an-tempoly ka hilaza ny teny rehetran'ity fiainana ity. Nivory indray ny filan-kevitra (Synedriona) ka nampiantso ireo voafonjany. Nosokafan'ny mpiandry raharaha ny varavaran'ny trano maizina saingy tsy teo ireo gadra izay notadiavin'izy ireo. Niverina indray tany amin'ny mpisorona sy loholona izy ireo ary nilaza taminy hoe: "Ny trano maizina dia hitanay mihidy tsara ary ny mpiambina mitsangana eo am-baravarana; kanefa nony novohanay, dia tsy nahita olona tao izahay." Dia nisy tonga ka nilaza taminy hoe: " Ireny lehilahy izay nataonareo tao an-tranomaizina ireny, dia indreo izy mitsangana eo an-kianjan'ny Tempoly ka nampianatra ny

olona. Dia lasa ny lehiben'ny mpiambina sy ny mpiandry raharaha ka nitondra azy, nefa tsy nanao mahery, satria natahotra ny vahoaka izy, fandrao hotorahany vato. Ary rehefa nentiny, dia napetrany teo anatrehan'ny Synedriona ireo, ary ny mpisorona be nanontany azy ka nanao hoe: “efa noraranay mafy dia mafy hianareo tsy hampianatra amin'izany anarana izany; kanjo, indro efa nofenoinareo ny fampianaranareo Jerosalema, ka tianareo hankinina aminay ny ran'izany Lehilahy izany.”

Nihatsaravelatsihy izy ireo, ary tia ny deran'olombelona noho ny fitiavana an'Andriamanitra. Nohamafisina ny fon'izy ireo, ka ny asa mahagaga indrindra izay nataon'ireo Apostoly dia tsy nisy dikany afa-tsy ny nahatonga azy ireo ho romotra. Fantatr'izy ireo mantsy fa raha mitory an'I Jesosy, ny fanomboana Azy, ny fitsanganany ary ny fiakarany ny mpianatra, dia hiampanga azy ireo ho mpamono Azy izany. Tsy maniry hangetaheta intsony ny ran'I Jesosy ho amin' izy ireo tahaka ny tamin'ilay niantsoantsoan'izy ireo tamin-kafanam-po hoe: “Aoka ny rany ho aminay mbamin'ny zanakay.”

Nanambara tamin-kasahiana ny Apostoly fa tokony hankato an'Andriamanitra mihoatra noho olona izy ireo. Ary hoy I Petera: “Andriamanitry ny razantsika efa nanangana an'I Jesosy, Izay novonoin'ny tananareo nahantonareo teo ambonin'ny hazo. Izy nasandratry ny tanana ankavanan' Andriamanitra ho Tompo sy Mpamonjy, hanome fibebahana sy famelan-keloka ho an'ny Israely. Ary izahay dia vavolombelon'izany zavatra izany, ary ny Fanahy Masina koa, izay efa nomen'Andriamanitra ny manaiky Azy. Ary raha nandre izany teny izany izy ireo dia lotika ny fon'ireo mpamono ireo. Niriany ny handoto ny tanany indray amin'ny rà amin'ny famonoana ny Apostoly. Raha teo am-pandihana ny fomba hanantanterahana ny fikasany izy ireo dia nirahina ny anjelin'Andriamanitra iray mba hanendry ny fon'I Gameliela mba honoro hevitra ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapaka. Dia hoy I Gameliela: “Mandefera amin'ireo olona ireo, ka avelao ihany izy; fa raha avy amin'olona izao saina na asa izao dia ho foana; fa raha avy amin'Andriamanitra kosa izao dia tsy ho azonareo foanana, sao dia miseho ho mpiady amin'Andriamanitra ianareo. Nandrisika ireo mpisorona sy ny loholona ny anjely ratsy mba hamono ireo Apostoly, saingy naniraka ny anjelyny Andriamanitra mba hanakanana izany, tamin'ny alalan'ny fampisondratana ny feon'ilay naman'izy ireo ihany, ho an'ny mpianatra.

Mbola tsy vita ny asan'ireo Apostoly. Tokony niseho teo anatrehan'ny mpanjaka izy ireo mba hijoro vavolombelona amin'ny anaran'I Jesosy, mba hanaporofa ireo zavatra hita sy ren'izy ireo. Mifanohitra amin'ny sitra-pon ireo, dia nandefa azy ireo handeha ny lohan'ny mpisorona sy ny loholona, taorian'ny nikapohany azy ireo tamin'ny tsora-kazo sady nandrara azy ireo tsy hiteny amin'ny anaran'I Jesosy intsony. Ary ireo dia niala teo anatrehan'ny Symedriona sady faly, satria natao miendrika hitondra fahafaham-baraka ho voninahitr'izany anarana izany. Ary tsy nitsahatra nanohy ny asany izy ireo, nampianatra sy nitory tao antempoly sy tao amin'ny isan-trano izay nanasa azy ireo. Nitombo sy niely ny tenin'Andriamanitra. Nanetsika ireo lohan'ny mpisorona sy ny loholona I Satana mba hanakarama ny mpiambina romana mba hilaza lainga hoe ny mpianatra no nangalatra ny fatin'I Jesosy raha sendra natory izahay. Tamin'ny alalan'izany lainga izany no nanantenan'izy ireo fa ho afaka hanafina izany fahamarinana izany; kinanjo indro ny fitsanganana mahery nanodidina azy ireo dia ny fiharihariana lehiben'ny fitsanganan' I Jesosy tamin'ny maty. Tamin-kasahiana no nanambaran'ny mpianatra izany, ary ny nijoroany vavolombelon'ireo zavatra hitany sy reny; ary avy tamin'ny anaran'I Jesosy no nahavitany izy ireo fahagagana lehibe maro. Tamin-kasahiana koa no nametrahan'izy ireo ny ran'I Jesosy teo amin'ireo izay naniry fatratra ny nandray izany raha navela hanana fahefana tamin'ny famonoana an' Ilay Zanak'Andriamanitra izy ireo.

Hitako fa ny anjelin'Andriamanitra dia nirahina mba hiahy manokana sy hiambina ireo fahamarinana lehibe sady masina ireo izay nilaina nandritry ny taon-jato maro mba ho vato fantsika hihazona ny mpianatr'I Kristy tamin'ireo taranaka nifandimby.

Nitoetra indrindra tao amin'ireo Apostoly izay nijoro vavolombelon'ny famantsihana an'I Jesosy tamin'ny hazo fijaliana, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany ny Fanahy Masina, izany hoe : fahamarinana lehibe nitranga izay fanantenan' Israely. Ny rehetra tamin'izany dia tokony hijery ny Mpamonjin'izao tontolo izao ho toy ny hany fanantenana tokana ho azy ireo ary mandeha amin'ny lalàna izay nosoritan'I Jesosy tamin'ny alalan'ny fanaovana fanatitra ny tenany mihitsy ary ny hitandrina ny lalan'Andriamanitra mba ho velona. Hitako ny fahendren'I Jesosy sy ny fahatsarany tamin'ny nanomezany fahefana ireo mpianatra mba hanohy ilay asa izay nataon'ny Tenany ihany, izay nahatonga ny Jiosy hankahala sy hamono Azy. Noho ny anarany (Jesosy) dia nanana fahefana tamin' asan' I Satana izy ireo. Nanao famantarana maro sy fahagagana maro tamin'ny anaran'I Jesosy izy ireo Jesosy izay natao tsinotsinona ary maty novonoin'ireo tanana tian-drà. Avan 'ny hazavana sy voninahitra no namirapiratra tamin'ny fotoana izay nahafatesan'I Jesosy sy ny nitsanganany tamin'ny maty , izay mampaharitra mandrakizay ireo fahamarinana masina fa Izy no ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao .

Jereo Asan'ny Apostoly toko 3-5

TOKO 13 - NY FAHAFATESAN'I STEFANA

Nihamaro haingana ny isan'ny mpianatra tao Jerosalema. Nandroso ny tenin'Andriamanitra, ary maro tamin'ireo mpisorona no nankato tamin'ny finoana. Ary Stefana, feno fahasoavana sy hery, dia nanao fahagagana sy famantarana lehibe teo amin'ny vahoaka; Tezitra mafy ireo lohan' ny mpisorona Jiosy raha nahita fa ireo mpisorona dia niala tamin'ireo fomba natolotry ny razan'ireo, sy ny fanatitra ary ny fisoronana ka nanaiky an'i Jesosy ho fanatitra lehibe. Nampirehetin' ny hery avy any ambony, i Stefana dia naninitsiny an'ireo mpisorona sy loholona tsy mino, ary nanandratra an'I Jesosy teo anatrehan'izy ireo. Fa tsy nahatohitra ny fahendrena sy ny Fanahy izay nitenenany ireo, ary satria hitan'izy ireo fa tsy manan-kalahatra noho ny aminy, dia nanisi-bola olona mba hanao vavolombelona mandainga ireo izay nanao hoe: izy ireo nandre azy niteny ratsy nanohitra an'I Mosesy sy Andriamanitra. Nandrisika ny vahoaka izy ireo, ka nisambotra an'I Stefana, ary, avy tamin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona lainga, no nanamelohan'izy ireo Azy ho niteny ratsy ny tempoly sy ny lalàna. Noporofoin'izy ireo fa ren'izy ireo izy nilaza fa: ilay Jesosy avy any Nazareta dia handrava ny fomba izay natolotr'I Mosesy azy ireo ho lovany.

Ary izay rehetra nipetraka teo amin'ny Synedriona izay nanohitra an'I Stefana nahita ny hazavan'ny voninahitr'Andriamanitra tamin'ny endriny. Ny endriny dia nazava tahaka ny tarehin'anjely. Nitsangana tamim-pinoana feno sy Fanahy Masina izy ary, namaly ny amin' ireo entana nanavesatra azy ka nanomboka tamin'ny andron'ireo mpaminany, dia nandalo tamin' ny fanehoana ny tantaran' ny zanak' Isiraely sy izay rehetra nataon' Andriamanitra ho azy ireo; ary naneho hoe, ahoana no anambaran' ny faminiana an' I Kristy nitondra azy ireo tamin'ny fiavian'I Jesosy, ny namantsihana Azy teo amin'ny hazo fijaliana, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany, ary naneho azy ireo ny tantaran' ny tempoly, ary nanambara fa Andriamanitra dia tsy mitoetra ao amin' ny tempoly nataon' tanan'olona. Mivavaka amin' ny tempoly mantsy ny Jiosy. Ary na inona na inona lazaina manohitra ny tempoly dia niteraka fahatezerana goavana teo amin'izy ireo noho ireo teny lazaina manohitra an'Andriamanitra. Nony milaza ny amin'i Kristy i Stefana ary milaza ihany koa ny amin' ny tempoly, dia azony vinàny fa tsy mihaino ny vahoaka. Feno fahatezerana avy an-danitra ny fanahin'I Stefana dia niantsoantso nanakiana azy ireo nohon'ny haratsiam-panahy, ary noho ny tsy maha-voafora fo azy ireo, "hianareo, manohitra ny Fanahy Masina mandrakariva." Nanaja ny fombafombam-pihavanana ivelany izy ireo, kanefa ny fon'izy ireo dia feno fahalovana sady feno hafetsena. Nilaza tamin'ireo Stefana ny amin'ny halozan'ireo razan'izy ireo tamin'ny nanenjehany ireo mpaminany, ary nambarany tamin' ireo mpihaino azy fa ireo no manao fahotana bebe kokoa amin' ny fandàvany sy fanomboany an' i Kristy, ka nanao hoe: "Iza no mpaminany izay tsy nenjehin'ny razanareo ? Eny, novonoiny aza izay naminany, ny fiavian'ilay Marina; ary ankehitriny dia efa tonga mpamadika sy mpamono Azy hianareo.

Rehefa voalaza ireo fahamarinana tsotra sady maranitra ireo dia nisafoaka ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapaka; ka dia nihidy vazana tamin'I Stefana izy ireo."Fa Stefana, feno ny Fanahy Masina dia nibanjina ny lanitra ka nahita ny voninahitr'Andriamanitra sy Jesosy nitsangana teo an-kavanan'Andriamanitra, dia nanao hoe: "Indro, hitako ny lanitra misokatra ary ny zanak'olona mitsangana eo an-kavanan'Andriamanitra." Ary ny olona niantso tamin'ny feo mahery sady nanampin-tsofina ka indray nirodona taminy, dia nandroaka azy ho eny ivelan'ny tanàna ka nitora-bato azy; Dia nandohalika I Stefana, ka niantso tamin'ny feo mahery hoe: Tompo ô, aza atao ho helony anie izao ota izao.

Hitako fa Stefana dia olo-maherin'Andriamanitra, nitsangana manokana mba hitàna toerana goavana ao am-piangonana. Nihobim-pandresena I Satana raha voatora-bato ho faty I Stefana; satria fantany fa hahatsapa ny fahafenoany ny fatiantoka nahazo azy ny mpianatra. Kanefa fohy ny fotoana nadresen'I Satana; satria nisy iray tao anatin'ny fikambanana nijoro vavolombelon' ny fahafatesan'I Stefana, izy no ilay nisehoan'I Jesosy, dia I Saoly avy any Tarsosy. Eny, fa na dia tsy nandray anjara tamin'ny fitoraham-bato an'I Stefana aza izy, dia nankasitraka ny namonoana Azy. Saoly dia nafana fo tamin'ny fanenjehana ny fiangonan'Andriamanitra, nihaza azy ireo, nidirany isan-trano sady nosarihany izy ireo ka dia nanolotra azy ireo ho amin'ireo izay maniry hamono azy ireo. Nampiasa an'I Saoly tamim-pahombiazana tokoa I Satana. Nefa Andriamanitra dia afaka mamotipotika ny fahefan'ny Devoly, ary manafaka ireo izay voafatony. Olona manan-talenta sy manampahaizana I Saoly, ary Satana nampiasa tamim-pahendrena ny talentany mba hanampiana ny fampandrosoana ny fikomiany mba hanoherana Ilay Zanak'Andriamanitra sy ireo izay nino Azy. Kanefa nifidy an'I Saoly Jesosy mba ho fantsona voafidy hitory ny Anarany, mba hampahery ny mpianatra amin'ny asany, ary maro noho ny teo ary hisolo ny toeran'I Stefana. Nataon'ireo Jiosy ho Zavatra lehibe I Saoly. Nahafinaritra azy ireo ny hafanam-pony sy ny fahaizany, kanefa nampihorohoro kosa ny maro tamin'ireo mpianatra.

Jereo Asan'ny Apostoly toko 6-7

TOKO 14 - NY FIOVAM-PON' I SAOLY

Ary raha nandeha tao Damaskosy I Saoly, niaraka tamin'ireo taratasy izay manome alalana azy hisambotra ireo lehilahy na vehivavy izay mitory an'I Jesosy, mba hitondra azy ireo am-patorana ho any Jerosalema, dia nihobim-pandresena nanodidina azy ny anjely ratsy; tsitapitapitr'izay anefa raha mbola nandeha izy dia nisy hazavana avy any an-danitra nanelatrelatra manodidina azy, izay nampamdositra ny anjely ratsy sy nahatonga an'I Saoly lavo nalaky tamin'ny tany. Nandre feo izay nanao taminy hoe: Saoly, Saoly, nahoana hianao no manenjika Ahy ? Namaly I Saoly: Iza moa hianao Tompoko? Ary niteny ny Tompo hoe: Izaho no Jesosy izay enjehinao. Fa sarotra ho anao ny handà ny fanindronana. Dia nangovitra I Saoly sady talanjona, ka niteny hoe: “Tompoko, inona no tianao hataoko? Dia namaly ny Tompo nanao hoe: “mitsangana, ka mankanesa ho any an-tanàna dia holazaiko aminao izay tokony hataonao.”

Ary ny olona izay nomba azy tamin'ny nalehany dia nitsangana tsy nahateny, nitolagaga ary nandre tsara ny feo izy ireo, nefa tsy nahita olona. Ary rehefa tsy hita intsony ilay hazavana, Saoly nitsangana tamin'ny tany, ary rehefa nahirany ny masony, dia tsy nahita na iza na iza izy. Nohajambain' ny fahazavana avy any an-danitra izy. Ary ireo nitantana azy ka nitondra azy ho any Damaskosy, ary tsy nahita izy hateloana sady tsy nihinana na nisotro. Dia naniraka ny anjeliny ny Tompo ho any amin'ilay lehilahy iray tamin'ireo izay nirian'I Saoly hosamborina, ka naseho azy tamin'ny fahitana fa izy dia tokony any amin'ny lalana atao hoe Imahitsy, ka izahao ao “an-tranon'I Jodasy izay lehilahy atao hoe Saoly avy any Tarsosy; fa indro, efa mivavaka izy, ary izy efa nahita tamin' ny fahitana lehilahy atao hoe Ananiasy izay niditra, ka nametra tanana taminy mba hahiratra indray ny masony.”

Natahotra I Ananiasy fa sao dia manao hadisoana izy amin'ity raharaha ity, ka dia nanomboka nintantara tamin'ny Tompo izay reny momba an'I Saoly izy. Fa hoy ny Tompo tamin'I Ananiasy: “Mandehana, fa fanaka voafidy izy ho fitondrana ny anarako eo anatrehan'ny jentilisa sy ny mpanjaka ary ny Zanak'israely; fa hasehoko azy ny habetsahan'izay tsy maintsy hiaretany ho voninahitry ny anarako. Narahin'I Ananiasy ny toro hevitra ny Tompo, ka dia niditra ny trano, izy dia nametra-tanana tamin' I Saoly ka nanao hoe: Ry Saoly, rahalaly, ny Tompo, dia Jesosy izay niseho tamin'ny lalàna nalehanao, no efa naniraka ahy, mba hahiratan'ny masonao, ary mba ho feno ny Fanahy Masina hianao. Ary niaraka tamin'izay dia nahiratra ny mason'I Saoly, ka nitsangana izy dia natao batisa. Ary miaraka tamin' izay dia nitory an'I Jesosy teo amin'ny Synagoga rehetra izy, fa Jesosy no Zanak'Andriamanitra. Ary talanjona izay rehetra nandre azy ka nanao hoe: “Tsy ity va ilay nandringana izay niantso izany anarana izany tany Jerosalema? Ary tonga aty koa izy mba hitondra azy mifatotra ho any amin'ny mpisorona be.” Ary Saoly maika nihahery, dia nandresy lahatra ny Jiosy izay nonina tany Damaskosy ka naneho marimarina fa Jesosy no Kristy. Ary dia hita ho ao anatin' ny zavatsarotra izy. Ny rehetra dia nahafantatra izay nataon'I Saoly ho fanoherana an'I Jesosy, ary tamin-kafanam-po no nisamborany sy nanolorany ho faty ireo rehetra nino ny Anarany. Ny fiovam-pony mahagaga dia nandresy lahatra ny maro tamin' ny jiosy fa Jesosy no Ilay Zanak'Andriamanitra. Nanambara ny fanandramany tao alalan' ny herin' ny Fanahy Masina I Saoly. Dia nanenjika hatramin' ny fahafatesana ireo kristiana izy, dia nisambotra azy ireo ary nampiditra azy ieo am-ponja, hatramin' ny lehilahy sy vehivavy maro, ary raha nandeha tamin' ny lalana ho any Damaskosy izy, dia nisy mazava lehibe avy any an-danitra namirapiratra tampoka nanodidina azy, ary Jesosy nanambara ny tenany taminy ka nampahafantatra azy fa Izy no Ilay Zanak' Andriamanitra. Satria nitory an'I Jesosy tamin-kasahiana I Saoly, dia nahasarika olona. Nanana fahalalana mikasika ny Soratra Masina izy ary taorian'ny fiovam-pony dia hazavana avy any an-danitra no nanazava ireo faminiana mikasika an'I Jesosy izay nahatonga azy afaka maneho mazava sy tamin-kasahiana ny fahamarinana, sy nanitsy ireo Soratra Masina izay efa nihasimba. Satria nitoetra taminy ny Fanahy Masina, dia afaka nitondra ireo mpihaino azy tamin'ny fomba mazava sady feno hery sy fanazavana mandresy lahatra tany amin'ny fotoana izay niavian'I Kristy voalohany izy tamin'ny alalan'ireo faminiana ka nampiseho azy ireo fa tanteraka ny Soratra Masina mikasika ny fijalian'I Kristy, ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty. Jereo Asan'ny Apostoly toko .9

TOKO 15 - NANAPA-KEVITRA NY HAMONO AN'I PAOLY NY JIOSY

Feno fankahalana an'I Paoly ireo lohan'ny mpisorona sy ny loholona, raha nahita ny vokatrin'ny fitantarany ny fanandramana niainany. Hitan'izy ireo fa nitory an'I Jesosy tamin-kasahiana izy, ary noho ireo vahoaka maro izay mihaino azy ka lasa niala tamin'ireo fanaon-drazan' izy ireo, sady nanao azy ireo ho mpamono an'ilay Zanak'Andriamanitra. Nirehitra ny fahatezeran'izy ireo ka dia nivory mba handinihina izay zavatra farany tsara tokony hatao mba hampijanonana izao zotom-po fatratra izao. Ka dia niray tetika izy, ireo fa ny hany lalan-tokana ho azy ireo dia ny famonoana ho faty an'I Paoly. Kanefa fantatr'Andriamanitra izany eritreritr'izy ireo izany, ka dia nirahiny ny anjeliny mba hiaro ny ainy, mba hahavelona azy hanatanterahany ny asany ary hiaritra nohon'ny anaran'I Jesosy.

Fantatr'I Paoly fa nitady ny ainy ireto Jiosy ireto. Satana dia nitondra ireo Jiosy tsy mino mba hiambina ny vavahadin'I Damaskosy andro aman'alina, fa rehefa handalo eo I Paoly dia ho afaka hamono azy faingana izy ireo. Nefa I Paoly efa nilazana ny amin' ny tetik' izy ireo. Fa ny mpianany naka azy nony alina ka nampidina azy tamin'ny sobiky avy teo amin'ny manda. Eto dia nalaina baraka ny Jiosy noho ny tsy fahombiazany, ary ny tetik'I Satana dia nandamoka. Taorian' izay dia nandeha tany Jerosalema I Paoly mba hiray tamin'ny mpianatra ; fa izy rehetra natahotra azy. Tsy nino ny fahatsoram-pony sy ny maha-mpianatra azy izy ireo. Notadiavin'ireo Jiosy ny ainy tao Damaskosy, ary ankehitriny, na dia ireo rahalahiny koa aza dia tsy te handray azy. Fa Barnabasy naka azy ka nitondra azy ho any amin'ny Apostoly, dia nanambara taminy ny nahitany ny Tompo sy ny nitenenany taminy teny an-dalana ary ny fahasahiany nitory ny anaran'I Jesosy tany Damaskosy.

Fa Satana namporisika hatrany ny Jiosy mba hahafaty an'I Paoly, ka dia nodidian'I Jesosy izy mba hiala any Jerosalema. Ary raha nandeha nitety ireo tanàna maro hafa I Paoly niaraka tamin' I Barnabasy nitory an'I Jesosy, sy nanao fahagagana maro, dia maro ny olona no niova fo, ary nahasitrana ilay lehilahy nalemy tongotra hatrany an-kibon-dreniny, dia nikasa ny hanao fanatitra ho an'ny mpianatra ireo ny vahoaka izay mpanompo sampy. Nalahelo mafy I Paoly ka dia nandriatra ny fitafiany izy, ka dia nilaza tamin'izy ireo fa izy sy ireo mpiaraka aminy dia olona ihany ary tokony ho Andriamanitra irery no hivavahana dia Ilay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary izay rehetra ao anatiny. Nanandratra an'Andriamanitra teo anatrehan' ny vahoaka i Paoly; nefa dia saiky tsy nahasakana ny olona. Ny fahalalana voalohany mikasika ny finoana ao amin'Andriamanitra marina, sy ny fitsaohana sy fanajana izay tokony ho Azy dia niforona tao anatin'ny eritreritr'izy ireo. Ka raha teo am-pihainona an'I Paoly izy ireo, dia nandrisika ireo Jiosy tsy nino avy tamin'ny tanàna hafa I Satana hanaraka an'I Paoly mba handrava ny asa tsara izay efa nataony. Ireo Jiosy ireo nanaitra ny sain' ireto mpanompo sampy ireto tamin' ny alalan' ny fanaparitahana tatitra lainga maro momba an' I Paoly. Ankehitriny dia nivadika ho fankahalana, ilay fahatalanjonana sy ilay fankasitrahany ny vahoaka teo, ary ireo vahoaka izay vao tsy ela akory nitsaoka ny mpianatra dia nitora-bato an'I Paoly, dia nitarika azy ho eny ivelan'ny tanàna, satria nataony fa efa maty izy. Fa nony nanodidina an'I Paoly ny mpianatra sady nitomany azy, endrey ny hafalian'izy ireo, fa nitsangana izy, ka lasa niaraka tamin'izy ireo tao an-tanàna.

Avy tamin' ny fitoerana hafa, raha nitory ny momba an'I Jesosy I Paoly, dia nisy vehivavy anakiray izay nanam-panahin'ny mahavaly nanaraka azy ireo ka niantso hoe: “Ireo lehilahy ireo dia mpanompon'Andriamanitra Avo Indrindra izay manoro anareo lalam-pamonjena. Noho izany dia nanaraka ny mpianatra nandriatra ny andro maromaro izy. Nefa nahasosotra an' I Paoly izany; fa satria izany antsoantso tao aorian'izy ireo izany dia nampivily ny sain'ireo vahoaka hiala amin'ny fahamarinana. Ny tanjon'I Satana tamin'ny nitondrany azy hanao izany dia mba hahatonga ny vahoaka ho leo, ary hanimba ny fisarihan'ny mpianatra. Fa sosotra tamin' ilay fanahy i Paoly, dia nitodika tamin'ilay vehivavy izy, ka nanao tamin'ny fanahy hoe: “Mandidy anao amin'ny anaran'I Jesosy Kristy aho hivoaka aminy, ka dia voaroaka ilay fanahy ratsy, ka niala azy.

Nalahelo ny tompon'ilay vehivavy raha niantsoantso tao aorian'ny mpianatra izy; nefa rehefa niala azy ilay fanahy ratsy, dia hitan'izy ireo izy fa lasa mpianatra malemy fanahin'I Kristy ka dia romotra izy ireo. Nandray vola be mantsy ry zareo avy tamin'ny faminiana nataon'ilay vehivavy, ary ankehitriny dia very ny fanantenany hahazoany harena. Nandamoka ny tetik'I Satana; nefa ny mpanompony nisambotra an'I Paoly sy Silasy ka nitondra azy ho any an-tsena any amin'ireo mpanapaka sy ireo mpitsara dia nilaza hoe: “Ireto lehilahy Jiosy ireto nampitabataba ny tanànantsika loatra. Ary ny vahoaka niara-nitsangana hamely azy; ary ireo governora nanaisotra ny lambany ka nasainy nokapohina tamin'ny hazo izy ; ary nony efa nokapohiny mafy dia mafy izy, dia nataony tao an-tranomaizina, ka nasainy niambina azy tsara ny mpiandry tranomaizina. Ary rehefa nahazo teny toy izany ralehilahy, dia nataony tao an-tranomaizina anatiny indrindra izy, ary ny tongony nobolokiny mafy tamin'ny noboloky hazo. Kanefa ny anjelin'Andriamanitra dia niaraka tamin'izy ireo tao anaty tranomaizina. Ny fanagadrana azy ireo dia nihodina ho voninahitr'Andriamanitra sady naneho tamin'ny

vahoaka fa Andriamanitra no tao amin'ily asa ary niaraka tamin'ireto mpanompony voafidy ireto, ka ny rindrin'ny tranomaizina dia azony nozongozonina, ary ny bara vy mafy dia azony vahana mora fotsiny.

Ary nony mamantonalina dia nivavaka sy nihira fiderana an'Andriamanitra Paoly sy Silasy, ary tampoka teo dia nisy horohoron-tany lehibe ka dia nihozongozona ny fanorenan'ny trano maizina; ary hitako fa teo no ho eo ihany dia novahan'ily anjelin'Andriamanitra ny fototra tamin'ny tsirairay. Dia nahatsiaro ny mpiambina ny tranomaizina no sady natahotra satria nahita ny varavarany tranomaizina nivoha. Nataony fa efa nandositra ny mpifatotra, ka dia tsy maintsy homelohina ho faty izy. Raha nanatsoaka ny sabany izy ka saika hamono tena dia niantso tamin'ny feo mahery I Paoly ka nanao hoe: Aza mamono tena fa ato ihany izahay rehetra. Ny herin'Andriamanitra no nandresy lahatra ilay mpiambina. Ary izy niantso jiro, dia nikaretsaka niditra sady tora-kovitra ka niankohoka teo anatrehan'I Paoly sy Silasy. Ary rehefa nentiny nivoaka izy roa lahy dia hoy izy: "Tompoko, inona no mety hataoko mba hovonjena aho? Dia hoy izy roalahy : "Minoa an'I Jesosy Tompo dia hovonjena hianao sy ny ankohonanao. Navorin'ily mpiambina ny ankohonany manontolo ka nitory an'I Jesosy tamin'izy ireo I Paoly. Ary noho izany, ny fon' ilay mpiambina niray tamin' ny an' ireo rahalahiny; dia nanasa ny feriny na ny dian-kapoka tamin' izy ireo izy. Ary niaraka tamin' izay dia natao batisa izy sy ny azy rehetra tamin' iny alina iny. Dia norosoany hanina teo anoloan'izy ireo ka dia mifaly indrindra izy mbamin'izay rehetra tao an-tranony, satria efa nino an'Andriamanitra.

Ilay vaovao mahagagan'ny herin'Andriamanitra be voninahitra dia niely lavitra, izay niarahary avy tamin'ny fivohan' ny varavaran'ily tranomaizina sy ny fiovam-po sy batisan'ireo mpiambina sy ny ankohonany, dia niharitaka haingana izany. Ren'ireo mpanapaka izany zavatra izany, ka dia natahotra izy ireo ka dia naniraka ny mpitan-defona niangavy azy mba hamela an'I Paoly sy Silasy handeha. Fa tsy tian'I Paoly ny hiala ny tranomaizina amin'ny fomba mangingina. Ka hoy izy tamin'izy ireo: efa nokapohiny tamin' ny tsora-kazo tsy voatsara teo amin'ny miharihary izahay, kanefa romana izahay, ka nataony tao an-tranomaizina, ary ankehitriny moa mamoka anay mangingina va izy? Tsia, fa aoka izy ihany no hankaty hamoaka anay. Tsy tian'I Paoly sy Silasy mantsy raha hafenimpenina ilay fampisehoana ilay herin'Andriamanitra. Ary ny mpitan-defona nilaza izany teny izany tamin'ireo governora; dia natahotra izy, raha nahare fa romana izy roalahy. Dia natahotra ireo sao I Paoly sy Silasy hametraka fitarainana hanohitra azy ireo any amin' ny mpanjaka noho ny fitondrana azy ireo tsy ara-dalàna ny amin' iny raharaha iny. Dia tonga izy ka nanony azy sady nitondra azy nivoaka ary nangataka azy handeha hiala ao an-tanàna.

Jereo Asan'ny Apostoly toko 14-16.

TOKO 16 - NAMANGY AN'NY JEROSALEMA I PAOLY

Taorian'ny fiovam-pon'I Paoly dia namangy an'I Jerosalema izy; ary nitory an'I Jesosy sy ny fahagagan'ny fahasoavany. Notantarainy ny fiovam-pony mahagaga izay nampaharomotra ireo mpisorona sy ireo mpanapaka ka dia nitady izay hanalana ny ainy izy ireo. Kanefa mba ho famonjena ny ainy, dia niseho taminy indray I Jesosy tamin'ny alalan'ny fahitana raha nivavaka izy, nilaza tamin'ny hoe: "Maladia hianao ka mivoaha faingana an'I Jerosalema; fa tsy handray ny fanambaranao Ahy izy." Nifandahatra tamin'I Jesosy tamin-kafanam-po I Paoly: "Tompoko, izy ireo mahalala fa ny mino Anao dia nataoko tao an-trano maizina sady nokapohiko tao amin'ny Synagoga rehetra ary raha nalatsaka ny ran'I Stefana martioranao, izaho koa dia mba nitsangana teo koa ka nanaiky sady nitandrina ny fitafian'izay namono azy. Noeritreretin'I Paoly fa ireo Jiosy tany Jerosalema dia tsy afaka nanohitra ny fijoroany vavolombelona; ary nihevitra izy fa ny fiovana lehibe izay nitranga taminy dia tsy nisy raha tsy avy tamin'ny herin'Andriamanitra irery ihany. Nefa Jesosy namaly azy: "Mandehana fa Izaho haniraka anao handeha lavitra any amin'ny Jentilisa."

Nandritry ny fotoana tsy naha-tao Jerosalema azy, I Paoly dia nanoratra taratasy maro ho an' ny toerana samihafa, nitantarany ny fanandramana niainany sy ny fijoroany ho vavolombelona tamin-kery. Fa ny sasany kosa dia manao izay hanimbana ny hery mahatarik'ireo taratasy ireo. Tsy maintsy niaiky izy ireo fa mavesadanja sy mahery ary manam-pahefana ireo taratasy ireo. Kinanjo nambaran'izy ireo fa I Paoly izay niseho vatana dia osa ary ny tori-teniny dia tsinotsinona.

Hitako fa I Paoly dia olona nanam-pahalalana be ary ny fahendreny sy ireo fombany dia nanintona ireo mpihaino azy. Nahafinaritra ireo manam-pahaizana ny fahalalany ary maro tamin'izy ireny no nino an'i Jesosy. Rehefa teo anoloany mpanjaka sy ny fivoriam-be dia namoaka ny fahaizany-mandahan-teny izy ary nahatonga ny rehetra ho renoka noho ny teniny. Izany dia naharomotra mafy ireo mpisorona sy loholona. Afaka niditra tamin'ny fanaporofoana lalina moramora foana taminy I Paoly ary misarika ireo mpihaino azy amin' ny alalan'

ny fahaizany mandaha-teny mirehitra, izay anendreny amin' ny rantsan-tanany ny halalin' ny haren' ny fahasovan' Andriamanitra ary ny fitiavana mahagagan' I Kristy.. Ary tamim-pahatsorana no nidinany teo amin'ny fahalalan'ireo sarabambembahoaka ary tamin'ny fomba mahery vaika indrindra no nitantarany ny fanandramana niainany izay nahatonga azy ireo hanana faniriana miredareda ny ho tonga mpianatr'I Kristy.

Niseho tamin' I Paoly (tamin' ny fahitana) indray ny Tompo, ary nilaza taminy fa tsy mainty miakatra any Jerosalema izy; ary dia hofatorana sy hijaly noho ny Anarany. Eny fa na dia nigadra tao anatin'ny fotoana lava be aza izy, dia mbola nahatanteraka asa manokana ihany ny Tompo avy tamin'ny alalany. Ny namatorana an'I Paoly dia fomba iray izay hampielezana ny fahalalana an'I Kristy ary noho izany dia fanomezamboninahitra an'Andriamanitra. Nampanaterina avy amin' ny tanana iray ho amin' ny tanana anakiray hafa izy noho ny fitsarana azy, dia voambara teo anoloan'ireo mpanjaka sy governora ilay fijoroana vavolombelona mikasika an'I Jesosy sy ilay toe-javatra nitranga mahaliana momba ny fiovam-pony, ary tsy afaka miala ami'izany fijoroana vavolombelona mikasika an'I Jesosy izany ary izy ireo. Arivony maro no nino azy ka nifaly nohon'ny Anarany.

Hitako fa tanteraka ny fikasan' Andriamanitra raha nita ny ranomasina i Paoly mba handeha ho any Roma. Naniry izy raha ireo mpiantsambo ireo no tonga vavolombelon' ny herin' Andriamanitra aseho amin' ny alalan' i Paoly, ary ho afaka handre ny Anaran' i Jesosy koa ny jentilisa, amin' izay dia ho betsaka amin' izy ireo no hiova fo amin' ny alalan' ny fihainoana ny anatra ataon' i Paoly, ary amin' ny fahitany ireo fahagagana izay nataony. Mpanjaka sy governora maro no voasarika noho'ny fanamarinany, ary koa amim-pandresena ny fitoriany an'I Jesosy amin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina sy nanambarany ireo toe-java-mitranga mahalianan'ny fanandramana sy fanamelohana nolalovany, tamin-kafanam-po sy teo ambany fitarihan'ny herin'ny Fanahy Masina dia nampiaiky azy ireo fa Jesosy no Ilay Zanak'Andriamanitra; ary raha mbola variana nihaino an'I Paoly ny sasany dia nisy iray niantsoantso hoe: "Tsy ela toy izany va no ampanekenao ahy ho kristiana." Kanefa noeritreretin'ny ankamaroan' ireo fa amin'ny fotoana ho avy no tokony hiheveran' izy ireo an' izany zavatra reny izany. Mahazo tombony amin'ny fanemoram-potoana Satana, amin' ny fanaovana antsirambina ny fiovam-po rehefa voatohina ny fon' ire, avelan' izy ireo handalo ny fotoana mety ka dia mihamafy ny fon' izy ireo. Naseho ahy ny asan'I Satana, voalohany dia ny nananjamba ny mason'ireo Jiosy mba tsy handraisan'izy ireo an'I Jesosy ho Mpamonjin'izy ireo; ary manaraka izany dia ny nitondrany azy ireo tamin'ny alalan'ny fialonana tamin'ily asany mahafinaritra, ary dia nanapa-kevitra izy ireo ny hanaisotra ny ainy. Niditra tao amin'ny anakiray tamin'ireo mpianatr'I Jesosy i Satana, ka nitarika azy hamadika ny Tompony ho eo an-tanan' ireo, ary ireo fahavalony, ary nofantsihan' izy ireo tamin' ny hazo fijaliana ny Tompon'ny aina sy voninahitra. Taorian'ny nitsanganan'I Jesosy tamin'n maty dia nanampy fahotana ny fahotana indray ireo Jiosy tamin' ny nanisihany vola ireo mpiambina romanina hanamarinany ny laingany. Kanefa natao avo roa heny ny fahazoana antoka ny fitsanganany tamin' ny fanamafisan' ireo vavolombelona marobe izay miara-natsangana taminy. Taorian' izany, Jesosy dia niseho tamin' ireo mpianany mihoatra ny indiman-jato, androtr' iny ihany ireo izay nantsangana miaraka taminy dia niseho tamin' ny olona maro, ka nanambara fa efa nitsangana tokoa i Kristy.

Nataon'I Satana izay hahatonga ny Jiosy hikomy an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fandavana ny handray ny Zanany, ary tamin'ny fandotoana ny tanan'izy ireo tamin'ily rà sarobidy, indrindra tamin'ny nanombohan'izy ireo Azy. Tsy noharahin'izy ireo ilay porofo manan-kery nomena ny amin'ny maha Zanak'Andriamanitra sy Mpanavotra an'izao tontolo izao. Novonoin'izy ireo Izy, ka tsy afaka nandray porofo na inona na inona amin'ny fahasovanany. Ny hany fanantenana sy fampiononana tokana ho azy ireo dia mitovy ny amin' ny taorian'ny nahalavoan'I Satana, dia ny nanandrana ny handresy an'Ilay Zanak'Andriamanitra. Nitohizan'izy ireo ny fitokonan'izy ireo izay tamin'ny alalan'ny fanenjehana ireo mpianatr'I Kristy ka namonoany azy ireo. Tsy nisy zavatra izay nahasorena azy ireo indrindra teo amin'ny sofin'izy ireo ambon'Ilay Anaran'I Jesosy izay nohomboan'izy ireo; ka dia efa mandraikin-kevitra mba tsy hihaino ny fanamporofoana rehetra ho fahasovanany. Fony ny Fanahy Masina nanome porofo miharihary tamin' ny alalan' I Stefana fa Jesosy marina tokoa no Ilay Zanak' Andriamanitra, dia nanampina ny sofiny ireo Jiosy mba tsy ho resy lahatra. Ary nandritry ny fotoana izay nandrakofana an'I Stefana ny voninahitr'Andriamanitra dia nitora-bato hahafaty azy ireo. Nanana ireo mpamono maro an'I Jesosy voafatotra teo ambany fifehezany I Satana. Noho ny asa ratsiny, dia tonga tena izy ireo, izay mankato azy (Satana) an-tsitra-po ary dia miasa amin' ny alalan' ireo ilay fahavalo mba hampijaly sy hanelingelina ireo izay mino an' i Krsity. Niasa tamin'ny alalan'ireo Jiosy izy mba hamporisika ireo jentilisa hanohitra ny anaran'I Jesosy, hanohitra ireo izay nanara-dia Azy, ary ireo nino ny anarany. Nefa Andriamanitra naniraka ny anjeliny mba hampahery ireo mpianatra tamin'ny asany mba hahazoan'izy ireo hijoro vavolombelona ny amin'ireo zavatra hitany sy reny ary farany ny fijoroan'izy ireo ho nahatoky no nanombohana kosa ilay filazan'izy ireo tamin'ny ran'izy ireo.

Niravoravo I Satana satria tsy afaka niala tao anatin'ny haratony ireo Jiosy. Mbola nitohizan'izy ireo hatrany ireo fombafomba tsy ilàina, ireo fanatitra sy ireo fombam-pivavahany. Raha nihantona teo amin'ny hazo fijaliana I Jesosy ka niteny hoe: "Vita", dia nitriatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambony ny

efitra lamba tao amin'ny tempoly izay maneho amin' ny alalan' io fa tsy hihaona amin'ireo mpisorona ao amin'ny tempoly intsony Andriamanitra, tsy ekeny intsony ny fanatitra sy ny fombam-pivavahan'izy ireo, izany dia mampiseho ihany koa fa ny rindrina izay mampisaraka ny Jiosy amin'ny jentilisa dia narodana. Efa nataon'I Jesosy fanatitra ny tenany ho an'ireo roa tonta ireo. Koa raha te hovanjena ary ny Jiosy sy ny jentilisa dia tsy maintsy mino an'I Jesosy ho hany fanatitra tokana ho an'ny fahotana ary ilay Mpanavotra izao tontolo izao.

Tamin'ny fotoana izay nihantonan'I Jesosy tamin'ny hazo fijaliana raha nandefona ny lanivoany ny miaramila dia nisy rà sy rano nivoaka tamin'ny lalàna roa samy hafa ny iray rà ny iray rano madio. Ny rà dia natao mba hanadiovana ny fahotan'ireo izay mino ny Anarany. Ny rano dia maneho ilay ranon'aina izay azo avy amin'I Jesosy mba hanome fiainana ireo mpino.

Jereo Matio 27:51; Jaona 19:34; Asan'ny Apostoly toko 24-26.

TOKO 17 - ILAY FICHEMORANA LEHIBE

Nentina tany amin'ny fotoana izay nanenjehan'ireo mpanompo sampy jentilisa, tamin'ny fomba mahatsiravina ireo kristianina ary ny namonoan'izy ireo azy ireo aho. Nikorina tahaka ny riaka ny rà. Ireo mendri-kaja ireo manam-pahaizana ary ireo sarabambem-bahoaka dia samy novonoina tsy misy hafa tsy nisy indrafo. Ireo fianakaviana manan-karena dia nampahantraina satria tsy nety nandao ny fivavahany izy ireo. Na dia teo aza ireo fanenjehana sy ny fahoriana izay niaretan'ireo kristianina dia nitoetra ho tsy azo nohozongozonina izy ireo. Nitahiry ny fahadiovan' ny fivavahany izy ireo. Hitako fa nihobim-pandresena I Satana noho ireo fahoriana nihatra tamin'ireo vahoakan'Andriamanitra. Nefa Andriamanitra nijery tamim-pankasitrahana lehibe ireo maritiorany mahatoky sy ireo kristianina izay niaina tamin'izany fotoana mampatahotra izany dia notiavin'Andriamanitra manokana; satria vonona ny hijaly ho Azy izy ireo. Isaky ny fahoriana izay niaretan'izy ireo dia nampitombo ny valisoan'izy ireo any an-danitra. Kinanjo, na dia niravoravo aza I Satana noho ireo olo-masina nijaly dia tsy mbola afa-po tanteraka izy. Niriny mantsy ny hifehezany ny sain'izy ireo tahaka ny nataony tamin'ny vatany. Ireo fahoriana izay niaretan'ireo martiora ireo dia nitondra azy ireo hifandray ety dia ety tamin'Andriamanitra, sy nahatonga azy ireo nifankatia ary nitarika azy ireo, hatahotra tsy nisy toa azy na oviana na oviana ny hanao izay zavatra nampahatezitra an' Andriamanitra. Nirian'I Satan ny hitarika azy ireo hanao zavatra izay hampalahelo an'Andriamanitra, ka ho veriny ny herin'izy ireo ny tanjany sy ny faharetan'izy ireo. Na dia teo aza ireo kristianina an'arivony maro izay novonoina ireo dia maro kosa no nirohotra mba hisolo ny toeran'izy ireo. Hitan'I Satana ary fa very olona izy satria na dia voatery niaritra fanenjehana sy fahafatesana aza ireo dia nifikitra tamin'I Jesosy Kristy ihany izy ireo mba ho tonga ho olon'ny fanjakany. Ka dia manao tetika mahomby kokoa noho ny teo izy (Satana) mba hanoherana ny fitondran'Andriamanitra sy hanonganany ny fiangonana. Notarihiny ireo mpanompo sampy jentilisa mba hanaiky ny sasany amin'ny finoana kristianina. Nanaiky am-pahibemaso izy ireo fa mino ny fanomboana sy ny fitsanganan'I Kristy tamin'ny maty, nefa tsy niaraka tamin'ny fiovam-po izany ary naniry ny hiray tamin'ireo mpianatr'I Jesosy izy ireo. O! izany ka loza mampatahotra ho an'ny fiangonana!. Fotoana nahatonga tebiteby ara-tsaina izany. Nieritritra ny sasany fa raha manatona ireo mpanompo sampy ary mikambana amin'ireo ka nanaraka ny sasantsasany amin'ireo finoana kristianina dia fomba mety hitarihana azy ireo amin'ny fiovam-po izany. Tahak' izany no nitadiavan' i Satana hanimbana ny foto-pampianaran' ny Baiboly. Ary farany dia nahita aho fa nitotongana ilay tanjona ambony kristianina ary ny jentilisa niray tamin'ny kristianina marina. Mpiankohoka tamin'ny sampy izy ireo taloha, ka na dia nanao azy ho kristianina aza izy ireo dia mbola nentiny niaraka taminy tao am-piangonana ihany ireo fanompoan-tsampiny. Tsy nanao izy afa-tsy ny nanova ieo zavatra momba ny fanompoan-tsampiny nosoloany an' ireo sarin' olo-masina, ary mitovy amin' izany ny an'i Kristy sy ny an' i Maria reniny. Arakaraky ny niraisan' ny mpianatra tamin' ireo, dia nihasimba ny fivavahana kristianina ary veriny ny fahadiovany sy ny hery izay nananany. Ny sasany koa nandà ny firaisana amin'izy ireo mba hahazoany mitahiry ny fahadiovany sy niankohoka tamin'Andriamanitra irery ihany. Tsy neken'izy ireo ny hiankohoka teo anoloan'ireo sarin'ireo zavatra mety ho endriky ny zavatra eny amin'ny lanitra ambony na izay ety amin'ny tany ambany.

Nihobim-pandresena I Satana nohon'ny fahalavoan'ny maro tamin' ny kristianina. Ary namporisihany ilay fiangonana lavo mba hanery ireo izay mitana ny fahadiovan'ny fivavahan'izy ireo, mba hifidy na hanaraka ny fivavahan'izy ireo sy ny fiankohofana amin'ny sarin-javatra na hovanoina ho faty. Nirehitra indray ny

afon'ny fanenjehana ireo fiangonana marin'I Jesosy Kristy ary an-tapitrisany maro no novonoina tsy misy indrafo.

Indreto no naseho ahy novelarina tamiko tamin'ny fomba toy izao nanaraka izao izany: Nisy vondrona mpanompo sampy jentilisa lehibe iray nitanjozotra faneva mainty izay nisy sarin'ny masoandro sy ny volana ary ny kintana. Io vondrona io dia toa tezitra mafy sady feno habibiana. Dia naseho ahy indray, vondrona iray hafa izay nitondra faneva fotsy tsy misy pentipentina ary teo amboniny nisy soratra hoe: "Fahadiovana sy fahamasinana ho an'ny Tompo" Ny endrik' ireo izay ao anatin' io vondrona io dia mitaratra ny fahatokiana sy ny fanekena ny sitrapon' Andriamanitra masina. Hitako ireo mpanompo sampy jentilisa nanatona azy ireo ary dia nisy vonoan'olona betsaka tamin'izay. Maro ireo kristianina izay nitsonika teo anoloan'izy ireo tahaka ny oram-panala; fa ireo vondrona kristianina mahatoky ireo nifamihina mafy tao amin' ny laharany niaraka hatrany ary nampiakatra avo hatrany ny fanevany. Arakaraky ny kristiana lavo, dia maro toy izany koa ireo mivondrona manodidina ny faneva nisolo ny toeran' izy ireny.

Hitako ilay vondron'ny mpanompo sampy niaraka nifampila hevitra. Tsy nahomby izy ireo tamin'ny tetika izay nataony mba hahatonga ireo kristianina hanaraka azy, ka dia nanapa-kevitra hanao drafitra hafa izy ireo.

Hitako izy ireo nampidina ny fanevany ary nanatona ny vondron' ny kristianina nijoro io, ary nanolotra soso-kevitra tamin'izy ireo. Tamin'ny voalohany dia nolavina an-kitsirano izany soso-kevitra izany. Avy teo dia nahita ilay vondrona kristianina nifampila hevitra niaraka aho. Nilaza ny sasany fa tokony hampidina ny faneva'n izy ireo ka hanaiky ny tolo-kevitra mba hamonjena ny ainy; amin' ny farany dia hihahery izy ireo ary hanandratra ny fanevany eo ampo-am-povoan' ireo Jentilisa ireo. Ny sasany tsy naniry ny hahafoy fa naleony maty eo amim-panohanana ny fanevany toy izay hampidina azy. Hitako anefa fa maro be ireo izay nampidina ny trano lainy ka nikambana tamin' ireo Jentilisa; nefa ireo izay nahatoky dia nandray ny azy indray ka dia nanondrotra azy indray. Hitako fa nialàna fatratra ny vondron' ireo izay mitondra ny faneva tsy misy pentipentina mba hikambana amin' ny Jentilisa mpanompo sampy ho eo amin' ny faneva mainty, izay manenjika ireo mahatoky. Betsaka no novonoina. Nefa ilay faneva tsy misy pentipentina dia voahazona ambony foana, ary mpino maro no tsy mitsahatra mivory manodidina azy.

Hitako niara-nivory ilay vondron'ny mpanompo sampy. Tsy nahomby izy ireo tamin'ny fitaomana ireo kristianina mba handao ny finoany, ka dia nanapa-kevitra ny hanao tetika hafa indray ireo. Hitako nampidina ny fanevany izy ireo ary nanatona ilay vondrona kristianina mahatoky ka nanome soso-kevitra azy ireo. Tamin'ny voalohany dia nolaviny an-kitsirano ireo soso-keviny. Nony avy eo dia nahita ilay vondrona kristianina nifamory aho. Nilaza ny sasany fa tokony hampidina ny faneva izy ireo, ary hanaiky ny soso-kevitra, mba hahavoavonjy ny ainy, ary amin'ny farany dia afaka ny hahazo hery izy ireo amin'ny fampiakarana ny fanevany miaraka amin'ireo mpanompo sampy jentilisa. Ny sasany kosa dia tsy te hanaiky izany plana izany fa nisafidy tamim-pahatokiana ny ho faty amin'ny fihazonana ny fanevany toy izay hampidina izany. Rehefa afaka izany dia nahita olona maro tamin'io vondrona kristianina io aho, nampidina faneva , ary niray tamin'ireo jentilisa; nandritra izay anefa dia nandray ilay faneva ireo nahatoky sy ireo nijoro ka nitondra izany ambony kokoa indray. Nahita olona maro tsy an-kijanona niala ny vondron'ireo nitondra ilay faneva madio aho ary nanatona ireo mpanompo sampy ka nikambana ho iray teo ambanin'ilay faneva mainty mba hanenjika ireo nitondra ilay faneva fotsy ary dia maro no novonoina. Kanefa dia voatazona ambony hatrany ilay faneva fotsy ary olona maro no nitsangana mba hivondrona manodidina izany.

Ny Jiosy izay nitarika voalohany ny haromotan'ny jentilisa tamin'I Jesosy dia tsy ho afa-mandositra. Tao amin'ny efitrano fitsarana dia niantsoantso ireto Jiosy romotra raha mbola niasalasa ny hanameloka an'I Jesosy I Pilato hoe: "Ho aminay sy ny zanakay anie ny rany!" Ny taranaky ny Jiosy no nanandrana ny fahatanterahan'ity ozona mahatahotra ity izay izy tenany ihany no nampidina izany teo amin'ny lohany. Ny jentilisa sy ireo izay milaza azy ho Kristianina dia mitovy amin'ny fahavalony. Ireo mihambo ho kristianina tamin' kafanam-pony ho amin'ny hazo fijalian'I Kristy, satria nanombo an'I Jesosy ny Jiosy dia nihevitra fa ny fampijaliana mafy kokoa izay azony atao amin'izy ireo no hahafahany mampifaly tsaratsara kokoa an'Andriamanitra. Ka dia maro tamin'ireo Jiosy tsy mpino no novonoina ary ny sasany kosa nohazaina tetsy sy teroa ka nohelohina tamin'ny fomba maro isan-karazany.

Ho eo amin'izy ireo ny ran'I Kristy sy ny ran'ireo mpianatra izay nohelohiny ho faty tamin'ny fitsarana mahatahotra nolalovany. Hanaraka azy ireo hatrany ny fanozonan'Andriamanitra ary dia nataon'ireo jentilisa sy ireo izay milaza azy ho Kristianina fihomehezana izy ireo. Nankahalaina nandositrana sy nalam-baraka izy ireo toy ny hoe teo aminy ny sabatr'I Kaina. Nefa hitako, fa arovan' Andriamanitra tsara ny vahoakany; izay nampieleziny eran' ny tany rehetra mba hahitany fa izy ireo no fototry ny ozon' Andriamanitra. Hitako fa Andriamanitra dia nandà ny Jiosy amin'ny maha-firenena azy; nefa amin' izay maha-isam-batan' olona, dia mbola afaka mibebaka indray izy ireo ary handrovitra ilay sarona izay manarona ny fony ary misakana azy ireo tsy hahafantatra ny Tenin' Andriamanitra, amin' izay dia hahita izy ireo fa tanteraka ny voalazan' ny

faminaniana ny momba azy ireo ka handray an'I Jesosy ho Mpamonjin'izao tontolo izao izy ireo ary hohitany ny fahotana lehiben'ny fireneny tamin'ny fandavana an'I Jesosy sy ny nanombohany Azy. Ka dia hiova fo ny tsirairay amin'ireo Jiosy; fa amin'ny maha-firenena azy kosa dia nandà an'Andriamanitra mandrakizay izy ireo.

TOKO 18 - NY ZAVA-MIAFIN'NY TSI-FANKATOAVAN-DALANA

Hatramin'izay dia ny hitondra ny sain'ny olona hiala amin'ny Jesosy ho amin'ny olona ny tetik'I Satana, ary ny hanimba ny fandraisan'andraikitry ny tsirairay.

Tsy nahomby I Satana tamin'ny tetika nataony raha naka fanahy ny Zanak'Andriamanitra izy. Nefa nahomby kokoa anefa izy tamin'ny nandavoany ny olombelona. Simba ny foto-pinoana maha-kristianina; nihambo ireo toerana voasandratra ireo papa sy ireo pretra ary nampianatra ny olona mba hitodika aminy mba hanalana ny helok'izy ireo; raha tokony hijery an'I Kristy ho an'ny tenan'izy ireo manokana. Tsy nampahalalana azy ireo ny Baiboly mba hanafenana ny fahamarinana izay manameloka azy ireo.

Voafitaka tanteraka ny vahoaka. Nampianarina azy ireo fa ireo papa sy ireo pretra dia Solon-tenan'I Kristy kanefa raha ny marina dia solon-tenan'I Satana izy ireo, ary izay miankohoka teo anatrehany ireo dia mivavaka amin'I Satana. Nangataka Baiboly ny vahoaka; kanefa noheverin'ireo pretra fa loza ny mamela azy ireo hanana ilay tenin'Andriamanitra ho vakian'izy ireo ho an'ny tenany manokana raha tsy izany dia nahazo ny fahazavana izy ireo ka hiharihary ny fahotan' ireo mpitarika ara-pivavahana. Nampianarina ny olona ny mijery an'ireo mpamitaka ireo, ka handray ny teny rehetra izay lazainy toy ny avy tamin'ny vavan'Andriamanitra. Nampiasa ny fahefana amin'ny fanahin'ny olona ireo pretra, fahefana izay tsy ananan'ny olona raha tsy Andriamanitra irery ihany. Koa raha nisy nahasahy nanaraka ny feon'ny fieritreretany nanokana dia fankahalana mitovy izay nataon'I Satana sy ireo Jiosy tamin'I Jesosy no hirehitra amin'izy ireo, ary ireo izay manana fahefana dia hangetaheta ny ran'izy ireo.

Naseho ahy ny fotoana izay nandresen'I Satana manokana. Kristianina maro no novonoina tamin'ny fomba mahatsiravina satria nitahiry ny fahadiovan'ny fivavahany izy ireo.

Nankahalaina ny Baiboly ary ny ezaka rehetra dia natao mba hanafoanana amin'ny tany ilay Teny sarobidin'Andriamanitra. Norarana tsy azo novakin'ny vahoaka ny Baiboly miaraka amin'ny fanamelohana ho faty, ary ny soratra rehetra momba ny boky masina izay voasambotra dia nodorana avokoa. Nefa hitako fa niahy manokana ny teniny Andriamanitra sady niaro izany Izy. Tao anatin'ireo vanim-potoana isan-karazany teo amin'ny tantara dia nisy kanefa vitsy dia vitsy ireo dika mitovin'ny Baiboly izay nisy, kanefa tsy namela ny Teniny ho velona Andriamanitra satria amin'ny andro farany dia ho maro ireo Baiboly hadika mba hahazahoan'ny fianakaviana tsirairay hanana izany.

Hitako fa tamin'ny fotoana izay tsy nampisy afa-tsy vitsy dia vitsy ny Baiboly dia sarobidy sy nampahery tokoa ireo mpanara-dia an'I Jesosy nanjehina izany. Novakiana tamin'ny fomba faran'izay miafina indrindra izany ary ireo izay nanana izany tombon-tsoa lehibe izany dia nahatsapa fa nifampiresaka tamin'Andriamanitra sy ny Zanany Jesosy Kristy sy ny mpianany izy ireo. Nefa izany tombon-tsoa voatahy izany dia novidina tamin'ny ain'ny maro tamin'izy ireo. Norarana tsy azo natao ny namaky ny Soratra Masina, koa raha tratra dia nentina teo amin'ilay fanampahan-doha, fandroana olona na nampidirina tao anaty tilikambo iray mba ho fatin'ny hanoanana.

Tsy azon'I Satana natao ny nanakana ilay drafi-pamonjena. Nohomboana teo amin'ny hazo fijaliana I Jesosy ary nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo. Nefa ny Devoly niteny tamin'ireo anjeliny fa horaisiny ho tombon-tsoa ho azy ny fanomboana ary ny fitsanganany. Noleferiny ny hinoan'ireo Kristianina izay manaraka ny finoana an'I Jesosy fa ireo lalàna izay nifehy an'ireo Jiosy toy ny fisoronana sy ny fanatitra dia nitsahatra tamin'ny fahafatesan'I Kristy, raha tahiny dia hoentiny lavi-davitra kokoa ireo, ka hampinoany fa ny lalàn'ny Didy folo dia maty ihany koa niaraka tamin'I Kristy.

Hitako fa maro ireo Kristianina no latsaka tao anatin'ity fandrika napetrak' I Satana ity. Nihorohoro tamim-pahatezerana ny lanitra manontolo raha nahita fa ny lalàna masin'Andriamanitra nohosihoseny tamin'ny tongotra. Jesosy sy ireo miaramilan'ny lanitra mantsy dia mahafantatra tsara ny toetrin'ny lalàn'Andriamanitra; fantatr'izy ireo fa tsy azo ovana na foanana izany. Ny toetra feno famoizam-po teo amin'ny olombelona no nahatonga tebiteby farany izay lehibe indrindra tany an-danitra izao, ka nanosika an'I Jesosy hanolotra ny tenany ho faty ho eo amin'ireo toeran'ny mpandika ny lalàna masin'Andriamanitra. Raha mba azo nofoanana mantsy ny lalàna dia tsy nilain'ny olombelona ny fahafatesan'I Jesosy mba ho famonjena

azy. Noho izany dia tsy nandrava ny lalàn'ny Rainy ny fahafatesan'I Kristy; fa kosa nanandraatra sy nanome voninahitra azy, ary manamafy ny fankatoavana ireo didiny masina rehetra.

Raha nitoetra ho madio sy nahatoky tokoa mantsy ny fiangonana dia tsy azon'i Satana natao tokoa ny namitaka azy sy nitondra azy hanosihosy ny lalàn'Andriamanitra. Tamin'ny tetika feno an-tsapatsapaka nataon' i Satana dia mamely mivantana ilay fanorenan'ny fanjakan'Andriamanitra any an-danitra sy ety an-tany izy. Nahatonga azy ho voaroaka avy tany an-danitra izany fikomiany izany. Taorian'ny nikomiany , dia niriny ny hanovan'Andriamanitra ny lalàny mba hamonjeny ny tenany manokana. Nefa Andriamanitra nilaza tamin'I Satana teo anatrehan'ireo miaramilan'ny lanitra rehetra , fa tsy azo ovana ny lalàny. Fantatr'I Satana fa raha afaka mandrisika ny sasany handika ny lalàn'Andriamanitra izy , dia ho azony ireo ho vokatry ny nataony; satria ny mpandika lalàna rehetra dia tsy maintsy ho faty.

Nanapa-kevitra ny handeha lavi-davitra hatrany I Satana. Niteny tamin'ireo anjelin'ny izy fa misy ireo sasany izay saro-piaro tokoa ami'ny lalàn'Andriamanitra ka tsy ho tratin'ny fandriny mihitsy; ary mazava loatra ny didy folo ka maro ireo mino fa mbola manan-kery hatrany izany. Noho izany dia tsy maintsy hitady hevitra izy mba hanovana ny didy fahefatra izay mitondra ho amin'ny fahitana an'Ilay Andriamanitra velona. Notarihin'ny avy ireo solo-tenany mba hanandrana ny hanova ny Sabata sy hanimba ny iray amin'ireo didy folo izay mitondra amin'ny fanajana Ilay Andriamanitra marina Ilay Mpanao ny lanitra sy ny tany. Nasehon'I Satana teo anatrehan'ireo ilay fitsanganan'I Jesosy be voninahitra ary nilaza tamin'izy ireo izy fa tamin'ny alalan'ny fitsanganany tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro no nanovany ny Sabata avy tamin'ny andro fahafito ho amin'ny andro voalohany amin'ny herinandro.

Tamin'izay no nampiasan'I Satana ilay fitsanganana tamin'ny maty mba hahatanteraka ny tanjony. Izy sy ireo anjelin'ny dia nifaly tokoa rehefa ilay fahadisoana izay efa nomanin'izy ireo no nahomby fatratra tamin'ireo izay nihambo ho mpanara-dia an'I Kristy. Izay heverin' ny sasany ho fivavahana mahatsiravina, ny sasany indray kosa nanaiky an' izany. Dia tahak' izany maro ireo karazam-pahadisoana izay hekena sady harovana amim-jotom-po tokoa. Ny sitrapon' Andriamanitra, izay voambara mazava ao amin' ny Teniny, dia norakofana tao ambanin' ny fahadisoana sy ny lovan-tsofina izay ampianarina ho toy ny lalàn' Andriamanitra. Nefa na dia eo aza izany famitahana izay mihatsy ny lanitra izany, dia noleferina ny fitohizan'izany hatramin' ny fotoana hisehoan'I Jesosy fanindroany, tsy hamela Azy hitoetra tsy hanana vavolombelona anefa Andriamanitra mandritra ireo vanim' potoana feno fahadisoana sy famitahana rehetra ireo. Nisy foana ireo vavolombelona marina sady mahatoky nitandrina ny didin'Andriamanitra rehetra nandritra ireo fahamaizinana sy fanenjehana ny fiangonana, nisy mandrakariva ireo marina sy mpino mahatoky izay nitandrina ny lalan' Andriamanitra rehetra.

Hitako ireo tafiky ny anjely izay talanjona tokoa raha nahita ireo fijaliana sy ny fahafatesan'Ilay Mpanjakan'ny voninahitra. Nefa hitako fa tsy nahagaga an'ireo miaramilan'anjely ny nahita ny Tompon'ny aina sy ny voninahitra , izay nameno ny lanitra manontolo fifaliana sy famirapiratana , afaka namaky ny fanotofan'ny fahafatesana ary nandeha niala tao amin'ny figadrany ho Mpandresy mampiaiky. Noho izany raha tsy maintsy hotsarovana amin'ny alalan'ny andro iray fitsaharana ny iray amin'ireo zava-niseho, dia ny fanomboana teo tamin'ny hazo fijaliana no tokony hotsarovana. Nefa , hitako fa tsy nisy na dia iray tamin'ny ireo zava-niseho no voatondro mba hanovana na hanafoanana ny lalàn'Andriamanitra; fa porofo mahery vaika manamafy ny tsy fiovany no nomen'izy ireo.

Samy manana ny andro fahatsiarovana azy, ireo zava-dehibe roa nitranga ireo. Amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny fanasan'ny Tompo, dia *nampiseho* antsika ny fahafatesan'ny Tompo mandra – pihaviny, ilay mofò novakivakiana sy voan'ilay voaloboka. Amin' ny alalan' ny fitandremana an' ilay fahatsiarovana tahak' izany dia ampitamberenina ao an-tsaintsika indray ireo fahoriany sy ny fahafatesany. Ny fitsanganan'I Kristy tamin'ny maty indray dia tsarovana amin'ny alalan'ny fandevenana ny tenantsika miaraka Aminy amin'ny fotoanan' ny batisa ary amin'ny fitsaganana avy ao amin'ilay fasana rano toy ny tamin'ny nitsanganany , mba handehanantsika amin'ny fiainam-baovao.

Naseho ahy fa ny lalàn'Andriamanitra dia haharitra mandrakizay , ary hitoetra any amin'ny tany vaovao mandrakizay mandrakizay izy. Tamin'ny famoronana , raha napetraka ny fanorenan' ny tany dia talanjona ireo zanak'Andriamanitra nahita ny asan'Ilay Mpahary , ary nanao hiram-pifaliana ireo anjelin'ny lanitra. Nefa tamin'izany fotoana izany ihany koa no napetraka ny fanorenan' ny Sabata. Tamin'ny fiafaran'ny andro tamin'ny famoronana , dia nitsahatra tamin'ny andro fahafito Andriamanitra, tamin'ny asany rehetra izay efa nataony ary Andriamanitra nitahy sy nanamasina azy satria tamin'izany no nitsaharany tamin'ny asany rehetra. Naorina tao edena talohan'ny fahalavoana ny Sabata , ary notandreman'I Adama sy Eva, ary ireo anjelin'ny lanitra rehetra. Nitsahatra Andriamanitra tamin'ny andro fahafito, ary notahiny sy nohamasininy izany; ary hitako fa tsy ho foana mandrakizay ny Sabata; ary ireo olom-boavidy, sy ireo anjelin'ny lanitra rehetra hitandrina azy ho fanomezam-boninahitra an'Ilay Mpamorona lehibe mandritry ny mandrakizay.

Jereo Daniela toko faha 7, sy 2 Tesaloniana toko 2.

TOKO 19 - NY FAHAFATESANA TSY FIJALIANA MANDRAKIZAY.

Nanomboka ny famitahany tao Edena I Satana. Nilaza tamin'I Eva izy , “tsy ho faty akory ianareo”. Io no lesona voalohany nomen'I Satana mikasika ny tsy fahafatesan'ny fanahy ary natohizany hatrany izany famitahany izany nanomboka tamin'ny io fotoana io hatramin'izao ary hotohizany hatrany izany mandrapahatapitra ny famaboana ireo zanak'Andriamanitra. Naseho ahy I Adama sy Eva tao Edena. Nandray anjara tamin'ny fihinanana an' ilay hazo voarara izy ireo, noho izany napetraka manodidina ilay hazon'aina ilay sabatra manjelanjelatra, handrara azy ireo amin' ny fidirana ho amin' ny hazon' aina, ary nentina nivoaka ny saha izy ireo , fa raha tsy izany dia nandray anjara tamin'ny hazon'aina izy ireo, ka dia lasa ho mpanota tsy nety maty. Ny hazon'aina amin' izay dia mampaharitra mandrakizay ny tsi-fahafatesana. Naheno anjely iray aho nanontany hoe: “Iza tamin'ireo fianakavian'I Adama no nihoatra ilay sabatra manjelanjelatra ka nandray anjara tamin'ny ilay hazon'aina? Dia nandre anjely hafa indray aho namaly hoe: “tsy nisy na dia iray aza tamin'ny fianakavian'I Adama no nihoatra ilay sabatra nanjelanjelatra ka nihinana tamin'ny voan' io hazo io; Noho izany dia tsy misy ny mpanota tsy mety maty. Ny fanahy izay nanota dia ho faty amin'ny fahafatesana mandrakizay dia fahafatesana izay haharitra mandrakizay, izay tsy hisy fanantenana ho amin'ny fitsanganana amin'ny maty, ary nohon'izany no hampitony ny fahatezeran' Andriamanitra.

Mahagaga ahy ny nahombiazan'I Satana tamin'ny fomba tsotra nampino ny olombelona tamin'ny ilay Tenin'Andriamanitra hoe: “Ny fanahy izay nanota dia ho faty dia midika hoe: Tsy ho faty ny fanahy izay nanota fa hiaina mandrakizay ao anaty fijaliana.” Hoy ilay anjely tamiko: “Ny fiainana dia fiainana, na mandalo fijaliana na fiadanana. Ny maty kosa dia tsy mahalala na fijaliana na fifaliana na fankahalana”.

Nandidy ireo anjeliny I Satana mba hanao ezaka manokana mba hanaparitaka ilay fahadisoan-kevitra sy lainga izay notononiny voalohany indrindra tamin'ny Eva hoe: “Tsy ho faty tsy akory ianareo”. Ary satria noraisin'olombelona mora foana izany fahadisoana izany ary nino izy ireo fa tsy mety maty ny olona, dia nentin'I Satana lavi-davitra kokoa hatrany izy ireo mba hino fa ny mpanota dia hivelona mandrakizay ao anaty fijaliana. Noho izany dia efa namboarin'ireo Satana koa ny lalana mba ahazoany miasa avy amin'ny alalan'ireo irakirany, ka mampiseho hatrany an'Andriamanitra ho Mpanjaka masiaka mpamalifaty eo anatrehan'ny vahoaka; ary ireo rehetra izay tsy mahafinaritra Azy dia atsipiny any amin'ny afobe. Ka ataony izay hahatsapan'izy ireo ny vesatry ny fahatezerany, ary mandritra ny fotoana izay hijalian'ireo ao anaty tebiteby tanteraka, dia hijery azy ireo amim-pifaliana izy , mahita azy ireo mitaraina ny amin'ny fanaintainana mahatsiravina sy ny amin'ny afobe mandrakizay. Fantatr'I Satana mantsy fa raha raisin'ny olona izany fahadisoan-kevitra izany, dia hatahoran'ny maro tokoa sy hankalainy Andriamanitra raha tokony ho maro ireo izay voatarika hino fa ireo fandrahonan'ny Tenin'Andriamanitra dia tsy ho tanteraka ara-bakiteny ; satria hifanohitra amin'ny toetrany feno hatsarana sy fitiavana izany , ny handefa ny tenan'olombelona izay noforoniny ao anaty fijaliana mandrakizay izany.

Nentin'I Satana an-tendrony hafa ny olombelona, mba hanao tsinotsinona tanteraka ny fahamarinan'Andriamanitra sy ireo fandrahonana eo anatin'ny Teniny, ka mampiseho Azy ho be famindram-po ka tsy hisy na dia olona iray aza ho very fa ny rehetra , na masina na mpanota dia ho voavonjy amin'ny farany ho ao amin' ny fanjakany.

Ny vokatry ny fahadisoan-kevitra ny be sy ny maro mikasika ny tsi-fahafatesan'ny fanahy sy ny tsy fahataperan'ny fijaliana , dia ahazoan'I Satana tombotsoa amin'ny antokon'olona hafa satria mahatonga azy ireo hihevitra ny Baiboly ho boky tsy azo avy amin' ny tsindrimandry izany. Mieritreritra izy ireo fa mampianatra zavatra tsara maro izany nefa kosa tsy azo atao ny mino sy mitia azy satria nampianarina azy ireo fotoam-pampianarana momba ny fijaliana mandrakizay izany.

Satana dia nahita tombontsoa ihany koa amin'ny antokon'olona hafa indray, ary mitondra azy ireo lavi-davitra kokoa mba handà ny fisian'Andriamanitra. Tsy afaka hahafantatra an'ilay Andriamanitry ny Baiboly izy ireo , raha hoe hampijalijaly ny amin'ny maha-olombelona ho amin'ny fampijaliana mahatsiravina maharitra mandrakizay mandrakizay; ka mandà ny Baiboly sy ny fahefany izy ireo ary manao ny fahafatesana ho toy ny torimaso mandrakizay.

Misy antokon' olona sasany ihany koa, saro-tahotra sady saro-kenatra ireo indray ampirisihin' i Satana hanota, ary rehefa avy nanota izy ireo, dia asainy mino fa ny tambin' ny ota dia tsy fahafatesana tsy akory fa fiainana ao anatin' ny fampijaliana mahatahotra mandritra ny taona maro tsy misy faran' ny mandrakizay. Manararaotra I Satana ary nampitombo eo anoloan'ireo malemy saina ny faharatsian'ny helo tsy mety maty, raisiny ho azy ireo ary dia ataony very hevitra. Ary amin' izay dia mihobim-pandresena I Satana sy ireo

anjeliny fa manao fanakianana ny fivavahana Kristianina ireo izay tsy mahatoky sy tsy mino an'Andriamanitra. Milaza izy ireo fa ireo loza aman'antambo dia vokatra ara-boa-janahary ateraky ny finoana ny Baiboly sy ny Mpamorona azy, nefa ny mifanohitra amin' izany izy ireo dia avy amin' ny herezian' (foto-mpampianarana manohitra ny finoana tanan') ny be sy ny maro.

Hitako fa feno fahatezerana ireo anjelin'ny lanitra tamin'ity asa feno fahasahiana izay ataon'I Satana. Dia nanontany aho hoe: fa nahoana loatra no avela handaitra amin'ny sain'ny olombelona ireo famitahana rehetra izao, kanefa mahery ny anjelin'Andriamanitra sady raha omena alalana dia afaka hanohitra mora fotsiny ny herin'ilay fahavalo. Rehefa avy teo dia hitako fa fantatr'Andriamanitra fa hampiasain'I Satana avokoa ireo karazam-pahaizany rehetra mba hanimbany ny olona. Ka izay no nahatonga an'Andriamanitra nanoratra ny Teniny ary naneho ny fikasany mazava sy planany ho an'olombelona tamin'ny fomba tsotra mba hahatonga ny olona na dia farany izay malemy indrindra aza, tsy ho voafitaka. Noho izany, taorian'ny nanomezany ny Teniny ho an'olombelona dia notandrovin' Andriamanitra tamim-pitandremana fatratra izany mba tsy hahafahan'I Satana sy ireo anjelin'ny manimba azy , avy amin'ny alalan'ireo mpiasany maro na ireo solontenany. Na dia maro aza ireo boky hafa izay nosimbaina , ity boky Masina ity kosa dia natao tsy hahita fahafatesana. Rehefa manakaiky ny andro farany, dia hitombo hatrany ireo fitaka izay ataon'I Satana dia hihamaro ihany koa ireo baiboly , voadika mitovy mba hahazoan'ireo rehetra izay maniry hanana izany bokin'ny sitrapon'Andriamanitra naseho ho an'olombelona izany , ary raha sitrak'izy ireo, dia afaka miaro-tena samirery amin'ireo fitaka sy ireo fahagagana mandainga ataon'I Satana izy ireo.

Hitako fa nambenan'Andriamanitra tamin'ny fomba manokana ny Baiboly, tamin' ny fotoana izay mbola vitsy kely no efa niely dia novan'ireo manam-pahaizana ny tetsy sy teroa tamin' ny sasantsasany amin' ireo teny, nieritreritra ny hanazava azy bebe kokoa izy ireo, kinanjo vao maika nanamaizina ny efa mazava ary nandentika izany tamin'ny fomba fijeriny manokana izay niorina tamin'ny lovan-tsofina. Nefa hitako fa ny Tenin'Andriamanitra dia toy ny rojo vy iray manontolo izay manana ny fifampitohizany tanteraka, ary ny teny iray amin'ny Soratra Masina dia manazava ny iray hafa koa. Tsy tokony ho voafitaka ireo izay mikatsaka marina ny fahamarinana, satria tsy hoe manambara ny lalàna ho amin'ny fiainana ami'ny fomba mazava sady tsotra fotsiny ny Tenin'Andriamanitra fa nomena koa ny Fanahy Masina mba hitarika amin'ny fahalalana ny lalana mankany amin'ny fiainana izay naseho tamin'ny alalan'ny Teniny.

Hitako fa tsy ary nomena ny anjelin' Andriamanitra ny mibaiko ny sitra-po. Apetrak'Andriamanitra eo anoloan'ny olona ny fiainana sy ny fahafatesana. Samy afaka misafidy izy. Maro ireo maniry ny fiainana, nefa mbola manohy ny nandeha amin'ny lalana malalaka hatrany. Nifidy ny hikomy amin' ny fitondram-panjakan' Andriamanitra izy ireo, na dia eo aza ny famindram-pon' Andriamanitra tsy misy fetrany ary ny fiantrany lehibe tamin' ny nanomezany ny Zanany Lahy mba ho faty ho an' olombelona meloka.

Ireo rehetra izay tsy misafidy ny handray ny famonjena izay novidina lafo tokoa ho azy ireo, dia tsy maintsy ho voasazy. Ireo voahary izay noforonin'Andriamanitra dia nifidy ny hikomy amin'ny fanjakany; nefa hitako fa Andriamanitra tsy nanipy azy ireo ho amin'ny helo (na afobe) mba hiaritra fijaliana izay tsy manampahataperana. Tsy azon'Andriamanitra atao ihany koa ny nandray azy ireo tany an-danitra, satria ny fitondrana azy ireo ho eo amin'ny vondron'ireo madio sy masina dia nahatonga alahelo lehibe ho azy ireo. Tsy handray azy ireo any an-danitra mihitsy Andriamanitra ary tsy hanasazy azy ireo mandritra ny mandrakizay. Fa horavan'Andriamanitra tanteraka kosa izy ireo ary hataony toy ny tsy ary mihitsy, ka dia ho afa-po ny fahamarinana. Noforonin'Andriamanitra avy tamin'ny vovoky ny tany ny olombelona , ka ireo izay tsy mankato, ny tsy masina dia holevonin'ny afo, ka hiverina ho amin'ny vovoka indray. Hitako fa ny fahatsaran'Andriamanitra sy ny famindrampony amin'ny izany dia hitondra ny olombelona rehetra hidera ny toetrany sy hiankahoka Aminy, ary aorian'izay dia horavany hiala amin'ny tany ireo ratsy fanahy, ary ny vahoakan' ny lanitra rehetra hiteny hoe: “AMEN!”

Amim-pahafaham-po tanteraka no nijeren'I Satana ireo izay manaiky an' ireo hevi-diso navoakany na dia ireo izay manaiky am-pahibemaso ny Anaran' i Kristy aza, kanefa tafiditra lalina amin'ireo fitaka izay nataony. Ny asany dia ny manohy mamorona hatrany ireo fitaka vaovao. Hitombo ny heriny ary hampitombony hatrany ny fahaiza-manaony. Tarihiny ireo solontenany ireo papa sy ireo pretra , mba hanandran-tena , ary hamporisika ny vahoaka mba hanenjika amim-pahangidiana ireo izay nitia an'Andriamanitra sy tsy nanaiky ny hilefitra amin'ireo famitahany izay nampidiriny tamin'ny alalan'izy ireo. Nandefa ny mpiasany I Satana mba hanapotika ireo izay nanokan-tena ho mpanara-dia an'I Kristy. O! endrey fijaliana sy fiadianaina izay hiaretan'ireo malalal'Andriamanitra!. Nosoratan'ireo anjely ny tantara mahatoky toy izany. Kanefa I Satana sy ireo anjelin'ny kosa dia nihobim-pandresena , ary nilaza tamin'ny ireo anjely izay niasa sy nampahery ireo olo-masina nijaly fa , hovonoiny izy ireo amin'ny izay dia tsy hisy Kristianina marina tavela intsony eto ambonin'ny tany. Hitako tamin'izay fa nadio ny fiangonan'Andriamanitra. Tsy nisy atahorana tamin'izay ny nidiran'ireo olona izay nanome fo mpamitaka hiditra ny fiangonan'Andriamanitra, satria ireo Kristianina marina, izay nahasahy nanambara ny finoany dia niandry azy ny fampijaliana, ny fandroana sy ireo habibiana maro izay noforonin'I Satana sy ireo anjelin'ny ka napetrany tao an-tsain'ny olombelona.

Jereo Genesisy toko 3; Mpitoriteny 9:5,12:7; Lioka 21:33; Jaona 3:16; 2Timoty 3:16; Apokalypsy 20:14-15, 21:1,22;12-19.

TOKO 20 - NY FANAFAVOZANA

Na dia teo aza ireo fananjehana rehetra sy ny fanamelohana ho faty ireo olo-masina dia nisy ihany ireo vavolombelona mahatokin' ny fahamarinana velona nirahina teny rehetra teny. Nanao ny asa izay nampandraiketina azy ireo anjelin'Andriamanitra. Nitady tao amin'ireo toerana farany izay maizina indrindra izy ireo ary nisafidy ireo olona izay mahatoky tao am-po ka nanala azy ireo tamin'ny fahamaizinana. Rakotry ny fahadisoana izy ireo kanefa Andriamanitra nifidy azy ireo toy ny nataony tamin'I Saoly, izay nataony fanaka voafidy mba hitondra ny fahamarinany , ka dia hampiakatra ny feony izy ireo mba hanohitra ny fahotan'ireo mihevi-tena ho vahoakany. Nohetsehin'ireo anjelin'Andriamanitra ny fon'i Martin Luther sy i Mélancthon, ary ny sasany tamin'ny toerana hafa isan-karazany; mba handrehitra tao amin' izy ireo ny faniriana fatratra ny hijoro ho vavolombelona velon' ny Tenin' Andriamanitra. Tonga mitosaka tahaka ny tondran-drano ho amin' ny fiangonana ilay fahavalo, ary dia tsy maintsy nampiakarina mba ho fanoherana azy ny faneva. Nofidian' i Lotera Andriamanitra mba hifanehatra amin'ny hatezeran' ilay fiangonana niongana , ary hampahery ireo olombitsy izay nahatoky tamin'ny fanekena ampahibemaso masina izay nataon' izy ireo. Natahotra mandrakariva ny hanao izay nampalahelo an'Andriamanitra i Lotera. Ka dia niezaka tamin'ny alalan'ireo asa maro isan-karazany mba hahazoany sitraka avy tamin'Andriamanitra, kinanjo tsy nety afa-po izy tamin'izany ambarapisehoan' ilay tara-pahazavana avy tany an-danitra nanaisotra ilay fahamaizinana tao an-tsainy, ary nanome azy fahatokiana fa tsy avy amin'ny alalan' ny asa, fa avy amin'ny fahamendrehan' Ilay ràn'I Kristy. Ary dia manatona an'Andriamanitra ho an'ny tenany manokana izy, fa tsy avy amin'ny alalan'ireo papa na ireo mpifona , fa amin'ny alalan'I Jesosy Kristy irery ihany.

O! sarobidy loatra manao ahoana re ity fahalalana ity ho an'I Lotera e! Izay nanagorobaka ireo haizina tao an-tsainy. Nomeny lanja lehibe tokoa ity fahazavana vaovao sady sarobidy izay niforona teo ambonin' ilay haizin'ny tsy fahalalany, ary nandroaka ny finoanoam-poana izay nananany , ambony lavitra kokoa noho ny harena izay tsara lavitra indrindra ambonin'ny tany izany. Lasa vaovao ny Tenin'Andriamanitra. Niova daholo ny zava-drehetra. Ilay boky izay nampisalasalana azy teo aloha satria tsy afaka nanavaka ny fahatsarana tao anatin'ny izy, ary ankehitriny dia lasa fiainana ho azy, fiainana mandrakizay. Fifaliana ho azy , fiononany ary mpampianatra voatahy ho azy ilay izy. Tsy nisy na inona na inona no nisarika azy hiala amin'ny fampianarany. Natahotra ny fahafatesana izy; kanefa nony namaky ilay Tenin'Andriamanitra izy dia foana ireo tahony rehetra ka dia talanjona izy tamin'ny toetran'Andriamanitra ary nitia Azy izy. Nandinika ny Tenin'Andriamanitra ho an'ny tenany manokana izy. Nifaly tamin'ny ilay harena miafina sarobidy izay nisy tao anatin' ilay boky izy, ary rehefa avy eo dia nikatsaha izay mba ho an'ny fiangonana koa. Tafintohina izy tamin'ireo fahotan'ireo izay ninoany fa hitondra famonjena ho azy. Maro be tokoa ireo izay hitany fa rakotrin'ny fahamaizinana mitovy tamin'ny ilay nanaronana azy. Nanao izay fara-heviny tokoa izy mba hitondrana azy ireo ho amin'ny Ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra izay nanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao.

Nanandratra ny feony izy mba hanoherana ireo fahadisoan-kevitra sy ireo fahotan'ny fiangonana papaly , ary nangetaheta tamin-kafanam-po tokoa izy mba handrava ilay rojon'ny fahamaizinana izay managadrana olona an'anarivony, izay mihevitra sy mino fa avy amin'ny alalan'ny asa no ahazoana famonjena. Nikely aina fatratra izy mba hahazoany manokatra ny sain'izy ireo ho amin' ilay harena marin'ny fahasoavan'Andriamanitra, ary ny fahatanterahan' ilay famonjena azo avy amin'ny alalan'I Jesosy Kristy. Nanandratra ny feony tamin'ny fahasaratam-piaro tokoa izy, ary tamin'ny herin'ny Fanahy Masina no nanambarany ireo fahotana misy izay ataon'ireo mpitondra ny fiangonana ka dia nisedra ny oram-baratry ny fanoheran'ireo pretra izy, fa tsy namono ny risi-pony izany, satria natoky tanteraka ilay sandrin'Andriamanitra mahery izy, ary nino Azy tamimpahatokiana mba hahazoany fandresena. Satria nohamafisiny hatrany ny tolona izay nataony dia nirehitra taminy ny haromotan'ireo pretra. Tsy nirian'izy ireo mantsy ny hiroso amin'ny fanavaozana. Nifidy ny havela hiadana izy ireo, amin'ny fahafinaretan'ny fanaranam-po sy ny haratsiam-panahy. Nirian' ireo ny hihazona ny fiangonana ao anatin'ny haizina.

Hitako fa nafana sy feno zotom-po tokoa I Lotera , tsy nanan-tahotra sady feno fahasahiana tamin'ny fanamelohana ny fahotana sy fiarovana ny fahamarinana. Tsy natahotra ireo olona ratsy fanahy sy ireo devoly koa izy. Fantany fa ilay Iray miaraka aminy dia mahery lavitra kokoa noho ny rehetra. Nanana afo, zotom-po,

faharisihana ary fahasahiana I Lotera , ary indraindray aza dia toa nandeha lavitra amin' ny tendrony izy, kanefa nanangana an'i Melancthon Andriamanitra , izay nanana toetra izay nifanohitra indrindra taminy , mba hanampy an'I Lotera ary hanohy ny asan'ny fanavaozana. Saro-kenatra I Melancthon, saro-tahotra , malina, ary manana faharetana lehibe. Malalan'Andriamanitra tokoa izy. Nanana fahalalana lehibe ny Soratra Masina izy ary tonga lafatra ny fitsarany sy ny fahendreny. Ny fitiavany ny raharahan'Andriamanitra dia nitovy ny an'i Lotera. Nampiraisin'Andriamanitra miaraka ireo fo ireo. Tonga mpinamana izay tsy hisaraka na oviana na oviana izy ireo. Mpanampy lehibe ho an'i Melancthon i Lotera raha nisedra loza nohon'ny toetrany izay feno tahotra sy miadana izy, ary Melancthon kosa no mpanampy lehibe an'i Lotera mba hiaro azy amin'ny fihetsehany haingana loatra. Ny fahamalinan'i Melancthon amin'ny fahitany lavitra dia nahazoan'izy ireo nisoroka ny olana izay nety nitranga tamin'izay raha toa ka navela irery tamin'i Lotera ilay asa ; ary matetika dia mety tsy nandroso ny asa , raha toa ka navela tamin'i Melancthon irery fotsiny. Naseho ahy ny fahendren'Andriamanitra tamin'ny nifidianany an'ireo olona roa ireo , izay nanana toetra samy hafa mba hanantanteraka ilay asan'ny fanavaozana.

Dia nentina indray niverina tany amin'ireo andron'ireo Apostoly aho, ary nahita fa Andriamanitra dia nifidy mba ho mpinamana an'i Petera izay nafana fo sy feno zotom-po tokoa sy i Jaona izay tsotra sy manampaharetana ary malemy fanahy. Indraindray nirehidrehitra i Petera. Ary matetika ilay mpianatra malala no nampitony an'i Petera, raha nitondra azy lavitra loatra ny hafanam-pony sy ny zotom-pony. Kanefa tsy nampiova azy akory izany. Fa taorian'ny nandavan'i Petera ny Tompony , no nibebahany sy nampiova fo azy. Ary amin' izany, izay rehetra nilainy mba hamerana ny faharisihany sy ny zotom-pony, dia ny fananarana feno halemen-panahin' i Jaona. Nefa tsy maintsy hiaritra ny mafy ny raharahan' i Jesosy raha napetraka tamin' i Jaona samirery ny fitandremana azy. Nilaina ny zotom-pon'i Petera. Nanala azy ireo tamin'ny olana matetika ny heriny sy ny fahasahiany ary nampangina ireo fahavalon'izy ireo. Mora fanahy i Jaona. Nandresy ny maro ny amin'ny momba an'I Kristy izy tamin'ny alalan'ny fananany faharetana be sy tamin'ny fikelezan'ainy lalina.

Naniraka olona maro Andriamanitra mba hanohitra ny fahotana izay misy ao amin'ireo fiangonana papaly, ka dia nampandresy ny fanavaozana. Nikendry ny hanapotika ireo vavolombelona mahatoky ireo I Satana ; kanefa nanao fefy ho azy ireo Andriamanitra. Ny sasany , mba ho voninahitry ny Anarany dia navela mba hanao fitondrana ilay fijoroana vavolombelona izay nentiny notombohana tamin'ny ran'izy ireo; fa nisy kosa ireo olo-mahery hafa toa an-dry Lotera sy I Melancthon , izay nanome voninahitra bebe kokoa an'Andriamanitra tamin'ny fahavelomany sy ny fiantsoantsoany tamin'ny feo avo mba ho fanoherana ny fahotan'ireo papa, pretra sy ireo mpanjaka. Nangovitra izy ireo teo anatrehan'ny feon'I Lotera sy ireo namany. Tamin'ny alalan'ireo olom-boafidy ireo dia nanomboka nanala ny haizina ireo tara-pahazavana , ary maro be tokoa ireo izay nandray tamim-pifaliana ilay hazavana ka nandeha tao anatin'izany. Ary raha novonoina ny iray tamin'ny ireo vavolombelona dia olona roa na mihoatra aza no atsangana hisolo ny toerany.

Tsy afa-po tamin'ny izay anefa I Satana. Tsy nanana fahefana afa-tsy tamin'ny vatana irery ihany mantsy izy. Tsy azony natao ny nanao an-keriny nanala tamin'ny ireo mpino ny finoany sy ny fanantenany. Eny fa na dia tamin'ny fahafatesana aza dia nandresy izy ireo avy amin'ny alalan'ilay fanantenana mamirapiraty ny tsy fahafatesana intsony amin'ny fananganana amin'ny maty ireo olo-marina. Nanana herim-po mihoatra noho ny herin'ny fahafatesana izy ireo. Tsy sahin'izy ireo ny natory na dia tamin'ny fotoana kely monja aza. Nohazonin'ireo hatrany ireo fiadiana fiarovan-tena Kristianina izay notafian'izy ireo, izay vonona ny hiady, tsy amin'ny ilay fahavalo ara-panahy fotsiny ihany, fa ao koa ny ady amin'ny Satana izay maka ny endrik'ireo olombelona izay , tsy mitsahatra ny milaza hoe: “Ilaozy ny finoanao raha tsy izay dia ho faty ianao”. Ireo Kristianina vitsivitsy dia nahery tao amin' Andriamanitra, ary saro-bidy mihoatra noho ny antsasak'izao tontolo izao ity izay mitondra ny anaran'I Kristy, kanefa osa eo amin'ny fanarahana Azy. Tamin'ny ireo fotoana izay nanenjehana ny fiangonana, dia niray sy nifankatia izy ireo. Nahery izy ireo tao amin'Andriamanitra. Ireo mpanota dia tsy navela hikambana tao anatin'izany , na koa ireo mpamitaka sy ireo voafitaka. Tsy nisy afa-tsy ireo izay nahafoy na nandao ny zava-drehetra mba hanaraka an'I Kristy irery ihany no ho tonga mpianany. Tian'izy ire ny tonga mahantra , nanetry tena ary maniry ny hanam-pitoviana tamin'I Kristy.

Jereo Lioka 22:61-62; Jaona 18:10; Asan'ny Apostoly toko faha 3 sy 4;

TOKO 21 - NY FIRAIAN' NY FIANGONANA AMIN' IZAO TONTOLO IZAO

Taorian'izay dia nivory I Satana sy ireo anjelin'ny nandinika izay fandresena rehetra azony. Marina fa nisy sasan-tsasany tamin'ireo fanahy osa no tsy navelany hanaraka ny fahamarinana tamin'ny alalan'ny tahotra

ny ho faty; kanefa maro kosa , eny fa na dia ireo fanahy farany osa indrindra aza no nandray ny fahamarinana teo dia niala tamin'izy ireo teo no ho eo ihany ny tahotra, sy ny hasarotan-kenatr'izy ireo, ary satria nanatri-maso ny fahafatesan'ireo rahalahiny izy ireo , ary nahita ny fahatokiany sy ny faharetany , dia nahalala avy tamin'izany izy ireo fa Andriamanitra sy ireo anjeliny dia nanampy azy ireo hatrany mba haharitra izany fampijaliana izany, ka dia nitombo avofolo heny ny fahasahiana sy tsy fananan-tahotr' izy ireo. Koa raha nantsoina mba hanolotra ny ainy izy ireo dia mbola nitazona ny finoany hatrany tamim-paharetana syamim-pahatokiana nampitolagaga, ka nahatonga eny fa na dia ireo mpamono azy ireo hangovitra teo am-pahitana izany.

Tapa-kevitra I Satana sy ny anjeliny fa nisy fomba mahomby kokoa mba hanapotehina ny fanahy ary fomba mety hahazoam-pahombiazana kokoa. Na dia nantsoina ho amin' ny fahoriana aza ireo kristianina, ny fijoroany ho mahatoky , ary ny fanantenana mamirapiratra izay nampirisik'azy ireo dia nahatonga an'ireo izay nalemy indrindra handroso hery , ary nahatonga azy ireo ho afaka hiatrika ireo fampijaliana sy ny lelafon' atonta hitay dia tsy mahakivy azy ireo. Naka tahaka ny fitondran-tena mendrikaja izay nananan'I Kristy izy ireo tamin'izy niseho teo anatrehan'ireo mpamono Azy; ka dia maro no resy lahatry ny fahamarinana tamin'ny fahitany ny tsy fiovan'izy ireo sy ny voninahitr'Andriamanitra izay nipetraka teo amin'izy ireo.

Ary amin' izany dia nanapa-kevitra i Satana fa ho moramora no fomba hampiasainy. Efa nanimba ny foto-pianaran'ny Baiboly izy, ka dia niorimpaka lalina tokoa ny lovan-tsofina izay nahavery ireo olona aman-tapitrisany maro. Nesoriny ny fomba halany ary nanapa-kevitra izy ny nanolo-tsaina ireo mpiara-miasa aminy mba tsy hanao ireo fanenjehana mahatsiravina ireny intsony, fa kosa hitarika ny fiangonana mba hitolona, tsy ho amin'ny finoana izay nomena ireo olo-masina fahiny, fany hanarahany ireo karazam-pivavahan' ny lovan-tsofina isan-karazany. Rehefa azony ny fiangonana ka nanaiky ny handray ny fankasitrahana sy ny voninahitr'izao tontolo izao , amin'ny fiheveran-diso fa hahazoan'izy ireo tombontsoa izany, kanefa dia fiantombohany manary ny fankasitrahana'Andriamanitra azy izany. Ka dia nanary miandalana ny fahefany ny fiangonana , satria niodina tsy nanambara ny tena fahamarinana mahitsy izay nanaisotra tsy ho ao anatin'ny ireo izay tia ny fahafinaretana sy ireo naman'izao tontolo izao.

Ary amin' izany dia tsy vahoaka nitokana sy niavaka intsony ny fiangonana izay niavaka sy nitokana tokoa tamin'ny fotoanan'ny afon'ny fanenjehana nirehitra taminy. Fa dia nahoana loatra re no nihamatroka ilay tena volamena? Nahoana no niova ilay volamena farany tsara indrindra? Hitako fa raha mbola nihazona hatrany ilay toetrany manokana masina sy niavaka izay nananany ny fiangonana ilay herin'ny Fanahy Masina izay nomena an'ireo mpianatra dia mba nomena azy ireo koa. Dia ho sitrana ny marary, hovoaroaka ny devoly, ary dia ho nahery ny fiangonana ary tahotra ho an'ireo fahavalony.

Hitako fa vondron'olona maro be no nilaza azy ho nanaiky ny anaran'I Kristy, nefa tsy nahalala azy ireo ho toy ny azy akory Andriamanitra. Tsy nahafinaritra Azy akory na tamin'inona na tamin'inona izy ireo. Toa mitafy ny toetran'ny mpivavaka I Satana ary maniry indrindra izy ny mba hieritreretana'ireo vahoaka koa fa Kristianina izy ireo. Tsy mampaninona azy akory ny mahafantatra fa mpino an' I Jesosy, sy ny nanomboana Azy tamin' ny hazo fijaliana , ary ny fitsanganany tamin'ny maty , izy ireo . Satana sy anjely dia mino tanteraka koa an'izany rehetra izany ary mangovitra. Kanefa raha tsy miteraka asa tsara izany finoana izany, ary mitarika ireo izay manaiky izany haka tahaka ny fiainana feno fandavan-tenan'I Kristy dia tsy ho voaelingelin' I Satana izy, satria mitafy ny anarana Kristianina fotsiny ihany izy ireo , kanefa ny fon'izy ireo dia mbola nitoetra ho ara-nofa hatrany, ka dia azony ampiasainy tsara kokoa amin'ny asany, noho ny hoe tsy nanao fanekem-pinoana mihitsy izy ireo. Afenin'izy ireo ao ambanin'ilay anarana hoe Kristianina ny haratsian'izy ireo. Mbola nandeha amin'ny toetra tsy nohamasinina izy ireo, sy tsy mbola nandresy ireo filandrantsiny ka izany no hararaotin' ireo tsy mpino ny fanamafisana ny tsy fahatokiany ny Anaran' I Kristy, tahak' izany koa ireo izay mandeha amin' ny fivavahana madio sady tsy misy loto. Ireo mpitondra fivavahana dia mitory zavatra mahafinaritra izay mandokadoka ireo Kristianina ara-nofa. Izany indrindra no tena irin' i Satana. Tsy sahin'izy ireo ny mitory an'I Jesosy sy ireo fahamarinana maranitra izay ao anatin'ny Baiboly; satria raha manao izany izy ireo dia tsy hihaino azy, ireo Kristianina anarany fotsiny ireo. Maro amin'izy ireo no manankarena be, ka tsy maintsy tazonina ao am-piangonana , eny fa na dia tsy mendrika ho ao intsony noho ny satana sy ny anjeliny aza. Natao ho tiam-bahoaka sy ho mendrika hohajaina eo imason'izao tontolo izao ny fivavahan'I Jesosy. Nolazaina tamin'ireo vahoaka fa ireo izay manao azy ho mpivavaka dia hohajain'ny rehetra be be kokoa. Mifanohitra tanteraka amin'ny fampianaran'I Kristy izay fampianarana rehetra izany. Ny fotom-pampianarany sy ny an'izao tontolo izao dia tsy hifanaraka velively. Ireo rehetra izay nanaraka an' I Kristy dia tsy maintsy mandà an' izao tontolo izao. Avy tamin'I Satana sy ny anjely ireo fampianarana mandrobo ireo. Nanamboatra planina izy ireo mba harahin'ireo Kristianina anarany fotsiny izany. Nitambatra tamin'ny fiangonana ireo mpihatsaravelatsihy sy ireo mpanota. Nampianarina ireo angano mahafinaritra ary noraisina tamim-pankasitrahana izany. Fa raha notoriana tamin'ny fahadiovany izany fahamarinana izany dia nandroaka haingana ireo mpihatsaravelatsihy sy ireo mpanota an-karihary tsy hiray amin' ny fiangonana izany. Fa tsy nisy ny fisamihafana teo amin'ireo izay nihambo ho mpanara-dia an'I Kristy sy izao tontolo izao. Hitako fa raha

nesorina teo an'ireo mambran'ny Eglizy ilay sarena lainga, dia hiseho ireo tsy fahamarinana, faharabiana ary ny fahalovana, ka dia hiantso azy ireo amin'ny tena anarany tsy amim-pihambahambana ireo Zanak'Andriamanitra farany saro-kenatra indrindra hoe: "Zanaky ny Devoly rainareo, satria ny asany no ataon'izy ireo. Naharikoriko an'I Jesosy sy ny anjelin'ny lanitra manontolo ny nijery an'io sehatra io; kanefa Andriamanitra dia nanana hafatra masina sy nanan-danja ho an'ny fiangonana. Koa, raha noraisiny izany dia hitondra fanavaozana lehibe ho an'ny fiangonana, ka hamelona indray ilay fijoroana vavolombelona velona izay handroaka ireo mpihatsaravelatsihy sy ireo mpanota ary hitondra indray ny fiangonana eo amin'ny fankasitrahana'Andriamanitra.

Jereo Isaia 30:8-21; Jakoba 2:19; Apokalypsy toko 3.

TOKO 22 - WILLIAM MILLER

Hitako fa naniraka ny anjelin'ny Andriamanitra mba hanetsika ity fon'ity mpiompy iray ity izay tsy mino ny Bayboly, ka nitarika azy mba handinika ny momba ny faminiana. Matetika no namangy an'ity olomboafidy ity ireo anjelin'Andriamanitra, sady nitarika ny sainy sy nanokatra ny fahalalany ho an'ireo faminiana izay hatramin' io fotoana io mbola maizina tamin'ireo vahoakan'Andriamanitra. Nomena azy ny fiandohan'ilay fitohizan'ny fahamarinana ary notarihina izy mba hiaroka tsirairay mandra-pahitany tamim-pahagagana, sy fankasitrahana ilay Tenin'Andriamanitra. Hitany tamin'izany ny fitohizan'ny fahamarinana mahafinaritra ilay Teny izay nataony fa tsy avy amin' tsindrimandry ankehitriny, dia nisokatra tamin'ilay fahitany tamim-pahatsarana sy voninahitra. Hitany fa ny andalana iray amin'izany Soratra Masina izany dia nanazava iray nefa koa, raha tsy takatry ny fahalalany ny andininy iray tamin'izany dia nahita andininy iray hafa tamin'ilay teny izay nanazava izany. Koa dia nandinika ilay Teny masin'Andriamanitra tamin-pifaliana, tamim-panajana fatratra indrindra sy tamin-tahotra izy.

Raha teo am-pandiniana ireo faminiana izy dia nahita fa ny mponin'ny tany dia miaina eo am-pamaranana ny sehatry ny tantaran'ity izao tontolo izao ity, ary ireo dia tsy mahalala an'izany akory. Nijery fahalavon'ny fiangonana izy, ary nahita fa niala tamin'i Jesosy ny fjerin'izy ireo ary nabanjiny an'izao tontolo izao, ary dia eo am-pitadiavana ny voninahitr'izao tontolo izao izy ireo raha tokony hikatsaka ilay voninahitra izay avy any ambony; maniry fatratra ny haren'izao tontolo izao izy ireo, raha tokony hanorina ireo harenany miaina any an-danitra. Manerana ny toerana rehetra dia nahitan' i William Miller fihatsarambelatsihy, fahamaizina ary fahafatesana avokoa. Nampihetsim-po azy fatratra izany. Nantsoin' Andriamanitra mba handao ny toeram-piompiany toy ny an'i Elisa izy, izay nantsoina mba handao ireo ombiny sy ny sahan'ny ka hanaraka an'i Elia mpaminany. Tamin-kovitra tokoa no nanombohan' i William Miller nanala sarena ireo zava miainan'ny Fanjakan'Andriamanitra tamin'ny vahoaka. Nihanahazo hery hatrany izy tamin'ny ireo ezaka maro izay nataony. Ary dia nanazava tamin'ny vahoaka ireo faminiana mitondra ho amin'ny fiavian' i Kristy fanindroany izy. Tahaka an'i Jaona Mpanao batisa izay niantsoantso ny amin'ny fiavian'i Jesosy voalohany, sy nanamboatra ny lalana ho amin'ny fiaviany, dia toy izany ihany koa i William Miller sy ireo izay niaraka taminy, niantsoantso ny fiavian'ilay Zanak'Andriamanitra fanindroany.

Nentina nidina teny amin'ny andron'ireo mpianatra aho, ary nasehony ahy ilay Jaona malala izay nomen'Andriamanitra asa manokana mba hotanterahiny. Satana dia nikasa ny hanelingelina izany asa izany ka nitarika ireo mpanompony mba hamono an'i Joana. Nefa Andriamanitra nandefa ny anjelin'ny ka niaro tamin'ny fomba mahagaga an'i Jaona. Ireo rehetra izay nanatrika ilay hery lehiben'Andriamanitra izay niseho tamin'ny nanafahana an'i Jaona, dia talanjona, ary maro no resy lahatra fa niaraka taminy tokoa Andriamanitra, ary ilay fijoroana vavolombelona izay nentiny mikasika an' Jesosy dia marina tokoa. Ireo izay nikasa ny hamono azy dia natahotra ny hanandrana haka ny ainy indray tamin'ny androny, ka dia navela hanohy hijaly ho an'i Jesosy hatrany izy. Niampanga lainga azy ireo fahavalony ary taoriana kelin' izy dia noroahina ho ao anatin'ny Nosy manirery izy, tao no nanirahan'ny Tompo ny anjelin'ny mba hanambara aminy ireo zaatra tsy maintsy hiseho ety ambonin'ny tany, ary koa ny toetran'ny Fiangonana hatramin'ny farany, ny fialany tamin'Andriamanitra na ny fivadikany tamin'ny fivavahana marina, ary ny toerana izay tokony hotanan'ny fiangonana raha te hahafinaritra an'Andriamanitra izy; ka handresy any am-parany.

Nanatona an'i Jaona tamin'ny voninahiny lehibe ilay anjely avy any an-danitra. Nanjelanjelatra ny endriny tamin'ny fahatsaran'ilay voninahitry ny lanitra. Nambarany tamin'i Jaona ireo sehatra momba ireo zava-dehibe lalina sy mampihoron-koditra mikasika ilay fiangonan'Andriamanitra, ary nampandalovina teo anoloany ireo

ady mahatahotra izay tsy maintsy hiaretan'izy ireo. Hitan'i Jaona iretsy farany, namakivaky ireo fisedrana mampidi-doza, ary nofotsiana sy nosedrainsa, ary farany dia ho mpandresy lehibe, sy voavonjy amim-boninahitra ao amin'ilay Fanjakan'Andriamanitra. Nihamiramiran'ny hafaliana ny endrik'ilay anjely ary nihalehibe ny voninahiny raha naneho an'i Jaona ilay fandresena faran'ilay fiangonan'Andriamanitra izy. Rehefa nobanjinin'i Jaona ilay fanafahana farany ny fiangonana, dia nentina hiala ilay sehatra izy, ka tamim-panajana sy fahatahorana lehibe no niankohofany teo an-tongotr'ilay anjely mba hivavaka aminy. Nampitsangana azy haingana ilay iraky ny lanitra ary nananatra azy tamim-pahendrena nanao hoe :

« Tandremo, aza manao izao ; fa mpanompo namanao ihany aho, sady naman'ireo rahalahinao izay nitana ny filazana an'i Jesosy ; Andriamanitra ihany no ivavaho ; fa ny filazana an'i Jesosy no fanahin'ny faminaniana. »

Taorian'izay dia nasehon'ilay anjely an'i Jaona indray ilay Tananan'ny lanitra tamin'ny fahatsarany rehetra sy tamin'ny voninahitra mamirapiratra. Nentina izy ary torovana tamin'ilay voninahitr'ilay tanàna ka dia indro fahadinony indray ilay fampitandremana izay nataon' ilay anjely taminy vao haingana teo , ka dia niankohoka hivavaka indray teo an-tongotr'ilay anjely izy, izay nanome fampitandremana malefaka azy indray :

« Tandremo , aza manao izao ; fa mpanompo namanao ihany aho sady naman'ny mpaminany rahalahinao sy izay mitandrina ny teny amin'ity boky ity , Andriamanitra ihany no ivavaho . »

Nataon'ireo mpitoriteny sy ireo vahoaka ho zava-miafina sy tsy dia manan-danja loatra ny noho ireo boky hafa ao anatin'ny Soratra Masina ny bokin'ny Apokalypsy. Nefa hitako fa ity boky ity no tena fanambarana izay nomena mba ho tombontsoa manokana ho an'ireo izay liana sy velona amin'ny andro farany, mba hitarika azy ireo amin'ny fampahafantarana ny toerana marina izay misy azy ireo sy ireo adidy izay tokony hataony. Nitondra ny sain'i William Miller Andriamanitra ny fandinihana tamin'ireo faminaniana ary nanome azy fahazavana lehibe mikasika ny bokin'ny Apokalypsy.

Raha fantatra ny hevitr'ireo fahitan'i Daniela dia ho moramora kokoa ny fahazoan'ny vahoaka ny hevitr'ilay fahitan'i Jaona. Nefa tamin'ny fotoana izay nilana azy indrindra, dia manetsika ny fon'ilay mpanompo voafidiny Andriamanitra, izay nanokatra ireo faminaniana tamim-pahazavana sy ny herin'ny Fanahy Masina ka nanazava ny faminaniana ary naneho ny fifandraisana nirindra tamin'ireo fahitan'i Daniela sy an'i Jaona ary koa ireo boky hafa ao anatin'ny Baiboly, ary nampitoetra tao am-pon'olona ireo fampitandremana ny Teny izay Masina sy mahatahotra, mba hiomanana amin'ilay fiavian'ny Zanak'olona. Finoana lehibe sady lalina no niorina tao an-tsain'ireo rehetra nandre an' William Miller, ka maro ireo mpitondra fivavahana, ny vahoaka, ireo mpanota sy ireo tsy mino no nitodika tamin'ny Tompo, mba hikatsaka ny fiomanana hahafahana hiatrika ny fitsarana.

Niaraka tamin'i William Miller tamin'ny asa izay nampanaovina azy ireo anjelin' Andriamanitra. Nahery fo sy tsy azo nozongozonina izy, nanambara ilay hafatra izay nampitondraina azy tamim-pahatokiana sy tsy amin-tahotra izy. Mivalampatra eo amboniny faharantsian-toetra izao tontolo izao, ary ilay fiangonana mangatsiaka izay manao ny fomban'izao tontolo izao dia efa teo ka dia niroso tamin'ny fampiasan-kery ary nitondra azy tamin-jotom-po mba hiaritra ny fanesoana mafy, asa an-terivozona, ny tsy fisiana sy ireo fampijaliana. Na dia notoherin'ireo izay nanao azy ho kristianina sy izao tontolo izao sy natontatontan'i Satàna sy ny anjely aza, dia tsy nitsahatra nitory ilay filazantsara mandrakizay tamin'ny vahoaka izy na taiza na taiza niantsoana azy ; ary nanakoako Ilay antso hoe : « Matahora an'Andriamanitra ka omeo voninahitra Izy fa tonga ny andro fitsarany. »

Jereo I Mpanjaka 13: 16-21; Daniela toko 7-12; Apokalypsy toko 1, 14; 19:8-10; 22:6-10

TOKO 23 - ILAY HAFATR' ILAY ANJELY VOALOHANY

Hitako fa namaky am-pahibemaso ilay fotoana tamin' ny 1843 Andriamanitra. Hanaitra ny vahoaka no tanjony, ary hitondra azy ireo amin'ny fisedrana izay tsy maintsy hanapahany hevitra na ho resy lahatra ny amin'ny fahamarinana ireo na hanohitra. Maro ireo mpitondra fivavahana no resy lahatra noho ny fanazavana ireo vanim-potoana ara-paminaniana tsy nisy diso, ary ny sasany mandà ny avonavony, ny raharahany, ary ny fiangonany mba handeha amin' ny toerana iray ho amin' iray hafa koa hitory ny hafatra. Ary satria tsy nisy afa-tsy vitsy tamin'ireo izay nihambo ho mpitondra fivavahan'I Kristy no nandray am-po ilay hafatra avy any andanitra, dia nampiantraiketina tamin'ireo maro izay tsy mpitory akory ilay asa. Maro no nandao ny tanimboliny mba hampanakoako ilay hafatra, ary tamin' izay ny sasany dia nantsoina mba handao ny toeram-piasany sy ny fivarotany. Nisy koa aza ireo sasany izay nanao ny raharahany an-kalalahana izay voatery nandao ny asany mba hiditra amin'ilay asa izay tsy tian'ny olona dia ny fizarana ilay hafatr'ilay anjely voalohany.

Nanary ireo hevi-disony sy ny fomba fahitana diso ireo mpitondra fivavahana, ka dia niray tamin'ny fanambarana ilay fiavian'I Jesosy. Tohina ny fon'ny vahoaka manerana ny toerana rehetra izay nilaza an'ilay hafatra. Nibebaka ireo mpanota, nitomany, sy nivavaka mba hahazoany amin'ny famelan-keloka amin' ireo fahotana, ary ireo izay nanana fiainana feno haratsiam-panahy dia dodona fatratra ny mba hanarenana izany arak' izay azo atao, dia ireo ratsy efa nataony.

Mahatsiaro-tena ho be ahiahy ireo ray aman-dreny noho ny amin' ireo zanany. Ireo izay nandray ny hafatra dia niasa mafy tokoa tamin'ireo namany na havany ary ireo ray aman-dreniny izay mbola tsy niova fo. Resy lahatra tamin'ny lanjan'ilay hafatra lehibe izy ireo ka dia nampitandrina sy nitalaho tamin'izy ireo mba hiomana ny amin'ilay fiavian'I Zanak'olona.

Tsy maintsy amim-pamoizam-po sy fanamafian-katoka no handavan' ireo an-karihary dia ireo izay manaraka izany fijoroana ho vavolombelona izany. Ilay asa fanadiovam-panahy dia nitarika ho amin'ny fandozana ny fitiavana ny zavatr'izao tontolo izao, ho amin'ny fanamasinana izay tsy mbola ary hita teo aloha.

An'arivony maro ireo olona voatarika mba hanaiky ny fahamarinana izay notorian'I William Miller, ary mpanompon'Andriamanitra maro no nitsangana tamin'ny fanahy sy ny herin'I Elia mba hitory ilay hafatra. Ireo izay nitory ity hafatra lehibe ity, toy an-dry Jaona ilay mpialoha an'I Jesosy, dia nahatsiaro tena ho voatery hametraka ny famaky eo amin'ny fototry ny hazo ary miantso ny olona mba hamoa voa mendrika ny fibebahana. Ny fijoroana vavolombelon'izy ireo dia natao mba hifohazan' ny fiangonana, azy amin-kery ary hampiharihary ny tena toetrany marina. Ary raha nomena ilay fampitandremana lehibe mba handosirana an'ilay fahatezerana no ho avy, dia maro tamin'ireo izay nikambana tamin'ny fiangonana no nandray ilay hafatra-mahavonjy. Hitan'izy ireo ny fiverimberenan'ny fahotany, dia, tamin-dranomasom-pangidian'ny fibebahana, tamim-pangirifiriam-panahy lalina, no nanetren'izy ireo tena teo anatrehan'Andriamanitra. Ary satria nitoetra tamin'izy ireo ny Fanahin'Andriamanitra, dia nanampy azy ireo tamin'ny fampanakoakoana an'ilay antso mafy manao hoe: "Matahora an'Anandriamanitra, ka omeo voninahitra Izy, fa tonga ny andro fitsarany."

Ny fanambarana mialoha ny andro voafaritra mazava mikasika ny farany dia nampirongatra fifanoherana lehibe teo am-povoan' ny fiaraha-monina, hatramin' ny mpitandrina teny ambony' ny polpitra ka hatramin' ny mpanota faraidiny sy tsy mifaditrovana. "Tsy misy mahalala na ny andro na ny ora" izay no feo re avy tamin'ireo mpitondra fivavahana mpihatsaravelasihy sy ireo mpananahy feno fasahiana. Tsy nisy na dia iray tamin'izy ireo aza no nanaiky hampianarina , na hahits' ireo izay nanondro ny taona izay ninoany fa hifaranan' ny fe-potoana ara-paminaniana ary nasainy manamarika ireo famantarana ny fahatomoran' ny fiavian' i Kristy tsy ho ela izy ireo , eny fa mety efa am-baravarana. Maro tamin'ireo mpiandry ondry izay nihambo ho tia an'I Jesosy no nilaza fa : "tsy mahita na dia fatiantoka iray aza amin' ny fitoriana ny fiverenan' i Kristy izahay, fa ny toherinay kosa dia ny fanondroana daty mazava". Namaky ny fon'izy ireo Andriamanitra izay nahita ny zava-drehetra. Tsy tian'izy ireo ny filazana fa ho avy tsy ho ela Jesosy. Fantatr'izy ireo mantsy fa tsy hahazaka fisedrana ny fiainan'izy ireo izay nifanohitra ny amin'ny kristianina , satria tsy mba nandeha tamin'ilay lalana feno fanetren-tena izay nosoritan' i Jesosy izy ireo. Nanakana ny fanaovana ilay asan'Andriamanitra ireo mpiandry ondry sandoka ireo.Ny fahamarinana izay nambara tamin-kery mandresy lahatra manetsika ny vahoaka, ary tahaka an' ilay mpiandry varavaran' ny tranomaizina tany Filipy, dia nanomboka nanontany izy ireo: "Inona no mety hataoko mba hovanjena aho?". Nefa ireo mpiandry ondry ireo nandeha teo anelanelan'ny fahamarinana sy vahoaka, ary nitory ireo zava-mahafinaritry ny sofina mba hitondra azy ireo hiala amin'ny fahamarinana. Nikambana tamin'I Satana sy ny anjelin'izy ireo , ka niantsoantso hoe: "fiadanana , fiadanana", amin' izany anefa tsy nisy fiadanana na dia kely akory. Ireo izay tia ny fiadanany kanefa tsy miahiahy na dia kely akory aza ny firaisany amin' Andriamanitra dia hijanona ao amin' ny fahatokiana ny momba ny aranofony. Hitako fa vohatsikaritr'ireo anjelin'Andriamanitra avokoa ireo zavatra rehetra ireo , ary ny fitafiampiandry ondry tsy nohamasinina dia nihoson-dran'ireo mpanota maro ireo. Maro tamin'ireo mpitondra fivavahana no tsy nanaiky ilay hafa-pamonjena , ka dia nanakana koa ireo izay tokony handray izany. Eo amin'izy ireo ny ran'ireo fanahy ireo. Mpitorin-teny sy vahoaka maro no nanatona mba hanohitra ilay hafatra avy any an-danitra. Nikambana hanenjika an'i William Miller sy ireo izay nanampy azy tamin'ny asany izy ireo. Koa dia maro ireo lainga nafafy mba hanimbana ireo hery miasa mangina avy aminy tamin'ny fotoana isan-karazany. Im-betsaka taorian'ny nanambarany tamim-pahatsorana ilay toro-hevitry'Andriamanitra , izay nampitoetra ny fahamarinana mandidy tao am-pon'ireo izay nihaino azy , dia mirehitra taminy ny fahatezeran'ny sasany ka rehefa nandao ilay toeram-pivoriana izy dia miambina azy ny sasany tamin'ireo mba hanaisotra ny ainy. Kanefa nirahin'Andriamanitra ireo anjelin'ny mba hiaro ny ainy , ary nitondra azy niala soa aman-tsara ny fahatezeran'ireo vahoaka. Satria mbola tsy vita tanteraka ny asany. Nandray ny hafatra tamim-pifaliana ireo izay fatra-pitia vavaka. Fantatr'izy ireo fa avy amin' Andriamanitra izany ary nambara tamin'ny fotoana izay nahamety azy tokoa. Nijery tamim-pahalianana tanteraka ny vokatr'ilay hafatry ny lanitra ny anjely, ary rehefa niala sy nandà izany ireo fiangonana dia nivory niaraka tamin'I Jesosy tamin'alahelo izy ireo. Nampitodika ny tavany niala tamin'ireo fiangonana Izy , ary nandidy ny anjelin'ny mba hijery amim-

pahatokiana ireo olom-bitsy sarobidy izay tsy mandà ilay hafatra, satria hamirapiratra amin'izy ireo ny hazavana hafa.

Hitako fa raha nitia ny fisehoan'ily Mpamonjy ireo izay mihambo ho kristianina, raha nipetraka taminy ny fitiavany, raha nahatsapa izy ireo fa tsy misy amin' izay ety an-tany afa-mitaha Aminy, dia tokony ho nandray am-pifaliana tamin'ily fanambarana ny fahatongavany izy ireo. Fa ny fahatezerana izay nasehony , raha nandre ilay fiavian'ny Tompony dia porofo mivaingana fa tsy tia Azy izy ireo. Nihobim-pandresena I Satana sy ny anjelin'ny ary natsipiny teo an-tavan'I Kristy Jesosy sy ireo anjelin'ny masina, fa ireo izay atao hoe vahoakany dia tsy nanana afa-tsy fitiavana kely an'I Jesosy ka dia tsy naniry akory ny fisehoany fanindroany.

Hitako ireo vahoakan'Andriamanitra izay niandry tamim-pifaliana , hitsena ny Tompony, niomana ho amin' ny zavatra hiseho. Nirin'Andriamanitra anefa ny hizaha toetra azy ireo. Nandrakotra fahadisoana tamin'ily fanisana ireo vanim-potoana ara-paminaniana ny tanany. Ireo izay nikatsaka ny Tompony dia tsy nahita izany , toy izany koa ireo nana-pahaizana, izay nanohitra ny famerana ilay fotoana, tsy nahita ilay fahadisoana.

Tian'Andriamanitra ny hahitan'ireto vahoakany fahadisoam-panantenana. Lasa ny fotoana nefa tsy tonga ny Tompo ary kivy sy malahelo ireo izay nitsena ny Tompony tamim-pifaliana. Nandritra izany, nifaly ireo izay tsy tia ny fisehoan'I Jesosy , fa nanaiky ilay hafatra noho ny tahotra fotsiny ihany dia tena nahatsiaro sambatra satria tsy tonga tamin'ily fotoanan'ny fiandrasana Izy. Tsy nahakasika ny fony sy nanadio ny fiainany , ny fiaikeny. Ny fandalovan' ny vanim-potoana izay voatondro dia maneho marimarina ny tena toe-pon' izy ireo. Izy ireo no voalohany nivadika nanaratsy sy nihomehy ireo diso fanantenana, sahiran-tsaina izay tena tia ilay fisehoan'ny Tompony marina. Hitako ny fahendren'Andriamanitra tamin'ny fisedrany ireo vahoakany sy tamin'ny nanomezany azy ireo vato fitsapana mba hahitana ireo izay mihasoa sy hihemotra sy hiverin-dalana amin'ny ora fitsapana.

Nijery tamim-pitiavana ireo izay nifikitra tamin'ily fanantenana mamy mba hahita Ilay tia ny fanahin'izy ireo I Jesosy sy ny anjelin'ny lanitra iray manontolo. Nanidintsidina nanodidina azy ireo ireo anjelin'ny mba hanohana azy ireo amin'ny ora fitsapana. Ireo rehetra izay nanao tsinotsinona ny fandraisana ilay hafatra avy any an-danitra dia navela tao anaty haizina , ary nirehitra tamin'izy ireo ny fahatezeran' Andriamanitra, satria tsy nandray ilay hazavana izay nalefany avy any an-danitra izy ireo.

Ireo kristianina nahatoky, diso fanantenana lalina, izay tsy nahafantatra hoe ahoana marina no tsy niverenan' ny Tompony; nefa tsy navela tao anatin' ny haizina izy ireo. Notarihina handinika ny Baiboly indray izy ireo mba handalina bebe kokoa ireo vanim-potoana ara-paminaniana. Nalain' ny tanan' ny Tompo ny sarena izay manafina ny marika ka dia nazava ilay fahadisoana. Ary hitan' ireo mahatoky fa ny vanim-potoana ara-paminaniana dia mitondra hatrany amin' ny 1844, ary koa ny foto-kevitra mitovy aminy izay natolotr' izy ireo mba ho entina hampisehoana fa nifarana tamin' ny 1843 izany, dia azo hamarinina fa tsy maintsy nifarana tamin' ny 1844 izany.

Ny fahazavan' ny Tenin' Andriamanitra no nanazava ny fomba fahitan' izy ireo, ary nahatsikaritra fahataram-potoana izy ireo. “ Raha tara ny fahitana, andraso Izy”. Nohon'ny fitiavian'izy ireo ny fahatongavan'I Jesosy eo no ho eo dia tsy hitan'izy ireo ny fahataran'ily fahitana , izay nokajiana mba hampibaribary ireo izay niandry marina. Dia nanondro fotoana hafa indray ry zareo. Ary tamin' izay dia hitako fa maro tamin'izy ireo no tsy afa-nihoatra an' ilay fahadisoam-panantenana lehibe izay nahazo azy ireo , ka hanao zotom-po sy hery mitovy amin'izay nampiseho ny finoan'izy ireo tamin'ny 1843.

Nihobim-pandresena noho ny amin'izy ireo i Satana sy ny anjelin'ny ary ireo izay tsy nandray ilay hafatra dia nifampiarahaba noho ilay fahotan'izy ireo lavitra tamin'ny fitsarany , sy ny fahendreny tamin'ny tsy fandraisana io nofinofy io araka ny niantsoany azy. Nefa tsy fantatr'izy ireo fa mandà ny sosokevitr'Andriamanitra izy ireo , ary niara-niasa tamin'ny Satana sy ny anjelin'ny izy ireo mba hanao izay hahasahiran-tsaina ireo vahoakan'Andriamanitra izay niaina araka ilay hafatra izay nomena azy ireo avy any an-danitra.

Tao am-piangonana dia noporetina ireo izay nino ilay hafatra. Tahotra no nahazo azy ireo tanatin'izay fotoana izay , noho izany dia tsy nanao araka izay sitraky ny fony izy ireo , kinanjo, taorian' ny andro sasany dia nanambara ny tena fihetseham-pony marina izy ireo. Nirian'izy ireo noho izany ny hampangina ilay vavolombelona dia ireo izay niandry an' i Kristy, nahatsapa fanerena dia ny tsy maintsy hahazain' izy ireo hanambara fa ireo vanim-potoana ara-paminaniana izay nivalampatra hatramin'ny taona 1844.

Tamim-pahazavana no nanazavain'izy ireo ny fahadisoany sy nanomezan'izy ireo ny antony nahatonga azy ireo niandry ny Tompony tamin'ny 1844. Tsy nahita holazaina intsony ireo mpanohitra mba hanoherana ireo antony izay manan-kery izay nomena. Nirehitra tamin'izy ireo ary ny fahatezeran'ireo fiangonana. Efa nanapa-kevitra sy tsy hihaino ny fanaporofa izy ireo ka dia nanidy ny fiangonany ilay vavolombelona sao dia henon'ireo sasany izany. Koa dia , noroahina niala ny fiangonana ireo izay tsy nahasahy nanafina ho an'ny hafa ilay fahazavana izay nomen'Andriamanitra azy ireo. Niaraka tamin'izy ireo anefa I Jesosy ka dia nifaly tamin'ny fahazavan'ny endriny izy ireo. Noho izany dia niomana izy ireo mba handray ilay hafatry ny anjely faharoa.

TOKO 24 - ILAY HAFATRY NY ANJELY FAHAROA

Tsy nandray ny hazavan' ilay hafatr' ilay anjely voalohany ireo fiangonana, ary satria nandà ilay hazavana avy any an-danitra izy ireo dia nanary koa ny fahasoavan' Andriamanitra. Nitoky tamin' ny heriny manokana izy ireo nametraka ny tenan' izy ireo avy tamin' ny alalan' ny faharetan' ilay hafatra voalohany tamin' ny toerana izay tsy nahafahany nahita ilay hazavan' ilay hafatry ny anjely faharoa. Fa ireo malalan' Andriamanitra kosa izay nampahoriana, nanaiky ilay hafatra, “Rava I Babylona” ka dia nandao ireo fiangonana lavo izy ireo.

Tamin' ny fotoana nanakaiky indrindra ny fiafaran' ilay hafatry ny anjely faharoa , dia nahita fahazavana lehibe avy any an-danitra aho , namirapiratra teo amin' ireo vahoakan' Andriamanitra. Ireo taratr' izany fahazavana izany dia niseho ho mamirapiratra kokoa noho ny an' ny masoandro. Ary naheno feon' ireo anjely niantsoantso hoe aho:”Indry ny mpampakatra , mivoaka mba hitsena Azy.”

Izany no ilay antson' ny mamatonalina izay nomena mba hanome hery ny hafatr' ilay anjely faharoa. Nirahina ireo anjely avy any an-danitra mba hamoha ireo olo-masina kivy sy mba hanomana azy ireo ny amin' ny ilay ora lehibe izay nanoloana azy ireo. Tsy ireo olo-manam-pahaizana indrindra no nandray voalohany ilay hafatra. Nirahina tamin' ireo izay tia fivavahana manetri-tena ireo anjely ary nanery azy ireo mba hampanakoako ilay antso: “Indry ny mpampakatra , mivoaka mba hitsena Azy”.

Ireo izay nampandraiketina ilay antso dia dodona tokoa , ary tamin' ny alalan' ny herin' ny Fanahy Masina, nampiely ilay antso, sy namoha ireo namany kivy. Tsy avy tamin' ny fahendrena sy ny fahalalan' ny olombelona ity antso ity, fa tamin' ny herin' Andriamanitra, ka dia tsy afa-nanohitra ireo olo-masiny izay nandre izany. Ireo izay tia fivavahana indrindra no nandray ilay hafatra voalohany ary ireo izay nitarika ilay asa teo aloha no farany tamin' ny fandresena sy fanamafisana ilay antso “Indry ny mpampakatra ; mivoaka mba hitsena Azy”.

Amin' ny faritra rehetra maneran-tany , dia nomena teo amin' ilay hafatrin' ny anjely faharoa ny hazavana ary nanaitra ireo olona an' arivony maro izany antso izany. Niely isan-tanan-dehibe , isam-banivohitra izany , ambaram-pifoaha tanteraka ireo vahoakan' Andriamanitra izay teo am-piandrasana. Maro ireo tsy namela ilay hafatra hiditra tao amin' ireo fiangonana ka dia maro ireo vondron' olona izay nanome ilay vavolombelona velona tao anatin' nandao ireo fiangonana lavo. Notanterahina tamin' ny alalan' ilay , antson' ny mamatonalina ilay asa mahery. Mampihetsim-po ilay hafatra, ary nitarika ireo mpino mba hiaroka famindram-po marina ho an' ny tenan' izy ireo manokana. Fantatr' izy ireo fa tsy azon' izy ireo atao ny mifampiankina.

Niandry ny Tompo tamim-pitebitebena niaraka tamin' ny fifadian-kanina izy ireo, sy fiareta-tory ary tamin' ny fivavahana saika tsy tapaka ireo masina. Nisy koa aza ireo mpanota sasany izay niandry tamin-tahotra ny ho avy, nefa, vahoaka betsaka no naneho ny fisainan' i Satana tamin' ny fanoherana ny hafatra. Ireo vahoaka ireo nanan' hany ny fahamarinana, namadika an' izany ho fihomehezana, ary namerimberina ny toy izany hatraiza hatraiza: “Fa ny amin' izany andro sy ora izany dia tsy misy mahalala”. Nihobim-pandresena noho ny amin' izy ireo ireo anjely ratsy ary nanporisika azy ireo mba hanamafy ny fony, sy tsy hanaiky ireo tara-pahazavana rehetra avy any an-danitra, amin' izay dia azony tazonina amin' ilay haratony izy ireo. Maro tamin' ireo izay nihambo ho niandry ny fiavian' ny Tompo no tsy nandray anjara akory na dia kely aza tamin' ny fitoriana ny hafatra. Ilay voninahitr' Andriamanitra izay hitan' izy ireo maso, ilay fanoloran-tena lalina sy feno fanetren-tenan' ireo sasany tamin' ireo izay niandry ny Tompony, ary ireo porofo lehibe izay nandresy lahatra no nanosika azy ireo hanambara fa nanaiky ny fahamarinana izy ireo. Nefa, raha ny tena marina dia tsy niova fo akory izy ireo. Tsy vonona ho amin' ny fiavian' ny Tompo izy ireo.

Hatraiza hatraiza , dia ny fanaraha-dalàna masina sy vavaka mafana no tsapan' ireo olo-masina. Nitoetra tamin' izy ireo ny fankatoavana masina. Nijery tamim-pitiavana lalina indrindra ny vokany ireo anjely ary nampiakatra ireo izay nandray ilay hafatry ny lanitra , sy nitarika azy ireo mba hiala amin' ireo zavatra ny tany mba handraisan' izy ireo fahasohavana lehibe avy amin' ilay loharanom-pamonjena. Nanaiky ny hiaraka Aminy ireo vahoakan' Andriamanitra ka dia , nijery azy ireo tamim-pifaliana Andriamanitra. Ary finaritra Jesosy nahita ny endriny hita taratra teo amin' izy ireo. Nanao sorona feno, sy fanokanan-tena tanteraka izy ireo ary niandry ny fanafiana azy ireo ny tsi-fahafatesana. Kanefa dia mbola voatarika ho diso fanantenana tamin' alahelo indray izy ireo. Lasa ilay fotoana izay niandrasan' izy ireo androm-panafahana, ary dia mbola teto amboniny tany ihany izy ireo, ary dia tsy mbola niharihary lehibe noho izao ny vokatr' ireo ozona. Nametraka

ny fitiavany tamin' ny zavatra ny lanitra izy ireo ary tamin'ny fanaovana alohan'ny fotoana mamy no nanandraman'izy ireo ilay fanafahana tsy mety maty ; nefa tsy tanteraka ny fanantenan' ireo.

Tsy voafafa tao anatin' ny indray andro ilay tahotra izay nipetraka tao amin'ireo vahoaka maro ireo. Tsy afaka naneho fifaliana fatratra niaraka tamin' izay ireo noho ny fahitany an' ireo kristianina diso fanantenana. Ary satria nahatsapa izy ireo fa tsy nisy ny famantarana an' ilay fahatezeran'Andriamanitra hita maso, dia niverina nanala ny tahotra izay tsapany izy ireo ka nanomboka ny fanadalany, ny fanarabiany sy fihomelezany an' ireo zanak' Andriamanitra. Notsapaina sy nosedraina indray ireo vahoakan'Andriamanitra. Nihomehy sy nanaratsy ary nanakiana azy ireo izao tontolo izao; ary ireo izay voataona nino tsy amim-pisalasalana fa iny Jesosy iny dia ho avy ary hanangana ny maty, ary hanova sy hamindra ireo olo-masina velona mba handray ny fanjakana ka handova ny mandrakizay, dia nanao toy ireo nataon'ireo mpianatr'I Kristy fahizay : “Nalain'olona ny Tompoko , ka tsy fantatro izay nametrahany Azy.”

Jereo Matio 24:36 ; 25:6 ; Jaona 20:13 ; Apokalypsy 14:8.

TOKO 25 - VOASEHO AN-TSARY NY FIHETSEHANA ADVANTISTA

Nahita vondron'olona maromaro aho izay toa voafatotra miaraka tamin'ny tady. Maro koa tamin'ireo no tao anatin'ny fahamaizinana tanteraka. Nahitsy teo ambonin'ny tany ny mason'izy ireo ary toa tsy misy fifandraisana mihitsy teo amin'izy ireo sy Jesosy. Nahita olona maromaro niavaka aho izay niparitaka tany anatin' ireo vondron' olona teo nanana endrika feno hazavana , ary nibanjina ny lanitra ny mason'izy ireo. Nisy ireo tara-pahazavana avy amin'I Jesosy, toy ny tara-pahazavan'ny masoandro nomena azy ireo. Nandidy ahy mba hijery amim-pitandremana fatratra ilay anjely iray, ka dia nahita anjely iray hafa aho izay niahy ny tsirairay tamin'ireo izay nanana ilay tara-pahazavana, ary raha mbola nanodidina ireo izay tao anatin'ny haizina ireo anjely ratsy. Nahare feon'anjely niantso aho nanao hoe: “Matahora an'Andriamanitra ka omeo voninahitra Izy fa ho tonga ny andro fitsarany.”

Nitoetra tamin'ireo vondrona ireo ilay hazavana be voninahitra , mba hanazava ireo rehetra izay nandray izany. Nandray ilay hazavana ny sasany tamin'ireo izay nitoetra tao anatin'ny fahamaizinana ka dia mifaly ; Ny sasany kosa tsy nanohitra an' io hazavana avy any an-danitra io, ary nilaza fa famitahana fotsiny io mba hahatonga azy ireo ho very. Niala lavitra azy ireo ilay hazavana ka dia navela tao anatin'ny haizina izy ireo. Ireo izay nandray ilay hazavana avy any an-danitra dia nanombana izany ambony dia ambony ka nankamamy fatratra ilay fitomboan' ilay hazavana sarobidy izay narotsaka tamin'izy ireo. Nazava sy namiratra ny hafaliana ny tarehin'izy ireo, nandritra ny fotoana izay nanatodihany ny masonry tamin'I Jesosy tamim-pahalianana lehibe, ary heno ho nirindra niaraka tamin'ny feon'ily anjely sy feon'izy ireo : “Matahora an'Andriamanitra; ka omeo voninahitra Izy fa tonga any andro fitsarany”.

Rehefa nampanakoako izany hafatra izany izy ireo, dia hitako ireo izay tao anatin'ny haizina fa nanosika mafy azy ireo tamin'ny tehezany sy tamin'ny sorony. Noho izany, maro tamin'ireo izay nanombana an' ilay hazavana masina no nanapaka ireo tady izay namatotra azy ireo, ary nihataka niala tamin' ireo vondrona ireo. Ary satria maro ireo izay nanapaka ireo tady izay namatotra azy ireo , dia nandalo tamin'izany ireo olona izay mpikambana tao amin'ireo vondrona isan-karazany, izay nohajain'izy ireo tokoa, ny sasany nanao teny nahafinaritra, fa ny sasany kosa mijery azy ireo tamim-pahatezerana ka nanao fihetsika mandrahona: nanamafy ireo tady izay efa nihanalemy, ary nilaza tsy an-kijanona hoe: “Miaraka amintsika Andriamanitra”. Mitoetra ao anaty hazavana isika. Manana ny fahamarinana isika. Nanontany aho hoe: iza moa ireo olona ireo. Dia nolazaina ahy fa ireo dia mpitondra fivavahana sy lohany teo amin' ireo izay nandà ilay hazavana ho an'ny tenany manokana, ka tsy tiany koa ny handraisan'ny hafa izany.

Hitako ireo izay nankamamy ilay hazavana nibanjina tamim-pahalianana sy tamim-pamiranana mafana, izay nanantena an'I Jesosy ho avy ka handray azy ireo ho any Aminy. Tsy tapitapitr'izay dia nisy rahona nandrakotra ireo izay nifaly tamin'ily hazavana, ka dia hita nisoritra teny amin'ny tarehiny ny fahasahiranana-tsaina. Nanontany ny hevitr'ily rahona aho. Naseho ahy fa ny fahadisoam-panantenan'izy ireo izany. Lasa ny fotoana izay niandrasan'izy ireo ny Mpamonjiny nefa tsy tonga I Jesosy. Manoloana an' ireo hahakiviany izay nitoetra tao amin'izy ireo ka ireo olona izay notanisaiako teo aloha kosa, dia ireo mpitondra fivavahana sy mpitarika, nifaly. Fandresena lehibe no azon'ireo izay nandà ilay hazavana, ary tamin'izay dia nihobim-pandresena nanodidina azy ireo koa I Satana sy ny anjely ratsiny.

Rehefa afaka izany, dia nahare feon'anjely hafa iray indray aho nanao hoe: "Rava, Rava, Babylona" Namirapiratra tamin'ireo kivy ireo ny hazavana iray, ary tamim-paniriana fatratra ny fisehoan' i Jesosy, nibanjinan' ny tany ambony ny mason'izy ireo. Indrisy tamin'I Kristy. Taorian'izay dia nahita anjely maromaro aho niresaka tamin'ilay anjely faharoa izay niantsoantso "Rava, Rava! Babylona", dia nikambana tamin' ireo izy ka nampiakatra ny feony niaraka tamin'ilay anjely faharoa ireo anjely, ary niantsoantso hoe: "Indry ny mpampakatra ! mivoaka mba hitsena Azy !" Toa nahenika ny tany rehetra ilay feo miraondraonan'ireo anjely: Namirapirapiratra nanodidina ireo izay nankamamy ny hazavana izay natolotra azy ireo, ny hazavana nanjelanjelatra sy be voninahitra iray. Namirapiratra ny voninahitra lavorary ny tavan'izy ireo, ka dia nikambana tamin'ireo anjely izy ireo tamin'ilay fiantsoana "Indry, ny mpampakatra!. Ary raha nampiakatra ilay antso tamim-pirindrana tamin'ireo vondrona maro isan-karazany izy ireo, dia natosik'ireo izay nandà ilay hazavana ireo kristianina ireo, ary tamin'ny fijery feno fahatezerana no nanaovany tsinotsinona sy namazivaziany azy ireo. Namelatra ny elany anefa ireo anjelin'Andriamanitra mba handrakotra ireo voaenjika, raha nikatsaka ny hanamafy ilay haizina nanodidina azy ireo sy nitondra azy ireo mba handa ilay hazavana avy any an-danitra i Satana sy ireo anjeliny.

Nony afaka izay, dia nahare feo nilaza tamin'ireo izay natositosika sy natao ho fihomehezana aho nanao hoe: "Koa mivoaha eo aminy hianareo, ary aza manendry izay zavatra tsy madio." Mba ho fankatoavana an' izany feo izany, dia maro ireo olona izay nanapaka ireo tady izay namatotra azy ireo, tamin' ireo mpanenjika azy, ary nandao ireo izay tao anaty haizina izy ireo, ka niray tamin'ireo mahatoky izay efa nanapaka ny tady taloha, sy efa nahazo fahafahana ary niray feo tamim-karavoana izy ireo. Ary nahare feombavaka mafana sy feno fitiavana izay nasandratr'ireo olom-bitsy izay nijanona niaraka tamin'ireo vondrona izay nitoetra tao anaty haizina aho. Nandalo nanodidina ireo vondrona isan-karazany ireo mpitondra fivavahana sy ireo mpitarika ny olona ary dia vaomaika nanamafy ny famatoran' ireo tady hatrany izy ireo. Nefa mbola reko hatrany ireo feombavaka mafana ireo. Rehefa afak'izany, dia hitako ireo izay nivavaka nananty ny tanany mba hitady vonjy tamin'ilay vondrona iray afaka, izay nifaly tao amin'Andriamanitra. Satria nijery tamin-kafaliamp-po ny lanitra izy ireo, dia izao no valin-teny avy tany sady nanondro azy ireo ny lanitra: "Mivoaha eo aminy ianareo, ka misaraka aminy". Dia nahita ireo olona samy nitolona mafy tsirairay ho amin'ny fahafahana aho; ka nony farany dia nanapaka ireo tady izay namatotra azy ireo izy ireo, sady nanohitra ireo ezaka rehetra izay natao hanamafisana ny faneren' ireo tady izy ireo ary tsy nihaino ireo filazana izay naverimberina hoe: "Miaraka amintsika Andriamanitra, manana ny fahamarinana isika".

Nanohy ny fialana tamin'ireo vondrona izay tao anatin'ny haizina ireo olona, ka nanatona ireo vondrona afaka izay toa nipetraka tao amin'ilay toerana malalaka nasandratra ambonin'ny tany. Nibanjina ny lanitra ny fijeriny ary nitoetra tao aminy ny voninahitr'Andriamanitra, ka dia nihira fiderana an'Andriamanitra izy ireo. Niray izy ireo ary toa voarakotry ny hazavan'ny lanitra. Nanodidina ity vondrona ity dia nisy ireo izay tonga nohon'ny fisarihan'ilay hazavana fotsiny ihany kanefa tsy miray tanteraka tamin'ilay vondrona. Nibanjina ny lanitra tamim-pahalianana fatratra ireo rehetra izay nankamamy ilay hazavana nanazava an'izy ireo. Nijery azy ireo tamim-pankasitrahana mamy I Jesosy. Niandry ny fahatongavan'I Jesosy izy ireo, ary naniry fatratra ny fisehoany. Tsy nisy na dia iray tamin'ny fijerin' izy ireo nitaredretra tety ambonin' ny tany. Hitako nanarona an'ireo izay niandry ireo indray ny rahona. Ary hitako izy ireo, nampitodika ireo masonry valaka ho eo amin'ny tany. Nanontany ny anton'izao fiovana izao aho. Dia hoy ilay anjely namako, diso fanantenana indray izy ireo teo amin'ny fiandrasany. Mbola tsy afaka ny ho avy ety ambonin'ny tany I Jesosy. Mbola tsy maintsy hiaritra noho ny amin'I Jesosy sy hiaritra fisedrana lehibe kokoa izy ireo. Tsy maintsy miala amin'ireo fahadisoana sy lova-tsofina noraisina avy tamin'ny olombelona izy ireo, ary hitodika tanteraka amin'Andriamanitra sy ny Teniny. Tsy maintsy ho diovina sy hofotsiana ary hosedraina izy ireo. "Ireo izay mandresy amin' io fizahan-toetra mangidy io no hahazo ny fandresena mandrakizay".

Tsy tonga teto an-tany araka izay nandraisan'ireo vondron'olona faly azy, izay niandry an'I Jesosy, mba hanadio ny Fitoerana Masina amin'ny alalan'ny fanadiovana ny tany amin'ny afo. Hitako fa marina ny fikajian'izy ireo vanim-potoana ara-paminaniana. Nifarana tamin'ny 1844 ilay fotoana ara-paminaniana. Ny fahadisoan'izy ireo dia ny tsy fahalalana ny atao hoe Fitoerana Masina, sy ny fomba fanadiovana azy. Niditra tao amin'ny Fitoerana Masina indrindra tokoa I Jesosy mba hanadio ny Fitoerana Masina amin'ny andro farany. Nojereko indray ilay vondrona mpiandry diso fanantenana, nanjombona ny fijery azy ireo. Nandinika tamim-pitandremana ireo porofon'ny finoany izy ireo, ary nanaraka an-tsipiriany ireo kajy mikasika ireo vanim-potoana ara-paminaniana nefa tsy nahitany fahadisoana izany. Tapitra ny fotoana, nefa aiza ary ilay Mpamonjin'izy ireo?. Very ny Mpamonjiny.

Naseho ahy ny fahadisoam-panantenan'ny mpianatra raha tonga tao am-pasana izy ireo kanefa tsy nahita ny fatin'I Jesosy. Hoy I Maria : "Nalain'olona ny Tompoko, ka tsy fantatro izay nametrahany Azy". Nilaza tamin'ireo mpianatra sahiran-tsaina ny anjely fa efa nitsangana ny Tompony ary nandeha nialoha azy ireo any Galilia.

Hitako fa mitovy amin' izany koa raha nijery an'ireo diso fanantenana tamim-pangoraham-po lalina I Jesosy, dia naniraka ny anjeliny hitarika ny sainy mba hahitan'izy ireo Azy ka hanarahany Azy na taiza na taiza nisy Azy. Nasehony azy ireo mba hahalalany fa tsy Fitoerana Masina ny tany; saingy tsy maintsy niditra tao amin'ilay Fitoerana Masina indrindra any an-danitra Izy mba hanadiovany izany; sy hanaovany ny asampanavotana manokana ho an'olony sy mba handraisany ny fanjakan'ny Rainy, dia hiverina eto an-tany indray Izy ka haka azy ireo hitoetra miaraka Aminy mandrakizay. Maneho tsara ny fahadisoam-panantenan'ireo izay niandry ny Tompony tamin'ny 1844 ny fahadisoam-panantenan'ny mpianatra.

Nentina niverina tamin'ny fotoana izay nitaingenan' an'I Jesosy boriky tamim-pandresena niditra an'ny Jerosalema aho. Ireo mpianatra ireo, tao anatin' ny haravoam-pony dia nino fa efa haka ny fanjakana Izy ary hanjaka toy ny mpanjaka amin'izao fiainana izao. Nanaraka ny mpanjakany izy ireo niaraka tamin'izany fanantenana ambony izany. Notapahin'izy ireo ny sampam-kazon'ny rofia tsara tarehy, ary nanaisotra ny lambany, ary tamin-jotom-po mahafinaritra no namelarany an' ireo rehetra ireo teny an-dalany. Ary ny sasany nialoha, azy ireo hafa koa nanaraka dia miantso hoe: "Hosana ho an'ny Zanak'I Davida!. Isaorana anie Izay avy amin'ny anaran'I Jehovah!, Hosana any amin'ny avo indrindra!". Nahasosotra an' ireo Fariseo izany fihetsiketsehana izany, ka niriny ny handraran'I Jesosy ny mpianany mba hangina. Nefa hoy Izy taminy: "Raha mangina ireo dia ny vato no hiantsoantso." Tsy maintsy tanteraka ilay faminanian'i Zakaria 9: 9, kanefa hitako ireo mpianatra voatendry ho amin'ilay fahadisoam-panantenana mangidy. Andro vitsivitsy taorian'izay anefa, dia nanaraka an'I Jesosy ho an'ny Kalvary izy ireo, ary nahita Azy naratra, sy nofantsihana teo ambony hazo fijaliana mahatsiravina. Nanatri-maso ny fiadian' ny ainy sy nitondra Azy tao am-pasana izy ireo. Nanjomboon'alahelo ny fony. Tsy tanteraka araka ny nieritreretan'izy ireo ny fanantenany. Maty niaraka tamin'I Jesosy ny fanantenan'izy ireo. Nefa rehefa nitsangana tamin'ny maty Izy, dia niseho tamin'ireo mpianany nalahelo, dia velona indray ny fanantenan'izy ireo. Very ny Mpamonjiny; nefa hitan'izy ireo indray.

Hitako fa ny fahadisoam-panantenan'ireo izay nino ny fiavian'ny Tompo tamin'ny 1844 dia tsy nitovy tamin'ilay fahadisoam-panantenan'ireo mpianatra. Tanteraka tamin'ireo hafatry ny anjely voalohany sy faharoa ny faminanianana. Nomena tamin'ny fotoana mety izany ary nanatanteraka ny asa izay nirin'Andriamanitra hataony izy ireo.

Jereo Daniela 8:14; Matio 21:4-16; 25:6 ; Marka 16:6-7 ;Lioka 13:35-40; Jaona 14:1-3; 20:13 ; 2Korotianina6:17; Apokalypsy 10:8-11;

TOKO 26 - FANEHOANA AN-TSARY Hafa

Nasehony ahy ny tombon-tsoa rehetra izay entin' ny lanitra amin' ny asa tanterahiny ety ambonin' ny tany. Naniraka ilay anjely mahery sy matanjaka I Jesosy mba hidina sy hampitandrina ny mponin'ny tany mba hiomana ho amin'ny fiaviany fanindroany. Hitako ilay anjely manan-kery fa nandao ny fanatrehan'I Jesosy tany an-danitra. Ary nandeha nialoha lalana azy ilay hazavana mamirapiratra sy be voninahitra. Dia nolazaina tamiko fa hanazava ny tany amin'ny voninahiny sy hampitandrina ny olona amin'ny fahatezeran' Andriamanitra amin'ny ho avy no asa nanirahana azy. Maro no nandray ilay hazavana. Ny sasany toa maotina be, ary ny hafa kosa faly sy ravo. Narotsaka tamin'ny rehetra ilay hazavana, nefa na dia izany aza ny sasany dia tonga noho ilay fisarihan'ilay hazavana fotsiny ihany fa tsy nandray izany tao am-po. Fa ireo rehetra izay nandray izany dia nampitodika ny tavany hijery ny lanitra, ka hanome voninahitra an'Andriamanitra. Maro koa anefa ireo izay vonton-katezerana be. Nikambatra tamin'ilay ratsy ireo mpitondra fivavahana sy ny vahoaka, ka nanohitra mafy ilay hazavana izay narotsak'ilay anjely mahery. Fa ireo rehetra izay nandray izany kosa, niala tamin'izao tontolo izao, ary nifandray am-po tokoa.

Sahirana tokoa I Satana sy ny anjeliny tamin'ny fitadiavana fomba hitarihana ny sain'ny maro raha azony atao tsy handray ilay hazavana. Tavela tao anatin'ny haizina ireo vondrona tsy nandray izany. Hitako ilay anjely nijery tamim-pahalianana lalina ireo izay nihambo ho vahoakan'Andriamanitra mba handray antoratra ny toetra izay nasehony satria efa naseho azy ireo ilay hafatry ny lanitra. Ary satria maro tamin'ireo izay nihambo ho tia an'I Jesosy no nandà ilay hafatrin'ny lanitra, tamim-panarabiana sy fihomehezana ary fankahalana, dia indro, anjely iray izay nanana boky teo an-tanany nandray an-toratra ireo fihetsika mahamenatra ireo. Rakotry ny hatezerana ny lanitra manontolo raha nahita fa nataon'ireo izay nihambo ho mpanaraka Azy tsinontsinona I Jesosy.

Hitako ny fahadisoam-panantenana nandraman' ireo izay, feno fahatokiana, niandry ny Tompony kanjo tsy nahita Azy. Fikasan' Andriamanitra ny manafina ny ho avy sy nitondra ny vahoakany ho amin'ny fanapahan-kevitra. Raha tsy teo ilay fanondroana daty voafetra ny amin' ny fiavian' i Kristy dia tsy tanteraka ilay asa izay nokasain' Andriamanitra. Nampino ny olona rehetra i Satana fa tsy maintsy mijery ny ho avy lavitra any izy mba hahitany ireo zava-dehibe hiseho mikasika ny fitsarana ary ny fiafaran' ny andropahasoavana. Tena ilaina izany ny mitondra ny olona hiomana faingana ho amin' io fiavian' i Kristy io.

Dila ilay fotoana, dia indro fa niray tamin' ireo izay nanamavo ilay hafatra avy any an-danitra ireo izay tsy nandray tamin'ny fahafenoany ny hazavan' ilay anjely, ka nanao fihomehezana ireo diso fanantenana. Hitako nivory niaraka tamin' I Jesosy ireo anjely tany an-danitra. Voatsikaritr' izy ireo fipetrak' ireo izay mihambo ho mpanara-dia an' I Kristy. Ny fandalovan' ilay fotoana voatondro no nisedrana sy naneho ny tena toetrany; maro tamin' ireo izay nolanjaina tamin'ny mizana, no hita fa indro latsa-danja. Nanambara tamin'ny feo avo izy rehetra fa Kristianina, nefa tsy nanaraka an' I Jesosy ny ankamaroan' izy ireo. Nihobim-pandresena I Satana mahita ny toetr' ireo nihambo ho mpanara-dia an' I Kristy. Nanao izay nahalatsaka azy ireo tao anaty haratony izy; ary nitarika ny ankamaroan' ireo niala tamin' ny lala-mahitsy, ary dia nanandrana hiakatra ho any an-danitra tamin' ny lalan-kafa. Hitan' ireo anjely, ireo madio sy masina nikambana daholo tamin' ireo mpanota tao Ziona sy ireo mpihatsaravelatsihy tia an' izao tontolo izao. Niahny nanokana ireo tia marina an' I Jesosy izy ireo, kinanjo, ireo voangoly ireo namindra tamin' ireo masina.

Ireo izay nanana fo nirehity ny faniriana lalina mba hijery an' I Jesosy dia nosakanan' ireo nihambo ho rahalahiny tsy hiresakany Aminy sy ny fiaviany. Hitan' ireo anjely avokoa ireo toe-javatra-niseho rehetra, ka dia onena tamin' ilay sisa izay nitia ny fisehoan' I Jesosy izy ireo.

Nirahina mba hidina teto an-tany indray ilay anjely mahery hafa. Nametraka soratra teo an-tanany I Jesosy, ary nony tonga teto an-tany izy dia niantso hoe: "Rava! Rava! Babylona!". Rehefa afaka izany dia hitako ireo diso fanantenana nijery tamim-pifaliana indray ary nanandratra ny masonry tany an-danitra, mba hitady tamimpinoana sy fanantenana ny fisehoan'ny Tompony. Nefa maro no toa hita nijanona tamin'ny toetra adala tahaka azy ireo rehefa natory; tamin' izay fotoana izay dia nahita ny soritr' ireo alahelo lalina teo amin'ny endrik' izy ireo aho. Ireo diso fanantenana dia nahita tao anaty Baiboly fa tao anatin' ilay fe-potoam-pahatarana izy ireo, ary tsy maintsy miandry amim-paharetana ny fahatanterahan' ilay faminiana. Porofon' mitovy amin' izany no nitarika azy ireo hiandry ny Tompony tamin'ny 1843, sady nitondra azy ireo ankehitriny ho amin' ny fiandrasana Azy tamin'ny taona 1844. Ary tamin' izany fotoana izany dia hitako fa ny ankabetsahan' ireo dia tsy nanana intsony ilay hery izay nanamarika ny finoany tamin' ny taona 1843. Nampihena ny finoany ny fahadisoam-panantenana izay nahazo azy ireo.

Ary satria niray tamin' ilay antson' ilay anjely faharoa ireo diso fanantenana dia nijery tamim-pahalianana lalina indrindra azy ireo, ny mponin'ny lanitra ary nanamarika ny vokatr' ilay hafatra. Hitan' ireo anjely ireo izay nitondra ny anarana hoe Kristianina nivadika nanaraby sy nihomehy ireo diso fanantenana : Mbola tsy nandeha niakatra foana ve ianareo?, izany no teny nivoaka avy tao imolotr' ireo mpamazivazy! Ary dia nosoratan' ny anjely anakiray izany rehetra izany. Nilaza tamiko ilay anjely: "mamazivazy an' Andriamanitra izy ireo." Nampahatsiahiviny ahy ny fotoana izay namindrana an' I Elia tany an-danitra. Nilatsaka teo an-tsorok' i Elisa ny kapaotiny (an' I Elia). ary tamin' izay ireo zatovo ratsy fanahy izay nianatra avy tamin' ireo ray aman-dreniny ny mamazivazy an' ilay lehilahin' Andriamanitra, dia nanaraka an' I Elisa ary naneso azy nanao hoe: "Miakara ry ilay sola; miakara ry ilay sola!." Namazivazy an' Andriamanitra izy ireo, ka dia nomelohina ho vokatry ny nataony izy ireo. Ary noho izany dia ireo rehetra izay nanaratsy sy nanao vazivazy ilay fiakaran' ireo olo-masina dia hovangian' ireo lozan' Andriamanitra ary hahatsapa fa tsy zavatra madinika ny famezivezena an' Anandriamanitra.

Nirahin' Andriamanitra ireo anjely hanidina haingana mba hamelona sy hanamafy indray ny finoan' ireo vahoakany izay efa nihozongozona; ary hanomana azy ireo hahafantatra ilay hafatry ny anjely faharoa sy ilay fiovana nanan-danja izay hatao any an-danitra tsy ho ela. Hitako ireo anjely nandray hery lehibe sy hazavana avy amin' i Jesosy, ary nanidina faingana tety an-tany mba hanatanteraka ilay iraka nampanaovina azy ireo dia ny hanampy ilay anjely faharoa tamin'ny asany. Namirapiratra teo amin' ireo vahoakan' Andriamanitra ilay hazavana lehibe rehefa niantsoantso hoe ireo anjely "Indry, ny mpampakatra, mivoaha mba hitsena azy!" Nony afaka izany dia nahita ireo diso fanantenana nitsangana aho, ary niaraka tamim-pirindrana tamin' ilay anjely, nanambara hoe: "Indry, ny mpampakatra, mivoaha mba hitsena Azy!" Ary ny hazavan' ilay anjely nampisava ny haizina hatraiza hatraiza. Nikely aina hisakana an' io fahazavana io tsy hiparitaka ary koa mba tsy hahatanteraka ireo vokatra andrandraina i Satana sy ireo anjeliny. Nifanditra tamin' ireo anjelin' Andriamanitra izy ireo ary nilaza taminy fa nofitahin' Andriamanitra ny vahoaka, ary noho izany ireo hazavana sy ny herin' izy ireo, dia tsy hahatonga velively ny olona hino fa hiverina indray I Jesosy. Nefa na dia eo aza ireo ezaka ataon' i Satana mba hampiviliana ny fanahy tsy ho amin' ny fahazavana, dia nanohy ny asany hatrany ireo anjelin' Andriamanitra. Ireo izay nandray ny fahazavana dia hita ho toa sambatra. Nanohy nijery ny lanitra izy ireo, ary niandry ilay fisehoan' I Jesosy. Ny sasany kosa dia tao anatin'ny

fanahiana lehibe; nitomany izy ireo ary nivavaka. Toa nampifantoka ny masonry tamin'ny tenany manokana izy ireo ka tsy sahy niandrindra.

Namakivaky ilay haizina hialoha amin'izy ireo ilay hazavana sarobidy avy any an-danitra, ary ireo masonry, izay nifantoka tamim-pamoizam-po tamin'ny tenany manokana, dia nanjary nibanjina ny lanitra, nandritra izay dia fankasitrahana sy fifaliana masina no niseho teo amin'ny tarehin'ny tsirairay. Nijery tamim-pankasitrahana ireo olo-nahatoky niandry Azy I Jesosy sy ireo antokon'ny miaramilan'anjely.

Ireo izay nandà sy nanohitra ilay hazavan'ilay hafatry ny anjely voalohany, dia tsy nahazo ilay hazavan'ilay faharoa, sady tsy afa-nanararaotra ilay hery sy voninahitra izay nanaraka ilay hafatra: "Indry tamy ny mpampakatra, mivoaha mba hitsena Azy." Niodina tamin'izy ireo tamin-katezerana I Jesosy satria nanao tsinontsinona sy nandà Azy izy ireo. Ireo izay nandray ny hafatra dia nohodidina tamin'ny rahon'ny voninahitra. Niandry niari-tory sy nivavaka izy ireo mba hahafafantatra ny sitrapon'Andriamanitra. Natahotra tokoa ny hampalahelo an'Andriamanitra izy ireo. Nahita an'I Satana sy ny anjeliny aho, nitady izay hanafenany an'ity hazavan'Andriamanitra ity hiala ny vahaokan'Andriamanitra izy ireo; nefa arakaraka ny fahelan'ireo niandry Azy no nankamamy izany an'ilay hazavana, sy ny nampifantohany ny masonry niala tamin'ny tany ho amin'I Jesosy, dia tsy nanana fahefana ny hanaisotra ilay fahazavana sarobidy taminy intsony I Satana. Naharomotra an'I Satana sy ny anjeliny ilay hafatra nomena avy any an-danitra, ary nitondra an'ireo izay nihambo ho tia an'I Jesosy kanefa nanao tsinontsinona ny fiaviany, ary maneso ireo zanak'Andriamanitra mahatoky. Noraisin'ilay anjely an-tsoratra anefa ireo fitenenan-dratsy rehetra, ireo fanaovana tsinontsinona rehetra, ireo fanararaotana rehetra izay azony avy tamin'ireo nihambo ho rahalahiny ireo.

Maro be tokoa ireo nanandratra ny feony hiantso hoe: "Indry tamy ny mpampakatra, mivoaha mba hitsena Azy" ka mamelà ireo rahalahiny izay tsy tia ny fisehoan'i Jesosy, ary tsy namela azy ireo haharitra amin'ilay fanindroany faharoa. Nahita an'I Jesosy nampitodika ny tavany tamin'ireo izay nandà sy nanao tsinontsinona ny fiaviany aho, ary rehefa avy teo dia, nandidy ny anjeliny Izy mba hitondra ireo vahoakany hivoaka hiala amin'ireo tsy madio, raha tsy izany dia ho voaloto izy ireo. Afaka sy niray ireo rehetra izay nankato ireo hafatra. Namirapiratra tamin'izy ireo ilay hazavana masina sy mahafinaritra. Namoy izao tontolo izao ireo, nandrovitra ny fitiavany hiala amin'izay zavatra ety ambany, ary nanao sorona ireo zava-tsoany teto an-tany. Nandao ny haren'ny taniny izy ireo ary nampifantoka ireo fijeriny feno tebiteby tamin'ny lanitra, niandry sy nahita Ilay Mpanafaka malalany. Nanjelajelatra tamin'ny endrik'izy ireo ilay hazavana masina izay nilaza ny hafaliana sy fiadanana nanjaka tao anatiny. Nandidy ireo anjeliny I Jesosy mba handeha hampahery azy ireo satria efa akaiky ny fotoan'ny fisedrana azy ireo. Hitako fa tsy mbola voasedra araka ny tokony ho izy ireo izay niandry ny Tompony. Mbola tsy afaka tamin'ireo fahadisoana izy ireo. Ary hitako ny famindrampom'Andriamanitra sy ny fahatsarany tamin'ny nandefasany ilay fampitandremana ho an'ny mponin'ny tany ary tamin'ny namerimberenany ireo hafatra mba hitondra azy ireo hatrany amin'ilay fandrosoana andro, mba hitarika azy ireo handinika am-pitandremana ho an'ny tenany ny Tenin'Andriamanitra, mba hahafahany miala samirery amin'ireo fahadisoana izay nentin'ireo jentilisa sy ireo mpomba ny papa. Tamin'ny alalan'ireo hafatra ireo no nitondran'Andriamanitra ireo vahoakany nivoaka amin'izay toerana izay hahafahan'izy ireo miasa ho an'ny tenany amin-kery bebe kokoa sy hahazaoan'izy ireo mitandrana ireo didy rehetra.

Jereo 2 Mpanjaka 2: 11-25; Daniela 8:14; Habakoka 2:1-4; Matio 25:6; Apokalypsy 14:8; 18:1-5.

TOKO 27 - NY FITOERANA MASINA

Naseho ahy, nony afak'izany ilay fahadisoam-panantenana nampalahelo izay nahazo ilay vahoakan'Andriamanitra, raha tsy nahita an'I Jesosy izy ireo tamin'ny fotoana izay niandrasany Azy. Tsy fantany hoe nahoana no tsy tonga ny Tompony, satria tsy nahita porofo mihitsy izy ireo na dia iray aza ny amin'ny antony tsy nahatapitra ilay fotoana ara-paminaniana. Hoy ilay anjely tamiko: Mety diso ve ny Tenin'Andriamanitra? Tsy nahomby tamin'ny fanantanterahana ireo teny fikasany ve Andriamanitra? Tsia! Nanatanteraka ny zavatra rehetra izay efa nampanantenainy Izy. Nitsangana I Jesosy, ary nanidy ny varavaran'ilay Efitra Masina tao amin'ilay Fitoerana Masina tany an-danitra, ary namoha ny varavaran'ilay Efitra Masina Indrindra ary niditra tao Izy mba hanadio ny Fitoerana Masina. Hoy ilay anjely: "Ireo rehetra izay miandry amim-paharetana no hahafantatra ilay zava-miafina. Nanao fahadisoana ny olombelona; fa tsy nisy fahadisoana na dia kely akory aza avy tamin'Andriamanitra. Tanteraka avokoa izay rehetra

nampanantenain' Andriamanitra, fa ny olona no nanao fahadisoana, tamin'ny ninoany fa ny tany no noheveriny ho Fitoerana Masina izay hodiovina amin'ny fiakaran'ireo vanim-potoana ara-paminaniana ireo. Diso tamin'izay zavatra nantenainy ny olona, fa tsy ny fampanantenan' Andriamanitra velively no nisy fahadisoana. Naniraka ireo anjelyny I Jesosy mba handeha ho any amin'ireo diso fanantenana ary hitarika ny sain'izy ireo amin'ilay Efitra Masina indrindra izay nandehanany mba hanadio ny Fitoerana Masina, ary hanao fampiononam-pahatezarana manokana ho an'ireo Israely. Nilaza tamin'ireo anjely I Jesosy fa ireo rehetra nahita Azy dia hahalala ilay asa izay tokony ho tanterahiny. Hitako fa raha tao amin'ilay Efitra Masina indrindra I Jesosy dia efa tokony hampaka-bady an'ny Jerosalema vaovao Izy, aorian'ny asany izay tanterahina ao amin'ilay Masina Indrindra, dia hidina ety an-tany Izy amin'ny fahefan'ny Mpanjaka ka handray ireo olona sarobidy izay niandry tamim-paharetana ny fiverenany.

Rehefa afak'izany dia, naseho ahy ireo zavatra niseho tany an-danitra tamin'ny 1844, izay fifaranan'ny vanim-potoana ara-paminaniana. Hitako fa rehefa vitan'I Jesosy ny asany tao amin'ny Efitra Masina ary nohidiany ny varavarana'ilay Efitra, dia haizina lehibe no nandrakotra ireo izay nandre, nefa nandà ireo hafatra mikasika ny fiavian'I Kristy, ka tsy nahita Azy intsony izy ireo. Nony avy eo, dia niakanjo fitafiana sarobidy I Jesosy. Nanodidina ny morontongotr' akanjony dia nisy lakolosy volamena iray sy voam'pangamben-danitra volamena iray, lakolosy iray sy voam'pangamben-danitra volamena iray. Teo an-tsorony no nihantonan'ny saron-tratra izay asan'olo-mahay. Ary raha vao mihetsika Izy, dia indro fa manjelanjelatra toy ny diamondra izany saron-tratra izany, ary namoaka soratra izay toa anarana voasoratra na voasikotra teo ambonin'ilay fiarovan-tratra. Rehefa voahaingo tanteraka Izy, niaraka tamin'ilay zavatra teo an-dohany izay toa satro-boninahitra dia nanodidina Azy ireo anjely ary namaky ilay Efitra lamba faharoa tamin'ny alalan'ny kalesy afo Izy.

Nony afak'izay, dia nasaina aho mba hanao fanamarihana ny amin'ireo Efitra roa izay teo amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra ireo. Nisokatra ilay lamba na ilay varavarana ary navela mba hiditra tao aho. Tao anatin'ilay efitra voalohany, dia hitako ny fanaovan-jiro volamena fito rantsana, izay toa hita ho manan-karena sy be voninahitra ary koa, ny latabatra izay nisy mofa aseho teo amboniny, ary ny alitara fandroana ditin-kazo manitra sy ilay lovia fandroana ditin-kazo manitra. Tahaka ny volamena voadio ny fijery an'ireo fanaka rehetra tao anatin'ity Efitra ity, ary mitaratra Ilay hiditra tamin'izany toerana izany. Ilay fefy lamba izay nampisaraka ireo Efitra roa ireo dia toa be voninahitra ny fahitana azy. Natao tamin'ireo loko isan-karazany sy akora maro izany ary ny sisiny dia mahafinaritra sady nisy sary vita tamin'ny volamena teo amboniny, izay naneho ireo anjely. Nakarina ilay fefy lamba, ka dia nizaha izay tao amin'ilay efitra faharoa aho. Dia nahita fiara iray tao aho, izay nanana endri-bolamena izay farany tsara indrindra. Manodidina ilay tampon'ny fiara dia nisy sisiny nahafinaritra izay tsara tefy indrindra izay naneho ny satro-boninahitra. Vita tamin'ny volamena farany tsara indrindra izany. Tao anatin'ilay fiara no nisy ireo vato fisaka izay nisokirana ny didy folo.

Teo aloha sy teo aorian'ilay fiara dia nisy Kerobima maha te ho tia tsirairay avy ary ny elany nandrakotra izany. Nivelariny tambonin'ny elatr'izy ireo, ary nifampikasoka teo ambonin'ny lohan'I Jesosy raha nitsangana teo anilan'ilay rakotra fanaovam-panavotana Izy. Nifanatri-tava izy ireo ary ny fijeriny dia nanandrify ny teo ambonin'ny fiara, izay naneho fa ny anjeliln'ny lanitra rehetra dia mijery am-pahalianana ny lalan'Andriamanitra. Nisy lovia fandroana ditin-kazo manitra volamena teo anelanelan'ireo Kerobima; Ary amin'izany dia tonga tany an-danitra teo amin'I Jesosy ny vavak'ireo olo-masina izao nataony tamim-pinoana, dia natolony ho an'ny Rainy izany, ary fofomanitra no nivoaka avy teo amin'ilay ditin-kazo manitra; toy ny setroka izay farany tsara loko indrindra izany. Ambonin'ilay toerana nitsanganan'I Jesosy teo anoloan'ny fiara, dia nahita voninahitra nahajambena mampirapiratra izay tsy azoko nojerena aho. Toa hita ho nitovy tamin'ilay seza fiandrianana izay nitoeran'Andriamanitra izany. Rehefa niakatra tamin'ny Ray ny fofon'ilay ditim-kazo manitra, dia voninahitra lehibe no nivoaka avy teo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra ho any amin'I Jesosy, ary avy amin'I Jesosy dia narotsaka teo amin'ireo izay nampiakatra vavaka ho toy ny hanitra manimpofona izany. Nirotsaka betsaka teo amin'I Jesosy tamin-karen'ny fahafenoana ny hazavana sy ny voninahitra, ka nandrakotra an'ilay rakotra fanaovam-panavotana ary ny ebaneban'ny voninahitra nahafeno ny tempoly. Tsy afa-nijery ilay voninahitra tsy nisy tahaka azy io ela aho. Tsy misy fiteny n'aiza n'aiza eran'izao tontolo izao afaka amariparitana izany. Toy ny torovana aho ary dia nitodika niala ny sehatry ny fampisehoana ny fiandrianana sy ny voninahitra.

Naseho ahy koa ny fitoerana masina tety an-tany izay nisy efitra roa. Nifanahaka tamin'ilay iray hitako any an-danitra izany. Nolazaina ahy fa ny Fitoerana Masina tety an-tany dia sarin'ilay any an-danitra fotsiny ihany. Ireo fanaka tao amin'ilay efitra voalohan'ilay Fitoerana Masina tety an-tany dia nitovy amin'ilay tao anatin'ilay efitra voalohany any an-danitra. Nampiakarina ilay fefy lamba ka, nijery izay tao anatin'ny Efitra Masina Indrindra aho, ka nahita fa ny fanaka rehetra dia nitovy tamin'ilay Efitra Masina Indrindran'ilay Fitoerana Masina any an-danitra. Nanao ny raharahany tao anatin'ireo efitra roa ireo ny mpisoronabe tety antany. Isan'andro isan'andro, ao anatin'ny taona dia nanao ny raharahany ao anatin'ilay Efitra voalohany ny

mpisorona, fa indray isan-taona fotsiny ihany no idirany ao amin'ny Efitra Masina Indrindra mba hanadio izany hiala amin'ny fahotana izay nentina tao.

Hitako fa nanao ny raharahany ihany koa tao amin'ireo efitra roa any an-danitra ireo I Jesosy. Teto an-tany ireo mpisorona dia niditra matetika tao amin'ny fitoerana masina mba hanatitra ran'ny biby noho ny ota. Niditra tao amin'ilay Fitoerana Masina any an-danitra Izy tamin'ny alalan'ny fanomezany ny ran'ny tenany manokana. Ireo mpisoronabe teto an-tany dia nindaosin'ny fahafatesana, noho izany dia nifarana niaraka taminy ny asany; nefa hitako fa I Jesosy dia mpisoronabe mandrakizay. Tamin'ny alalan'ireo fanatitra sy ireo sorona nentina tao amin'ny Fitoerana Masina teto an-tany dia tsy maintsy nihazona ny fahamendrehana'Ilay Mpamonjy mbola ho avy ireo zanak'Israely. Ary koa, tamin'ny fahendren'Andriamanitra, no nanomezany ho antsika ny antspirian'izany asa izany mba hahazoantsika mijery azy ireo indray, ka hahafantatra ny asa izay ataon'I Jesosy ary amin'ilay Fitoerana Masina any an-danitra.

Teo amin'ny hazo fijaliana, tamin'ny fotoana izay hahafatesan'I Jesosy teo Kalvary, dia niantso Izy hoe: "Vita!" ary indro ny efitra lamba tao amin'ny tempoly nitriatra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany. Izany no natao mba hanehoana fa vita, tapitra ho mandrakizay ireo fanompoam-pivavahana fanao tao amin'ny Fitoerana Masina teto an-tany, ary koa, Andriamanitra tsy hihaona amin'izy ireo intsony ao amin'ilay tempoliny teto an-tany mba hanaiky ireo fanatitra izay atolotr'ireo mpisorona. Efa nalatsaka ny ran'I Jesosy ary Izy tenany no hanatitra izany ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra.

Dia tahak'izany, niditra ny Fitoerana Masina Indrindra indray mandeha isan-taona ny mpisoronabe mba hanadio ny Fitoerana Masina, teto an-tany. Jesosy koa dia niditra tao amin'ny Fitoerana Masina Indrindra any an-danitra, tamin'ny fiafaran'ny 2300 andron'ny Daniela 8 tamin'ny 1844, mba hanao ilay fanavotana farany ho an'ireo izay mahay manararaotra ny fanelanelanany, ary hanadio koa ny Fitoerana Masina.

Jereo Eksodossy toko 25-28; Levitikossy toko 16; 2 Mpanjaka 2:11; Daniela 8:14; Matio 27:50-51; Hebreo toko 9; Apokalypsy toko 21.

TOKO 28 - ILAY HAFATRY NY ANJELY FAHATELO

Satria efa vita ny asa izay nataon'I Jesosy tao amin'ny Efitra Masina, dia nifindra tao amin'ilay Masina Indrindra Izy, ka nitsangana teo anoloan'ilay fiara izay nisy ny lalan'Andriamanitra Izy, ary naniraka anjely mahery iray ho ety an-tany mba hanambara an'amin'ilay hafatra fahatelo. Nametraka horonam-boky teo amin'ny tanan'ilay anjely Izy, izay nidina tety ambonin'ny tany tamim-boninahitra sy tamin-kery, dia nanambara fampitandremana nampatahotra iray, fandrahonana mahatahotra indrindra izay mbola tsy natao tamin'olombelona hatramin'izay.

Ny tanjony tamin'ilay hafatra dia ny mba hiambenan'ireo zanak'Andriamanitra, sy hahavonona azy ireo amin'ny andro fizahan-toetra sy ny tebiteby miandry azy ireo. Hoy ilay anjely tamiko: hanana ady sarotra izay hataony amin'ilay bibidia sy ny sariny izy ireo. Ny hany fanantenana mba hahazoany ny fiainana mandrakizay dia ny fijoroana ho mahatoky, eny fa na dia hotandindomin-doza aza ny ain'izy ireo dia tsy maintsy nihazona sy mifamatotra mafy amin'ny fahamarinana izy ireo. Nofaranan'ilay anjely tamin'izao teny izao ny hafany: "Indro ny faharetan'ny olo-masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'I Jesosy". Teo am-pamerimberenana ireo teny ireo, no nanondroany ny Fitoerana Masina any an-danitra.

Ny sain'ireo rehetra izay nandray ilay hafatra dia nitodika tany amin'ilay Fitoerana Masina Indrindra izay itsanganan'I Jesosy manoloana ilay fiara, mba hanao ny asa fanelanelanana farany, ho an'ireo rehetra izay mbola itoeran'ny fahasoavana, sy ho an'ireo izay mandika tsy nahy ny lalan'Andriamanitra. Izany fifonana izany dia natao ho an'ireo marina efa maty, ary koa ho an'ireo marina mbola velona. Manao fifonana ihany koa, ho an'ireo izay maty tamin'ny fiankinana tamin'i Kristy, nefa tsy nahalala ny fahamarinana momba ny Didin'Andriamanitra, ka nanota noho ny tsy fahalalany tamin'ny alalan'ny fandikana ireo fitsipiny.

Taorian'ny nanokafan'I Jesosy ny varavaran'ny toerana Masina Indrindra no nahitana sy nahafantarana ny fahamarinana mikasika ny Sabata, ary tsy maintsy hozahan-toetra sy hotsapaina ny amin'izany ny vahoakan'Andriamanitra, tahaka ny nisedran'Andriamanitra ny zanak'Israely fahizay, mba hahitana na mahatoky amin'ny Didin'Andriamanitra izy ireo na tsia. Hitako ilay anjely fahatelo nanondro tany ambony, nampiseho tamin'ireo izay diso fanantenana ny lalana mankany amin'ny Masina Indrindra tao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra. Raha tamin-pinoana no nidiran'ireo ao anatin'ny efitra Masina indrindra, dia nahita an'i Jesosy ao izy ireo, ka niboiboika tamin'izy ireo indray ny hafaliana sy ny fanantenana. Hitako izy ireo nanao jery todika nijery ny lasa, nanomboka tamin'ilay fanambarana ny fiavian'I

Jesosy fanindroany, hatramin'ireo fanandramana nataon izy ireo dia ny amin'ilay fatahoram-potoana tamin'ny 1844. Hitan'izy ireo ankehitriny ny fanazavana ilay fahadisoam-panantenana ka hafaliana sy toky no namelombelona azy ireo indray. Nampahazava ny lasa, ny ankehitriny ary ny ho avy ilay anjely fahatelo, ary fantatr'izy ireo izao fa nitarika azy ireo tokoa Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fitondrany mahagaga.

Naseho ahy koa fa nahoana ireo "sisa" ireo no nanaraka an'I Jesosy tany amin'ny Fitoerana Masina Indrindra, ary nahoana no nandinika ny fiara, sy ny rakotra fanaovam-panavotana izy ireo, dia babon'ny voninahiny. Nesorin'I Jesosy ny saron'ny fiara, ka indro! Vato fisaka roa, izay nisy ny didin'Andriamanitra voasoratra ny teo amboniny. Namakivaky haingana ireo Didy masina izy ireo kanefa nihemotra tamin-kovitra izy ireo raha nahita ilay didy fahefatra nitoetra teo anivony niaraka tamin'ireo lalàna masina, ary hazavana izay manjelanjelatra kokoa noho ny teo amin'ireo sivy hafa nanodidina azy, ary voahodidina fahazavana toy ny avan'ny voninahitra. Tsy nahita na inona na inona teo ry zareo, izay manambara taminy fa efa nofoanana na novana ho amin'ny andro voalohany amin'ny herinandro ny Sabata. Fa ny lalàna dia voavaky amin'izay nanononan'Andriamanitra azy tamim-boninahitra ary fahalehibeazana mahatahotra teo afovoan'ireo tselatra sy kotrokorana be sy varatra tao an-tendrombohitra Siny, rehefa nosoratan'Andriamanitra tamin'ny ratsantanany manokana teo amin'ireo vato fisaka izany: "Henemana no hiasano sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. Fa Sabatan'I Jehovah Andriamanitra ny andro fahafito."Variana izy ireo raha nandinika ny fikarakarana izay natao tamin'ireo didy folo. Hitan'izy ireo fa napetraka teo anilan'Jehovah izany, voarakotra sy voaaron'ny fahasianany. Hitan'izy ireo fa nanosihosy tamin'ny tongony ilay didy fahefetry ny didy folo, sy nitandrina andro izay nampitain'ireo jentilisa, sy ireo mpomba ny papa izy ireo, ho solon'ilay andro izay nohamasinin'Andriamanitra. Nanetri-tena teo anoloan'Andriamanitra izy ireo, ka nitaraina noho ireo fandikan-dalàna nataony teo aloha.

Hitako ilay emboka tao anatin'ny lovia volamena fandroana ditin-kazo manitra nanetroka raha nanolotra ny fifonany sy ny fivavany teo amin'ny Rainy I Jesosy. Koa raha niakatra izany, dia indro hazavana mamirapiratra no nipetraka teo amin'I Jesosy, sy teo amin'ilay rakotra fanaovam-panavotana; ary ireo zanak'Andriamanitra izay nivavaka tamin'kafanam-po, izay sahiran-tsaina tokoa satria nahita ny tenany ho mpandika ny lalan'Andriamanitra izy ireo, dia voatahy, ary nohazavain'ny fanantenana sy hafaliana ny endrik'izy ireo. Nandray anjara tamin'ny asan'ny anjely fahatelo izy ireo, ary nanandratra ny feony sy nanambara ilay fampitandremana lehibe. Kinanjo, vitsy no nandray ny hafatra tamin'ny voalohany, kanefa dia mbola nanohy nanambara ilay fampitandremana hatrany izy ireo nahatoky. Rehefa afak'izany dia hitako fa maro ireo nandray ilay hafatry ny anjely fahatelo no voalohany nampiray ny feony tamin'ireo nanambara Azy tamin'ny alalan'ny fampitandremana an'ilay Andro fitsaharana izay nohamasininy.

Maro tamin'ireo nandray ny hafatry ny anjely fahatelo no tsy nanao fanandramana tamin'ireo hafatra roa teo aloha. Fatantr'i Satana tsara izany, ka ny maso ratsiny dia tsy niala teo amin'izy ireo mba hanapotehany azy ireo, fa ilay anjely fahatelo kosa anefa nitarika ny fijerin'ireo ho amin'ny Fitoerana Masina Indrindra any andanitra, ary ireo izay nanao fanandramana tamin'ireo hafatra roa taloha koa dia nanoro azy ireo hoe ahoana no hahatongavana amin'ilay Fitoerana Masina any andanitra. Maro no nahita ny fitohizana ara-dalànan'ny fahamarinana tao amin'ireo hafatr'ireo anjely telo, ka nandray izany tamim-pifaliana. Noraisiny tamin'ny filaharany avy izany, ary nanaraka an'I Jesosy tamim-pinoana tany amin'ny Fitoerana Masina tany andanitra izy ireo. Naseho amiko hoy toy ny vatofantsika ho an'ny zanak'Andriamanitra hihazonana ny tena ireo hafatra ireo. Koa raha nandray sy nahazo izany ireo olona maro dia ho voaaro amin'ireo famitahana maro ataon'I Satana.

Taorian'ilay fahadisoam-panatenana lehibe tamin'ny 1844, dia sahirana mafy mihitsy I Satana sy ny anjeliny amin'ny fikarakarana ny famelarana ireo fandrika maro ho an'ireo mpino mba hanozongozonana ny finoan'ny olona. Miasa ao anatin'ny sain'ireo izay manana fanandraman'ny tenany manokana tamin'ireo zavatra ireo izy. Nanana endrika feno fanetren-tena izy ireo. Ny sasatsasany mitady hanaporofa fa ny fahatanterahan'ny voalohany sy ny faharoan'ny hafatra dia mbola ho amin'ny ho avy, tamin'izay koa ny sasany nino fa efa tanteraka tamin'ny lasa efa ela izany. Nisarika ny sain'ireo izay tsy manana fanandramana, ireo olona ireo mba hanozongozonana ny finoany. Ny sasany nandinika ny Baiboly miaraka tamin'ny faniriana ny hanorina ny finoana amin'ny tenany manokana, tsy miankina amin'ny fiangonana. Nihobim-pandresena i Satana amin'izany rehetra izany, satria fantatr'I Satana fa ireo rehetra izay niala tamin'ilay vatofantsika dia ho mora foana ny hiasany amin'ireo amin'ny alalan'ireo fahadisoana isan-karazany sy hitondra azy ireo amin'ireo rivo-pampianarana samihafa. Maro tamin'ireo izay lohany tamin'ny fanambarana ny hafatra voalohany sy ny faharoa no nandà azy ireo, ka dia fisarahana sy fifanjevoana no nisy tamin'ny tenan'ny fiangonana.

Nony afak'izany dia nahita an'I William Miller aho. Toa very hevitra ny fahitana azy, ary niondrika noho ireo tebiteby sy fahoriana, raha teo am-pieritreretana ny vahoakany. Hitany ilay vondrona niray sy nifankatia tamin'ny 1844, lasa nanary ny fifankatiavany, sy nifanditra. Nahita azy ireo latsaka tamin'ny fihemorana mangatsiaka izy. Koa dia nandany ny heriny izany fahoriana izany. Nahita ireo mpitondra aho nanara-maso an'I William Miller sady natahotra sao dia handray ilay hafatry ny anjely fahatelo sy ny didin'Andriamanitra

izy. Ary raha miantehitra amin'ily hazavana avy any an-danitra izy, dia hanao tetika ireto mpitondra ireto mba hitarika ny sainy hiala amin'izany. Hitako ilay hery mahataona ny olombelona izay novelarina mba hitazonana ny sainy ao anatin'ny haizina sy ny mba hitahirizana ny hery miasa mangina ao amin' ireo izay manohitra ny fahamarinana. Ka nony ela ny ela dia indro fa nanandratra ny feony hanohitra ny fahazavana avy any an-danitra I William Miller. Nanao fahadisoana izy tamin'ny tsy fandraisany ilay hafatra izay nanazava tamim-pahalalahana ny fahadisoam-panantenany, ka nanary ilay hazavana sy voninahitra tamin'ny lasa izay tokony hamelombelona indray ny heriny tonga lafatra, sy hampampiratra ny fanantenany, ka hitarika azy hidera an'Andriamanitra.

Niantehitra tamin'ny fahendren'olona izy raha tokony ho tamin'ny fahendren'Andriamanitra. Nefa trotraky ny asa mafy izay nataony mba ho an'ny Tompony sy noho ny taona ny noho izany dia tsy meloka kokoa noho ireo izany nanafina taminy ny fahamarinana izy. Tompon'andraikitra izy ireo ary ny fahotana dia ho eo aminy.

Raha mba afaka nahita ilay hazavan'ily hafatra fahatelo I William Miller, dia ho maro ireo zavatra izay maizina sy ireo zavatra saro-pantarina taminy no ho voazava. Naneho fitiavana lalina azy sy fahalianana taminy ireo rahalahiny, ka nieritreritra izy fa tsy afaka ny hisaraka amin'izy ireo izy. Te hirona amin'ny fahamarinana ny fony kanefa nony avy eo nijery ireo rahalahiny izy. Nanohitra izany izy ireo. Moa ve afaka ny hiala amin'ireo nifanila taminy sy nifanerasera taminy natetika tamin'ny fanambarana ny fiavian'I Jesosy izy?.

Nieritreritra izy fa tsy hitondra azy velively amin'ny lalana diso izy ireo.

Namela azy tao ambany fahefan'I Satana sy fahafatesana Andriamanitra mba hanjaka aminy. Nafeniny tao anaty fasany izy, lavitra an'ireo izay nitondra azy tsy tapaka hanalavitra an'Andriamanitra. Nanao fahadisoana I Mosesy taloha kely indrindra ny hidirana tao amin'ily tany nampanantenaina. Hitako fa, mitovy amin' izany koa, nirenireny i William Miller tamin' ny fotoana taloha kelin' ny nandehanany hiditra ny Kananan' ny lanitra, tamin'ny namelany ny fironany hanohitra ny fahamarinana. Ny hafa no nitarika azy ho amin'izany. Tsy maintsy hadinina amin'izany ireo hafa ireo. Kanefa niahy manokana ny vovok'ity mpanompon'Andriamanitra ity ireo anjely, ka hitsangana izy amin'ny feon'ny trompetra farany. Jereo Ekskodosy 20:1-17; 31:18; 1 Tesaloniana 4:16; Apokalypsy 14:9-12.

TOKO 29 - ILAY FANORENANA MAFY

Hitako ilay vondron-bahoaka izay nijoro tsara tamin'ny fiambenany sady niorina mafy ary tsy niraharaha ireo izay te hanozongozona ny finoana voaorin'ny fikambanana. Nijery azy ireo tami-pankasitrahana Andriamanitra. Naseho ahy ireo ambaratonga telo izay mitondra ho amin' ny marin-tampona (na fanorenana) iray, roa ary telo dia ireo hafatry ny anjely voalohany, faharoa, fahatelo. Hoy ilay anjely: "Loza ho an'izay hanetsika ny zavatra makadiry iray na koa hanaisotra ny litera farany madinika indrindra amin'ireo hafatra ireo. Ireo tena heviny marina dia zava-dehibe iankinan' ny aina tokoa. Ny mamaritra ny hoavin' ny rehetra dia miankina amin'ny fomba fandraisany azy ireo.

Nentina niverina indray tamin'ireo hafatra ireo aho, ary nahita ny halafon'ny nividianan'ny vahoakan'Andriamanitra an'ireo fanandramany. Azony tamin'ny alalan'ireo fahoriana mifanesisesy sy ady mafy izany. Tsikelikely no nitondran'Andriamanitra azy ireo, mandra-pahametrahany azy ireo teo ambonin'ily fanorenana mafy, tsy azo nohozongozonina. Nony avy eo dia nahita olona maromaro aho nanatona ilay fanorenana, ary nandinika ilay fototra izy ireo alohan'ny nipetrahany teo amboniny. Ny sasany tonga dia nipetraka teo amboniny tamim-pifaliana, fa ny hafa kosa nanomboka nitsikera aloha ny fototr'ily fanorenana. Naniry ny hanao fanatsarana sasantsasany, ka hahatonga ilay fanorenana ho tongalafatra kokoa, hahafaly kokoa ny vahoaka. Ny sasany kosa niala tamin'ily fanorenana ka nanadihady izany, ka nahita fahadisoana taminy, ary nanambara fa diso setraka ny nanorenana azy. Hitako fa ny ankamaroan'ny rehetra dia nijorona ho mahatoky teo ambonin'ily fanorenana mba hitsahatra amin'ireo fitarainany, satria Andriamanitra no Mpita-marika mahay lehiben' ny fanorenana, ary niady manohitra Azy izy ireo noho izany. Nitantara ny asan'Andriamanitra mahagaga izy ireo izay nitondra azy ireo ho eo ambonin'ily fanorenana mafy, ary tao anatin'ny firaisana no nibanjinan'ny ankamaroan'ny maso rehetra ny any an-danitra, ka nanomezany voninahitra an'Andriamanitra tamin'ny feo avo. Nahakasika ny sasany tamin'ireo izay nitaraina sy nandao ny fanorenana izany, ka tamim-panetren-tena no nipetrahany indray teo amin' ny fitoerany.

Dia nentina indray tany amin'ily fanambarana ny fiavian'I Kristy voalohany aho. Nirahina I Jaona tamin'ny fanahy sy fahefan'I Elia mba hanamboatra ny lalana ho an'ny Mpamonjy. Ireo izay nandà ny fijoroana vavolombelon'I Jaona dia tsy nahazo tombontsoa tamin'ireo fampianaran'I Jesosy. Ny fanoherany ny fanambarana ny fiaviany voalohany dia nametraka azy ireo tamin'ny toerana tsy hahazoany mandray mora foana ilay profo mahery indrindra amin'ny maha Mesia Azy. Nentin'I Satana lavi-davitra kokoa hatrany ireo

izay nandà ny hafatr'I Jaona, mba handà an'I Jesosy ka nanombo Azy. Tamin'ny fanaovana izany, dia nametraka ny tenany tamin'ny toerana izay tsy nahazoany fitahiana tamin'ny andron'ny Pentekosta izay hampianatra azy ireo ny lalana mankany amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra.

Ny faharovitan'ily lamba teo amin'ny tempoly, dia naneho fa tsy azo raisina intsony ireo fanatitra sy fombafombam-pivavahana Jiosy. Efa nototosaina sy nekena Ilay Sorona lehibe ary ny Fanahy Masina izay nilatsaka tamin'ny andron'ny Pentekosta dia nitarika ny sain'ireo mpianatra handao ny Fitoerana Masina tety an-tany ho amin'ily any an-danitra izay nidiran'I Jesosy tamin'ny alalan'ny ran'ny tenany ihany, ka narotsaka teo amin'ny mpianatra ireo tombotsoan'ny fanavotany. Nefa tavela tao anaty haizim-pito sy fitaka tanteraka ny Jiosy. Namoy ny hazavana rehetra izay tokony ho azony tamin'ily planin'ny famonjena izy ireo ka dia mbola nino hatrany an'ireo sorony sy fanatiny izay tsy misy ilàna azy intsony. Tsy afaka ny hahazo tombotsoa amin'ily fanelanelanana izay atoan'I Kristy ao amin'ny Fitoerana Masina izy ireo. Naka ny toeran'ily teto an-tany ilay Fitoerana Masina any an-danitra, kanefa tsy manana fahalalana na dia kely akory izy ireny amin'ily lalana mankany amin'ily any an-danitra.

Ankehitriny, dia betsaka ireo izay mihevitra piaraka amin'ny halozàna masina ny fitondran'ireo Jiosy izay nandà sy nanombo an'I Kristy tamin'ny hazo fijaliana koa raha mamaky ny tantara mikasika ny fitenenan-dratsy mahamenatra izay mahazo Azy izy ireo dia mihevitra fa tia an'I Kristy izy ireo sady tsy nandà Azy tahaka an'I Petera na koa nanombo Azy tahaka ireo Jiosy. Kanefa Andriamanitra izay mahafantatra ny sarimpitiavana izay ananan'izy ireo tamin'ily Zanany, ka dia tsapaina sy sedraina izany fitiavana izay nolazainy fa ananan'izy ireo ny amin'ny Jesosy izany.

Nanara-maso tamim-pahalianana fatratra ny fandraisana ny hafatra ny lanitra manontolo. Kinanjo maro tamin'ireo mihambo ho tia an'I Jesosy ka mandrotsaka ny ranomasony raha namaky ny tantaran'ny nanombohana Azy tamin'ny hazo fijaliana, koa raha ny marina dia tokony handray ny hafatra amim-pifaliana izy ireo. Tsy izany anefa no mitranga fa nihetsehin'ny fahatezerana sy manamavo ny filazan-Tsaran'ny fiavian'I Jesosy izy ireo ka nanambara izany ho famitahana. Tsy minamana tamin'ny ireo izay tia ny fisehoany izy ireo, fa nankahala ireo kosa, ka nandroaka azy ireo tsy ho ao amin'ny fiangonana. Ireo izay nandà ilay hafatra voalohany, dia tsy afaka hahazo tombontsoa amin'ily faharoa sy tsy hahazo tombontsoa amin'ny alalan'ny antson'ny mamatonalina, izay natao mba hanomanana azy ireo hiditra miaraka amin'I Jesosy amin'ny alalan'ny finoana ao amin'ily Fitoerana Masina Indrindra amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra. Ary tamin'ny fandavana ireo hafatra roa voalohany dia nanamaizina ny fahalalany izy ireo tamin'ny fanaovany toy izany, tsy afaka ny hahita hazavana na dia kely tao amin'ny hafatry ny anjely fahatelo izay nanoro ny lalàna mankany amin'ny Fitoerana Masina Indrindra.

Hitako fa tahaka ny Jiosy izay nanombo an'I Jesosy no nanomboan'ireo fiangonana anarany fotsiny ireo hafatra ireo, ary noho izany, dia tsy manana fahalalana na dia kely aza izy ireo ny amin'ily fihetsehana natao tany an-danitra, na ny amin'ny lalàna mankany amin'ny Masina Indrindra, ary tsy afaka ny hahazo tombontsoa avy amin'ny famelombelomana izay ataon'I Jesosy any. Tahaka an'ireo Jiosy, izay nanolotra ireo fanatitra tsy misy ilàna azy, no anolorany ny fivavahany tsy misy antony ao amin'ily eftra izay efa nilaozan'I Jesosy, koa dia faly Satana, amin'ny famitahana ireo mihambo ho mpanara-dia an'I Kristy, ka mihazona azy ireo hatrany ao amin'ireo haratony, miseho amin'ny toetry ny mpivavaka, ary mitarika ny sain'ireo mihambo ho Kristianina ho any aminy, ka hiasa miaraka amin'ny heriny, famantarany ary ireo fahagagana mandainga rehetra mba hitarihana azy ireo ho amin'ny haratony. Ny sasany fitahiny amin'ny fomba iray ary ny sasany amin'ny fomba iray hafa koa. Manana fitaka maro izy mba hahatratrarany ny saina isan-karazany. Ny sasany dia tsiravina tokoa amin'ny famitahana iray, kanefa dia mandray amim-pahatsorana kosa ny famitahana iray hafa izay mampidi-doza kokoa. Fitahan'I Satana amin'ny filalaovan'angatra ny sasany. Tonga ihany koa toy ny anjelin'ny mazava izy ka nampielany ny fisarihany manerana ny tany. Ka dia nahita ny fanavaozana diso aho hatraiza hatraiza. Ravo ny fiangonana, ka nihevitra fa miasa tamin'ny fomba mahagaga ho an'izy ireo Andriamanitra kanefa fanahy hafa izany miseho izany. Handalo haingana ny fandrana, ary ny fiangonana sy izao tontolo izao amin'izay ho tafa-latsaka amin'ny toetra faran'izay ratsy indrindra noho ny tamin'ny taloha.

Hitako fa nanana zanaka mahatoky tao anatin'ireo Advantista anarany fotsiny sy ireo fiangonana lavo samihafa Andriamanitra ary ireo mpitondra fivavahana sy ireo vahoaka dia hantsoina hivoaka ny fiangonana alohan'ny handatsahana ireo loza ary handray ny fahamarinana amim-pifaliana izy ireo. Fantatr'I Satana izany noho izany alohan'ny handrenesana ny antso avo izay ataon'ily anjely fahatelo dia ary hampiteraka fikorontanana ao anatin'ny fikambanan-pivavahana izy, mba hahafahany mampino an'ireo izay mitsipaka ny fahamarinana fa mbola ao amin'izy ireo ihany Andriamanitra. Maniry ny hamitaka ireo olo-marina koa izy, ary hitarika azy ireo mba hieritreritra fa mbola miasa ho an'ireo fiangonana ireo hatrany Andriamanitra. Hamirapiratra anefa ilay hazavana, ka ny tsirairay amin'ireo olo-marina hiala amin'ireo fiangonana lavo, ka hikambana amin'ireo fiangonan'ny sisa.

Jereo Matio toko faha 3 ; Asan'ny Apostoly toko faha 2 ; Korintianina 11: 14;
2 Tesaloniana 2:9-12 ; Apokalypsy toko 14: 6-12

TOKO 31 - NY FILALAOVANA ANGATRA.

Naseho hay ny fitaka famelezan' ny fanahy (angatra). Hitako fa nanana fahefana I Satana haneho endri-javatra maro isan-karazany eo anoloantsika, ary miseho ho toy ny havantsika sy namantsika izay efa matory ao amin'i Jesosy ankehitriny izy. Toa hita marina ho ireny maty ireny mihitsy no eo, ary hiteny tahaka azy ireo niteny fony izy ireo tety an-tany tamin'ny fahavelony. Ary hiteny tsy misy valaka amin' ny fanenon'ny feony izy ireo amin'ny fampiasany ireo fiteny mitovitovy amin'izay ifankahazarana. Ireo rehetra ireo dia natao mba hamitahana izao tontolo izao, sy handatsahana azy ireo ao anatin'ny fandrika ho amin'ny finoana io fanangolena io.

Hitako, fa ireo masina ireo dia tsy maintsy manana fahalalana tanteraka ny amin' ny fahamarinana ankehitriny, ary dia hanana fiarovana avy amin'ny Soratra Masina izy ireo. Ary tsy maintsy mahafantatra izy ireo, hoe ahoana ny amin'ny toetry ny maty; satria hisehoan'ireo fanahin'ireo demonia izy ireo miaraka amin' ny fisandohany ho ray aman-dreny sy sakaizan'izy ireo ary hanehoany foto-pampianarana mifanohitra amin' ny Soratra Masina. Dia hanao izay tsy azo atao izy ireo mba hampitranga sy hahazoany ny fon'ny olona. Ary hanao fahagagana izy ireo mba hanamafisany ireo fanambarany. Ireo zanak'Andriamanitra dia tsy maintsy vonona ny hanohitra an'ireo fanahy ireo amin' ny alalan'ny Soratra Masina izay milaza fa ny maty tsy mba mahalala na inona na inona ary koa ireo fisehoany dia tsy hafa fa ny fanahin'ny demonia no manao izany. Hitako fa tsy maintsy mandinika tsara ny fototry ny fanantenantsika isika, satria tsy maintsy hanome ny anton'izany avy amin'ny Soratra Masina isika; satria hitantsika ny fihanak'izany fitakin'ny fanahy ratsy izany dia tsy maintsy hitolona hifanohitra izany mifanatrika isika. Ary raha tsy voamana amin'izany isika dia ho tafiditra anatin'ny fandrika sy ho resy. Fa raha manao izay azontsika atao isika amin'ireo anjarantsika mba ho fiomanana amin'ny ady izay miandry antsika, dia hanao ny anjarany koa Andriamanitra, ka ireo tana-maheriny no hiaro antsika. Hirahiny haingana ireo anjelin'ny rehetra hiala ny voninahiny mba hanao fefy manodidina ireo fanahy mahatoky, toy izay hamela azy ireo ho voafitaka sy voasarika amin'ireo fahagagana mandaingan'ny Satana ireo.

Hitako ny hafaingan'ny fiparitahan'ity famitahana ity. Naseho ahy ilay fiaran-dalamby, nandeha tahaka ny hafainganam-pandehan'ny tselatra. Nandidy ahy mba hijery amim-pitandremana fatratra ny anjely. Nampifantoka ny masoko teo amin'ilay fiara aho. Toa niondrana sy nandray toerana tao daholo izao tontolo izao iray manontolo. Nony avy eo dia nasehony ahy ny mpamily izay tsara endrika sy nataon'ireo mpandeha ho zavatra sy nohajainy tokoa. Sanganehana aho ary nanontany ilay anjely mpanampy ahy hoe iza moa izy io? Hoy izy: "Satana". Mpamily maka ny endriky ny anjelin'ny mazava izy. Nalainy ho babo izao tontolo izao. Nanaiky ho latsaka ao anatin'ny haraton'ny famitahany ny olombelona ary nino an'ireo lainga, izay nahatonga azy ireo ho very. Ny mpiray tetika aminy ilay farany ambony indrindra, manarakaraka azy dia ny tompo-marika (ingénieur) ary ireo hafa mpiray tetika aminy dia miasa amin'ireo toerana amin'izay mety hilany azy ireo, ary ireo rehetra ireo dia mandeha daholo tamin'ny fahafainganam-pandehan'ny tselatra ho amin'ny fahaverezana. Nanontany ilay anjely aho raha tsy nisy tavela intsony teo. Nasainy nijery tamin'ilay lalana mifanohitra amin' ny teo aho, ary indro, hitako ilay vondrona kely izay nandeha tamin'ny lalan-tery. Ary ny rehetra dia toa hita nifandray mafy tokoa sy nifamatotra tamin'ny alalan'ny fahamarinana.

Manana endrika toa trotraky ny havizanana vondrona kely, toy ny hoe avy nandeha namakivaky ady sy fisedrana mahamay izy ireo. Ary toy ny vao niseho avy taorian'ny rahona ny masoandro ka mamirapiratra teo amin'ny endrik'izy ireo. Ary izany no nahatonga azy ireo hita ho toy ny mpandresy, toy ny hoe efa akaiky ny fandresen'izy ireo.

Hitako fa nomen'ny Tompo an'izao tontolo izay rehetra ahafahany mahita ireo fandrik'I Satana. Ampy ho porofo ho an'ny Kristianina ity zavatra iray ity raha tsy misy hafa intsony: Tsy nisy fahasamihafana natao teo anelanelan'izay sarobidy sy ny mendrika hatao tsinontsinona.

Thomas Paine izay nanana vatana lasa ho vovoka ankehitriny, ary izay antsoina hivoaka amin'ny fiafaran'ny 1 000 taona, amin'ny fitsanganana faharoa mba handray ny valin'ny asany, ka hijaly ao amin'ny fahafatesana faharoa, dia asehon'i Satana toy ny efa any an-danitra, ary nasandratra ambony tokoa any. Nampiasain'ny Satana izy fony izy teto an-tany nandritra ireo fotoana ela nilany azy, ary ankehitriny dia mbola tohizany hatrany izany asany izany amin'ny alalan'ny fihamboany fa I Thomas Paine dia nasandratra sy omen-boninahitra tokoa any an-danitra; iriny ny hinoana fa satria nampianatra ny asany tety an-tany izy dia asehon'i

Satana koa fa mbola mampianatra any an-danitra koa izy. Ary ny sasany teto an-tany izay tsiravina tamin'ny fiainany sy ny fahafatesany, ary ireo fampianarana sandoka izay nataony tamin'ny fahavelomany, dia indro ankehitriny fa manaiky fanambarana sandoka amin'ny alalan'ny famohazana angatra dia izay ampianarin'ilay farany ratsy indrindra sy farany loza be indrindra tamin'ny olombelona; ilay nanao tsinontsinona an'Andriamanitra sy ny lalàny!

Ilay rain'ny lainga dia manajamba sy mamitaka izao tontolo izao amin'ny alalan'ny fandefasana ireo anjeliny hivoaka mba hiteny amin'ny anaran'ireo Apostoly ary hanao izay hinoana fa izy ireo (apostoly) hanohitra ireo izay nosoratany fony izy ireo teto ambonin'ny tany, dia izay notononin'ny Fanahy Masina. Naneho an'ireo Apostoly ho nanova ny fampianarany ihany ireo anjely mpandainga ary nanambara izany ho nisy hosoka. Amin'ny fanaovany izany dia sitrak'I Satana ny mandatsaka ireo mihambo ho Kristianina izay manana ny anarana ho velona kanefa maty ihany sy izao tontolo izao iray manontolo ao anatin'ny fisalasalana mikasika ny Tenin'Andriamanitra. Io boky masina io izay manohitra ny planany ary misakana ny lalany (Satana). Noho izany dia mitondra ny olombelona izy mba hisalasalana ny maha-avy amin'Andriamanitra ny Baiboly; ary koa manandratra an'I Thomas Paine tsy mino ho toy izay ny niditra tany an-danitra taorian'ny fotoana nahafatesany, ary mikambana amin'ireo apostoly masina izay nankahalainy tety an-tany dia nikambana, ary misolo-tena azy ho toy ny nampianatra marina an'izao tontolo izao izy.

Notendren'I Satana ny asa izay tokony hataon'ny tsirairay avy amin'ireo anjeliny. Nandidy azy ireo izy mba ho mamitaka, mahay zavatra, ary fetsy. Nanome toro-hevitra tamin'ny sasany tamin'ireo izy mba hanao ny anjara asan'ireo apostoly ka hiteny amin'ny anaran'izy ireo, ny sasany hafa koa, mba hanao ny anjaran'ireo olona tsy mino sy ratsy fanahy izay maty teo am-panozonana an'Andriamanitra, kanefa ankehitriny dia miseho amin'ny endriky ny mpivavaka loatra. Tsy nampisy fahasamihafany na dia kely akory aza teo amin'ireo apostoly farany masina indrindra sy ireo tsy mino farany ratsy indrindra izy. Samy natao ny hifampianatra amin'ny zavatra mitovy izy ireo. Tsy mampaninona an'i Satana na iza izay ampiteneniny, raha sendra ka tanteraka ny zava-kendreny. Nifandray akaiky tamin'ny Paine tokoa izy tety ambonin'ny tany, ary nanampy azy tokoa izy, koa mora fotsiny aminy ny mahalala ny teny izay fampiasany, sy ny sora-tanan'ny zanany izay nikely aina fatratra nanompo azy tamim-pahatokiana tokoa, ary nanatanteraka ny tanjony ara-dalàna.

Maro tamin'ireo soratr'I Paine no Satana mihitsy no nanonona azy, ka tsotra ho azy ny mibaiko ny fihetsehampony amin'ny alalan'ireo anjeliny ankehitriny, ary mampiseho izany ho toy ny tena avy tamin'I Thomas Paine, ilay mpanompony mazoto fony fahavelony. Izany no asa kanton'ilay fahavalo lehibe. Io fampianarana rehetra io dia naseho toy ny hoe avy tamin'ny apostoly, sy ireo olo-masina ary ireo ratsy fanahy efa maty, kanefa dia avy amin'ny fiandrianan'I Satana mivantana izany.

Izao zavatra izao dia tokony ho ampy mba hanesorana ilay rakotra eo amin'ny sain'ny tsirairay sy hahitana ireo asa maizin'I Satana, izay feno zava-miafina: satria ilay olona izay nitia azy fatratra sy nankahala loatra an'Andriamanitra, no indro ankehitriny miaraka amin'ireo apostoly masina sy ireo anjely be voninahitra sady miseho vatana milaza amin'izao tontolo izao sy ireo tsy mahatoky hoe: “Na ratsy fanahy ohatry ny inona aza ianareo; na mino an'Andriamanitra na ny Baiboly, na tsy mino; Miaina araka izay itiavanareo azy, tranonareo ny lanitra; satria ny rehetra mahalala fa raha any an-danitra I Thomas Paine, ary nasandrata tokoa; noho izany dia tsy maintsy ho tonga any koa izy ireo.” Diso loatra izany hevitra izany koa ny rehetra izay maniry hahalala dia afaka hahita izany. Eo am-panaovana izay nokasainy hatao nanomboka hatrany amin'ny niandohan'ny fahalavo any amin'ny alalan'ny fampiasana olona toa amin'I Thomas Paine I Satana ankehitriny. Amin'ny alalan'ny fahefany sy ireo fahagagany mandainga no anongotany an'ilay fototry ny fanantenana kristianina sy anafenany ny masoandro, izay manazava ny lalana tery mitondra mankany an-danitra. Ataony izay hinoan' an'izao tontolo izao fa tsy tsara kokoa noho ireo boky na tantara ny Baiboly sady tsy azo avy amin'ny tsindrimandryvoatsindrimandry, ary mandritra izany dia mamoaka zavatra hafa izy mba hasolony toerany an'izany hoe: “Ireo fampisehoan'ny fanahy.”

Ity no lalàna izay hampiraikitra tanteraka aminy, eo ambany fifehezany sy hahazoany mampino izao tontolo izao izay rehetra mahafinaritra azy. Fa raha ny amin'ilay boky izay natao mba hitsarana azy amin'ny andro farany, ary koa sy ireo mpanaraka azy dia nampihatahina tao anaty aloka, toerana izay tiany hametsahana izany indrindra. Ataony tsy manana mihoatra noho ny olon-tsotra ny Mpamonjy izao tontolo izao. Dia toy izany koa ireo mpiambina romana izay niari-tory teo am-pasan'I Jesosy, nampielly fanambarana lainga sy diso izay napetrak'ireo lohan'ny mpisorona sy ny loholona teo am-bavany, dia tsy misy hafa amin'izany koa, hanerana an'ireo voafitaka sy mahantra mpanara-dia an'ireo fampisehoan'ny fanahy sandoka, ary hanandramany ny mba hisehoan'izany; fa tsy misy mahagaga mihitsy na dia kely aza ny nahaterahan'ny Mpamonjy, ny nahafatesany ary ny nitsanganany; ary taorian'ny nanariany an'i Jesosy tany lavitra any, dia nisintona ny fitiavan'izao tontolo izao ho aminy izy ireo, ho amin'ireo fahagagana sy ireo famantarana mandainga izay lazain' izy ireo fa mihoatra lavitra noho ireo asan'i Kristy. Noho izany dia ho tratra ao anaty fandrika izao tontolo izao ary voarotsirotsy ao amin'ny filaminana, dia izay tsy ahafahan'ireo miala raha tsy mahita ireo fitaka mahatsiravina izay ataon'izy ireo hatramin'ny firotsahan'ilay loza fito farany. Mihomehy I

Satana mahita ny fahombiazan'ny planiny amin'ny fahatsarany ary latsaka ao anatin' ny haratony izao tontolo izao.

Jereo Mpitoriteny 9:5 ; Jaona 11:1-45; 2Tesaloniana 2:9-12; Apokalypsy 13:3-14.

TOKO 31 - NY FIEREMANA (na fahihirana)

Nahita an'I Satana sy ny anjely ny nivory aho. Nandidy ny anjely izy mba hamelatra ny haratony indrindra ho an'ireo izay miandry ny fisehoan'I Kristy fanindroany ary ireo izay nitandrina ny didin'Andriamanitra rehetra. Niteny tamin'ny anjely i Satana fa renoky ny torimasony avokoa ny fiangonana ka hampitomboiny ny fahefany sy ireo fahagagany mandainga mba hahazoany mihazona azy ireo ao. Nefa hoy izy hankahalaintsika ny antokom-pivavahan'ireo mpitandrina ny Sabata. Tsy mitsahatra miasa manohitra antsika izy ireo, ary manaisotra amintsika ireo olon-tsika, ary tarihiny ho amin'ny fanajana ny lalàn' Andriamanitra ireo, dia izay ankahalaintsika.

Mandehana, ataovy mamon'ny finahiana ireo izay manan-tany maro sy ireo mpanambola. Raha vitanareo ny mametraka ny fony amin'ireo zavatra ireo, dia ho azontsika sahady izy ireo, afaka manaraka ny finoana izay iriny izy ireo, fa izao fotsiny, ataovy izay hahatonga azy ireo hieritritra bebe kokoa izay hahazoany vola noho ny fahombiazan'ny fanjakan'I Kristy, na ny fampielezana ny fahamarinana izay ankahalaintsika. Asehoy eo anatrehan'ireo vahoaka ireo amin'ny fahazavana farany manintona indrindra izao tontolo izao mba hahatonga azy ireo hitia sy hanao azy ho sampy. Tsy maintsy ataontsika izay hitazonana an'ireo fitaovana ho eo amin'ny laharantsika mba ho azontsika ampiasaina. Raha nihamaro ny vola sy ny fitaovana atokan'ireo mpianatr'i Kristy ho amin'ny asa fanompoany dia hihamaro ihany koa ny fanaratsiana ny fanjakantsika amin'ny alalala'ny fanesorana ireo olon-tsika. Ary koa raha manao fihaonana amin'ireo toerana isan-karazany izy ireo dia hampidi-doza ho antsika izany.

Noho izany dia tsy maintsy malina ianareo. Mamorona raha azo atao karazam-panaradia maro izay hampisavoritaka sy hampisafotofoto. Ravao ny fifakantaviam-pirahalalahiana. Hakivio sy hareraho ireo mpitondra fivavahana satria hankahalaintsika izy ireo. Manehoa ireo fialatsiny rehetra azo inoana ho marina hoan'ireo manan-bola fandrao hanolotra ho an'ny asa izy ireo. Raha azonareo atao dia raiso an-tananana ny resaka ara-bola ary ataovy ao anatin'ny fahantrana sy fahorianana ireo mpitondra fivavahany. Hampahalemy ny zotom-pony sy ny fahavitrihany izany. Jadio aminy ny tany tsirairay eram-boan'ankihibe. Ataovy izay hahatonga ny fahaniratahana sy ny fitiavana ny haren'ny tany hanjaka amin'ny toetran'izy ireo. Noho izany, rehefa mitoetra ela amin' izany izy, dia hataony an-tsirambina ny famonjena sy ny fahasoavana. Ataovy manodidina azy ireo ny zavatra rehetra izay mety manintona, ary dia ho antsika tsy misy isalasalana izy ireo. Ary ho fanampin' izany, tsy hoe azontsika antoka fotsiny fa ho voatanantsika izy ireo, fa kosa tsy handaitra amin' ny hafa ny hery miasa mangina avy amin'ny toe-tsaina manome zavatra ny anakiray amin'ireo, dia apetraho ireo fandaminana mampimonomonona mba hahatonga azy ireo tsy halala-tanana.

Hitako fa nanatanteraka ny asany ara-dalàna i satana. Ary raha mamorona fivoriana ireo mpanompon'Andriamanitra, dia fantatr'i Satana sy ny anjely ny raharahany, ka dia mba manatratra eo koa izy ireo mba hanalemeny na hanafoanany ny asan'Andriamanitra, ary mametraka tsy tapaka fitaoman-dratsy ao am-pon'ny zanak' Andriamanitra. Ny sasany entiny amin'ny lalana iray ny sasany amin'ny lalana anakiray hafa mandrakariva dia mahazo tombontsoa I Satana amin'ny toetra ratsin' ireo rahalahy sy rahavavy izay mitady hanetsika ny fironana voajanahary ao aminy izay tokony hanenenany indrindra. Raha manana toe-tsaina tia tena sy mitsiriritra izy ireo dia mahafaly an'I Satana mihitsy ny mipetraka eo akaikin' izy ireo ary noho izany amin'ny heriny rehetra no ikatsahany ny hitarika azy ireo hampiseho ireo fahotana mahafinaritra azy ireo. Afaka ny fahasoavan' Andriamanitra sy ny fahamarinana, marina izy, mampisindra ireo fitsiriritany sy ny fitiavan-tenany mandritra ny fotoana sasantsasany, nefa rehefa tsy mahazo fandresena tanteraka izy ireo, dia hatonin'i Satana indrindra amin'ny fotoana izay tsy maha eo ambany fisarihan'ny famonjena azy ireo, dia miditra i Satana ary mamongotra ao anatin' ny tsirairay ilay foto-kevitra mendrika sy feno fahalalahan-tanana, ary hieritritra izy ireo fa be loatra no takina aminy. Reraky ny fanaovana ny tsara izy ireo ary manadino ireo zavatra rehetra mikasika ilay sorona lehibe izay nataon'I Jesosy ho azy ireo mba hanavotana azy ireo amin'ny fahefan'i satana sy ny fahorian'ny tsy fananam-panantenana.

Nohararaotin' i Satana ny fahihiran'i Jodasy sy ny foto-keviny feno fitiavan-tena ka nanosehany azy ho amin' ny fimonomononana tamin'ilay menaka saro-bidy natokan'i Maria ho an'ny Jesosy. Nataon'i Jodasy ho

fandamiam-poana lehibe izany, azo namidy iny menaka manitra iny ka homena ny malahelo ny vidiny. Tsy miahay ny malahelo akory izy, fa mihevitra ity fanatitra feno fahalalan-tanana hafahafa izay natao ho an'i Jesosy ity. Nanombana ny tompony I Jodasy mba hamarotany Azy amin'ny vola madinika vitsivitsy fotsiny ihany. Ary hitako fa misy sasany tamin'ireo izay mihambo ho miandry ny Tompo no mitovy amin'i Jodasy. Satana no manapaka azy ireo, saingy takona aminy izany, tsy misy na sombina fahihirana na fitiavan-tena izay azon'Andriamanitra ankasitrahana. Halany izany ny fananarana ary ary ataony tsinontsinona ny vavaka fangatahan'ireo izay manana izany toetra izany. Satria hitan'i Satana fa fohy ny androny, dia tarihiny izy ireo mba ho tia-tena hatrany hatrany sy hitsiriritra hatrany hatrany, ary avy eo dia mifaly izy mahita azy ireo voafatotra amin'ny tenan'izy ireo samirery, mihirim-belona sy tia-tena. Raha mba azo nosokafana mantsy ny mason'ireo olona ireo, dia hahita an' i Satana mihobim-pandresena noho ny amin' izy ireo sy mihomehy ny fahadalan' ireo izay manaiky ny soso-keviny sy miditra ao anatin'ny fandriny.

Rehefa avy eo dia raisin'I Satana sy ny anjely an-tsoratra avokoa ireo fihetsin'dratsy sy feno fitsiriritan'ireo olona ireo ka asehony an'I Jesosy sy ireo anjely masina izany, ary hoy izy amim-peom-panarabiana hoe "Ireto no mpanara- dia an'i Kristy !. Efa miomana ny hafindra izy ireo! Raisin'ny Satana an-tsoratra ny fiovan-dalan'izy ireo, ary nony avy eo dia ampitahainy amin'teny ao amin' ny Baiboly, amin'ireo andalàn-teny izay manameloka antsikirano izany zavatra izany, ary avy eo dia asehony izany mba hanelingelina ireo anjelin'ny lanitra, ary hoy izy: "Ireto izany ireo mpanara-dia an'I Kristy sy ny teniny! Ireto no voan'ny fahafoizan-tena sy ny fanavotana izay nataon'I Kristy! Amin'ny alahelo no hidina'ireo anjely izany rehetra izany. Takian'Andriamanitra ny hanaovan'ireo vahoakany tsy an-kijanona ny anjarany, koa rehefa reraky ny manao soa sy mahalala-tanana izy ireo, dia ho reraka ny amin'izy ireo koa Izy. Hitako fa nampalahelo an'Andriamanitra tokoa ny fampisehoana fitiavan-tena na dia kely foana aza, izay nataon'ireo mihambo ho vahoakany, satria Jesosy dia tsy nitandro na dia ny ainy sarobidy aza ho an'izy ireo. Ny olona izay tia tena sy mpitsiriritra dia manalavitra ny lalana marina. Toa an'I Jodasy, izay mivarotra ny Tompony, ka namarotra ireo fitsipika tsara sy ireo foto-kevitra mendrika sy feno fahalalahan-tanana ho takalon'ny tombontsoa kelin'ny tany. Izy ireo dia hesorina tsy ho amin'ny vahoakan'Andriamanitra amin' ny alalan'ny sivana. Ireo izay te hahazo ny lanitra dia tsy maintsy mihazona ireo fitsipiky ny lanitra amin'ny heriny rehetra izay ananany. Tokony hampiseho asa fanaovan-tsoa ho solon'ny fanahy malazon'ny fitiavan-tena, ary ny fotoana mety rehetra dia tokony hararaotina hifanaovan-tsoa sy hanandratana sy hampiharana hatrany hatrany ireo fitsipiky ny lanitra. Naseho ahy fa I Kristy no ohatra tanteraka. Tsy nisy fitiavan-tena fa fanaovan-tsoa tsy mila tambiny no nanamarika ny fiainany. Nomeny tombony tsy tapaka ny porofon'ireo fitiavana.

Jereo Marka 14:3-11; Lioka 12:15-40; Kolosiana 3:5-16; 1 Jaona 2:15-17.

TOKO 32 - NY FIKORORONA

Nahita ireo mpino sasany izay nanana finoana lehibe aho izay niantso tamim-pitarainana, mifandahatra tamin'Andriamanitra. Hatsatra ny endriny, maneho fanahiana lalina ary ny tolon'ireo ao anatin'ny ao. Naneho zotom-po sy tsy fivadibadihana lehibe izy ireo; dinitra lehibe no nipotrapotraka tamin'ny handrin'izy ireo . Indraindray nazavan'ny mariky ny fankasitran'Andriamanitra ny tarehiny, nefa vetivety dia tafalatsaka toy ny teo amin' ny toetra feno zotom-po, sy fanahiana lehibe ary ny havesarana.

Nihazakazaka ireo anjely ratsy nanodidina sy nandroboka azy ireo tao anatin'ny haizina, amin'izay ny mason'izy ireo voasariky ny haizina ka tsy hahita an'i Jesosy ary amin'izay dia ho afaka hitondra azy ireo ho amin'ny fahaverezam-pitokisana ary ny fimonomononana ny Aminy. Ny hany fiarovana tokana ho azy ireo dia ny mampanandrify ny masony hijery any ambony. Tompon'andraikitra amin'ny fiarovana ny vahoakany ireo anjelin'Andriamanitra, ary rehefa voampoizin'ireo anjely ratsy ny rivotra manodidina azy ireo dia ireo izay ao anatin'ny fahoriana mafy, ary akopakopany hatrany hatrany ireo elany mba hisavan'ireo haizina matevina manodidina azy ireo.

Nanohy ny fifonany tamin'ny Tompo ireo mpino, indraindray misy hazavana avy amin'I Jesosy, tonga hatreo amin'izy ireo mba hampahery azy ireo; ka dia nohazavaina ny tavan'izy ireo. Hitako fa tsy mba nandray anjara tamin' ity asa fitarainana sy fanelanelanana ity ny sasany. Toa tsy miraika sy tsy manana fanahiana ny amin'ireo zavatra manodidina azy ireo akory ny fijery azy ireo. Tsy mba nanohitra ireo haizina nanodidina azy izy ireo, ka nampihitsoka azy ireo tahaka ny rahona matevina izany. Ary tamin'izany dia navelan'ireo anjelin'Andriamanitra ho amin'ny adiny samirery izy ireo, fa nandeha kosa nanampy ireo nivavaka tamin-

kafanam-po izy ireo. Hitako ireo anjelin'Andriamanitra nandeha faingana mba hanampy ireo rehetra izay nitolona tamin'ny heriny rehetra mba hanoherana ireo anjely ratsy, ka nanandrana ny hanampy ny tenany manokana tamin'ny alalan'ny fitalahoana mafy amin'Andriamanitra tamim-paharetana. Fa ny anjelin'ny lanitra dia namela ireo izay tsy mba nanao fiezahana mihitsy mba hanampy ny tenany, ka dia tsy hitako intsony izy ireo.

Raha mbola manohy ny antsony tamin-kafam-po ireo mpivavaka ireo dia tamin'izay fotoana izay no nahatongavan'ily tara-pahazavana avy tamin'I Jesosy, ka nampahery ny fony sy nanazava ny endriny.

Nanontany ny dikan'ily fikoroana izay hitako aho. Dia novaliana aho fa vokatry ny toro-hevitry'Ilay Vavolombelona mahatoky sy marina ho an'ny fiangonan'ny Laodikia. Hisy vokany amin'ny fon'ireo mpandray ilay toro-hevitry izany, ary hitarika azy ireo hampirehitra ny fahamarinana. Ny sasany kosa tsy hanaiky ity fijoroana vavolombelona marina ity. Hitsangana hanohitra izany izy ireo ka hahatonga fikoroana eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra izany.

Hitako fa tsy notandremana afa-tsy tapany fotsiny ilay fijoroana Vavolombelon'Ilay marina. Notandremana tamim-pahamaivanana ilay fijoroana vavolombelona lehibe izay iankinan'ny ho anjaran'ny fiangonana raha tsy izany dia nohamavoina mihitsy aza. Tsy maintsy mitondra ho amin'ny fibebahana lalina ity fijoroana vavolombelona ity ary ireo rehetra izay mandray izany marina tokoa dia hitandrina izany ka hodiovina.

Hoy ny anjely: "Henoy ! Tsy ela akory dia nahare feo tahaka ny zava-maneno maro aho, niara-niredona tamim-pirindrana, sy tamim-pahalefahana tanteraka sady nahafinaritra. Nihoatra noho ny feon-java-maneno rehetra izay mbola tsy ary reko izany. Toa feno famindram-po sy fangaroham-po ary fifaliana masina manandratra izany. Niontana ery ny tenako iray manontolo. Hoy ny anjely: "Jereo, nifantoka tamin'ny ilan'ny vondrona izay hitako talohan' izao ny fifantohako, ireo izay nandalo fanasivanana mampatahotra. Naseho ahy ireo olona izay hitako taloha nitomany sy nivavaka tamin'ny fahoriam-panahiny. Hitako fa nitombo avo roa heny ny vondron'ny anjely mpiambina nanodidina azy ireo ary notafiana fiarovana hatrany an-doha ka hatrany am-paladia izy ireo. Tamim-pilaminana tanteraka no nihetsehan'izy ireo sady tahaka ny antoko miaramila. Nampiseho ny ady mafana izay niaretan'izy ireo sy ireo tolona mampatahotra izay nolalovany ny endriny. Nefa, namirapiratra ny fahazavana sy ny voninahitry ny lanitra ankehitriny ilay endrika nisoritry ny ahiahy tao anaty mamaivay. Azon'izy ireo ny fandresena, ary fankasitrahana farany izay lalina indrindra sy fifaliana masina no nipololotra avy tamin'izy ireo.

Nihena ny isan'ny olona tao anatin'ity vondrona ity. Ny sasany nesorin'ny sivana ary navela teny antsisin-dalana. Ireo izay tsy miraika sy tsy nisy fanahiana izay tsy mba nanatona ireo izay nankamamy ny fandresena sy ny famonjena ka nitaraina, ary nangataka izany tamin-paharetana, dia tsy mba nahazo izany, ary navela tao aoriana ao anatin'ny haizina ary nofenoin'ireo hafa izay nandray tsara ny fahamarinana sy niditra andaharana ny toeran'izy ireo. Nandondona hatrany manodidina azy ireo ny anjely ratsy, nefa tsy nanana fahefana na dia kely taminy izy ireo.

Nahare ireo izay nitafy ny fiadiana fiarovan-tena aho nilaza ny fahamarinana tamin-kery lehibe. Nisy fiantraikany izany. Nahita ireo maro izay voatana aho, ny sasany tamin'ny ireo vehivavy voatifitry ny vadiny, ary ny ankizy sasantsasany voatifitry ny ray aman-dreniny. Ireo mahatoky izay voatazona na voasakana tsy hiaina ny fahamarinana, indro ankehitriny fa nandray tsara ilay fahamarinana nolazaina tamim-pahadodoana. Lasa ny fahatahorany rehetra an'ireo fianakaviany. Ny fahamarinana irery ihany no zava-dehibe taminy. Nisy vidiny sy sarobidy kokoa taminy noho ny ainy izany. Noana sy nangetaheta ny fahamarinana izy ireo. Nanontany ny antony nahatonga izao fiovana lehibe izao aho. Namaly ahy ny anjely iray hoe: "Ny ranon'orana farany, no nahatonga ny famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo, ny antso avon'ny anjely fahatelo.

Hery lehibe no nomba an'ireo voafidy. Hoy ny anjely "Henoy! Mitodika amin'ireo ratsy fanahy sy tsy mpino indray izao ny fifantohako. Navitrika avokoa izy ireo, ilay zotom-po sy hery izay miaraka tamin'ny vahoakan'Andriamanitra no namoha azy ireo, ka nahatonga azy ireo ho tezitra mafy. Ny fikorontanana no nanjaka teny rehetra eny. Hitako fa nisy fepetra noraisina hanoherana an'ily vondron'olona izay nifaly amin'ny fahazavana sy ny herin'Andriamanitra. Nihamatevina ny haizina manodidina azy ireo kanefa na dia izany aza nijoro izy ireo nankasitrahana'Andriamanitra no sady mametraka ny fitokisany taminy izy ireo. Hitako fa very hevitra izy ireo; nony avy eo, dia nandre azy ireo miantso an'Andriamanitra tamin'ny hafanam-po aho. Nandritry ny andro aman'alina dia tsy nitsahatra ny fiantsoantsoana. Iza no teny reko: "Andriamanitra ô, hatao anie ny sitraponao!" Raha izany no ahafahana manome voninahitra ny anaranao, mamoha lalana hamonjena ny vahoakanao. Afaho amin'ireo jentilisa mihaodihaoody manodidina anay izahay. Nanapa-kevitra sy hamono anay izy ireo; kanefa afaka mitondra famonjena ho anay ny tananao.ireo ihany no hany teny mba voatanako. Toa manana kevi-dalina ny amin'ny tsy fahamendrehany sy mampiseho ihany koa ny fanekeny tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra izany. Kanefa, tahaka an'i Jakoba, ny tsirairay tsy an-kanavaka dia nitalaho ny fanafahana ary nitolona mba hahazoany an'izany.

Fotoana fohy taoriana kelin'ny nanomboany ny fitalahoana mafana izay nataony tamin'i Jehovah dia maniry ny hanafaka azy ireo am-pitiavana ireo anjely. Nefa ilay anjely mahery izay nibaiko azy ireo dia tsy namela azy ireo hanao izany. Dia nilaza tamin'ireo isy hoe: "Tsy mbola tanteraka ny sitrapon'Andriamanitra. Ary tsy maintsy misotro amin' ny kapoaka izy ireo. Ary atao batisa amin'izany batisa izany"

Tsy tapitapitr'izay dia nahare ny feon'Andriamanitra aho nanozongozona ny lanitra sy ny tany ka nisy horohoron-tany lehibe. Vohaozongozona ireo trano lehibe ka mirodana etsy sy eroa.

Nony avy eo dia nahare hiakam-pandresena mafy mirindra tsara sy mazava aho. Nijery an'ity vondrona ity izay tao anatin'ny fahoriana sy fitolokoana ary fanandevozana fotoana vitsy monja taloha izao aho.

Nitsahatra ny fahababoany . Namirapiratra teo amin'izy ireo ny fahazavana be voninahitra. Nahafinaritra mihitsy ny fahitana azy ireo! Lasa daholo ireo soritry ny harerahana sy ny fitebitebena. Ka fahasalamana sy fahatsarana no hita teo amin'ny endriky ny rehetra. Nianjera tahaka ny maty ireo fahavalony jentilisa nanodidina azy ireo. Tsy nahazaka ilay hazavana namirapiratra teo amin'ireo olo-masina nafahana izy ireo.

Nitoetra teo anivon'ilay hazavana sy voninahitra izy ireo mandra-pahitany an'I Jesosy avy eo amin'ny rahon'ny lanitra ary hovana ao anaty fotoana fohy indray mipi-maso, avy amin'ny voninahitra ho amin' ny voninahitra ilay vondrona mahatoky sy voazaha toetra. Hisokatra ny fasana ary hivoaka ireo olo-marina hitafy ny tsy fahafatesana ary kikiaka hoe: "Fandresena ny fahafatesana sy ny fasana". Ary nalaina hitsena ny Tompony eny amin' ny habakabaka miaraka tamin'ireo olo-masina; raha mby teo am-bavan 'ireo lelan'ny tsy mety maty rehetra nampanakoako mahafinaritra sy be voninahitra dia izay avy amin'ireo molotra masina sy voamasina.

Jereo Salamo faha 86; Hosea 6: 3; Hagay 2:21-23 ; Matio 10 : 35-39 ;20 2-3; Efesiana 6 : 10-18 ; 1 Telosianina 4: 14-18; Apokalypsy 3 : 14-22

TOKO 33 - NY FAHOTAN' NY BABYLONA

Hitako fa hatramin'ny nanambaran'ny anjely faharoa ny fahalavoan'ireo fiangonana dia tsy nitsaha-nitombo ny fahalovany (na ny faharatsiany) kanefa dia mitondra ny anarana hoe mpanara-dia an'I Kristy ihany. Sarotra dia sarotra ny manavaka azy ireo amin'izao tontolo izao. Maka andalan-teny ao anatin'ny Baiboly ireo mpitondra fivavahan'izy ireo kanefa tsy mitory afa-tsy zavatra izay mahafinaritra ny sofina izy ireo. Dia ireo izay sitraky ny fo momba an'izao zavatra noharina izao, ary tsy mahazo antsaina ny fahamarinana momba ny fitsarana izay ho avy tsy ho ela. Amin'ny ankapobeny dia nahafinaritra ireo ratsy fanahy ny endrika toa maneho fitiavam-bavaka kanefa tsy misy tena fahamasinana marina ka dia hanampy sy hanohana ny fivavahana tahak'izany izy ireo.

Hoy ny Anjely tamiko "Tsy misy afa-tsy ny fiadian'ny fahamarinana sy ny fiarovan-tena rehetra irery ihany no afaka handresy ary hitahiry ny fandresena ny herin' ny maizina. Voaroambak'i Satana tanteraka ny fiangonana rehetra. Nanizingizina an'ireo zavatra hita sy lazaina ary ataon'ny olona izy ireo raha tokony ho ny fahamarinana maranitry Tenin'Andriamanitra. Hoy ny Anjely tamiko "Ny firahalahiana amin'ny izao tontolo izao sy ny fanahin'izao tontolo izao dia fifandrafiana amin'Andriamanitra. Raha ny fahamarinana izay ao anatin'ny fahatsorany sy ny heriny izay tao amin'ny Jesosy no entiny mba hanoherany ny fanahin'izao tontolo izao dia hamoha ny fanahin'ny fananjehana avy hatrany izany. Maro maro be mantsy amin' ireo izay mihambo ho kristianina no tsy mahalala an'Andriamanitra mihitsy. Mbola tsy voaova ny toetry ny fo voajanahary, ary mbola mitoetra amin ny nofo sy ny fifandrafiana amin' Andriamanitra ihany ny saina ara-nofo. Mpanompo mahatokin' i Satana izy ireo na dia mitondra anarana hafa aza.

Hitako fa hatramin' ny fotoana izay nialan'I Jesosy tamin'ny toerana masina ao amin' ny Fitoerana Masina any an-danitra sy ny nidirany tao amin'ny efitra lamba faharoa dia navela toy ireo Jiosy ny fiangonana ary nofenoiny ireo vorona maloto sy mahatsiravina rehetra. Hitako ireo tsy fahamarinana lehibe sy ny faharatsiana tao am-piangonana kanefa dia mitono-tena ho kristianina izy ireo. Ny fanambarany ny fivavahany ary ireo fitalahoany dia fahavetavetana eo imason'Andriamanitra. Hoy ny anjely tamiko "tsy hahatsapana ny fanatrehan' Andriamanitra ao anatin'ny fivorian'izy ireo. Ny fitiavan-tena, halatra ary ny famitahana no ampiarany sady tsy manameloka azy ireo akory ny feon' ny fieritreretany. Ary ambonin'ireo ratsy rehetra ireo dia manary ny akanjony ny fivavahan' izy ireo. Nasehony ahy ny fiavonavonan'ireo fiangonana anarany fotsiny.

Tsy tao an'eritreritr'ireo mambra ao aminy ny Andriamanitra, fa manjaka teo aminy kosa ny fisainana ara-nofo. Mampihaingo ny vatany mahantra sy mety maty izy ireo, ary avy eo, mijery amim-pahafinaretana sy amim-pahafahampo ny tenany izy ireo. Nijery azy ireo tamim-pahatezerana I Jesosy sy ny Anjely. Hoy ny anjely

tamiko: “Efa mipaka ny lanitra ny fiavonavonany sy ny fahotany efa voamana ny anjarany. Efa ela no natorian’ny fahamarinana sy ny fitsarana fa hifoha tsy ho ela kosa ireo. Ahy ny famaliana, Izaho no hamaly hoy Jehovah. Hotanterahiko ireo fandrahonana mampatahotra izay nolazain’ ny Anjely fahatelo ary hisotro ny fahatezeran’ Andriamanitra izy ireo. Niparitaka manerana ny tany rehetra ireo miaramila tsy voatanisa ireo anjely ratsy maro ary nivory miaraka tamin’ireo fiangonana sy ny vondrona mpivavaka ary mijery tamim-piravoana ireo vondron’ny mpivavaka ireo izy ireo satria rakotry ny heloka be vava sy tsy fahamarinana farany lehibe indrindra ny akanjon’ny fivavahana.

Ny lanitra manontolo dia mijery an-katezerana ny olombelona asan-tanan’Andriamanitra; manjary mitontongana hatrany amin’ny farany vetaveta indrindra ary napetrak’ireo olombelona mitovy aminy ihany tamin’ laharan’ireo voahary tsy mivoatra. Ary ireo mihambo ho mpianatr’Ilay Mpamonjy Malala izay nasehony hatrany ny famindram-pony raha nahita ny loza nanjo ny zanak’olombelona Izy dia niditra tamin’ity fisariadriakan’ny fo ao anatin’ny fahotana goavana sy mampidi-doza ity amin’ny fanaovana raharaha izay mahatonga ny fanandevozana ny fanahin’ny olona. Noraisin’ny anjely an-tsoratra avokoa ao anaty boky izany. Notehirizina tany an-danitra avokoa ireo ranomason’ny andevolahy sy andevovavy tia vavaka sy ireo ray reny zanaka rahalahy sy anabavy. Nentina nitety isam-bohitra tsirairay avy novidiana sy namidy ny fahorin’ny olombelona.

Hihazona ny fahatezerany Andriamanitra saingy tsy haharitra ela. Hirehitra amin’ny vahoakany ny fahatezerany, ary indrindra amin’ireo vondrom-pivavahana izay niditra an-tsitrabo tao amin’ity fankatoavana ny raharaham-barotra momban’ny andevo mahatsiravina natao ity . ny fahamarinana tay izany, fanagejana torak’izany, fampijaliana tahaka an’izany no heverin’ny maro tsy an-kanavaka amin’ireo izay mitoton-tena ho mpianatr’I Kristy malemy fanahy. Ary maro amin’izy ireo no nahavita nanafay amim-pahafaham-po mahadikidiky, amin’ireny fahoriana tsy hoy lazaina rehetra ireny, kanefa dia mahasahy mivavaka amin’Andriamanitra. Famazivaziana lehibe tsy mahalala menatra izany ary dia faly de faly tokoa i Satana noho izany mikizaka an’i Jesosy sy ny Anjely amin’izany fifanoherana lehibe izany, ary hoy izy amin’ny fihobiana ratsy izay tsy izy :”Izao no mpanara-dia an’i Kristy ”.

Mahalala ny fahoriana ireo martiora sy ny ranomasony izay mikoriana eo amin’ny takolany ireto olona mihambo ho kristianina ireto. Gaga izy ireo noho ny hamafin’ny fon’ny olona arakaraka ny anaovany habibiana toy izany amin’ireo mpiara-belona aminy kanefa mandritra izany fotoana izany koa, ireo izay misaina sy miteny toy izany dia mitana ireo namany ao anatin’ny fanandevozana koa. Ary tsy izay ihany; notapahiny ny fatoran’ny natiora ary nampahory ireo mitovy aminy amin-kasihana isan’andro isan’andro izy ireo. Mahavita mampitondra fijaliana feno habibiana miaraka amin’ny fampahoriana henjana izy ireo izay azo ampitahaina tsara amin’ireo habibiana nampiharina ireo mpomba ny Papa sy ireo Jentilisa amin’ireo mpanara-dia an’I Kristy. Hoy ny anjely tamiko: “ho moramora kokoa ireo sazy mahazo ireo mpomba ny papa sy ny jentilisa amin’ny andro fanatanterahana ny fitsaran’Andriamanitra noho ireo nahazo an’ireo karazan’olon ireo. Efa mitehika tamin’ny lanitra ny antsoantson’ireo izay nampahoriana sy mampijaliana, mitolagaga ireo anjely mandre ny fampahoriana amaizan’ny olombelona ny olona mitovy aminy, izay noforonina araka ny endrik’ Andriamanitra. Hoy ny anjely tamiko: “ ny anaran’ireo mpampijaly ireo dia voasoratra amin’ny rà, mitanan-bokovoko amin’ny sorisoritra sy voasafotry ny ranomasom-pahoriana mamaivain’ny fahoriana sy ny fiadian’aina. Tsy hitsahatra ny fahatezeran’Andriamanitra raha tsy efa nampisotro hatramin’ny farany ny kapaoka ny fahatezerany ity firenena ity mandra-pamaliany avo roa heny an’I Babylona; Mamalia azy arak’izay nataony ka omeo azy indroa heny toy ny nataony izy: ny kapaoka izay nofenoiny, dia fenoy indroa heny ho azy.

Hitako fa ny tompon’ireo andevo dia hampamoahina ny amin’ny fihazonana ao amin’ny tsy fahalalana ny fanahin’ny andevo ary koa ny fahotan’ily andevo mitoetra ao ambonin’ny tompony. Tsy afaka ny handray ny andevo ho any an-danitra Andriamanitra izay voatazona tao anatin’ny tsy fahalalana sy ny fitotongana ka tsy mahalala na inona na inona mikasika an’Andriamanitra na ny Baiboly, tsy matahotra afa-tsy ny karavasin’ny tompony ary hitany ho tafalatsaka amin’ny tantana farany ambany indrindra dia ny an’ny biby na ny olona adala. Izy anefa dia manao zavatra farany tsara indrindra ho azy dia izay azon’Andriamanitra be famindram-po atao: izy anefa manome fahafahana azy hitoetra amin’izay tsy mbola nisy azy na oviana na oviana. Ny Tompo, mifanohitra amin’izany, dia tsy maintsy iharan’ny loza fito farany, avy eo handray anjara amin’ny fitsanganana faharoa, ary hijaly ao amin’ny fahafatesana faharoa izay mahatahotra indrindra. Amin’ izay dia hitony ny fahatezeran’Andriamanitra.

Jereo Amosa 5-21; Romana 12: 18 Apokalypsy

TOKO 34 - ILAY ANTISO AVO

Hitako ny anjely manidina haingana tetsy sy teroa tany an-danitra. Nidina tety an-tany izy ireo ary avy eo niakatra tany an-danitra indray, miomana ho amin' ny fahatanterahan'ireo vanim-potoana manan-danja sasantsasany. Rehefa afaka izany dia nahita anjely nahery hafa aho nirahany hidina ety an-tany mba hampiray ny feony tamin'ny an'ilay anjely fahatelo ary nanome fahefana sy hery ny hafany. Nomena fahefana lehibe sy ny voninahitra ilay anjely ary raha nidina izy dia nohazavain'ny voninahiny ny tany. Namakivaky ny toerana rehetra ny hazavana izay mialoha sy tao aorian' ny anjely raha niantso tamin-kery tamin'ny feo mahery izy ka nanao hoe "Rava rava Babylona lehibe ka tonga fonenan'ny demonia sy fieren'ny fanahy maloto rehetra sy akanin'ny vorona rehetra izay maloto sy ankahalaina". Ny hafatra mikasika ny fahalavoan'ny Babylona, araka izay nomen'ny anjely faharoa, dia nomena indray koa miaraka amin'ny fanampiny dia ny faharatsiana izay miditra ny fiangonana hatramin' ny 1844. Tonga tamin'ny fotoana mety ny hafatr'ity anjely ity ary nandray anjara tamin'ilay asa lehibe ny faran'ilay hafatry ny anjely fahatelo raha nohatevenina ho antso avo izany. Ary ny vahaokan'Andriamanitra dia efa nomanina hatraiza hatraiza mba handresy amin'ilay ora fizahan-toetra izay hatrehiny tsy ho ela. Hitako ireo anjely anakiroa voahodidina fahazavana lehibe, manambara tsy amin-tahotra ny hafatry ny anjely fahatelo. Anjely maro no nirahina hanampy ny anjely mahery avy any an-danitra, ary nahare feo maro izay, toa manako hatraiza hatraiza manao hoe: "Miala aminy, miala aminy hianareo ny oloko mba tsy hiombonanareo ota aminy ary mba tsy hisy hahazoanareo ny loza manjo azy. Fa ny fahotany efa nitetika tamin'ny lanitra ary Andriamanitra efa nahatsiaro ny ratsy nataony." Toa hita ho fanampin' ilay hafatra fahatelo ity hafatra ity ary mamitrana izany toy ny antson'ny mamaton'alina manakambana ny hafatry ny anjely faharoa tamin'ny 1844. Nitoetra tamin'ireo olo-masina miandry tamim-paharetana, ny voninahitr'Andriamanitra ary dia nanome tsy amin-tahotra ilay fampitandremana lehibe farany izy ireo, izay nanambara ny fahalavon'ny Babylona sady niantso ny vahoaka Andriamanitra mba hiala aminy mba hahafahany mandositra ilay anjara mampatahotra izay miandry azy.

Namakivaky hatraiza hatraiza ny hazavana izay naparitaka tamin'ireo izay miandry sy ireo manana ny hazavana sasantsasany tao am-piangonana, izay tsy nahare sy tsy mandà ny hafatra telo, namaly ny antso ary nandao ireo fiangonana lavo. Ny ankamaroany tonga tamin'ny taonan'ny mpisainana (fahamatorana) nanomboka tamin'ny nanomezana ireo hafatra ireo ka dia nanana tombontsoa ny hifidy ny fiainana na ny fahafatesana izy ireo. Ny sasany nanao safidy tsara ka mandray ny toerany miaraka taminy ireo izay mikatsaka ny Tompony sy mitandrana ny didiny rehetra. Tsy maintsy nanao ny asany ilay hafatra fahatelo, ny zanak'Andriamanitra rehetra dia tokony hozahan toetra amin'izany ary ireo sarobidy dia antsoina hivoaka ny vondron-pikambanam-pivavahana. Nanetsika ireo mahatoky ny hery iray ka nanetsika azy ireo raha mbola nisy ny fanehoana ny herin'Andriamanitra notoroan-kevitra hatahotra ireo ray aman-dreniny sy ireo sakaizany izay tsy manana finoana tahaka azy ireo, ary amin'izany, dia tsy hatahotra na ho afaka hanampotsampona ny fahatsapana ny fiasan'ny Fanahin' Andriamanitra ao am-pony izy ireo. Ilay antso farany dia nentina na dia tamin'ireo andevo mahantra aza ary ireo izay tia fivavahana miaraka taminy tamin'ny fiteny feno fanetren-tena, nentina tamim-pifaliana ireo hahita lavitra ny fanantenana ilay fahafahana mahafinaritra azy ireo, ary ny tompony dia tsy afaka hanao an-terivozona azy ireo; ny tahotra sy ny fitalanjona no nahatonga azy ireo ho tsy afa-niteny. Fahagagana lehibe no natao, sitrana ny marary ary famantarana sy fahagagana maro no nanaraka ireo mpino. Niasa Andriamanitra; ary tsy nampahatahotra ireo olo-masina rehetra ny vokany, dia nanaraka ny faharesen-dahatry ny feon'ny fieritreretany manokana izy ireo ka niray tamin'ireo izay mitandrana ny didin'Andriamanitra rehetra ary nampanakoako ny tany am-pita mombam-pahefana ilay hafatra fahatelo. Hitako fa hifarana am-pahefana sy amin-kery izay mihaotra lavitra ny antson'ny mamaton'alina ilay hafatra fahatelo.

Notafina fahefana avy any ambony ireo mpanompon'Andriamanitra; tamin'ny tarehy mazava sy namirapiratra ny fanokanana masina no nandehanan'izy ireo nivoaka nanatanteraka ny asany sy nanambarany an'ilay hafatra avy any an-danitra. Namaly ny antso ireo fanahy izay miparitaka tany amin'ireo fikambanana ara-mpivavahana samihafa ary nentina nivoaka haingana ny fiangonana voaheloka izy ireo, tahaka an'I Lota izay nentina nivoaka haingana an'i Sodoma talohan'ny nandravana azy. Voaomana sy nahazo hery ireo vahoakan'Andriamanitra avy amin'ilay voninahitra lavorary izay nirotsaka taminy tamin'ny fahafenoany manana amby ampy, izay manomana azy ireo mba hiaritra ilay oran'ny fizahan-toetra. Feo maro no reko hatraiza hatraiza, nanao hoe, "Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrana ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'I Jesosy."

TOKO 35 - NIFARANA ILAY HAFATRA FAHATELO

Natoro ahy ny fotoana izay hiafaran'ily hafatry ny anjely fahatelo. Nitoetra tamin'ny vahoakany ny herin'Andriamanitra. Nahavita ny asany izy ireo ary efa voamana ho amin'ny ora fisedrana manoloana azy ireo. Nandray ny ranonorana farany izy ireo ho famelombelomana avy amin'ny fanatrehan'ny Tompo, ary novelomina indray ny fijoroana vavolombelona velona. Namako eran-tany ilay fampitandremana lehibe farany, ary namporisika sy naharomotra ny mponin'ny tany izay tsy te-handray ny hafatra izany.

Hitako ireo anjely nihazakazaka tetsy sy teroa tany an-danitra. Nisy anjely iray niverina avy tety an-tany niaraka tamin'ny tandroka fasiana ranomainty fanoratana teo anilany, ary nanao tatitra tamin'I Jesosy izy fa vita ny asany, fa efa voaisa sy vita tombo-kase ireo olo-masina. Rehefa afaka izany dia mahita an'I Jesosy aho izay nanao raharahany teo anoloan'ny fiara izay misy ny didi folo, ary dia naipy ho amin'ny tany ilay lovia ny fandroana ditin-kazo manitra Izy. Nanandratra ny tanany ho ambony Izy ary tamin'ny feo avo no nilazany hoe: "Vita". Nanaisotra ny satroboninahiny ny miaramilan'anjely rehetra raha nanao fanambarana lehibe i Jesosy nanao hoe: "Izy manao ny tsy marina, aoka mbola hanao ny tsy marina ihany izy, ary izay maloto, dia aoka mbola hihaloto ihany izy; ary izay marina kosa aoka mbola hanao ny marina ihany izy; ary izay masina, aoka mbola hihamasina ihany izy."

Hitako fa efa voatapaka ny anjaran'ny tsirairay na ho amin'ny fiainana na ho amin'ny fahafatesana. Nanaisotra ny fahotan'ny vahoakany I Jesosy. Nandray ny fanjakany Izy, ary ny fanavotana izay natao dia nataony ho an'ny olon'ny fanjakany. Nandritra ny fotoana izay nanaovan'I Jesosy ny raharahany tao amin'ny fitoerana Masina, no nisian'ny fitsarana ho an'ireo marina efa maty ary manarak'izay ireo marina mbola velona. Voaforona ny olon'ny fanjakany. Vita ny fanambadian'ny Zanak'ondry. Ary ny fanjakana, ary ny fahalebiazan'ny fanjakana eny ambanin'ny lanitra rehetra, dia nomena an'i Jesosy, sy ireo mpandova ny famonjena, ary hanjaka tahaka ny Mpanjaka, sy Tompon'ny tompo I Jesosy.

Ary raha nivoaka ny efitra Masina Indrindra I Jesosy, dia nahare feon-dakolosa izay teo amin'ny lambany aho, ary raha niala tao Izy dia nisy rahona maizina nanarona ny mponina teto ambonin'ny tany. Tsy nisy mpanelanelana intsony izay manelanelana ny olombelona meloka sy Andriamanitra notsiratsiraina. Nandritra ny fotoana ela izay nijoroan'I Jesosy teo anelanelan'Andriamanitra sy ny olona dia misy fihazonana teo amin'ny vahoaka, fa rehefa niala teo anelanelan'ny olona sy ny Ray kosa I Jesosy dia nesorina izay fitazonana izay ary dia teo ambany fitondran'i Satana tanteraka ireo olona tsy mibebaka. Tsy azo natao ny nandatsaka ireo loza raha mbola natao ny raharahany tao amin'ny Fitoerana masina Indrindra I Jesosy; fa satria efa vita ny asany tao, ary nifarana ny fanelanelanana izay nataony, dia tsy misy zavatra hahasakana ny fahatezeran'Andriamanitra intsony; izany dia hahatratra ireo mpanota izay nanao tsinontsinona ny famonjena ary namazivazy ny fananarana. Ireo olon-masina amin'izay fotoana mahatahotra izany aorian'ny fiasaran'ny fanelanelanana izay nataon'I Jesosy dia hivelona eo imason'Andriamanitra Masina, tsy misy mpanelanelana. Efa tapaka ny anjaran'ny tsirairay, voaisa ny ravaka rehetra. Nijanona nandritry ny fotoana fohy tao an-daniny ivelan'ny Fitoerana Masina tany an-danitra I Jesosy, ary ny fahotana rehetra izay nibabahana tamin'ny fotoana naha-tao amin'ny Efitra Masina Indrindra Azy, dia naverina teo amin'ily mpamorona ny ota dia ny Devoly. Tsy maintsy hiaritra ny fampijaliana noho ireo ota izy.

Rehefa afaka izany dia nahita an'I Jesosy aho nanaisotra ny lamba maha-mpisorona Azy, ary nitafy ny fitafian'ny maha-Mpanjaka lehibe indrindra Azy, teo ambonin'ny lohany dia dia misy satroboninahitra maro, satroboninahitra iray nifanitsaka ao anatin'ny anakiray hafa koa, sady nohodidinin'ny miaramila ny lanitra Izy raha niala ny lanitra. Nilatsaka teo amin'ny mponin'ny tany ny loza.

Niampanga sady nanozona an'Andriamanitra ny sasany. Ny hafa indray nihazakazaka teo amin'ireo vahoak'Andriamanitra, ka nitalaho taminy mba hampianarina izay tokony hataony mba hahafahany mandositra ny fitsaran'Andriamanitra kanefa tsy manana na inona na inona ho azy ireo ny olona masina. Efa nirotsaka ny ranomaso farany ho an'ny mpanota, efa natolotra ny vavaka fitarainana farany, efa nentina ny enta-mavesatra farany. Tsy hifandahatra amin'izy ireo intsony ny feo mamin'ny famindram-po. Efa nomena ny fampitandremana farany. Tamin'ny fotoana niombonan ireo olo-masina sy ny lanitra manontolo tamin'ny famonjena azy ireo, dia tsy miraraha ny momban'ny tenany mihitsy ny izy ireo. Napetraka teo anoloany ny fiainana sy ny fahafatesana. Maro no maniry ny fiainana kanefa tsy mba nanao ezaka na dia kely aza mba hahazoana izany. Tsy nifidy ny fiainana izy ireo ary ankehitriny dia tsy misy rà mahonitra intsony mba hanadio ny fahotany. Tsy misy Mpamonjy be indrafo intsony hifona ho azy ireo sy milaza hoe "mamindra fo, mamindra fo amin'ny mpanota mbola misy fotoana vitsy". Niray tamin'I Jesosy ny lanitra manontolo, rehefa nandre ireo

teny: “Vita! Tapitra! Tanteraka ny planin’ny famonjena. Kanefa vitsy monja no mifidy sy hanaiky ilay drafitra. Ary ny nony maty ny ilay feo nalefaka ny famindram-po dia tahotra sy horohoro no nahazo azy ireo. Tamin’ny fahasamihafana mahatahotra no nandrenesa ny teny “Tara loatra! Tara loatra!”

Ireo izay tsy nanome lanja ny Tenin’Andriamanitra dia nihazakazaka tetsy sy teroa. Nivembena hatrany amin’ny ranomasina ka hatrany amin’ny ranomasina izy ireo ary hatrany amin’ny avaratra ka hatrany atsimo hatrany atsinanana ka hatrany andrefana mba hitady ny tenin’ny Tompo. Hoy ny anjely tamiko: “tsy hahita izany izy ireo” Misy mosary amin’ny tany tsy fanirian-kanina anefa na hetahetan-drano fa faniriana handre ny tenin’ny Tompo. Inona no tsy homeny ankehitriny mba hahazoana teny fankasitrahana iray avy amin’Andriamanitra? Nefa indrisky efa diso aoriana loatra tsy maintsy hijalin’ny hanoanana sy hangetaheta ihany izy ireo. Isan’andro, isan’andro dia tsy nitsahatra ny nanao tsinontsinona ny famonjena izy ireo, ary nanome lanja ny fahafinaretan’ny tany sy ny haren’ny tany ambonimbony kokoa noho ny teny fikasana sy ny haren’ny lanitra. Nanda an’I Jesosy sy nanao tsinontsinona ny olo-masina izy ireo. Ireo maloto dia hijanona haloto mandrakizay.

Romotran’ny hatezerana ny ankabeazan’ny ratsy fanahy raha nijaly noho ireo vokatry ny loza. Sendra feno fahoriana mampatahotra no niseho tamin’izay. Niampanga tamim-pangidiana ny zanany ny ray aman-dreny, ary ny zanaka miampanga ny ray aman-dreniny, ny rahalahy ny anabaviny ary ny rahavavy ny anadahiny. Antsom-pitomaniana mafy no re teny amin’ny kihon-dalana rehetra manao hoe: Ianao no nanakana ahy tsy handray ny fahamarinana izay afaka mamonjy ahy amin’ity ora mahatsiravina ity. Nitodika tamin’ireo mpitondra fivavahana (mpitandrina) tamin’ny faniniana mangidy izy ireo ary niampanga azy ireo tamin’ny filazana taminy hoe: “Tsy nampitandrina anay an’izany rehetra izany ianareo. Nilaza taminay ianareo fa ny mponina eto ambonin’ny tany rehetra no tsy maintsy hiova fo ary niantso: “Fiadanana fiadanana” ianareo mba hampitony ny tahotra rehetra izay mifoha. Tsy nilaza taminay mikasika ity ora ity ianareo ary ireo izay nampitandrina anay ny amin’izany dia nolazainareo fa mpikiribiby amin’ny hevi-diso sy olon-dratsy izay hanary anay. Nefa hitako fa tsy afa-mandositra ny fahatezeran’Andriamanitra ireo mpitondra fivavahana ireo. Ny fahoriany dia ho avo folo heny nohon’ny an’ireo vahoakany.

Jereo Ezekielia 9:2-11; Daniela 7: 27; Hosea 6:8; Amosa 8:11-13 ; Apokalypsy toko 16;17:14

TOKO 36 - NY ANDRO FAHORIAN ‘ I JAKOBA

Hitako ireo olo-masina nandao ny tanan-dehibe sy vohitra ka nivondrona ho antoko miaraka ary mipetraka tany amin’ny toerana farany mitoka monina indrindra. Anjely no namatsy sakafo sy rano ho azy ireo kanefa ireo ratsy fanahy dia nijalian’ny hanohanana sy hetaheta. Rehefa afaka izany dia hitako ireo mpitarika teto ambony ny tany nivory niaraka, ary i Satana sy ny anjely nisahiran-tsaina manodidina azy ireo. Nahita taratasy antoratra aho namparitaka teny amin’ny toerana isan-karazany teto ambonin’ny tany nanome baiko fa raha tsy mandao ny Sabata ireo olona masina ka mitandrina ny andro voalohany amin’ny herinandro dia avela amin’ny fahafahana izy ireo, aorian’ny fotoana fohy, fanamelonana ho faty.

Kanefa tao anatin’izany fitsapana izany dia tony dia tony ireo olo-masina mahatoky an’Andriamanitra ary mihazona mafy ny fampanantenana fa hamboarina ho azy ireo ny lalana fandosirana. Eo amin’ny toerana sasany mialoha ny fotoana hanatanterahana ny fandrahonana an-tsoratra dia hihazakazaka ho eo amin’ny olo-masina ny ratsy fanahy mba hamono azy ireo; kanefa niady ho azy ireo ny anjely izay nanana endrik’olona mpiady. Nirian’I Satana ny hahazo tombontsoa amin’ny fanimbana ireo olo-masinan’ny Avo Indrindra; nandidy ny anjely anefa I Jesosy mba hiambina azy ireo satria tian’Andriamanitra ny hanomezana voninahitra ho azy amin’ny alalan’ny fanaovana fanekena amin’ireo izay mitandrina ny lalàny eo imason’ireo jentilisa manodidina azy ireo ary tian’I Jesosy koa ny hanomezana voninahitra Azy amin’ny alalan’ny famindrana any an-danitra sady tsy hahita fahafatesana ireo mpiandry mahatoky izay niandry azy tao anatin’ny fotoana maharitra.

Vetivety dia nahita ny olo-masina niaritra tebitebin-tsaina lehibe aho. Toa voahodidin’ireo mponin’ny tany ratsy fanahy izy ireo. Toa miray tetika hanohitra azy ireo rehetra. Nanomboka natahotra ny sasany sao mba efa nandao azy ireo Andriamanitra ka hanolotra azy ireo ho eo an-tanan’ny ratsy fanahy. Kanefa raha azo nosokafana ny masonry mba hahitany tenany voahodidin’ny anjelin’Andriamanitra izy ireo. Nanarak’izany dia tonga ireo ratsy fanahy maro vinitra, avy eo, anjely ratsy maro tsy tambo isaina, manosika ny ratsy fanahy mba hamono ny olo-masina. Kanefa raha nanandrana ny nanatona ny vahoakan’Andriamanitra izy ireo dia tsy

mainty mandalo eo amin'ity Anjely masina sy mahery ity aloha ry zareo kanefa tsy azo atao izany. Nandidy azy ireo ny anjelin'Andriamanitra mba hihataka; dia nandroaka ihany koa ireo anjely ratsy izay mifanety manodidina azy ireo.

Tena oram-pahoriana mahatsiravina sy nampatahotra tokoa ho an'ny olo-masina izany. Miantso andro aman'alina ny an'Andriamanitra izy ireo mba hanafak azy. Raha amin'ny fijery maha-olombelona aloha dia tsy misy azo atao mihitsy mba hahafahany. Efa manomboka mihombim-pandresena ny ratsy fanahy dia miantsoantso hoe " Fa nahoana no tsy manafaka anareo avy eo an-tananay ny Andriamanitrareo ? Fa nahoana no tsy miakatra any an-danitra ianareo mba hanavotana ny ainareo? Fa tsy noraharahain'ireo olo-masina ireo akory ny tenin' izy ireo. Nitolona tamin'Andriamanitra tahaka an'I Jakoba izy ireo. Naniry ny hanafaka azy ireo ny anjely, kanefa tsy maintsy miandry kelikely aloha izy ireo, tsy maintsy misotro ny kapoaka ary hatao batisa amin'io batisa io izy ireo. Ireo Anjely mahatoky tamin'ny asa nampanaovina azy, dia nanohy ny fanaraha-masonry hatrany. Efa kely sisa dia tonga ilay fotoana izay hampisehoan'Andriamanitra heriny lehibe sy hanafahany azy ireo amin-boninahitra.

Tsy hamela ny anarany ho afa-baraka eo am-povoan'ny jentilisa Andriamanitra. Mba ho voninahitry ny anarany dia hanafaka ny tsirairay tamin'ireo izay niandry Azy amim-paharetana Izy dia izay manana ny anarana voasoratra ao amin'ny boky.

Nampahatsiahivina ahy i Noa lehilahy mahatoky. Rehefa nilatsaka ny orana ka tonga ny safo-drano. Niditra tao anatin'ny sambo fiara i Noa sy ny fianakaviany ary nakaton'Andriamanitra tao izy ireo. Nampitandrina tamim-pahatokiana ny mpiara-belona taminy taloha i Noa, nandritra izay anefa dia namazivazy sy nanao fihomehezana azy izy ireo. Rehefa nirotsaka betsaka teto ambonin'ny tany ny rano ary nilentika tsirairay ny olona dia nahita ilay sambo fiara izay nataon'izy ireo fihomehezana nisosa am-pilaminana teo ambonin'ny rano niaro an'ireo mahatoky dia i Noa sy ny fianakaviany.

Ary noho izany dia hitako ireo vahoakan'Andriamanitra izay nampitandrina an'izao tontolo izao amin'ny fahatezerana ho avy, dia hafahana tsy misy hafa amin'izany koa. Nampitandrina tamim-pahatokiana ny mponin'ny tany izy ireo, ary Andriamanitra tsy hamela ireo ratsy fanahy haninba ireo izay miandry ny famindrana, sy ireo izay tsy miankohoka eo anatrehan'ilay didin'ny bibidia, na mandray ny mariny. Hitako fa raha navela hamono ireo olo-marina ny ratsy fanahy dia ho heniky ny hafaliana i Satana sy ny miaramila ratsiny, ary ireo rehetra mankahala an'Andriamanitra. Ary, O ! fotoam-pandresena manao ahoana loatra re ho an'ny fiandrianan'i Satana, ny ahazoany fandresena amin'ny tolona farany izay ataony amin'ireo izay niandry hatramin'ny ela ny fisehoan'ilay nivavahan'izy ireo!. Ireo izay mamazivazy ny hevitr'ireo olo-marina fa hiakatra, dia hahita ny fiahian'Andriamanitra ny vahoakany, sy ny fanafahana azy ireo, be voninahitra. Rehefa mandositra ny tanan-dehibe sy ny vohitra ireo olo-masina dia nanenjika azy mba hamono ireo masina dia nanenjika azy ireo ny ratsy fanahy. Izay nanangana ny sabany mba hamono ireo masina izy ireo nefa potipotika ireny sabatra izay nampiasain'izy ireo ireny, ary niraraka, ka tsy nanan-kery intsony tahaka ny mololo. Niaro ireo olo-marina ny anjelin'Andriamanitra, satria niantso andro aman'alina ho amin'ny fanafahana izy ireo. Niakatra hatrany an-tsofin Andriamanitra ny antsoantsony.

Jereo Genesisy toko 6&7 ; 32 :24-28; Salamo toko 21 ; Matio 20 :23 ; Apokalypsy 13 :11-17

TOKO 37 - NY FANAFAHANA IREO OLO-MASINA

Tamin'ny manatonalina no nofidin'Andriamanitra hanafahana ny vahoakany. Raha mbola nanao fahirano namazivazy azy ireo ratsy fanahy, tsitapitapitr'izay nivoaka ny masoandro tamin'ny heriny, ary ny volana mbola mitoetra hatrany. Nijery ny zava-nitranga tamim-pitalanjonana ireo ratsy fanahy. Nifandimbindimby haingana ireo famantarana sy ireo fahagagana. Toa tsy mifanaraka tamin'ny fizotrany voajanahary ny zavatra rehetra. Fa ireo masina kosa nijery tamin-karavoana ireo mariky ny fanafahana azy ireo.

Nitsahatra nikoriana ny loharano. Niakatra ny rahona mainty sady mavesatra, ary mifandona. Nefa misy toerana mazava iray izay nipetrahan'ny voninahitra, teo no nivoahan'ny feon'Andriamanitra, tahaka ny firohondrohon'ny rano maro, izay nanozongozona ny lanitra sy ny tany.

Ary nisy horohoron-tany lehibe iray. Nisokatra ny fasana ary ireo izay nodimandry teo amin'ny finoana mandritry ny fanambarana ny hafatry ny anjely fahatelo, ka nitandrina ny Sabata, nivoaka avy teo amim-pandriana vovoka amim-boninahitra mba handre ny fanekem-pihavanana izay hamboarin'Andriamanitra ho an'ireo izay mitandrina ny didiny. Nisokatra sy nihidy ny lanitra, ary mitohy tsy tapaka ao anaty

fisamboaravoara. Nihorohoro tahaka ny volotara hozongozonin'ny rivotra ny tendrombohitra, ka nandatsaka vongana harambato nanerana ny manodidina rehetra. Nandevilevy ny ranomasina ka nanipy vato maro teny ambonin'ny tany. Ary raha nanambara ny andro sy ny ora hiavian'i Jesosy Andriamanitra, ka hanafaka ny fanekena mandrakizay ho an'ny vahoakany, dia nilaza fehezan-teny iray Izy, ary nohon'ny avy eo dia niato kely ary nandritra izay fotoana izay dia nitety niparitaka tamin'ny tany ny teniny. Nijoro ny Israelin'Andriamanitra ary nampifantoka ny masonry teny ambony, nihaino ireo teny izay naloakin'ny vavan'I Jehovah izy ieo, ary nitety ny tany tahaka ny kotrobaratra mafy indrindra izany. Tena sehatra nampatahotra mihitsy izany. Isakin'ny fiafarany fehezan-teny dia miantso ny olo-marina hoe: "Voninahitra! Haleloia! Nohazavain'ny voninahitr'Andriamanitra ny endrik'izy ireo ary namirampiratra ny voninahitr'izy ireo toa ny tavan'i Mosesy raha nidina ny tendrombohitra Sinay izy. Tsy afaka nijery azy ireo ny ratsy fanahy noho ny famirapiratr' ilay voninahitra. Ary rehefa notononina ho an'ireo izay nanome voninahitra an'Andriamanitra; tamin'ny fitandremana ny Sabatany masina fitahiana tsy manam-pahataperana, dia nisy hiakam-pandresena mahery noho ny nandresena ilay bibidia sy ny sariny.

Rehefa afaka izany dia nanomboka ny Jobily, mandritr'izany dia hitsahatra ny tany. Hitako ny andevo tia fivavahana nitsangana tamin'ny fandresena, mandresy, ary namaha ny rojo izay namatorana azy ary nandritra izany dia nikorotan-tsaina ireo tompony ratsy fanahy ary tsy nahalala izay tokony hatao satria tsy afaka ny hahazo izay teny tononin'ny feon'Andriamanitra izy ireo.

Rehefa afaka kelikely dia niseho ilay rahona fotsy lehibe. Ary nipetraka teo amboniny ny Zanak'olona. Raha miseho voalohany teny lavitra eny ity rahona ity dia toa mahia kely ny fijery azy. Nilaza ny anjely fa famantarana ny Zanak'olona izy io. Ary arakaraka ny anatonan'ilay rahona ny tany, dia afaka mibanjina ny voninahitra lavorary ary ny fiandrianan'I Jesosy izay mandroso ho amin'ny fandresena isika. Nanaraka azy teny an-dalana ireo Anjely masina maro ny lohany voaravaka mahatalanjona ny satro-boninahitra manjelanjelatra, izay nanaraka Azy. Tsy nisy fiteny na dia iray aza afaka namariparitra ilay voninahitra teo amin'ilay zava-miseho. Ilay rahona velon'ny fiandrianana, sy ilay voninahitra tsy manampaharoa, nanakaiky antsika hatrany hatrany, ka dia, azontsika natao ny manavaka mazava ilay tenan'I Jesosy maha-te ho tia. Tsy nitondra satroka-tsilo Izy, fa satroboninahitry ny voninahitra no nihaingoan'ny endriny masina. Teo amin'ny lambany sy teo amin'ny feny dia nisy anarana voasoratra hoe: "MPANJAKAN'NY MPANJAKA SY TOMPON'NY TOMPO". Ary ny masonry dia lelafo, ny tompony nanan'endrika varahina voadio, ary ny feony toy ny feon'ny zava-maneno maro. Ny endriny namiratra toy ny masoandro mitataovovonana. Nihorohoro teo anatrehany ny tany, dia lasa tahaka ny taratasy voahorona ny lanitra, ary ny tendrombohitra sy ny nosy rehetra dia nafindra. Niala teo amin'ny hitoerany. Ary ny mpanjakan'ny tany sy ny lehibe sy ny mpifehy arivo sy ny mpanan-karena sy ny lehilahy mahery mbamin'ny andevo rehetra sy ny tsy andevo rehetra dia niery tao amin'ny lavaka sy tao amin'ny vatolampy eny an-tendrombohitra ary hoy ny izy tamin'ny tendrombohitra sy ny vatolampy: Mianjerà aminay ka afeno izahay amin'ny tavan'Ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry; fa tonga ny andro lehiben'ny fahatezerany ka iza no mahajanona?

Ireo izay te-hanafoana ireo zanak'Andriamanitra mahatoky hiala ny tany fotoana vitsivitsy lasa izany dia hanatri-maso Ilay voninahitr'Andriamanitra izay mipetraka teo amin'izy ireo. Nahita azy ireo nanamboninahitra izy ireo. Ary teo afovoany ilay zava-nitranga mampatahotra dia nahare hiran'ny olo-masina tamin'ny gadona feno hafaliana izy ireo nanao hoe: "Indro Andriamanitra, izay nandrasantsika hamonjy antsika".

Nihozongozona tamin-kery ny tany, miantso an'ireo olo-masina natory hivoaka ny fasana Ilay zanak'Andriamanitra. Namaly ny antso izy ireo ary nivoaka nitafy ny tsy fahafatesana sy ny be voninahitra ka dia nihiaka hoe: Ny fahafatesana noresena ka levona. Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenaô ? ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanaô ? Rehefa afaka izany dia nanandratra ny feony ela sy hiakam-pandresena ireo olo-masina mbola velona sy ireo natsangana. Ireo vatana marary izay nampidinina tao am-pasana nanjary nitsangana tamim-pandresena avy tao amim-kery sy fahasalamana tsy mety maty. Fa vetivety toy ny indray mipi-maso, ny olo-marina mbola velona hovana, ary dia hakarina izy ireo miaraka amin'ireo izay natsangana hiaraka hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka. Ô, Endrey izany fihonana be voninahitra! Ireo mpisakaiza izay nosarahan'ny fahafatesana ela dia hafankatia ka tsy hisaraka intsony.

Teo andaniny avy tamin'ilay kalesy vita tamin'ny rahona na dia misy elatra ary teo amboniny misy kodiarana velona. Rehefa mandeha miakatra ilay kalesy rahona dia nihiaka ireo kodiarana hoe "Masina" ary raha nihetsika ireo elatra dia nihiaka hoe "Masina"! ary ny andian'anjely izay manodidina ny rahona nihiaka ihany koa hoe: "Masina! Masina! Masina

ny Tompo Andriamanitra Tsitoha". Ary ireo olo-masina tao anatin'ny rahona nihiaka hoe:

"Voninahitra ! Aleloia !. Dia miakatra tany amin'ilay tanana masina ilay kalesy. Alohan'ny nidirana tao amin'ilay tanana masina, dia nalamina ho efamira tanteraka ireo marina ka i Jesosy no teo afovoany. Ny lohany sy ny sorony dia mihoatra noho ny an'ireo masina, ary mihoatra ihany koa noho ny an'ny anjely ny lohany sy ny

sorony. Izay rehetra tao anatin' ilay efimira dia samy nibanjina avokoa ilay bikany mendrik' andriana sy ny endriny mendrika hivavahana.

Jereo 2Mpanjaka 2 :11; Isaia 25: 9; 1 Korintiana 15: 51-55; 1 Tesaloniana 4: 13-17
Apokalypsy 1:13-16 ; 6:14-17; 19:16

TOKO 38 - NY VALISOAN' IREO MASINA

Rehefa afaka izany, dia nahita anjely maro be tokoa aho mitondra satro-boninahitra be voninahitra avy tao amin' ilay tanàna; satro-boninahitra ho an' ny tsirairay amin' ireo olo-masina ary voasoratra tao aminy ny anaran' ny tsirairay ary satria nangatahan' i Jesosy ireo satroboninahitra dia natolotry ny anjely azy izany ary Jesosy dia maha te ho tia, ka nametraka ny satroboninahitra tamin' ny lohan' ireo olo-masina tamin' ny tanany havanana. Ary tamin' ny fomba mitovy amin' izany ihany no nitondran' ny anjely lokanga ka natolotr' i Jesosy ihany koa ho an' ireo olo-masina. Ny anjely mpibaiko no nanome ny feo voalohany, rehefa avy eo, ny feo tsirairay avy dia nandrenesana fisaoram-pifaliana. Ary ny tsirairay dia samy mahay mitendry ny tadin-dokangany avokoa, ka nampanakoako teny amin' ny habakabaka eny ny feon-java-maneno faran' izay tsara indrindra.

Androtr' izay iahy dia nahita an' I Jesosy nitondra ilay vondron' ny olom-boavidy teo amin' ny vavahadin' ilay tanana aho. Notanany ilay vavahady ary nahondiny ny savily manjelajelatra ary nandidy ny firenena izay nitandrina ny fahamarinana Izy mba hiditra ao anatin' ny zavatra rehetra izao tao anatin' ilay tanana dia mahafinaritra ny maso avokoa .Ny harena sy ny voninahitra dia hitan' izy ireo hatraiza hatraiza. Nony avy eo dia nijery an' ireo olom-boavidy masina i Jesosy mamirapiratra ny voninahitra ny endrik' izy ireo. Ary raha nampifantoka ny masonry be fitiavana tamin' ireo Izy dia nilaza tamin' ny feony milanto ny manan-karena hoe: “Mijery ny asan' ny fanahiko aho ka dia afa-po. Hiravo amin' ity haren' ny voninahitra ity mandrakizay ianareo. Tapitra ny ahiahinareo. Ary tsy hisy fahafatesana intsony sady tsy hisy alahelo na fitarainana na fanantainana.” Hitako andian' ny voavotra miankohoka sy nanipy ny satroboninahitra mamirapiratra teo an-tongotr' i Jesosy ary avy eo rehefa nampitsangana azy ireo tamin' ny tanany mahafinaritra izy dia nitendry ny lokanga volamenany izy ireo ka naneno ny lanitra manontolo tamin' ny mozika sy ny hira ho fanomezam-boninahitra ny Zanak' ondry.

Rehefa afaka izany dia nahita an' I Jesosy mitondra ny vahoaka voavotra ho amin' ilay hazon' aina aho ary dia nampandre indray ny feony maha-te-ho-tia izay ambony indrindra nohon' ny mozika rehetra izay nandona ny sofin' olombelona manao hoe: “Ny ravina amin' ity hazo ity hoy Izy dia ho fanasitranana ny firenena maro. Hano avokoa ny rehetra amin' izany.” Teo ambonin' ny hazon' aina no nisy voankazo farany izay mahafinaritra indrindra, afaka mioty malalaka amin' izany ny olona masina. Nisy seza fiandrianana farany be voninahitra indrindra tao amin' ilay tanana ary nisy ony ny ranon' aina manganohano tahaka ny vato krystaly nivoaka avy tao amin' ny seza fiandrianana. Ary teny an-daniny roa amin' ny ony misy ny hazon' aina. Teo amoron' ny ony dia nisy hazo mahafinaritra izay nitondra voany izay tsara atao sakafo.

Kely aina loatra ny fitenin' ny olombelona ka tsy afaka mamariparitra ny lanitra. Raha naseho teo anatrehako izany toe-javatra izany dia talanjona indrindra aho, ka nentina niala ilay voninahitra tsy misy toa azy, ny famirapiratan' ny tsy ho voalaza. Napetrako ny peniko dia nihiaka aho hoe: “ O, fitiavana manao ahoana re!, fitiavana mahagaga manao ahoana re! Ny fiteny manandratra farany izay tsara indrindra dia tsy afaka mamariparitra akory ny voninahitry ny lanitra; na ny halalin' ny fitiavana tsy manampetran' ny Mpamonjy.

Jereo Isaia 53: 11 ; Apokalypsy 21:4 ; 22 :1-2

TOKO 39 - MISAONA NY TANY (NIDIRAN-DOZA NY TANY)

Rehefa afak' izany dia nijery ny tany indray aho. Maty ireo ratsy fanahy ary nivalampatra teny ambonin' ny tany. Niaritra ny fahatezeran' Andriamanitra ny mponin' ny tany tao anatin' ny loza fito farany. Nitrakotrako ny

lelany sy niteny ratsy an'Andriamanitra izy ireo nohon'ny fanaintainana. Ireo mpiandry ondry sandoka no tena nokendren'ny fahatezeran'i Jehovah voalohany indrindra. Hihalevona ao amin'ny fitoerany ny masonry, ary ny lelany koa hihalevona ao am-bavany am-pitsanganany izy. Taorian'ny nanafahana ireo olo-masina tamin'ny alalan'ny feon'Andriamanitra dia nifampitodika tamin-karomotana ireo ireo ratsy fanahy. Toa safotry ny ra ny tany ary tototry ny faty ny tany. Ary toa fahafonganana mahatsiravina no fahitana ny tany. Ny tanan-dehibe sy ny vohitra dia harodan'ny horohoron-tany ka ho potipotika. Nifindra miala tamin'ny toerany ny tendrombohitra; ka namela lava-bato vaventy be teo amin'izay nisy azy. Vakim-batolampy izay natoraky ny ranon-dranomasina na nalainy avy tamin'ny kibon'ny tany ary niparitaka manerana ny velarany. Hazo vaventy maro no niongotra niala tamin'ny fakany ka niely teo ambon'ny tany.

Ao anatin'io fisaonana io no tsy maintsy honenan' i Satana sy ny anjeliny mandritra ny 1000 taona. Eo no hanagadrana azy ireo, ary hitsangatsangana hiakatra sy hidina eo amin' ilay velaran' ny tany potipotika izy ireo ka hahita ny voka-dratsin'ny fikoamiany ny lalan'Andriamanitra. Mandritra ny 1000 taona dia afaka hitsakotsako ny vokatin'ny ozona izay nataony izy. Voafatotra eto ambonin'ny tany izy ka tsy hanana tombontsoa handehandeha any amin'ny planeta hafa intsony mba haka fanahy sy hanelingelina ireo izay tsy lavo. Amin'izay fotoana izay hiaritra ny fijaliana faratampony i Satana. Hatramin'ny nahalavoany dia tsy nitsahatra nanao ny asa ratsiny izy tsy. Fa ankehitriny kosa dia hisaintsaina ireo zavatra nataony hatramin'ny fahalavoany izy ka hijery mialohan'ny fotoana, amin-tahotra sy horohoro ny ho avy izay voatokanao azy; mampatahotra, raha tsy maintsy hiaritra ny ratsy rehetra izay nataony izy sy hohelohina noho ireo fahotana rehetra izay nasainy nampanaovina natao.

Rehefa afaka izany dia nandre feon-trompetran' ny anjely sy ny masina voavotra aho izay naneno toy fananon'ny zava-maneno iray alina aho, satria tsy ho voahelingelina na halain'ny Devoly fanahy intsony izy ireo ary satria koa, ny mponin'ireo izao tontolo izao hafa, dia tsy manana na inona na inona hatahorany ny maha-eo azy na koa ny fakam-panahiny.

Nony avy eo dia nahita seza fiandrianana maro aho ary i Jesosy sy ireo masina voavotra no nipetraka teo amboniny; satria hanjaka tahaka ny mpanjaka sy ho mpisorona izy ireo, ary ireo maty ratsy fanahy dia notsaraina ary hampitahaina amin'ny bokin' ny lalàna: dia ny Tenin'Andriamanitra ny asany, sady notsaraina araka ny asa izay nataony tao amin'ny tenany izy ireo. Jesosy sy ireo masina no nizara ny anjara izay tsy maintsy hiaretan'ireo ratsy fanahy arakaraka ny asany; voasoratra tao anatin' ny bokin' ny fahafatesana izany, ary nosongadina teo anilan' ny anarany.

Satana sy ny anjeliny koa dia notsarain' i Jesosy sy ireo navotana. Ny sazin' i Satana dia lehibe lavitra noho ny an' ireo olombelona izay nofitahany. Mihoatra lavitra loatra nohon'ny sazin'izy ireo izany ka tsy misy fampitahana azo atao amin' izy ireo. Rehefa izany ireo izay nanaiky ny fitaka nataony dia hlevona avokoa, fa i Satana kosa tsy maintsy mbola velona ela ihany ka hijaly elabe kokoa.

Rehefa tapitra ny fitsarana ny ratsy fanahy izay efa maty, amin'ny fiafaran'ny 1000 taona dia hiala an'ilay tanàna i Jesosy, ka hanaraka azy ireo andian'ny antokon'ny anjely. Ireo masina koa nandeha niaraka taminy. Nidina teo ambonin'ny tendrombohitra lehibe sady mahery i Jesosy ary raha vao mikasika izany ny tongony dia nizara roa ka lasa lemaka lehibe. Rehefa afaka izany dia nanandratra ny masontsika isika dia mahita ilay tanana lehibe sady mahafinaritra izay nanana fanorenana roa ambin'ny folo, vavahady roa ambin' ny folo, telo isan-andaniny avy, ary anjely iray isaky ny vavahady.. Niantso hoe isika: Tanana ! Tanana lehibe! Nidina avy tamin'Andriamanitra avy tany an-danitra. Ary nidina tamin'ny famirapirany sy ny fanjelanjelatry ny voninahitra ary napetraka tao amin'ilay lemaka lehibe izay nomanin' i Jesosy ho an'izany.

Jereo Zakaria 14 : 4-12 Apokalypsy 20:2- 6; 20 : 12 ; 21 :10 -27

TOKO 40 - NY FITSANGANANA FAHAROA

Rehefa afak'izany dia nandao ny tanàna I Jesosy sy ny andian'anjely masina rehetra ary ireo masina voavotra rehetra. Nanodidina an'I Jesosy ireo anjely masina sady manatitra Azy tamin'ny lalany ary nanaraka ny andian'ireo masina voavotra. Nony avy eo dia niantso tamin'ny voninahitra mahatahotra, ireo ratsy fanahy maty mba hivoaka i Jesosy ary raha nivoaka izy ireo dia ilay vatana malemy sy farofy izay nidinany tany ampasana iny ihany no nisehoany. Fampisehoana manao ahoana loatra re! Toetra manao ahoana loatra re ! Tamin'ny fitsanganana voalohany dia nifoha tao anatin'ny fahatsaran'ny tsi-fahafatesana mandrakizay ny rehetra fa tamin' ilay faharoa kosa dia ny mariky ny ozona no hita tamin'ny ratsy fanahy rehetra. Koa dia niara-

nitsangana avokoa ny mpanjakan'ny tany sy ny mpanankarena ny malemy ny manampahaizana sy ny tsy mahay. Nahita ny Zanak'olona avokoa ny rehetra ary ireo olona izay nanao tsinontsinona sy nanao fihomezana an'i Jesosy sy mikapoka Azy tamin'ny volotara ary nametraka ilay satro-tsilolo teo amin'ny handriny masina, dia hahita Azy amin'ny fiandrianany rehetra amin'ny maha Mpanjaka Azy. Ireo izay nandrorra Azy tamin'ny oran'ny fijaliany izay nolalovany, ankehitriny dia hihodina ireo ka hiala ny fijeriny maranitra sy hiala ny famirapiratra ny endriny. Ireo izay nandetika ny fantsika tamin'ny tanany sy ny tongony, ankehitriny dia nahita ireo holatry ny nanombohana Azy. Ireo izay nandefona ny lanivoany dia mahita ny holatry ny habibiana izay nataony tamin'ny vatany. Ary fantatr'izy ireo ankehitriny fa izy Ilay iray izay nohombony sy nataony ho fihomezana fony Izy niady aina tao anaty fijaliana. Ary ankehitriny dia manao feo fitarainana lavareny izy ireo, ary mandositra mba hiafina noho ny fanatrehan'ny Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo.

Nitady ny hiery tao anaty vatolampy ny rehetra ary hiaro ny tenany amin'ny voninahitra mahatahotra dia . Ilay nataony tsinontsinona fahizay. Nony avy eo dia levona noho ny fahoriana, manoloana ny fiandrianany sy ny famirapiratan'ny voninahiny, dia niara nanandratra ny feony tamin'ny feo samy hafa mahatahotra izy ireo nanao hoe: "Isaorana anie Izay avy amin'ny anaran'i Jehovah!"

Rehefa afaka izany dia nandeha indray tao amin'ilay tanàna i Jesosy sy ny anjely masina izay narahin'ireo masina rehetra. Ny fitarainana mangidy sy ny fitolokoan'ireo ratsy fanahy voaheloka dia nameno ny habakabaka. Nony avy eo dia nahita an'i Satana nanomboka indray ny asany aho. Nandeha ary nivezevezy teo amin'ireo olony izy ka nampahery ireo malemy ny kely hery ary avy eo dia nilaza taminy izy fa nahery tokoa izy sy ny anjelyny. Nony avy eo dia nasehony ireo an'alina tsy tambo isaina izay nitsangana. Tamin'izany dia nisy ireo mpiady malaza sy mpanjaka izay havanana tokoa tamin'ny fitarihana ady sy nahazo fanjakana maro . Tao koa ireo olona goavam-be manan-kery, sy ireo olona maro izay mahery fo tokoa ka tsy mba resy mihitsy tamin'ny ady izay nataony. Tao koa i Napoleon be hambon'po sy mpiavonavona izay nampangovitra fanjakana maro raha vao manatona. Tao koa ireo olona ambony hahavo, sy ireo nanana fitondran-tena ambony sy feno avonavona izay resy tan'ady. Tsy afa-po hatrany fa te-handresy an'ady izy ireo. Koa raha mivoaka avy tao am-pasany izy ireo, dia hanohy indray ny fizotry ny eritreriny izay nitsahatra tamin'ny fahafatesany. Mbola manana ilay fanahy mitovy izay te-handresy izay manapaka azy ireo tamin'ny fahalavoany hatrany izy ireo.

Nivory niaraka tamin'ny anjelyny i Satana ary nony avy teo niaraka tamin'ireo mpanjakany sy ireo olona manan-kery sy mpampiaiky an'ady. Rehefa afak'izany dia nijery ireo miaramila midadasika izy dia milaza tamin'izy ireo fa kely sy malemy ny vondrona ao amin'ilay tanàna, noho izany dia afaka maka ilay tanàna izy ireo, sy handroaka ny mponina ao anatin'ny ka hanana ny harena sy ny voninahiny rehetra.

Nahomby i Satana tamin'ny famitahana azy ireo ka dia indreo fa manomboka miomana ho amin'ilay ady avy hatrany ny rehetra. Nanamboatra fitaovam-piadiana maro isan-karazany izy ireo satria moa nisy olona kinga maro tao anatin'ireo vahoaka midadasika ireo. Ary rehefa avy eo, dia i Satana no teo amin'ny lohany ka dia nandroso ny vahoaka. Mpanjaka sy mpiantafika maro no nanaraka haingana taorian'i Satana ary ny vahoaka kosa nanaraka tao aoriana ary nanao vondrona maro. Ny vondrona rehetra dia samy nanana mpitarika avokoa, ary notandrovan'ny tokoa ny filaminana raha nandeha teo amin'ilay tany misaona izy ireo ho any amin'ilay Tanàna masina.

Nohidian'ny Jesosy ireo vavahadin'ilay Tanàna ka nanodidina izany ireo miaramila midadasiky ny ratsy fanahy ary nifandahatra toy ny ataon'ny mpiady. Nanomana izao karazana fitaovana piadiana rehetra izao izy ireo tamin'ny fiandrasana fa hisy ady masiaka hatao. Nifandamina nanodidina ny tanana izy ireo. Tamin'izany dia niakatra teny an-tampon'ny mandan'ilay tanana i Jesosy sy ny antoko sy andian'anjely rehetra izay nanao satroboninahitra manjelajelatra teo amin'ny lohany ary ireo olona marina rehetra izay nisatroboninahitra mamirapiratra. Niteny tamim-mpiandrianana i Jesosy ka nanao hoe: "Jereo ry mpanota, ny valisoan'ireo marina! Ary jereonareo ry hianareo izay navotako ny famaizana ireo ratsy fanahy!" Nijery ilay vondrona be voninahitra izay teo ambonin'ny mandan'ilay tanana ireo vahoaka betsaka. Ary raha nanatri-maso ny fanjelajelatra ny satro-boninahitra izay naneho ny endrik'i Jesosy sy nahita ilay voninahitra sy ny fiandrianana tsy hay lazaina izay hanan'Ilay Mpanjakan'ny mpanjaka ny Tompon'ny tompo izy ireo, dia nihena ny herimpony. Namely azy ireo ny eritreriny ny amin'ilay harena sy voninahitra izay nariany, ary tsapany ankehitriny fa ny fahafatesana no tambin'ny ota. Hitan'izy ireo ilay vondrona miravoravo sy masina izay notsinontsinoaviny nitafy voninahitra sy haja ary tsy fahafatesana sy fiainana mandrakizay ary nandrit'izany kosa dia tany ivelan'ny tanàna izy ireo niaraka tamin'ireo zavatra rehetra mety azo atao tsinontsinona sy ireo zava-betaveta rehetra.

Jereo Matio 23: 29 Apokalypsy 6:15 -16 ; 20 : 7-9 22 : 12-15

TOKO 41 - NY FAHAFATESANA FAHAROA

Nihazakazaka teo afovoan'ny vahoakany i Satana ka nitady izay hamporisihany azy ireo mba hihetsika. Nefa Andriamanitra nandrotsaka afo avy tany an-danitra, ary ny lehibe amin'ny olombelona, ny mahery, ny manan-karena sy ny mahantra dia samy levona avokoa. Hitako fa ny sasany tamin'izy ireo dia malaky levona ary ny hafa kosa mijaly elaela kokoa. Voaheloka araka ny asa izay nataony raha mbola tao amin'ny tenany izy ireo. Ny sasany dia holevonina anatin'ny andro maromaro ary arakaraka ny mbola hisian'ny faritra tsy levona amin'ny tenany no hahatsapany ny fijaliany. Hoy ny anjely "Fa ny kankany tsy ho faty, ary ny afony tsy hovanoina mandra –pahalevona ny atoma farany kely indrindra.

Fa i Satana sy ny anjeliny kosa hijaly ela. Tsy hitondra ny lanjan'ny fahotany sy ny fanamelohana ny fahotany fotsiny ihany izy, fa koa ny fahotan'ireo vahoaka voavotra dia hapetraka eo aminy; ary tsy maintsy hijaly nohon'ny fahaverezana ireo fanahy nohon'ny nataony izy. Rehefa afak'izany dia hitako fa levona I Satana sy ireo vahoaka ratsy fanahy rehetra ka dia afa-po ny fahamarinan'Andriamanitra. Ary ny antokan' andian'Anjely rehetra sy ireo olo-masina voavotra rehetra nilaza tamin'ny feo avo hoe: "Amena" !

Hoy ny Anjely tamiko : Satana no fakany ary ny zanany no sampany. Ankehitriny dia efa levona avokoa na ny fakany na ny sampany. Maty tamin'ny fahafatesana mandrakizay izy ireo. Tsy hatsangana intsony ireo ka dia hanana tontolo voadio Andriamanitra. Rehefa afaka izany dia nijery aho, ka nahita ilay afo izay nandevona ny ratsy fanahy; nandoro ireo fakofako ka nanadio ny tany. Nijery indray aho ka nahita ny tany voadio. Tsy nisy na dia famantarana farany kely indrindra aza momba ny ozona. Ny velaran'ny tany izay potika sy nisamboavoara fahiny dia indro fa tonga lemaka lehibe midadasika ankehitriny. Nadio avokoa ny tontolon'Andriamanitra iray manontolo ary tapitra mandrakizay ilay fifandirana lehibe. Ny zavatra rehetra izay nifantohan ny masontsika dia nahafinaritra sy masina avokoa. Ary ny vahoaka voavotra rehetra, na antitra na tanora na lehibe na kely, nanipy ny satroboninahiny mampirapiratra teo an-tongotr' Ilay Mpanavotra azy, ka niondrika mba hiankohoka eo anatrehan'ny sy niankohoka tamin'Ilay velona mandrakizay, mandrakizay.

Ny tany vaovao ao anatin'ny fahatsarany rehetra, sy ny voninahiny rehetra, no ho lova mandrakizay ho an'ny voavotra. Ary ny fanjakana sy ny fanapahana ary ny fahalehibeazan'ny fanjakana eny ambanin'ny lanitra rehetra dia homena ny olo-masin'ny Avo indrindra, izay hanana izany mandrakizay mandrakizay.

Jereo Isaia 6:24; Daniela 7: 26-27 ; Apokalypsy 20: 9-15 ; 21:1; 22:3